
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • MEY 2011

# Liahona



## Lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana

**Tsingerintaona faha 75 ho an'ny Fandaharan'asa Fifanampiana an'ny Fiangonana**

**Tempoly Telo Vaovao no Nambara**



NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'I CHURCH HISTORY MUSEUM (TRANOM-BAKOKY NY FIANGONANA).

*Izay Ananako no Omeko Anao,* nataon'i Walter Rane

*"Ary nisy . . . lehilahy nalemy tongatra hatrany an-kibon-dreniny, izay . . .*
*[nipetraka] isan-andro teo anoloan'ny varavaran'ny tempoly . . . ;*
*"nony nahita an'i Petera sy Jaona efa hiditra eo an-kianjan'ny tempoly izy, dia nangataka mba homena fiantrana. . . .*
*"Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao;*
*Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy avy any Nazareta, mitsangatsangàna.*
*"Ary noraisin' [i Petera] tamin'ny tanany ankavanana [ilay lehilahy malemy tongotra], ka natsangany;*
*dia natanjaka niaraka tamin'izay ny tongony sy ny kitrokeliny" (Asan'ny Apôstôly 3:2–3, 6–7).*

# Votoatin'ny Mey 2011

Boky 11 • Laharana faha-2

2 Famintinana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha-181

**FIVORIANA ASABOTSY MARAINA**

4 Fihaonambe Indray Izao
*Filoha Thomas S. Monson*

6 Ny Sabata sy ny Fanasan'ny Tompo
*Loholona L. Tom Perry*

10 Aoka Ianao ho Tonga Tahaka ny Ankizy Kely
*Jean A. Stevens*

13 Mpanara-dia an'i Kristy
*Loholona Walter F. González*

15 Manasitrana ny Fanaintainana Rehetra ny Sorompanavotana
*Loholona Kent F. Richards*

18 Mahatalanjona ireo Vehivavy Olomasin'ny Andro Farany!
*Loholona Quentin L. Cook*

22 Fahafahana Hanao Zava-tsoa
*Filoha Henry B. Eyring*

**FIVORIANA ASABOTSY TOLAKANDRO**

26 Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

28 Tatitry ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana, taona 2010
*Robert W. Cantwell*

29 Tatitra mahakasika ny Antontan'isa ho an'ny Taona 2010
*Brook P. Hales*

30 Tarihin'ny Fanahy Masina
*Filoha Boyd K. Packer*

34 Hatreo Am-pinoana ny Ho Avy
*Loholona Russell M. Nelson*

37 Fanorenana Tokantrano mifantoka amin'i Kristy
*Loholona Richard J. Maynes*

40 Fijoroana ho Vavolombelona
*Loholona Cecil O. Samuelson Jr.*

42 Ny Faniriana
*Loholona Dallin H. Oaks*

46 Mahita Fifaliana amin'ny alalan'ny Asa Fanompoana feno Fitiavana
*Loholona M. Russell Ballard*

**FIVORIAMBEN'NY FISORONANA**

49 Fanomanana an'Izao Tontolo Izao ho amin'ny Fiaviana Fanindroany
*Loholona Neil L. Andersen*

53 Fanantenana
*Loholona Steven E. Snow*

55 Ireo Fanalahidy Masin'ny Fisoronana Aharôna
*Larry M. Gibson*

58 Ny Tokony Hahatongavanareo, Ny Tomboantsoanareo
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

62 Mianatra ao amin'ny Fisoronana
*Filoha Henry B. Eyring*

66 Ny Herin'ny Fisoronana
*Filoha Thomas S. Monson*

**FIVORIANA ALAHADY MARAINA**

70 Miandry eny amin'ilay Lalana Mankany Damaskosy
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

78 Manoatra Noho ny Mpandresy Isika Amin'ny Alalan'Ilay Tia Antsika
*Loholona Paul V. Johnson*

81 Ny Asa Masin'ny Fifanampiana
*Eveka H. David Burton*

84 Ny Toetry ny Maha-Mpanara-dia
*Silvia H. Allred*

87 Ny Fanahin'ny Fanambarana
*Loholona David A. Bednar*

90 Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an'Izao Tontolo Izao
*Filoha Thomas S. Monson*

**FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO**

94 Ireo Fitahiana Mandrakizain'ny Fanambadiana
*Loholona Richard G. Scott*

97 "Izay Rehetra Tiako no Anariko sy Faizako"
*Loholona D. Todd Christofferson*

101 Ireo Fitahiana Sarobidy Indrindra avy amin'ny Tompo
*Loholona Carl B. Pratt*

103 Tokony ho Karazana Olona Toa Inona moa Ianareo?
*Loholona Lynn G. Robbins*

106 Nantsoina mba ho Olomasina
*Loholona Benjamín De Hoyos*

108 Ny Fahagagana Ateraky ny Sorompanavotana
*Loholona C. Scott Grow*

111 Faneva ho an'ireo Firenena
*Loholona Jeffrey R. Holland*

114 Eto am-pamaranana
*Filoha Thomas S. Monson*

**FIVORIAMBEN'NY ZATOVOVAVY IFANAMPIANA MANERAN-TANY**

115 Mino Isika fa Tokony ho Marina, ho Mahatoky
*Ann M. Dibb*

118 "Tsarovy Izao: Anjarako Aloha ny Manao Tsara Fanahy"
*Mary N. Cook*

121 Mpiambina Ny Hasina
*Elaine S. Dalton*

125 Fijoroana ho vavolombelona Mitombo
*Filoha Henry B. Eyring*

72 Manampahefana Ambony ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

129 Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe

130 Niteny Tamintsika Izy Ireo: Omeo Anjara Toerana ao amin'ny Fiainantsika ny Fihaonamben'ny Fiangonana

132 Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany

132 Ny Fampianarana ho an'izao Androntsika izao

133 Vaovaom-piangonana



# Famintinana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona Faha-181

**ASABOTSY MARAINA, 2 APRILY 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Allan F. Packer. Vavaka Famaranana: Loholona Dale G. Renlund. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny amboarampeo; Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Hosanna au Grand Roi!" *Cantiques,* no. 34; "Gloire au Dieu Tout-puissant," *Hymns,* no. 67; "We Listen to a Prophet's Voice," *Hymns,* no. 22, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Velona Ilay Mpanavotra Ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 76; "I Know That My Savior Loves Me," Creamer/Bell, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 59, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

**ASABOTSY TOLAKANDRO, 2 APRILY 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka Fanombohana: Loholona Kevin W. Pearson. Vavaka Famaranana: Loholona Michael T. Ringwood. Hira nataon'ny amboarampeo mitambatry ny Oniversiten'i Brigham Young–Idaho; Eda Ashby sy Randall Kempton, mpitarika ny amboarampeo; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Fototra mafy Orina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 12, narindran'i Ashby, tsy navoaka; "Endrey Fahendrena, Fitia," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 37; "Saints, en avant! Armés de foi en Christ," *Cantiques,* no. 40; "Let Zion in Her Beauty Rise," *Hymns,* no. 41, narindran'i Kempton, tsy navoaka.

**ASABOTSY HARIVA, 2 APRILY 2011, FIVORIAN'NY FISORONANA**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka Fanombohana: Loholona Rafael E. Pino. Vavaka Famaranana: Loholona Joseph W. Sitati. Hira nataon'ny amboarampeon'ny fisoronana avy amin'ny Institiota Fianarana Filazantsaran'i Ogden Utah sy Logan Utah; Jerald F. Simon, J. Nyles Salmond, sy Alan T. Saunders, mpitantana ny amboarampeo; Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "See the Mighty Priesthood Gathered," *Hymns,* no. 325; "Guide Me to Thee," *Hymns,* no. 101, narindran'i Unsworth, tsy navoaka; "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 9; "Sois Loué pour ces Collines," *Cantiques,* no. 20, narindran'i Durham, navoakan'i Jackman.

**ALAHADY MARAINA, 3 APRILY 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Henry B. Eying. Vavaka Fanombohana: Loholona Gary E. Stevenson. Vavaka Famaranana: Loholona Tad R. Callister. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika ny amboarampeo; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Rocher du Salut Suprême," *Cantiques,* no. 168; "Sabbath Day," *Hymns,* no. 148; "Peuples du Monde, Écoutez-donc!" *Cantiques,* no. 170, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 20; "Have I Done Any Good?" *Hymns,* no. 223, narindran'i Zabriskie, navoakan'i Larice; "Fanahin'ny Ray," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 56, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

**ALAHADY TOLAKANDRO, 3 APRILY 2011, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka Fanombohana: Loholona José A. Teixeira. Vavaka Famaranana: Loholona Kent D. Watson. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny amboarampeo; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Je Vis un Ange qui Volait," *Cantiques,* no. 7, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "I'm Trying to Be like Jesus," *Children's Songbook*, 78–79, narindran'i Bradford, navoakan'i Nature Sings; "Ndao ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 7; "Ah, Donne-moi Père," *Cantiques,* no. 70, narindran'i Staheli, navoakan'i Jackman.

**ASABOTSY HARIVA, 26 MARSA 2011, FIVORIAMBEN'NY ZATOVOVAVY MANERAN-TANY**
Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson. Mpitarika: Elaine S. Dalton. Vavaka Fanombohana: Emily Lewis. Vavaka Famaranana: Bethany Wright. Hira nataon'ny amboarampeon'ny Zatovovavy tamin'ireo tsatòkan'ny faritra manodidina an'i Salt Lake City; Merrilee Webb, mpitantana ny amboarampeo; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* faha-59; "Guardians of Virtue," *Strength of Youth Media 2011: We Believe,* tsy navoaka, lokangabe: Jessica Hunt; "Velona ilay Mpanavotra Ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 76, nadikan'i Lyon, navoakan'i Jackman harpa: Hannah Cope; "Fototra Mafy Orina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 12, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

**FOMBA HAHAZOANA IREO LAHATENIN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA**
Mba hahazoana ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izay misy amin'ny fiteny maro, dia midira ao amin'ny conference.lds.org. Mifidiana fiteny iray avy eo. Amin'ny ankapobeny roa volana aorian'ny Fihaonamben'ny Fiangonana, dia hita any amin'ny foibe fanapariahana ny horonam-peon'izy ireo.

**HAFATRA HO AN'NY FAMANGIANA SY FAMPIANARANA ISAN-TOKANTRANO**
Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba mifidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangianao.

**EO AMIN'NY FONONY**
Eo anoloana: Sary nalain'i Weston Colton.
Ao ambadika: Sary nalain'i Les Nilsson.

**SARY NANDRITRA NY FIHAONAMBE**
Ireo sary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tao Salt Lake City dia nalain'i Craig Dimond, Welden C. Andersen, John Luke, Matthew Reier, Christina Smith, Cody Bell, Les Nilsson, Weston Colton, Sarah Jensen, ary i Derek Israelsen. Ny sary tany Argentine dia nalain'i Marcelino Tossen. Ny sary tany Brésil dia nalain'i Laureni Fochetto, sy i Ana Claudia Souza de Oliveira ary i Veruska Oliveira. Ny sary tany Equateur dia nalain'i Alex Romney. Ny sary tany Allemagne dia nalain'i Mirko Kube. Ny sary tany Jamaïque dia nalain'i Alexia Pommells. Ny sary tany Mexique dia nalain'i Ericka González Lage. Ny sary tany Philippines dia nalain'i Wilmore La Torre. Ny sary tany Portugal dia nalain'i Juliana Oliveira. Ny sary tany Roumanie dia nalain'i Matei Florin. Ny sary tany Slovénie dia nalain'i Ivan Majc. Ny sary tany Afrika Atsimo dia nalain'i Kevin Cooney. Ny sary tany Ukraine dia nalain'i Marina Lukach. Ny sary tany Maryland, Etazonia dia nalain'i Sasha Rose ary ny tany Zambie dia nalain'i Tawanda Maruza.



**BOKY MEY 2011 BOKY. 11 LAH. 2**
**LIAHONA 09685 654**

Gazetiboky ôfisialy iraisam-pirenena an'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Paul B. Pieper
**Mpanorohevitra:** Stanley G. Ellis, Christoffel Golden Jr., Yoshihiko Kikuchi

**Tale mpitantana:** David L. Frischknecht
**Talen'ny Fandrindrana sy ny Fanontana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Fandrafetana Sary:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Jenifer L. Greenwood, Adam C. Olson
**Mpikambana ao amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanomana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Susan Barrett
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanontana:** David A. Edwards, Matthew D. Flitton, LaRene Porter Gaunt, Larry Hiller, Carrie Kasten, Jennifer Maddy, Melissa Merrill, Michael R. Morris, Sally J. Odekirk, Joshua J. Perkey, Chad E. Phares, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Janet Thomas, Paul VanDenBerghe, Melissa Zenteno

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Scott Van Kampen
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Tompon'andraikitra ambonin'ny Hai-tao:** C. Kimball Bott, Thomas S. Child, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Scott M. Mooy
**Mpiara-miasa amin'ny Fandrafetana Sary sy ny Famokarana Sary:** Collette Nebeker Aune, Howard G. Brown, Julie Burdett, Gene Christiansen, Reginald J. Christensen, Kim Fenstermaker, Kathleen Howard, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Ty Pilcher, Gayle Rafferty
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick
**Talen'ny Fanapariahana:** Evan Larsen

**Tompon' andraikitry ny fandikan-teny:** Ifano Rasolondraibe
**Mpandika teny:** Rakotondrasoa Ziva Lalarivelo, Rabemalanto Lucia, Raoelimananiaina Barège

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Alefaso amin'izao adiresy izao ny taratasy sy ny fanontaniana *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA; na alefaso e-mail amin'ny: liahona@ldschurch.org.**

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2011 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
May 2011 Vol. 11 No. 2. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send address changes to Salt Lake Distribution Center, Church Magazines, PO Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368.



**LISITR'IREO MPANDAHATENY MANARAKA NY ABIDIA**

Allred, Silvia H., 84
Andersen, Neil L., 49
Ballard, M. Russell, 46
Bednar, David A., 87
Burton, H. David, 81
Christofferson, D. Todd, 97
Cook, Mary N., 118
Cook, Quentin L., 18
Dalton, Elaine S., 121
De Hoyos, Benjamín, 106
Dibb, Ann M., 115
Eyring, Henry B., 22, 62, 125
Gibson, Larry M., 55
González, Walter F., 13
Grow, C. Scott, 108
Holland, Jeffrey R., 111
Johnson, Paul V., 78
Maynes, Richard J., 37
Monson, Thomas S., 4, 66, 90, 114
Nelson, Russell M., 34
Oaks, Dallin H., 42
Packer, Boyd K., 30
Perry, L. Tom, 6
Pratt, Carl B., 101
Richards, Kent F., 15
Robbins, Lynn G., 103
Samuelson, Cecil O., Jr., 40
Scott, Richard G., 94
Snow, Steven E., 53
Stevens, Jean A., 10
Uchtdorf, Dieter F., 26, 58, 70

**FANOROAM-PEJY ARAKA NY LOHAHEVITRA**

Adidy, 55, 62
Ankizy, 10, 37, 103
Asa, 84
Asa an-tsitrapo, 118
Asa enti-miantra olona, 4
Asa fanompoana, 22, 46, 55, 58, 70, 81, 84, 118
Asa fitoriana, 4, 46, 49
Fahafahana misafidy, 42
Fahafoizan-tena, 90
Fahafolonkarena, 10, 34, 101
Fahaizana mitarika, 55, 62
Fahamarinana, 40, 121
Fahamarinan-toetra, 121
Faharetana, 15, 78
Fahazavana, 87
Fahoriana, 15, 34, 78, 106
Fanahy Masina, 30, 40, 58, 70, 87, 111
Fanambadiana, 42, 66, 94
Fanambarana, 30, 87
Fanantenana, 53
Fanasan'ny Tompo, 6
Fandaharan'asa Fifanampiana, 22, 81, 84
Fanekempihavanana, 13, 90, 94, 115
Fanetren-tena, 10, 15
Faniriana, 42
Fanitsiana, 97
Fankatoavana, 10, 34, 40, 87, 97, 101, 103, 125
Fenitra, 111
Fianakaviana, 10, 18, 37, 90, 94
Fiantrana, 46, 53, 81
Fiaviana Fanindroany, 49
Fibebahana, 40, 97, 108
Fihaonamben'ny Fiangonana, 111, 114
Fijoroana ho Vavolombelona, 40, 66, 125
Fikambanana Ifanampiana, 84
Filankevitra, 18
Finoana, 18, 34, 42, 53, 70, 78, 87, 101, 106, 125
Fiomanana, 49
Fisaraham-panambadiana, 66
Fisoronana, 30, 49, 58, 62, 66
Fisoronana Aharôna, 55
Fitahiana, 34, 78, 101
Fitiavana, 13, 22, 46, 62, 84, 94
Fitsaohana, 6
Fizakan-tena, 22, 81, 84
Hasina, 115, 121
Hatsaram-panahy, 118
Jesoa Kristy, 6, 13, 15, 30, 78, 103, 108, 114
Laharam-pahamehana, 42
Maha-mpianatra, 13, 84, 111
Maha ray aman-dreny, 37, 94, 103
Maha-reny, 18
Mampianatra, 37
Mpaminany, 111
Mpisava lalana, 53
Ohatra, 10, 121, 125
Olomasina, 106
Paska, 114
Sabata, 6
Soratra Masina, 30
Sorompanavotana, 15, 40, 53, 106, 108, 114
Tempoly, 4, 90, 115
Testament Vaovao, 6
Vavaka, 125
Vehivavy, 18



**Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson**

# Fihaonambe Indray Izao

*Misaotra anareo aho noho ny finoana sy fanoloran-tenanareo ho an'ny filazantsara, noho ny fitiavana sy fifampitsinjovanareo ary noho ny asa fanompoana izay atolotrareo.*

Tamin'ny fotoana nandrafetana ity trano ity, dia nihevitra izahay hoe tsy ho fenontsika na oviana na oviana izy ity. Jereo ange ity izy ankehitriny.

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, tsara ery izany hoe tafaraka indray izany eto am-panombohantsika ny fihaonambe fanao isan-taona faha-181 an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ireo enim-bolana lasa farany teo dia toa nandalo haingana raha sahirana tamin'ny andraikitra maro aho. Ny iray amin'ireo fitahiana lehibe nandritra izany fotoana izany dia ny namerenana nanokanana ilay Tempoly tsara tarehin'i Laie Hawaii, izay avy nandalo fanavaozana goavana saika nandritra ny roa taona. Niaraka tamiko tamin'izany ny Filoha Henry B. Eyring mivady, ny Loholona Quentin L. Cook





mivady ary ny Loholona William R. Walker mivady. Nandritra ny hariva mialohan'ny namerenana ny fanokanana, izay natao tamin'ny Nôvambra, dia nijery ireo tanora 2.000 avy amin'ny fari-piadidian'ilay tempoly izahay raha nameno ny Foibe fanaovana Fiaraha-mientana Cannon ao amin'ny BYU-Hawaii izy ireo ary nanolotra fampisehoana ho anay. Ny fampisehoan'izy ireo dia nitondra ny lohateny hoe "Ilay Toeram-pivondronana" izay nitantarana tamin'ny saina tia mamorona sy fahaizana mifehy ireo zava-nitranga tamin'ny



tantaram-piangonana teo an-toerana sy ny tantaran'ilay tempoly. Nahafinaritra ery izany takariva izany!

Ny ampitson'io dia hanim-pitoloha ara-panahy rehefa naverina notokanana ilay tempoly nandritra ny fotoam-pivoriana in-telo. Niaraka taminay tamin'ny fomba feno dia feno ny Fanahin'ny Tompo.

Manohy hatrany manorina tempoly isika. Voninahitra manokana ho ahy anio maraina ny hanambara tempoly telo fanampiny ka efa eo andalam-pividianana ny tany hanorenana azy izao ary ato anatin'ny volana sy taona vitsivitsy dia haorina amin'ireto toerana ireto: Fort Collins, Colorado; Meridian, Idaho ary Winnipeg, Manitoba, Canada. Tena ho fitahiana ho an'ireo mpikambana any amin'ireo faritra ireo izany.

Isan-taona dia ôrdônansy antapitrisa no tanterahina any amin'ireo tempoly. Enga anie isika hanohy hatrany ho mahatoky eo amin'ny fanatanterahana ôrdônansy tahaka izany, tsy ho an'ny tenantsika ihany fa ho an'ireo malalantsika izay nodimandry ihany koa izay tsy afaka nanao izany ho an'ny tenany.

Manohy manolotra fanampiana olona ny Fiangonana amin'ny fotoanan'ny loza. Vao haingana indrindra izao dia nangoraka an'ireo mponina any Japon ny fontsika ary nanolotra fanampiana ho azy ireo taorian'ilay horohorontany sy tsunami nandravarava sy ireo olana ara-nokleary naterak'izany. Nizara kojakoja maherin'ny 63 taonina isika, an'isan'izany ny sakafo, rano fisotro, bodofotsy, kojakoja fidiovana, akanjo fitafy ary solika. Ireo tanora mpitovo tato amintsika dia nanolotra ny fotoany mba hikarohana ireo mpikambana tsy hita

popoka tamin'ny fampiasana ny Internet, sy ireo fitaovam-pifandraisana samihafa sy fomba fifandraisana maoderina hafa. Manolotra fanampiana ireo mpikambana, amin'ny alalan' ireo môtô natolotry ny Fiangonana, ho an'ireo faritra izay saro-dalana ho an'ny fiarakodia. Volavolan'asa fanompoana entina hanambatra kojakoja fidiovana sy fanadiovana no eo an-dalam-panatanterahana any amin'ireo tsatòka sy paroasy maro ao Tokyo sy Nagoya ary Osaka. Hatreto aloha dia maherin'ny 40.000 ny ora nanaovana asa fanasoavana efa natolotry ny tsara sitrapo maherin'ny 4.000. Ny fanampiantsika dia mbola hitohy any Japon sy rehefa mety ho faritra hafa ilàna izany.

Ry rahalahiko sy anabaviko, misaotra anareo aho noho ny finoana sy fanoloran-tenanareo ho an'ny filazantsara, noho ny fitiavana sy fikarakarana izay ifanaovanareo ary noho ny asa fanompoana izay atolotrareo any amin'ny paroasy sy sampana ary tsatòka sy distrika misy anareo. Misaotra anareo ihany koa noho ny fahatokianareo eo amin'ny fandoavanareo fahafolonkarena sy fanatitra ary noho ny falalahan-tanana asehonareo eo amin'ny fanomezana vola hafa ato amin'ny Fiangonana.

Tamin'ny faran'ny taona 2010 teo dia nisy misiônera 52.225 am-perin'asa any amin'ny misiona 340 maneran-tany. Ny asa fitoriana no fanalahidin'ny fitomboan'ny Fiangonana. Mamelà ahy hanao sosokevitra hoe raha afaka manao ianareo dia azonareo dinihina ny handraisanareo anjara amin'ny Fonds Missionnaire Général [Kitapom-bola Foibe ho an'ny Asa Fitoriana] an'ny Fiangonana.

Ankehitriny, rahalahy sy ranabavy, dia tsindrin-daona isika hihaino ireo hafatra izay hatolotra ho antsika anio sy rahampitso. Ireo izay hiteny amintsika dia nikaroka ny fanampiana sy ny fitarihan'ny lanitra raha nanomana ny hafatr'izy ireo. Ny vavaka ataoko dia ny mba ho heniky ny Fanahin'ny Tompo isika sy ho tonga mafy orina ary handray fitaomam-panahy raha hihaino sy hianatra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona L. Tom Perry**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Ny Sabata sy ny Fanasan'ny Tompo

*Aoka ny fianakavianao ho feno fitiavana rehefa manaja ny Sabata ny tontolo andro ianareo ary miaina ireo fitahiana ara-panahy entiny mandritra ny herinandro.*

Ry rahalahiko sy anabaviko manerana izao tontolo izao, izao maraina izao dia tonga mba hihaino ny feon'ny mpaminany isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny feo vao avy henontsika teo dia feon'ny mpaminany velon'Andriamanitra eto an-tany ankehitriny, dia ny Filoha Thomas S. Monson. Tena voatahy isika amin'ny fampianarany sy ny ohatra asehony!

Amin'ity taona ity dia manana fahafahana hianatra ny tenin'ireo mpaminany ao amin'ny Testamenta Vaovao isika rehetra amin'ny Sekoly Alahady. Raha toa ny Testamenta Taloha ka fianarana momba ireo mpaminany sy ny vahoaka iray, ny Testamenta Vaovao kosa dia mifantoka amin'ny fiainana sy ny hery misarik'Ilay hany Lehilahy tonga teto amin'ny fiainana an-tany niaraka tamin'ny fiaviana roa dia ny avy any an-danitra sy ny avy eto an-tany—ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, i Jesoa Kristy.

Ny tontolo ankehitriny dia tototry ny fotopampianaran'ny olona hany ka mora ny manadino sy ny manary finoana mikasika ity tantara tena manandanjan'ny fiainan' ny Mpamonjy sy ny fanompoany—dia ny Testamenta Vaovao. Io boky masina io no ivon'ny tantara araka ny soratra masina, tahaka ny maha tokony ho ivon'ny fiainantsika ny Mpamonjy tenany mihitsy. Mila manolo-tena ny hianatra izany sy ny hankamamy izany isika!

Misy voahangim-pahendrena tsy voavidy vola hokatsahina ao amin'ny fandalinantsika ny Testamenta Vaovao. Tiako hatrany ny mamaky ireo tantaran'i Paoly raha nandehandeha nanangana ny Fiangonan'ny Mpamonjy izy, indrindra ireo fampianarany an'i Timoty. Ao amin'ny toko fahaefatry ny epistilin'i Paoly ho an'i Timoty dia mamaky isika hoe: "Izany zavatra izany no andidio sy ampianaro, . . . fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao, amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana."[1] Tsy mahita fomba tsara kokoa isika hanombohantsika na hanohizantsika ny ho tonga ohatra ho an'ny mino mihoatra noho ny fanajantsika ny Andro Sabata.

Nanomboka tamin'ny Fahariana izao tontolo izao dia nisy andro iray natokana tamin'ireo hafa rehetra. "Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito

sy nanamasina azy."[2] Na dia Andriamanitra aza dia nitsahatra tamin'ny asany tamin'io andro io, ary miandrandra ny zanany Izy mba hanao tahaka izany koa. Ho an'ny zanak'i Isiraely dia nanome didy Izy hoe:

"Mahatsiarova ny andro sabata hanamasinana azy.

"Henemana no hiasanao sy hanaovana ny raharahanao rehetra.

Fa sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito. . . .

. . . izany no nitahian'ny Tompo ny andro sabata sy ny nanamasinany azy."[3]

Tokony ho tafiditra hatrany ao anatin'ny toromariky ny fanajana ny Sabata ny fanompoana. Taorian'ny nidiran'i Adama sy i Eva tao anatin' ny fiainana mety maty dia nodidiana izy ireo "[hidera] ny Tompo Andriamaniny ary tokony [hanatitra] ho fanatitra ho an'ny Tompo ny voalohan-teraky ny biby fiompiny . . . tandindon'ny fanaovan'ny Lahitokan'ny Ray sorona, izay feno fahasoavana sy fahamarinana."[4] Ny fanaovana sorona biby dia nampahatsiahy ny taranak'i Adama fa indray andro any dia hanao sorona ny ainy ho antsika ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, dia i Jesoa Kristy.

Nandritra ny fiainany manontolo dia niresaka momba izany sorona izany ny Mpamonjy.[5] Ny alina nialoha ny Fanomboana Azy dia nanomboka ho tanteraka ny teniny. Nanangona ireo mpianany hiaraka tao amin'ny efitra ambony Izy, lavitry ny fandrebireben'izao tontolo izao. Nametraka ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo Izy.

"Ary raha mbola nihinana izy, dia nandray mofo i Jesosy, ka nony efa nisaotra Izy, dia novakiny ka natolony ny mpianatra ary hoy Izy: Raiso, hano, ity no tenako.

"Ary nandray kapoaka Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy ka nataony hoe: Sotroinareo rehetra ity;

"fa ity ny rako, dia ny amin'ny fanekena, izay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka."[6]

Nanomboka tamin'izany fotoana izany ka hatrizao dia lasa sorona lehibe sy farany ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Rehefa niseho teo amin'ny kaontinanta amerikana taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty Izy dia nanome ny fisoronany an'ireo mpianany sy nametraka ny fanasan'ny Tompo Izy ka nilaza hoe:



"Ary izany dia hoezahanareo mandrakariva hatao . . . toy izay efa namakiako ny mofo sy nitsofako rano izany ary ny nanomezako izany anareo.

. . . Ary izany dia ho vavolombelona amin'ny Ray fa mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo. Ary raha mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo dia hanana ny Fanahiko miaraka aminareo."[7]

Mahatalanjona fa na dia nandritra ireo fotoana maizin'ny fihemorana aza dia nitohy tamin'ny endrika maro ny fampiharana ny fanompoana amin'ny andro Sabata ary dia mbola nitohy ny fanaovana ny fanasan'ny Tompo tamin'ny endriny maro.

Rehefa naverina tamin'ny laoniny ny filazantsara dia niseho tamin' i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ny

telo tamin'ireo Apôstôly, dia i Petera sy i Jakoba ary i Jaona, izay nandray voalohany ny fanasan'ny Tompo avy tamin'ny Mpamonjy. Teo ambany fitarihan'izy ireo dia naverina tamin'ny laoniny ny fahefan'ny fisoronana izay nilaina mba hanatanterahana ny fanasan'ny Tompo ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.[8]

Natolotry ny Mpamonjy ireo Mpaminany sy Apôstôliny, ary avy amin'izy ireo mankaty amintsika, izany fahefan'ny fisoronana izany dia mbola mitohy eto an-tany ankehitriny. Ny mpihazona fisoronana tanora manerana ny tany dia manao izay mahamendrika azy ireo mba hampiasa ny herin'ny fisoronana amin'ny alalan'ny fitandremana amim-pahazotoana ny didin'Andriamanitra sy amin'ny fiainana ny fenitry ny filazantsara. Rehefa mitandrina ny tanan'izy ireo sy ny fon'izy ireo ho madio ireo zatovolahy ireo dia manomana sy manamasina ary mizara ny fanasan'ny Tompo amin'ny fomban' ny Tompo—fomba izay voafaritra araka izay nataony 2000 taona lasa izay.

Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo no ivon'ny fitandremantsika ny andro Sabata. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia mandidy antsika rehetra ny Tompo hoe:

"Ary mba hahazoanao miaro tanteraka kokoa ny tenanao tsy ho voapentimpetin'izao tontolo izao, dia handeha any amin'ny trano fivavahana ianao ary hanatitra ny fanati-pisaoranao amin'ny androko masina.

"Satria marina tokoa fa izany no andro voatendry ho anao hitsaharanao amin'ny asanao ary hanatanterahanao ny fanompoana ny Avo indrindra. . . .

. . . Ary amin'io andro io, dia tsy hanao zavatra hafa ianao."[9]

"Raha mandinika ny lamin' ny Sabata sy ny Fanasan'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika manokana isika dia misy zavatra telo izay takian'ny Tompo amintsika. Voalohany, ny hitandrina ny tenantsika tsy hovoapentimpentin'izao tontolo izao. Faharoa, ny handeha any amin'ny trano fivavahana sy hanolotra ny fanatipisaorantsika. Ary fahatelo, mba hitsahatra amin'ny asantsika.



Zavatra feno voninahitra ny hoe Kristianina, ny miaina amin'ny maha mpanara-dia marina an'i Kristy. Hoy Izy mikasika antsika: "Tsy naman'izao tontolo izao izy, tahaka ahy tsy naman'izao tontolo izao."[10] Mba hitandremana antsika tsy ho voapentimpentin'izao tontolo izao, dia manantena antsika izy mba hiala amin'ny fandrebireben'ny asa aman-draharaha sy ireo toerana fialana voly amin'ny Andro Sabata.

Mino aho fa maniry antsika hiakanjo araka ny tokony ho izy koa Izy. Ireo tanorantsika dia mety mieritreritra fa nilaozan'ny toetrandro ny fomba fiteny hoe "Fitafy Alahady." Mbola fantatsika anefa fa rehefa manomboka manao ny fitafy andavanandro amin'ny andro Alahady ny olona iray dia manaraka izany ny fihetsika sy ny asa. Mazava ho azy, fa mety tsy ho ilaina ny hanaovan'ny zanantsika akanjo fitafy Alahady hatramin'ny filentehan'ny masoandro. Kanefa amin'ny alalan'ireo akanjo amporisihantsika hanaovan'izy ireo sy amin' ireo fiaraha-mientana omanintsika dia manampy azy ireo isika hiomana ho amin'ny Fanasan'ny Tompo sy hankamamy ny fitahiana entin'izany mandritra ny tontolo andro.

Inona no dikan'ny hoe manolotra fanati-pisaorana ho an'ny Tompo? Manaiky isika fa isika rehetra dia manao fahadisoana daholo. Ny tsirairay amintsika dia mila mibaboka sy mamela ireo fahotantsika sy ireo fahadisoantsika amin'ny Raintsika any an-danitra sy ny hafa izay mety tafintohana tamintsika. Ny Sabata dia manome fahafahana sarobidy ho antsika mba hanolotra ireo—fanatipisaorantsika—ho an'ny Tompo. Hoy ny Tompo hoe: "Nefa tsarovy fa amin' io andron'ny Tompo io, dia hanatitra ny fanatitrao sy ny fanati-pisaoranao ho an'ny Avo Indrindra ianao, ary hibaboka ny fahotanao amin'ny rahalahinao sy eo anoloan'ny Tompo."[11]

Ny Loholona Melvin J. Ballard dia nanao soso-kevitra hoe: "Tianay ny Olomasina tsirairay hanatona ny latabatry ny fanasan'ny Tompo satria izany no toerana fanadihadihana ny tena sy fanaraha-maso ny tena, izay mety ianarantsika hanitsy ny diantsika sy hanova ho marina ny fiainantsika manokana, ary hitondra ny tenantsika mba hirindra amin'ny fampianaran'ny Fiangonana sy amin'ireo rahalahy sy anabavintsika."[12]

Rehefa mandray amim-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo isika dia mijoro ho vavolombelona fa vonona ny hitondra ny anaran'ny Mpamonjy sy hitandrina ny didiny ary *hahatsiaro* Azy mandrakariva, mba hananantsika ny Fanahiny miaraka amintsika. Amin'izany fomba izany no hanavaozantsika ny fanekempihavanantsika tamin'ny batisa. Ny Tompo dia nankahery ny Apôstôliny hoe: "Fa isaky ny manao izao ianareo dia hahatsiaro ity ora izay niarahako taminareo ity."[13]

Indraindray isika dia mihevitra ny hoe miala sasatra amin'ireo asantsika ho toy ny hoe tsy manao ny anton'asantsika na ny asa andraisantsika karama fotsiny ka mametraka eo amin'ny varavaran'ny fiasana ny soratra hoe "Mikatona." Kanefa eo amin'izao tontolo izao ankehitriny dia tafiditra ao anatin'ny hoe asa ny asa andavanandro eo amin'ny fiainantsika. Azo ampidirina amin'izany ireo asa aman-draharaha izay mety ataontsika ao an-trano, ireo fifaninanana arapanatanjahan-tena, ary ireo zavatra hafa izay manalavitra antsika amin'ny

fanompoana ny andro Sabata sy ny fahafahana manompo ny hafa.

"Aza hamaivanina ireo zavamasina"[14] hoy ny nanambaran'ny Tompo tamin'ireo Olomasin'ny Andro farany, tahaka ny hoe mampahatsiahy antsika izay nolazainy tamin'ireo mpanara-dia Azy hoe: "Ny Sabata no natao ho an'ny olona, fa tsy ny olona ho an'ny Sabata."[15]

Ry rahalahy sy anabavy, amin'izao andro farany izao dia mahomby ny fahavalo rehefa manamaivana ny fanoloran-tenantsika ho an'ny Tompo isika, sy manao tsinontsinona ny fampianarany ao amin'ny Testamenta Vaovao sy ny soratra masina hafa, ary mitsahatra ny manara-dia Azy. Ry ray aman-dreny, izao no fotoana ampianarana ireo zanantsika mba ho fianarana ho an'ny mpino amin'ny fanatrehana ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo. Rehefa tonga ny Alahady maraina, ampio izy ireo mba ho afa-tsasatra tsara sy hiakanjo araka ny tokony ho izy ary ho vonona ara-panahy ny handray ireo tandindon'ny Fanasan'ny Tompo sy handray ny hery manazava sy mampiorina ary manandriana izay avy amin'ny Fanahy Masina. Aoka ny fianakavianao ho feno fitiavana rehefa manaja ny Sabata ny tontolo andro ianareo ary miaina ireo fitahiana ara-panahy entiny mandritra ny herinandro. Asao ireo zanakareo lahy sy ireo zanakareo vavy mba "[h]itsangana ary [h]amirapirat[r]a" amin'ny fitandrovana ny andro Sabata ho masina, mba "hahatonga ny fahazava[n' izy ireo] ho faneva ho an'ireo firenena."[16]

Rehefa mandeha ny taona dia manohy mieritreritra hatrany ireo andro Sabatan'ny fahazazako sy ny fahatanorako aho. Mbola tsaroako ny andro voalohany nizarako ny fanasan'ny Tompo fony aho diakona, ary ireo kaopy vera kely izay nozaraiko tamin'ireo mpikambana tao amin'ny paroasinay. Taona vitsy lasa izay dia nohavaozina ny trano fivavahana iray tao amin'ny tanàna niaviako. Nisy toerana iray tao amin'ny polipitra natao nihidy. Rehefa nosokafana izany dia hita nitoetra niafina taona maro tao ny sasantsasany tamin'ireo vera kely ireo. Nomena ahy ho fahatsiarovana ny iray tamin'izy ireo.

Tsaroako ihany koa ilay fitahirizana entana maintso izay nentinay niaraka taminay tany amin'ny Tafika An-dranomasina Amerikana. Tao anatin'izany fitahirizana entana izany dia nisy filanjana vita tamin'ny hazo sy boaty-na kaopy ho an'ny Fanasan'ny Tompo, mba nahafahanay ho voatahy tamin'ny fiadanana sy ny fanantenan' ny Fanasan'ny Tompo, eny na dia tao anatin'ny fifanoherana sy ny fahakivian'ny ady aza.

Rehefa mieritreritra ireo veran'ny fanasan'ny Tompo tamin'ny fahatanorako ireo aho, ny iray tany amin'ilay lohasaha voahaloka nisy ny tranon'ny fahazazako, ary ny sasany hafa any amin'ny arivo kilaometatra maro any amin'ny Pasifika dia feno fankasitrahana aho noho ny naneken'ny Mpamonjy izao tontolo izao hisotro tamin'ilay "kapoaka mangidy"[17] ho fanavotana ahy. Ary satria nanao izany Izy dia afaka miaraka miteny amin'ny mpanao salamo aho hoe: "ny kapoakako feno dia feno"[18] an'ireo fitahiana entin'ny Sorompanavotany tsy misy fiafarany sy mandrakizay.

Amin'ity andro mialohan'ny Sabata ity, raha manomboka izao fihaonambe goavana izao isika dia handeha hahatsiaro ireo fitahiana sy fahafahana izay omena antsika raha manatrika ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompo isika isan-kerinandro any amin'ny paroasy sy sampana misy antsika. Andeha isika hiomana sy hitondra ny tenantsika amin'ny andro Sabata amin'ny fomba izay miantso ireo fitahiana nampanantenaina tamintsika ireo ho antsika sy ny fianakaviantsika. Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa ny fifaliana lehibe indrindra raisintsika amin'ity fiainana ity dia ao amin'ny fanarahana ny Mpamonjy. Enga anie isika hitandrina ny Didiny amin'ny fitandrovana ny androny ho masina, izany no fivavako, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. 1 Timoty 4:11-12.
2. Genesisy 2:3.
3. Eksôdôsy 20:8–11.
4. Mosesy 5:5, 7.
5. Jereo, ohatra ao amin'ny Marka 10:32–34; Jaona 2:19; 10:17; 12:32.
6. Matio 26:26–28.
7. 3 Nefia 18:6–7.
8. Jereo Joseph Smith—Tantara 1:68–69, 72; jereo ihany koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:12–13.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59: 9–10, 13.
10. Jaona 17:16.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:12.
12. Ao amin'ny Bryant S. Hinckley, *Sermons and Missionary Services of Melvin Joseph Ballard* (1949), 150.
13. Dikantenin'i Joseph Smith, Marka 14:21, ao amin'ny tovan'ny Baiboly.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:12 .
15. Marka 2:27.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5.
17. 3 Nefia 11:11.
18. Salamo 23:5.

***Kiev, Ukraine***





**Nataon'i Jean A. Stevens**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany

# Aoka ianao ho Tonga Tahaka ny Ankizy Kely

*Raha manana fo te hianatra sy fahavononana hanaraka ny ohatra asehon'ny ankizy isika dia ny toetra araka an'Andriamanitra ananan'izy ireo no afaka manana ilay fanalahidy izay mamoha ny fivoarantsika ara-panahy manokana.*

Ao anatin'ny fahendreny sy ny fitiavany lehibe, ny Raintsika any an-danitra dia mandefa ireo zanakalahiny sy zanakavaviny ara-panahy eto amin'ity tany ity ho toy ny ankizy. Tonga ao amin'ny fianakaviana izy ireo tahaka ny fanomezana sarobidy miaraka amin'ny toetra sy sori-piainana araka an'Andriamanitra. Ny Raintsika any an-danitra dia mahafantatra fa ny ankizy dia fitaovana tena ilaina amin'ny fanampiana antsika ho tonga tahaka Azy. Maro tokoa ny zavatra azontsika ianarana avy amin'ny ankizy.

Izany fahamarinana manan-danja izany dia voaporofo taona maro lasa izay raha notendrena ho any Hong Kong ny mpikambana tao amin'ny Fitopololahy iray. Namangy paroasy tena mahantra iray izay nitolona tamin'ny sehatra maro izy, ary tsy nahavita nizaka tena akory tamin'ny zavatra nilaina tao aminy. Raha namaritra ny toe-javatra niainan'izy ireo ny eveka dia nahatsapa ilay Manam-pahefana Ambony fa tokony hampandoavina fahafolonkarena ireo mpikambana. Ilay eveka, izay nahalala ny toe-piainan'izy ireo tena nahakivy dia niasa saina nikasika ny fomba hanatanterahany izany torohevitra izany. Nieritreritra an'izany izy ary nanapa-kevitra fa hiresaka amin'ny sasantsasany amin' ireo mpikamban'ny paroasiny izay manam-pinoana indrindra ary hangataka azy ireo mba handoa ny fahafolonkarenany. Ny Alahady manaraka dia nandeha tao amin'ny Kilonga izy. Nampianatra ny ankizy momba ny lalàn'ny fahafolonkarenan'ny Tompo izy ary nanontany raha toa ka vonona ny handoa ny fahafolonkarena amin'ny vola izay azony izy ireo. Nilaza ireo ankizy fa hanao izany. Ary dia nanao izany tokoa izy ireo.

Taty aoriana dia nankao amin'ny olon-dehibe tao amin'ny paroasy ny eveka ary dia nizara tamin'izy ireo fa nandritra ny enim-bolana lasa dia nandoa fahafolonkarena ny zanak'izy ireo izay mahatoky. Nanontany azy ireo izy raha vonona ny hanaraka ny ohatr'ireo ankizy izy ireo ka hanao tahaka izany. Tohina noho ny fahavononan'ireo ankizy nanao fahafoizantena ny fon'ireo olona hany ka nanao izay nilaina izy ireo mba handoavana ny fahafolonkarena. Ary dia nisokatra ny varavaran'ny lanitra. Noho ny ohatr'ireto ankizy mahatoky ireto dia nitombo tao anatin'ny fankatoavana sy tao anatin'ny fijoroana ho vavolombelona ny paroasy iray.

I Jesoa Kristy mihitsy no nampianatra antsika mba handray ireo ankizy ho fianarana. Ny Testamenta Vaovao dia mirakitra ny valinteniny rehefa niady hevitra ireo Apôstôliny mikasika ny hoe iza no tokony ho lehibe indrindra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra. Namaly ny fanontanian'izy ireo i Jesoa tamin'ny lesona kely nefa mahery vaika izay nampiasana zavatra azo tsapain-tànana. Niantso ankizy kely iray hankeo Aminy Izy ary nametraka azy teo afovoan'izy ireo ary niteny hoe:

"Raha tsy miova ianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely dia tsy hiditra amin'ny Fanjakan'ny lanitra mihintsy hianareo.

"Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra" (Matio 18:3–4).

Inona no tokony hianarantsika avy amin'ny ankizy? Inona avy ireo toetra tsara ananan'izy ireo ary inona no ohatra izay asehon'izy ireo ka afaka manampy antsika amin'ny fivoarantsika manokana ara-panahy?

Ireo zanaka sarobidin'Andriamanitra ireo dia tonga eo amintsika miaraka amin'ny fo mino. Feno finoana izy ireo ary mora mandray ireo fahatsapana avy amin'ny Fanahy. Ohatra velon'ireo toetra tsara toy ny fanetren-tena sy ny fankatoavana ary ny fitiavana izy ireo. Izy ireo matetika no tia voalohany sy mamela heloka voalohany.

Mamelà ahy hizara toe-javatra niseho sasantsasany izay maneho ny fomba ahafahan'ny ankizy mitahy ny fiainantsika amin'ny alalan'ny ohatra tsotra nefa mahery vaika asehon'izy ireo eo amin'ny fananana toetra tahaka ny an'i Kristy.

I Todd, ankizilahy kely vao roa taona monja dia nandeha niaraka

tamin'ny reniny vao haingana tany amin'ny tranom-bakoka ho an'ny zava-kanto izay nampiseho fampirantiana manokana ireo sary hosodoko tsara tarehin'ny Mpamonjy. Rehefa nandalo ireo sary masina izy ireo dia naheno ilay zanany lahy kely izy niteny tamim-panajana ilay anarana hoe "Jesoa." Niondrika izy ary nahita azy namoritra ny tànany sy nanondrika ny lohany rehefa nijery ireo sary hosodoko. Moa ve afaka mianatra zavatra avy amin'i Todd isika mikasika ny fihetsika feno fanetren-tena sy fanajana ary fitiavana ho an'ny Tompo?

Tamin'ny fararano farany teo, dia nijery ny ohatra nasehon'ny ankizilahy kely 10 taona tany Arménie aho. Raha niandry ny fiandohan'ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompo izy dia hitany fa tonga ilay mpikambana antitra indrindra tao amin'ny sampana. Izy no voalohany nandeha haingana nanatona azy ary nanolotra ny sandriny mba hitazona azy tsara noho ilay fandehany mangozohozo. Nampiany izy hatreny amin'ny dabolio teny aloha indrindra tao amin'ny trano fivoriana, izay toerana nahafahany naheno tsara. Moa ve ny fihetsika kely feno hatsaram-panahy nataony afaka mampianatra antsika fa ireo izay lehibe indrindra ao amin'ny fanjakan'ny Tompo dia ireo izay mitady fomba ahafahana manompo ny hafa?

I Katie, izay ankizivavy kely dia nampianatra anay rehefa nahita ny hery misarika entiny eo amin'ny fianakaviany izahay. Nanatrika ny kilonga izy ary voasinton'ny fampianaran'ny filazantsara. Niaraka tamin'ilay finoana sy fijoroana ho vavolombelona nihanitombo dia namela taratasy kely teo amin'ny ondan'ny ray aman-dreniny i Katie. Nanoratra izy hoe ny fahamarinan'ny filazantsara dia nahita "toerana tao am-pony." Nizara ny faniriany hanakaiky bebe kokoa ny Rainy any an-danitra izy sy hankato ireo didiny ary ny faniriany mba hamehezana ny fianakavian'izy ireo any amin'ny Tempoly. Ilay fijoroana ho vavolombelona tsotra an'ilay zanakavavy malalan'izy ireo dia nanohina ny fon'ireo ray aman-dreniny tamin'ny fomba tena nahery vaika tokoa. I Katie sy



ny fianakaviany dia nandray tokoa ireo ôrdônansy masin'ny tempoly izay namehy ny fianakavian'izy ireo ho mandrakizay. Ny fon'i Katie feno finoana sy ny ohatry ny finoana nasehony dia nitondra fitahiana mandrakizay ho an'ny fianakaviany. Moa ve ny fijoroana ho vavolombelona tamin-kitsimpo sy ny faniriany hanaraka ny drafitry ny Tompo afaka mitarika antsika hahita mazava kokoa ireo zavatra izay tena manan-danja indrindra?

Ny fianakavianay dia mianatra zavatra avy amin'ny havana akaiky iray, dia i Liam izay enin-taona. Tamin'iny taona lasa iny izy dia niady tamin'ny homamiadan'ny ati-doha. Taorian'ny fandidiana sarotra in-droa dia tapaka ny hevitra fa ilaina koa ny fitsaboana amin'ny alalan'ny radiothérapie. Nandritra ireo fotoana nanaovana radiothérapie ireo dia nitakiana ny maha-irery tanteraka azy sy ny handriany tsara tsy mihetsiketsika mihitsy. Nandà ny hihinana fanafody mampitony izy satria tsy tiany ny fahatsapana nentin' izany. Tapa-kevitra izy fa raha mahare fotsiny ihany ny feon'ny rainy amin'ny alalan'ny vata-pifandraisana dia afaka ny hatory tsy mihetsiketsika tsy mila fanafody fampitoniana.

Nandritra ireo fotoana nampitaintaina ireo dia niresaka taminy tamin'ny alalan'ny fanehoana teny feno fankaherezana sy fitiavana ny rainy nanao hoe "Liam a!na dia tsy mahita ahy aza ianao dia eto aho. Fantatro fa vitanao io. Tiako ianao." Nahavita tamim-pahombiazana ireo fitsaboana in-33 tamin'ny radiothérapie izay notakiana i Liam ary nandritra izany dia tony tanteraka izy. Izany zavatra tontosa izany dia noeritreretin'ireo mpitsabo azy fa tsy ho tanteraka raha tsy misy fanafody fampitoniana ho an'ny olona mbola kely loatra toa azy. Nandritra ireo volana maro feno fanaintainana sy fahasahiranana dia ohatra iray mahery vaika maneho ny fomba fiatrehana olana miaraka amin'ny fanantenana sy ny fifaliana mihitsy aza ilay fiheveran'i Liam ny zava-drehetra ho tsara izay nifindra tamin'ny hafa. Ireo dokoterany sy ireo mpitsabo mpanampy ary ireo maro hafa tsy tambo isaina dia nentanin'ny herim-pony.

Mianatra lesona manan-danja avy amin'i Liam daholo isika—lesona mikasika ny fisafidianana ny finoana sy ny fahatokiana ny Raintsika any an-danitra. Tahaka an'i Liam dia tsy mahita ny Raintsika isika, saingy afaka mandre ny feony manome ny hery izay ilaintsika hahazakana ireo fanambin'ny fiainana.

Moa ve ny ohatr'i Liam afaka manampy antsika hahatakatra tsara kokoa ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina hoe ho tonga tahaka ny ankizy—mankato, malemy paika, manetry tena, miaritra ary feno fitiavana? (Jereo ny Mosià 3:19).

Ireo ankizy ireo dia manome ohatra amin'ny sasantsasany amin'ireo toetra tsaran'ny ankizy izay ilaintsika ananana sy karohana indray ao anatintsika mba hidirana ny fanjakan'ny lanitra. Fanahy madio izy ireo izay mbola tsy voalaoton'izao tontolo izao—mora ampianarina sy feno finoana. Tsy mahagaga raha toa ny Mpamonjy




ka manana fitiavana sy fankasitrahana manokana ny ankizy madinika.

Tao anatin'ireo zava-niseho mahatalanjona nandritra ny famangian'ny Mpamonjy tany Amerika dia tena niavaka ny fanompoany tamim-pitiavana ireo ankizy. Tamin'ny fomba nampihetsi-po no nanolorany tanana tamin'ny ankizy tsirairay.

"Ary nalainy tsirairay ny ankizy madininy ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo.

"Ary nony nanao izany Izy dia nitomany. . . .

"Ary niteny tamin'ny valalabemandry Izy, ary hoy Izy taminy: Jereo ny madinikareo (3 Nefia 17:21–23).

Ny Loholona M. Russell Ballard dia nampianatra antsika ny mahazava-dehibe ilay didin'ny Mpamonjy hoe "Jereo ireo madinikareo," raha nilaza izy hoe: "Jereo tsara fa tsy nilaza Izy hoe 'topazo maso izy ireo' na 'tazano indraindray izy ireo' na 'mitodia kely indraindray any ho any amin'izay misy azy ireo.' Nilaza izy hoe *jereo* izy ireo. Ho ahy izany dia midika fa tokony hamihina azy ireo amin'ny masontsika sy ny fontsika isika. Tokony hijery sy hankasitraka azy ireo isika noho ny fahafantarana hoe iza marina moa izy ireo: fanahy zanaky ny Raintsika any an-danitra miaraka amin'ny toetra araka an'Andriamanitra" ("Behold Your Little Ones," *Tambuli,* Ôkt. 1994, 40; nampiana fanamafisana).

Tsy misy toerana lavorary kokoa ahafahantsika "mijery ireo madinintsika" noho ny ao amin'ny ankohonantsika. Ny tokantrano dia toerana iray izay ahafahantsika rehetra miara-mianatra sy mivoatra. Ny iray amin'ireo hira tsaran'ny Kilonga dia mampianatra izany fahamarinana izany:

*Fianakaviana*
*Mba hanampiana antsika ho tonga*
*toa Azy—*
*Izany no Fitiavany,*
*Drafitra napetrany.*
("Avy amin'Andriamanitra ny fianakaviana," *Liahona,* Ôkt. 2008, N12–N13)

Eto ao amin'ny fianakaviantsika, ao anatin'ny tontolo misy fitiavana no toerana ahitantsika sy ankasitrahantsika amin'ny fomba manokana kokoa ireo toetra araka an'Andriamanitra ananan'ireo fanahy izay zanany. Eto ao amin'ny fianakaviantsika no afaka ho lasa malefaka ny fontsika ary maniry ny hiova ao anatin'ny fanetrentena isika, ho tonga tahaka ny ankizy kokoa. Izany no dingana arahana mba hahatongavantsika bebe kokoa tahaka an'i Kristy.

Moa ve ny zavatra niainana sasany teo amin'ny fiainana nanaisotra ilay fo feno finoana sy ilay finoana toy ny an'ny zaza izay nananananao fahiny? Raha izany dia jereo ireo ankizy eo amin'ny fiainanao. Dia avereno jerena indray. Mety ho ankizy ao amin'ny fianakavianao izany, na ery ampitanao, na ao amin'ny Kilongan'ny paroasy misy anao. Raha manana fo te hianatra sy fahavononana hanaraka ny ohatra asehon'ny ankizy isika dia ny toetra araka an'Andriamanitra ananan'izy ireo no afaka manodina ilay fanalahidy izay mamoha ny fivoarantsika ara-panahy manokana.

Ho feno fankasitrahana foana aho noho ny fitahiana avy amin'ireo zanako manokana. Nampianatra ahy lesona izay ilaiko ny ohatra nasehon'izy ireo tsirairay avy. Nanampy ahy hiova ho tsara kokoa izy ireo.

Mijoro ho vavolombelona amim-panentren-tena aho fa i Jesoa no Kristy. Izy no ilay Zanakalahy tonga lafatra—mankato, malemy paika, manetry tena, miaritra ary feno fitiavana tokoa. Enga anie ny tsirairay amintsika hanana fo te-hanaraka ny ohatra napetrany, sy te-ho tonga tahaka ny ankizy, ary amin'ny alalan'izany dia hiverina any amin'ilay fonenantsika any andanitra. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Walter F. González**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Mpanara-dia an'i Kristy

*Ny mpanara-dia an'i Kristy dia mandrafitra ny fiainany araka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy ary mandeha amin'ny hazavana.*

Tamin'ny volana Ôktôbra lasa teo, dia niaraka tamin'ny Loholona sy Rahavavy Neil L. Andersen mivady izahay mivady tamin'ny fangadiana ny fototry ny tempoly vaovao'i Córdoba, Argentine. Toy ny mahazatra, dia nisy valan-dresaka tamin'ny mpanao gazety taorian'ilay lanonana. Mpanao gazety iray izay tsy mpikamban'ny Fiangonana, no nanao fanamarihana hoe hitany ny fomba tena tsara hitondran'ny lehilahy ireo vadiny. Avy eo izy dia nametraka fanontaniana izay tsy nampoizina: "Tena marina ve izany sa foronin'ny eritreritra fotsiny?" Azoko antoka fa nahita sy nahatsapa zavatra miavaka teo amin'ireo mpikambana izy. Mety tsikariny angamba ny fanirian'ny mpikambana ao amintsika hanara-dia an'i Kristy. Manana faniriana toy izany ny mpikambana manerana an'izao tontolo izao. Miaraka amin'izany koa, dia an-tapitrisany ireo izay tsy mpikamban'ny Fiangonana manana faniriana ihany koa ny hanara-dia Azy.

Vao tsy ela akory izahay mivady no talanjona tamin'ireo olona hitanay tany Ghana sy Nigeria. Ny ankamaroany dia tsy mpikamban'ny fiangonana. Faly izahay nahita ny fanirian'izy ireo hanara-dia an'i Kristy izay asehon'izy ireo amin'ny resaka ataony any antranon'izy ireo, eny ambony fiarakodian'izy ireo, eny amin'ny tambohon'izy ireo ary eny amin'ny takela-pametahana dokam-barotra. Mbola tsy nahita fiangonana Kristiana maro dia maro nifanakaiky toy izany izahay hatrizay.

Amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika, dia andraikitsika ny manasa olona an-tapitrisany tahaka ireo olona ireo mba hanatona sy hijery ny zavatra azon'ny fiangonantsika hampiana amin'ireo zavatra tsara izay efa ananan'izy ireo. Ny olona rehetra avy amin'izay mety ho kaontinanta misy na avy amin'izay mety ho toetrandro misy na avy amin'izay mety ho kolotsaina misy dia afaka mahafantatra ho an'ny tenany manokana fa ny Mpaminany Joseph Smith dia nahita ny Ray sy ny Zanaka tao anatin'ny fahitana iray. Afaka mahafantatra izy ireo fa nisy iraka avy any an-danitra namerina tamin'ny laoniny ny fisoronana ary ny Bokin'i Môrmôna dia testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Hoy ny tenin'i Enôka hoe: "Fahamarinana no [naidina] avy any an-danitra; ary ny marina no [nalefa] avy eto an-tany mba ho vavolombelona manambara [ilay] Lahitoka[n'ny Ray]."[1]

Nampanantena ny Mpamonjy hoe: "Izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina."[2] Ny mpanara-dia an'i Kristy dia mandrafitra ny fiainany araka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy ary mandeha amin'ny hazavana. Misy toetra roa afaka manampy antsika hahafantatra hoe hatraiza ny fanarahantsika Azy. Voalohany ny mpanara-dia an'i Kristy dia olona be fitiavana. Faharoa ny mpanara-dia an'i Kristy dia manao fanekempihavanana sy mitandrina izany.

Ilay toetra voalohany hoe be fitiavana angamba no zavatra iray tsikaritr'ilay mpanao gazety tany Córdoba teo anivon'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Manara-dia an'i Kristy isika satria tia Azy. Rehefa manara-dia amim-pitiavana ny Mpanavotra isika, dia manaraka ny ohatra nasehony. Tamin'ny alalan'ny fitiavana no nankatoavan'ny Mpamonjy ny sitrapon'ny Ray na inona na inona toe-javatra nitranga. Ny Mpamonjy antsika dia nankatò na dia nidika aza izany hoe ho fijaliana lehibe ara-nofo sy arapihetsehampo; na dia nidika aza izany hoe ho karavasiana sy ho esoesoina; na dia nidika aza izany fa hampijaly Azy ireo fahavalony ary handao Azy ireo namany. Ilay sorompanavotana, izay niavaka tao anatin'ny iraka nampanaovina ny Mpamonjy, no fanehoam-pitiavana lehibe indrindra nisy hatramin'izay "Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika."[3]

Tahaka ny nanarahan'i Kristy ny Ray na inona na inona toe-javatra nitranga no mba tokony hanarahantsika koa ny Zanany. Raha manao izany isika dia tsy mampaninona izay karazana fanenjehana, na fijaliana, na fanaintainana na "tsilo amin'ny nofo"[4] izay mianjady amintsika. Tsy irery isika. Hanampy antsika i Kristy. Ilay famindram-pony feno fitiavana no hanome tanjaka antsika na inona na inona toe-javatra hitranga.[5]


Ny atao hoe manara-dia an'i Kristy dia mety midika hoe mandao zavatra tiana maro toy ny nataon'i Rota, ilay Moabita. Amin'ny maha olona vao niova fo azy sy noho ny fitiavany an'Andriamanitra sy an'i Naomy, dia nafoiny daholo ny zavatra rehetra mba hiainany ilay finoany.[6]

Ny atao hoe manara-dia an'i Kristy koa dia mety midika hoe manohitra ny fitsapana sy fakam-panahy. I Josefa tao anatin'ny fahatanorany dia namidy ho andevo. Nesorina taminy ny zava-drehetra tiany. Taty aoriana dia nalaina fanahy izy handika ny fahadiovam-pitondrantena. Nahatohitra ilay fakam-panahy izy ary nilaza hoe: "Koa hataoko ahoana no hanao izany ratsy lehibe izany ka hanota amin'Andriamanitra?"[7] Mahery bebe kokoa noho izay mety ho fitsapana na fakam-panahy ny fitiavany an'Andriamanitra.

Ankehitriny dia manana Rota sy Josefa maoderina isika manerana an'izao tontolo izao. Tamin'ny fotoana nandraisan-dRahalahy Jimmy Olvera avy any Guayaquil, Equateur ny antsony handeha hanao asa fitoriana dia nianjadian'ny olana lehibe ny fianakaviany. Rehefa tonga ny andro handehanany dia nolazaina izy fa raha mivoaka ny varavarana dia tsy hanana fianakaviana intsony. Nivoaka ny varavarana tao anatin'ny fo torotoro izy. Rehefa tany am-panaovana asa fitoriana izy dia nangataka azy ny reniny mba hijanona ela kokoa any amin'ny saha satria nahazo fitahiana maro tokoa izy ireo. Ankehitriny Rahalahy Olvera dia patriariky ny tsatòka.

Tena marina fa ny tena fitiavana an'i Kristy dia manome ilay hery takiana hanarahana Azy. Ny Tompo mihitsy no efa nampiseho izany rehefa nanontany an'i Petera in-telo izy hoe: "Tia Ahy va ianao?" Rehefa nohamafisin'i Petera tsara indray fa tia ny Tompo izy, dia nambaran'ny Tompo taminy ny mikasika ireo fahasahiranana ho avy. Dia tonga ilay antso hoe: "Manaraha Ahy." Ilay fanontanian'ny Mpamonjy tamin'i Petera dia azo apetraka amintsika ihany koa "Tia ahy va ianao?" arahin'ilay antso hanao asa hoe: "Manaraha Ahy."[8]

Ny fitiavana dia hery mitarika goavana ao am-pontsika ao anatin'ny ezaka ataontsika mba hankatò. Ny fitiavana ny Mpamonjy antsika dia mamporisika antsika hitandrina ny Didiny. Ny fitiavana ny reny na ny ray na ny vady dia afaka mamporisika antsika koa hankatò ny fitsipiky ny filazantsara. Ny fomba hitondrantsika ny hafa dia taratry ny hoe hatraiza ny fanarahantsika ny Mpamonjy antsika eo amin'ny fifankatiavantsika.[9] Maneho ny fitiavantsika Azy isika rehefa tsy mitsahatra manampy ny hafa, rehefa "marin-toetra tanteraka sy mijoro am-pahamarinana amin'ny zava-drehetra,"[10] ary rehefa manao fanekempihavanana sy mitandrina izany.



Ny toetra faharoa izay ananan'ny mpanara-dia an'i Kristy dia ny fanaovana sy fitandremana fanekempihavanana toy ny nataony. Nanazava i Môrônia hoe: "ny fandatsahana ny ran' i Kristy, [dia] ao amin' ny fanekempihavanan' ny Ray ho famelana ny fahotanareo, mba hahatonga anareo ho masina, tsy misy pentina."[11]

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa na dia talohan'ny namoronana ny tany aza, dia efa nisy fanekempihavanana natao tany an-danitra.[12] Ireo mpaminany sy patriarika fahiny dia nanao fanekempihavanana.

Ny Mpamonjy mihitsy no nanome ohatra. Natao batisa Izy mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra, nataon'ny olona iray izay nanana ny fahefana manao izany. Tamin'ny alalan'ny batisa ny Mpamonjy dia nijoro ho vavolombelona tamin'ny Ray fa hitandrina ny didin'ny Ray rehetra.[13] Toy ny tamin'ny andro fahiny, dia manara-dia an'i Kristy koa isika ary manao fanekempihavanana amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny fisoronana.

Ny fanaovana fanekempihavanana dia zavatra iray izay azon'ireo olona tsy mpikambana ao amin'ny Fiangonantsika an-tapitrisany maro hanampiana an'ireo zavatra tena tsara izay efa ananan'izy ireo. Ny fanaovana fanekempihavanana dia fanehoana fitiavana. Izany dia fomba iray hilazana Aminy hoe: "Eny, hanaraka Anao Aho saria tia Anao."

Ny fanekempihavanana dia ahitana fampanantenana, "indrindra ny fiainana mandrakizay."[14] Hiara-miasa ny zava-drehetra ho tombontsoantsika raha mahatsiaro ny fanekempihavanantsika isika.[15] Tsy maintsy atao sy tandrovana tsara izy ireo mba handraisana ny fampanantenana entiny. Ny fitiavana ny Mpamonjy sy ny fahatsiarovana ny fanekempihavanana nataontsika dia hanampy antsika hitandrina azy ireo. Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia fomba iray hahatsiarovana izany fanekempihavanana izany.[16] Ny fomba iray hafa dia ny fandehanana matetika any amin'ny tempoly. Tsaroako nisy mpivady vao herotrerony izay tany Amerika Atsimo izay nikasa ny hisaraka satria tsy nifanaraka. Nanoro hevitra azy ireo ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana mba handeha any amin'ny tempoly ary hihaino tsara ireo teny sy fampanantenana ao amin'ireo fanekempihavanana natao tao. Nanao izany izy ireo ary avotra ny fanambadiany. Ny hery entin'ny fanekempihavanana dia lehibe kokoa noho ny fitsapana izay atrehintsika na mety atrehintsika.

Ho anareo mpikambana izay malaina ao amin'ny filazantsara, dia mba miverena. Meteza hahatsapa ny fitahiana avy amin'ny fahatsiarovana sy fanavaozana ny fanekempihavanana amin'ny alalan'ny fanasan'ny Tompo sy ny fandehanana any amin'ny tempoly. Ny fanaovana izany

dia fanehoam-pitiavana sy fanehoana fahavononana ho mpanara-dia marin'i Kristy. Hahamendrika anareo handray ireo fitahiana rehetra nampanantenaina izany.

Ho anareo izay tsy mbola mpikamban'ny Fiangonana, manasa anareo aho hampihatra ny finoanareo, hibebaka, ary hanao izay hahamendrika anareo handray ny fanekempihavanan'ny batisa ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Rehefa manao izany ianareo dia maneho ny fitiavanareo ny Rainareo any an-danitra sy ny fahavononanareo hanara-dia an'i Kristy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ho faly isika tsirairay avy rehefa manaraka ny fampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Rehefa miezaka ny manaraka Azy isika, dia ho tonga amintsika ny fitahian'ny lanitra. Fantatro fa ho tanteraka ny fampanantenany rehefa manao fanekempihavanana sy mitandrina izany isika, ary ho lasa mpanara-dia marin'i Kristy isika. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitiavany lehibe ho antsika tsirairay avy aho, ary manao izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Mosesy 7:62.
2. Jaona 8:12.
3. Isaia 53: 5.
4. 2 Korintiana 12:7.
5. Jereo ny 1 Nefia 1:20.
6. Jereo ny Rota 1:16.
7. Jereo ny Genesisy 39:7–9.
8. Jereo ny Jaona 21:15.
9. Jereo ny Jaona 13:35.
10. Almà 27:27.
11. Môrônia 10:33.
12. Jereo *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 42; jereo koa Spencer W. Kimball, "Be Ye Therefore Perfect" (devotional address, Salt Lake Institute of Religion, Jan. 10, 1975): "Nanaovoady isika, voady ;asina, tany an-danitra talohan'ny nahatongavantsika teto amin'ity fiainana an-tany ity. . . . Nanao fanekempihavanana isika. Nanao izany isika talohan'ny naneketsika ny toerantsika eto oan-tany."
13. Jereo ny 2 Nefia 31:5-7.
14. Abrahama 2:11 Jereo koa John A. Widtsoe, "Temple Worship" (lecture, Assembly Hall, Salt Lake City, Oct. 12, 1920), 10: "The covenant gives life to truth; and makes possible the blessings that reward all those who use knowledge properly."
15. Jereo ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 90:24.
16. Jereo ohatra, 3 Nefia 18:7–11.





**Nataon'ny Loholona Kent F. Richards**
Ao amin'ny Fitopololahy


# Manasitrana ny Fanaintainana Rehetra ny Sorompanavotana

*Ny fanamby lehibe ho an'ny tenantsika manokana eto amin'ny fiainana an-tany dia ny ho tonga "olomasina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy."*

Amin'ny maha-dokotera mpandidy ahy, dia nahita aho fa ampahany lehibe tao anatin'ny fotoana niasako no nobahanan'ny zavatra misy ifandraisany amin'ny fanaintainana. Noho ny tsy maintsy ilaina izany dia saika isan'andro mihitsy aho no nampitranga izany tamin'ny alalan'ny fandidiana—ary ny ankamaroan'ny ezaka ataoko avy eo dia lany amin'ny fiezahana hifehy sy hanala izany fanaintainana izany.

Nieritreritra momba ny tanjon'ny fanaintainana aho. Tsy misy na iza na iza amintsika afa-miala amin'ny fanaintainana. Nahita olona niatrika izany tamin'ny fomba tena samihafa aho. Ny sasany manalavitra an'Andriamanitra amin-katezerana ary ny hafa kosa dia mamela ny fanaintainany hitondra azy ireo akaiky kokoa an'Andriamanitra.

Efa niaina fanaintainana toa anao koa ny tenako. Ny fanaintainana dia toy ny famantarana ahafahana manaraka ny fivoaran'ny fahasitranana. Mampianatra antsika hanana *faharetana* izy io matetika.

Nanoratra ny Loholona Orson F. Whitney hoe: "Tsy misy fanaintainana mihatra amintsika na fitsapana mianjady amintsika ka handalo fotsiny. Mampianatra antsika izany ary manampy antsika hanana toetra tsara toy ny faharetana, ny finoana, ny fananana herin-tsaina ary ny fanetren-tena. . . . Amin'ny alalan'ny fahoriana, ny fijaliana, sy ny ezaka mafy ary ny fitsapana no ahazoantsika ilay fampianarana, izay ny haka izany no antony nahatongavantsika eto."[1]

Nilaza zavatra mitovy amin'izany koa ny Loholona Robert D. Hales hoe:

"Ny fanaintainana dia mitondra anao any amin'ny fanetren-tena ary mamela anao hisaintsaina. Traik'efa iray izay nahafeno fankasitrahana ahy ny nahafahako niharitra izany. . . .

"Nianatra aho fa ny fanaintainana ara-batana sy ny fahasitranan'ny vatana taorian'ny fandidiana lehibe dia miharihary fa mitovy amin'ny fanaintainana ara-panahy sy ny

fahasitranan'ny fanahy ao anatin'ny dingan'ny fibebahana."[2]

Ny ankamaroan'ny fijaliantsika dia tsy voatery hoe noho ny hadisoantsika. Manodidina antsika ary misy fiantraikany eo amin'ny fiainantsika eto an-tany ireo zava-mitranga tsy nampoizina, ireo toe-javatra mifanohitra amin'ny tokony ho izy na mandiso fanantenana, ny aretina manakantsakana ary ny fahafatesana mihitsy aza. Ankoatr'izany dia mety ianjadian'ny fahoriana isika noho ireo zavatra nataon'ny hafa.[3] Nilaza i Lehia fa i Jakôba dia "niaritra . . . alahelo betsaka noho ny halozan'ny [rahalahiny]."[4] Ny fifanoherana dia tafiditra ao anatin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any an-danitra. Isika rehetra dia miaina fifanoherana izay ampy hampahatonga saina antsika ny amin'ilay fitiavan' Andriamanitra sy ny filantsika ny fanampian'ny Mpamonjy.

Ny Mpamonjy dia tsy mpandinika mangina fotsiny. Fantany manokana ary ho fantany foana ny fanaintainana mianjady amintsika.

"Niaritra ny fijalian'ny olon-drehetra Izy, eny, ny fijalian'ny manan'aina tsirairay, na lehilahy na vehivavy na ankizy, izay isan'ny fianakavian'i Adama."[5]

"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory."[6]

Indraindray rehefa ao anatin'ny fanaintainana lalina dia tratran'ny fakam-panahy isika hanontany hoe: "Moa tsy misy balsama va any Gileada? Moa tsy misy dokotera va any?"[7] Mijoro ho vavolombelona aho fa eny ny valiny, misy dokotera any. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia mahasahana ireo toe-javatra sy tanjona rehetra eo amin'ny fiainana an-tany.

Misy karazana fanaintainana iray hafa koa izay ary *isika no* tompon'andraikitra amin'izany. Ny fanaintainana ara-panahy dia mitoetra lalina ao anatintsika ary mety tsy hitsahatra toy ireny "mampijaly" amin'ny "horohoro tsy hay lazaina," ireny mihitsy araka ny famaritan'i Almà.[8] Tonga avy amin'ny zavatra feno fahotana ataontsika izany sy ny tsy fisian'ny fibebahana. Ho an'ity fanaintainana ity koa dia misy ny fanasitranana izay ho an'ny rehetra ary fanasitranana faratampony. Avy amin'ny Ray izany amin'ny alalan' ilay Zanakalahy ary ho antsika tsirairay izay vonona hanao izay rehetra ilaina mba hibebahana. Hoy i Kristy hoe: "Tsy mba te hiverina Amiko va ianareo, . . . ary hiova fo hahazoako manasitrana anareo?"[9]

I Kristy mihitsy no nampianatra hoe:

"Ary naniraka ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin'ny hazo fijaliana; ary *taorian'ny* efa nanandratana Ahy teo amin'ny hazo fijaliana, dia ny mba hahazoako misintona ny olon-drehetra aty Amiko. . . .

"Koa araka ny *fahefan'ny* Ray, dia hosintoniko ny olon-drehetra."[10]

Angamba ny asany lehibe indrindra dia ao anatin'ilay asa mitohy atao miaraka amintsika tsirairay manokana mba hanome hery, hitahy, hanamafy orina, hanohana sy hitarika ary hamela heloka antsika.

Araka ny zavatra hitan'i Nefia tamin' ny alalan'ny fahitana, ny ankamaroan'ny asa fanompoan'i Kristy teto an-tany dia niompana tamin'ny fitsofan-drano sy fanasitranana ny marary tratran'ny karazan'aretina rehetra— ara-batana, ara-pihetsehampo ary ara-panahy. "Ary nahita vahoaka sesehena aho, izay narary ary nampahorian'ny aretina isan-karazany. . . . Ary nositranin'ny herin'ny Zanak'ondrin'Andriamanitra ireo."[11]

Naminany koa i Almà hoe: "Handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isankarazany; ary . . . hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny olony Izy. . . .

"Mba hahatonga ny ao *anatiny* ho feno famindram-po, . . . mba *hahafantarany* araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny."[12]

Indray mandeha rehefa nandroso ny alina ka natory teo amin'ny fandrianan'ny hopitaly aho tamin'ny naha-olona narary ahy fa tsy tamin'ny naha-mpitsabo ahy tamin'izay fotoana izay dia namerimberina namaky ireo andininy ireo aho. Nisaintsaina aho hoe: "Ahoana no hanatanterahana izany? Ho an'iza izany? Inona no zavatra takiana mba hahazoana izany? Moa ve toy ny famelana ny fahotana izany? Moa ve isika mila miezaka mba ho mendrika ny fitiavany sy ny fanampiany?" Rehefa nisaintsaina teo aho dia nahatakatra fa nandritra ny fiainany teto an-tany i Kristy dia *nisafidy* ny hiaina fanaintainana sy fijaliana mba hahazoana mahatakatra antsika. Angamba isika koa dia mila miaina ny halalin'ny fiainana an-tany mba hahatakarana Azy sy ny tanjontsika mandrakizay.[13]

Nampianatra ny Filoha Henry B. Eyring hoe: "Hampahery antsika

***Guayaquil, Equateur***



amin'ny fotoana hiandrasantsika mafy ilay fanamaivanana nampanantenain'ny Mpamonjy ny hoe fantany avy tamin'ny zavatra niainany ny fomba hanasitranana sy hanampiana antsika. . . . Ary ny finoana izany hery izany dia hanome antsika faharetana rehefa mivavaka sy miasa isika ary miandry fanampiana. Afaka nahafantatra ny fomba hanampiana antsika tamin'ny alalan'ny fanambarana fotsiny Izy *saingy nisafidy Izy ny hianatra tamin'ny alalan'ny zavatra iainany manokana*."[14]

Nahatsapa ireo sandrim-pitiavany nisakambina ahy aho tamin'io alina io.[15] Kotsan'ny ranomasom-pankasitrahana ny ondako. Taty aoriana raha namaky tao amin'ny Matio momba ny asa fanompoan'i Kristy teto antany aho dia nahita zavatra iray hafa indray: "Ary nony hariva ny andro dia, nentin'ny olona tany aminy ny [olona] maro . . . ary izay narary *rehetra* dia nositraniny."[16] Nositraniny izay *rehetra* nanatona Azy. Tsy nisy na dia iray aza tsy noraisina.

Araka ny nampianarin'ny Loholona Dallin H. Oaks dia: "Tonga amin'ny fomba maro ny fitahian'ny fanasitranana, ka mifanaraka amin'izay ilaintsika manokana ny tsiairay amin'izany, izay fantatr'Ilay tena tia antsika indrindra. Indraindray ny 'fanasitranana' dia manala ny aretintsika na milanja ny enta-mavesantsika. Saingy indraindray dia 'sitrana' isika amin'ny alalan'ny fahazoana hery na fahatakarana na fanetren-tena mba hahazakana ilay enta-mavesatra apetraka eo amintsika."[17] Izay rehetra hanatona dia afaka ny "[hofihinina] eny an-tsandrin'i Jesoa."[18] Ny fanahy rehetra dia azo sitranina amin'ny alalan'ny Heriny. Ny fanaintainana rehetra dia azo alefahana. Ao Aminy dia afaka "mahita fitsaharana ho an'ny fanahin[tsika]" isika.[19] Mety tsy tonga dia hiova ny toe-javatra iainantsika eto an-tany, saingy ny fanaintainantsika, ny ahiahintsika, ny fijaliantsika sy ny tahotra eo amintsika dia ho voatelina ao amin'ilay fiadanany sy ilay balsamany izay manasitrana.

Nahatsikaritra aho fa ny ankizy matetika dia manaiky ho azy kokoa ny fanaintainana sy ny fijaliana. Miaritra mangina ao anatin'ny fanetren-tena sy ny fahalemem-panahy izy ireo. Nahatsapa toe-panahy mahafinaritra sy tsara aho rehefa nanodidina ireo ankizy kely ireo.

I Sherrie izay telo ambin'ny folo taona dia nandalo fandidiana naharitra adiny 14 noho ny fivontosana tao amin'ny tsokan'ny hazon-damosiny. Rehefa nanomboka nahatsiaro saina izy tao amin'ny sampana famelomam'aina dia nilaza hoe: "Dada a! Io Nenitoa Cheryl, . . . ary . . . io Dadabe Norman . . . sy Bebe Brown. Ô ry Dada! Iza ilay olona mijoro eo anilanao io? . . . Mitovy aminao izy fa lava kokoa noho ianao fotsiny. . . . Milaza izy fa i Jimmy rahalahinao hono izy." Efa maty teo amin'ny faha-13 taonany noho ny mucoviscidose ilay dadatoany hoe Jimmy.

"Tao anatin'ny adiny iray latsaka kely dia namariparitra ireo mpamangy azy i Sherrie, izay olona efa maty tao amin'ny fianakaviana avokoa. Vizana izy avy eo dia resin-tory."

Taty aoriana dia nilaza tamin-drainy izy hoe: "Dada a! ny ankizy rehetra ao amin'ity sampana fameloman'aina ity dia manana anjely manampy azy ireo."[20]

Hoy ny Tompo tamintsika rehetra:

"Indro, ianareo dia ankizy madinika ka tsy mahazaka ny zavatra rehetra ankehitriny; tsy maintsy mitombo ao amin'ny fahasoavana sy ao amin'ny fahalalana ny marina ianareo.

"Aza matahotra rankizy madinika, fa Ahy ianareo. . . .

"Koa eo afovoanareo Aho, ary Izaho no mpiandry tsara."[21]

Ny fanamby lehibe ho an'ny tenatsika manokana eto amin'ny fiainana an-tany dia ny ho tonga "olomasina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy."[22] Mety eo amin'ilay fanaintainana iainantsika sy ianao no sehatra tena hahafahana mandrefy tsara indrindra io fivoarana io. Ao anatin' ireo toe-javatra faran'izay sarotra dia afaka manao toy ny zaza isika ao am-pontsika sy manetry tena ary "mivavaka sy miasa ary miandry"[23] amim-paharetana ny fanasitranana ny vatantsika sy ny fanahintsika. Isika dia "hivoaka tahaka ny volamena" toa an'i Joba, rehefa avy nohatsaraina tamin'ny alalan'ny fitsapana nianjady tamintsika.[24]

Mijoro ho vavolombelona aho fa Izy no Mpanavotra antsika, Namantsika, Mpisolo vava antsika, ilay Mpitsabo Lehibe, ilay Mpanasitrana Lehibe. Ao Aminy no ahafahantsika mahita fiadanana sy fankaherezana ao anatin'ny fanaintainantsika sy ny fahotantsika sy avy amin'izy ireny, raha toa ka mba manatona Azy fotsiny isika miaraka amin'ny fo feno fanetren-tena. "Ampy ho [antsika] ny fahasoava[ny]."[25] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Orson F. Whitney, in Spencer W. Kimball, *Faith Precedes the Miracle* (1972), 98.
2. Robert D. Hales, "Healing Soul and Body," *Ensign,* Nôv. 1998, 14.
3. Jereo ny Almà 31:31, 33.
4. 2 Nefia 2:1.
5. 2 Nefia 9:21.
6. Hebreo 4:16. Nampianatra antsika i Paoly mba handray ny Mpamonjy ho toy ny ohatra eo amin'ny fiatrehana "ny fanoherana ataon'ny mpanota [amintsika], fandrao ho ketraka [isika] ka ho reraka ny fanahin[tsika]" (Hebreo 12:3).
7. Jeremia 8:22.
8. Almà 36:14.
9. 3 Nefia 9:13.
10. 3 Nefia 27:14–15; nampiana fanamafisana.
11. 1 Nefia 11:31.
12. 12. Almà 7:11–12; nampiana fanamafisana.
13. Jereo ny John Taylor, *The Mediation and Atonement* (1882), 97. Ny Filoha Taylor dia nanoratra momba ny "fanekempihavanana" iray izay nifanaovan'ny Ray sy ny Zanaka nandritra ireo filankevitra tany amin'ny fiainana talohan'ny fiainana an-tany mba hanatanterahana ilay sorona hanavotana ny zanak'olombelona. Ny fijalian'i Kristy an-tsitrapo nandritra ny fiainana dia fanampin'ny fijaliana tao amin'ny saha sy teo amin'ny hazo fijaliana (jereo ny Môsià 3:5–8).
14. Henry B. Eyring, "Adversity," *Liahona*, Mey 2009, 24; nampiana fanamafisana.
15. Jereo ny Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 6:20.
16. Matio 8:16; nampiana fanamafisana.
17. Dallin H. Oaks, "He Heals the Heavy Laden," *Liahona*, Nôv. 2006, 7–8.
18. Môrmôna 5:11.
19. Matio 11:29.
20. Jereo Michael R. Morris, "Sherrie's Shield of Faith," *Ensign*, Jiona 1995, 46.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:40–41, 44.
22. Môsià 3:19.
23. Henry B. Eyring, *Liahona*, Mey 2009, 24.
24. Joba 23:10.
25. 2 Korintiana 12:9; jereo koa ny Etera 12:26–27; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:31.



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Mahatalanjona ireo Vehivavy Olomasin'ny Andro Farany!

*Ny ankamaroan'ny zavatra vitantsika ato amin'ny Fiangonana dia vokatry ny asa fanompoana feno fitiavana ataon'ny vehivavy.*

Nanoratra momba ny fifindramonin'ireo Môrmôna sy ny fivondronany tao amin'ny Lohasahan'i Salt Lake ny mpanoratra sy mpahaitantara Wallace Stegner. Tsy nanaiky hanaraka ny finoantsika izy ary feno fitsikerana ihany tamin'ny lafiny maro. Na dia izany aza dia talanjona izy nahita ny fanoloran-tenan'ireo mpikamban'ny Fiangonana tany ampiandohana sy ny herim-pon'izy ireo, indrindra fa ny vehivavy. Nilaza izy hoe: "Mahatalanjona ny vehivavin'izy ireo."[1] Averiko lazaina koa izany anio. Mahatalanjona ireo vehivavintsika Olomasin'ny Andro Farany!

Ny vehivavy dia nomen'Andriamanitra toetra masina toy ny fahatanjahana, fahamasinana, fitiavana ary fahavononana hiafy mba hitaiza ireo taranaka hoavin'ireo Zanany mbola fanahy.

Fanadihadiana iray natao vao tsy ela tany Etazonia no milaza fa ny vehivavy avy amin'ny finoana rehetra dia "mino amin-kafanam-po bebe kokoa an'Andriamanitra," ary manatrika fivoriam-piangonana bebe kokoa noho ny lehilahy. "Raha eritreretina eo amin'ny lafiny rehetra dia mivavaka kokoa izy ireo."[2]

Tsy nahagaga ahy izany valiny izany indrindra rehefa nandinika ilay andraikitra faratampon'ny fianakaviana sy ny vehivavy ato amin'ny finoantsika aho. Mazava ny fotopampianarantsika: Ny vehivavy dia zanakavavin'ny Raintsika any an-danitra izay tia azy ireo. Mitovy lenta amin'ny vadiny ny vehivavy. Ny fanambadiana dia mitaky fiaraha-miasa feno izay ahitana ny fiarahan'ny mpivady miasa akaiky mba hanomezana izay ilain'ny fianakaviana.[3]

Fantatsika fa maro ireo fanamby atrehin'ny vehivavy ka ao anatin'izany ny fiezahana mafy hiaina ny filazantsara.

### Lova avy amin'ireo Rahavavy Mpisava Lalana

Ny zavatra iray tena niavaka teo amin'ny fiainan'ireo razambentsika mpisava lalana dia ny finoan'ireo rahavavy ato amintsika. Ny vehivavy noho ilay toetra voajanahary araka an'Andriamanitra dia manana fanomezam-pahasoavana sy andraikitra lehibe kokoa hikarakara ny tokantrano sy ny zanaka ary hikolokolo ny ao antokantrano sy any amin'ny toerankafa. Rehefa mieritreritra izany, dia tena manentana ny fanahy ny finoan'ireo rahavavy izay nanana fahavononana ny handao ny tokantranony mba hamakivaky tany lemaka ho any amin'ny ampitso tsy mbola fantatra. Raha toa ka hofaritana ny toetra tena nampiavaka indrindra azy ireo, dia tsy inona fa ilay finoana mafy orin'izy ireo ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy Tompo naverina tamin'ny laoniny.

Ireo tantara mifono herim-po mikasika ny zavatra nafoin'ireo vehivavy mpisava lalana ireo sy notanterahany rehefa namakivaky ireo tany lemaka izy ireo dia lova sarobidy ho an'ny Fiangonana. Nampihetsi-po ahy ny tantaran'i Elizabeth Jackson, izay namoy an'i vadiny Aaron izay maty taorian'ny niampitana ny Renirano Platte River niaraka tamin'ny vondron-tsarety tarihin-tanan-dry Martin. Nanoratra izy hoe:

"Tsy hivalampatra aho hitantara ny zavatra tsapako tamin'ny nahatonga ahy ho vady mananotena miaraka amin'ny zaza telo. Eo anatrehan'ny toe-javatra toy izany. . . . Mino aho . . . fa ny fijaliako noho ny fitiavana ny filazantsara dia horaisina ho toy ny asa masina mba hahasoa ahy. . . .

"Izaho dia [niantso] ny Tompo, . . . Ilay nampanantena fa ho vadin'izay mananotena ary ho rain'izay tsy manan-dray. Niantso Azy aho ary tonga nanampy ahy Izy."[4]

Nilaza i Elizabeth fa nanoratra izany tantara izany amin'ny anaran' ireo izay niaina toe-javatra toy izany, ka manantena izy fa ireo taranaka hoavy dia ho vonona ny hijaly sy hahafoy ny zavatra rehetra ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.[5]

### Matanjaka sy Mahery fo ny Vehivavy ao amin'ny Fiangonana Ankehitriny

Mino aho fa miatrika izany fanamby izany ireo vehivavin'ny Fiangonana

ankehitriny ary tena matanjaka sy mahatoky mitovy amin'izany koa. Ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ao amin'ity Fiangonana ity isaky ny ambaratonga dia mankasitraka tokoa ny asa fanompoana ataon'ireo rahavavy, ny fahafoizan-tenany sy ny fanoloran-tenany ary ny anjara biriky entiny.

Ny ankamaroan'ny zavatra vitantsika ato amin'ny Fiangonana dia vokatry ny asa fanompoana feno fitiavana ataon'ny vehivavy. Mahafinaritra ny mahita ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana miara-miasa ao anatin'ny firindrana tanteraka, na ao am-piangonana izany na any an-trano. Ny fifandraisana toy izany dia tahaka ny rodoben-javamaneno voarindra tsara ary manentana ny fanahintsika rehetra ny amboaram-peonkira avoakany.

Tamin'izaho nirahina mba hanatrika ny fihaonamben'ny Tsakòkan'i Mission Viejo Californie vao tsy ela akory izay, dia tohina tamin'ny tantara iray momba ny lanonam-pandihizan'izy ireo hitsenana ny Taom-baovao ho an'ny zatovo avy amin'ny tsatòka efatra aho. Taorian'ny lanonam-pandihizana dia nisy kitapo iray hita izay tsy nahitana famantarana hoe iza no tompony. Zaraiko aminareo ny ampahan'ny zavatra nosoratandrahavavy Monica Sedgwick, filohan'ny Zatovovavy ao amin'ny tsakòkan'i Laguna Niguel: "Tsy tehisavasava izahay. Zavatr'olona manokana izany! Noho izany dia nosokafanay tamim-pitandremana ilay izy ary nalainay izay zavatra voalohany teo amin'ny tampony indrindra—ary nantenaina fa mba hahafantarana azy izany. Nahafantarana azy tokoa izany, saingy tamin'ny fomba hafa—bokikelin'ny *Jeunes Soyez Forts* ilay izy. Oay! Nilaza zavatra taminay momba azy izany. Dia nalainay indray ny zavatra manaraka izay karine kely. Azo antoka fa hanome valiny ho anay izany, saingy tsy ilay valiny nantenainay. Ny pejy voalohany dia lisitr'ireo soratra masina tiany manokana. Nisy pejy dimy hafa nahitana soratra masina nosoratana tamim-pikaliana tsara sy zavatra manokana noraketina antsoratra tao anatin'izany."



Te-hihaona haingana dia haingana tamin'ity zatovovavy mahatoky ity ireo rahavavy. Niverina teo amin'ilay kitapo indray izy ireo mba hahafantarana izay tompony. Navoakan'izy ireo avy tao ny vatomamy manala fofom-bava, savony, menaka fanosotra amin'ny hoditra ary borosim-bolo. Tiako ny zavatra nolazain'izy ireo: "Oay! Zavatra tsara no mivoaka ny vavany. Manana tanana madio sy malefaka izy ary mikarakara vatana."

Niandry mafy ny zava-tsarobidy manaraka izy ireo. Nivoaka avy tany ny poketra kely fitoerana vola madinika vita tanana izay namboarina avy tamin'ny baoritra fitoerandranomboankazo ary nisy vola kely tao anatin'ny paosy iray misy hidiny. Nihoraka izy ireo hoe: "Andray! Mahay mamorona sy miomana izy!" Nahatsapa ho toy ny ankizy tao anatin'ny marainan'ny Krismasy izy ireo. Mbola nanaitra azy ireo bebe kokoa ny zavatra voasinton'izy ireo manaraka: taratasy misy fomba fanaovana mofomamy antsoina hoe fôret noire ary teny kely izay nilaza ny hanaovana ilay mofomamy ho an'ny fankalazana ny tsingerintaona nahaterahan'ny namana iray. Nila hikiakiaka mihitsy izy ireo nanao hoe: "MPANAO ZAVATRA AMBOARINA AO AN-TRANO izy! Tsara fanahy sy tia manompo." Eny, nahita famantarana vitsivitsy ihany izahay tamin'ny farany. Nilaza ireo mpitarika ny zatovo fa nahatsapa ho tena voatahy izy ireo "tamin'ny fandinihana ny ohatra mangina nasehon'ny tovovavy iray izay niaina ny filazantsara."[6]

Ity tantara ity dia maneho ny fanoloran-tenan'ireo zatovovavintsika amin'ireo fitsipiky ny Fiangonana.[7] Izany koa dia ohatra iray momba ireo mpitarika ny zatovovavy manerana an'izao tontolo izao izay mikarakara sy feno fahalianana ary manolo-tena. Mahatalanjona izy ireo!

Ny rahavavy dia manana andraikitra tena manan-danja eo amin'ny Fiangonana, eo amin'ny fiainan'ny fianakaviana ary amin'ny maha-olona manokana azy izay ilaina indrindra ao amin'ny drafitry ny Ray any an-danitra. Tsy handraisam-bola ny ankamaroan'ireo andraikitra ireo, saingy tena manome fahafahampo ary manandanja mandrakizay. Vao haingana no nisy vehivavy iray mahafinaritra sy mahavita azy avy ao amin'ny komity misahana ny fanontana ao amin'ny gazety iray izay nangataka ny famaritana ny andraikitry ny vehivavy ao amin'ny Fiangonana. Nohazavaina fa ireo mpitarika rehetra eo anivon'ny mpiangona dia *tsy mandray vola*. Notapahiny izany mba hilazany fa tena nihena be ny fahalianany. Hoy izy: "Tsy mino aho hoe mbola mila asa fanampiny *tsy handraisam-bola* ny vehivavy."

Notsindrinay fa ny rafitra manandanja indrindra eto an-tany dia ny fianakaviana ka "ny ray sy ny reny . . . dia mpiara-miasa mitovy lenta."[8] Samy tsy mandray vola izy roa ireo, saingy tsy hay faritana kosa ny fitahiana azo. Mazava ho azy fa nolazainay taminy ny momba ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Fikambanan'ny Zatovovavy ary ny Fikambanan'ny Kilonga izay tarihan'ireo filoha vehivavy. Nomarihanay fa efa hatrany ampiandohan'ny tantarantsika mihitsy no nahitana lehilahy sy vehivavy nivavaka, nilalao mozika, nanao lahateny, sy nihira tao anatin'ny amboarampeo na dia nandritra ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompontsika aza izay fivoriantsika masina indrindra.

Ilay boky vao nivoaka hoe *American Grace* izay nahazo fankasitrahana lehibe, dia miresaka momba ireo vehivavy ao anatin'ny finoana maro. Voamarika tao fa ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany dia miavaka amin'ny maha afa-po tanteraka azy ireo amin'ny

anjara andraikiny eo amin'ny fitantanana ny Fiangonana.[9] Ankoatr'izay dia ny Olomasin'ny Andro Farany iray manontolo, lahy sy vavy, no manana firaiketam-po mafy indrindra amin'ny finoany teo anatrehan'ireo finoana hafa izay nohadihadiana.[10]

Tsy hoe mahatalanjona ny vehivavintsika satria afaka niala tamin'ireo olana teo amin'ny fiainana—ny mifanohitra amin'izany aza no izy. Mahatalanjona izy ireo noho ny fomba fiatrehan'izy ireo ny fitsapana eo amin'ny fiainana. Na dia eo aza ireo olana sy fitsapana atolotry ny fiainana—avy amin'ny fanambadiana na ny tsy fanambadiana na ny safidin'ny zanaka na ny tsy fahasalamana, na ny tsy fisian'ny fahafahana manao zavatra mitondra soa ary ireo olana maro hafa—dia mijanona amin'ny fomba mahagaga ho mafy orina sy tsy azo hozongozonina izy ireo ary mahatoky amin'ny finoany. Ireo rahavavy ato amintsika manerana ny Fiangonana dia "mamonjy tsy tapaka ny osa sy mampiakatra ny tanana izay miraviravy ary mampatanjaka ny lohalika malemy."[11]

Nilaza ny Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana anankiray izay nankasitraka izany asa fanompoana mampitolagaga izany hoe: "Na dia efa eo am-panompoana aza ireo rahavavy dia mieritreritra hoe: 'Inay aho mba afaka nanao zavatra bebe kokoa!'" Na dia tsy tanteraka aza izy ireo ary miatrika olana manokana daholo dia manenika ny fiainan'izy ireo ny finoany an'ilay Ray any an-danitra be fitiavana sy ny fahatokiany an'ilay sorompanavotan'ny Mpamonjy.

#### Ny Anjara asan'ireo Rahavavy ao amin'ny Fiangonana

Nandritra ny telo taona lasa izay dia nikatsaka fitarihana sy aingam-panahy ary fanambarana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo rehefa niara-nivory tamin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ny vondrona fanampiny izahay sy rehefa nanamboatra ireo manuels de l'Église (boky torolalan'ny Fiangonana) vaovao. Tao anatin'izany toe-javatra izany no nahatsapako fankasitrahana mihoapampana noho ny andraikitra tena ilaina izay nosahanin'ireo rahavavy ara-tantara, na ny manambady na ny tokan-tena, ary mbola sahaniny ankehitriny ao amin'ny fianakaviana sy ny Fiangonana.

Ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia tokony "hiasa ao amin'ny tanimboalobony ho famonjena ny fanahin'ny olona."[12] "Ny asa famonjena dia ahitana ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fihazonana ireo vao niova fo, ny famerenana ireo mpikambana malaindaina mba hazoto, ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny tetiarana, . . . ny fampianarana ny filazantsara,"[13] ary ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana.[14] Izany dia alamina mialoha amin'ny alalan'ny filankevitry ny paroasy.[15]

Ny eveka, izay mahafantatra ny enta-mavesatra efa misy dia andrasana manokana mihitsy ao amin'ny manuels de l'Église (boky torolalan'ny Fiangonana) vaovao, mba hizara andraikitra bebe kokoa. Mila mahafantatra ireo mpikambana fa ny eveka dia efa nomena torolalana mba hizara andraikitra. Mila manohana sy manampy azy ireo mpikambana rehefa manaraka izany torohevitra izany izy. Izany dia hanome fahafahana ny eveka mba hanana fotoana bebe kokoa iarahana amin'ny zatovo, ny tanora mpitovo sy ny fianakaviany manokana. Hanome andraikitra manan-danja hafa an'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ireo filohan'ny vondrona fanampiny ary ireo lehilahy sy vehivavy manokana izy. Ao amin'ny Fiangonana dia hajaina fatratra ny andraikitry ny vehivavy ao an-tokantrano.[16] Rehefa mahazo antso iray ao am-piangonana izay mitaky fotoana betsaka ny renim-pianakaviana iray dia matetika homena antso tsy dia mitaky fotoana betsaka ilay raim-pianakaviana mba hitazonana ny fifandanjana eo amin'ny fiainan'ny fianakaviana.

Taona maro lasa izay dia nanatrika fihaonamben'ny tsatòka tany Tonga aho. Feno lehilahy teo amin'ny 26 ka hatramin'ny 35 taona ny seza telo voalohany teny anoloana tao amin'ny trano fiangonana ny alahady maraina. Nihevitra aho hoe amboaram-peon-dehilahy izy ireo. Saingy rehefa natao ny filazan-draharahan'ny fihaonambe dia nitsangana tsirairay ireo lehilahy ireo, izay 63 ny totaliny rehefa voatonona ny anarany ary notohanana mba homena ny Fisoronana Melkizedeka. Sady faly aho no taitra.

Taorian'ny fivoriana dia nanontany ny Filoha Mateaki, filohan'ny tsatòka aho hoe ahoana no nahatanteraka izany fahagagana izany. Nilaza izy fa nandritra ny fivorian'ny filankevitry ny tsatòka dia noresahana ny momba ny famerenana izay malaindaina ho mazoto. Nangataka ny Rahavavy Leinata Va'enuku, izay filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny tsatòkany raha mba afaka milaza zavatra. Rehefa niteny izy dia nohamafisin'ny Fanahy tamin'ilay filoha fa marina ny zavatra narosony. Nohazavainy fa maro be ireo tovolahy mahafinaritra maherin'ny 25 taona sy maherin'ny 35 taona ao amin'ny tsatòkan'izy ireo izay tsy nandeha nanao asa fitoriana. Nilaza izy fa maro amin'izy ireo no mahafantatra fa nandiso fanantenana eveka sy mpitarika ao amin'ny fisoronana izay namporisika azy ireo mafy mba hanao asa fitoriana ary ankehitriny izy ireo dia mahatsapa ho toy ny mpikamban'ny Fiangonana tsy manan-danja loatra. Notsindriany ny hoe efa mihoatra ny taona takiana hanaovana asa fitoriana izy ireo. Naneho ny fitiavany sy ny fiahiany azy ireo izy. Nohazavainy fa mbola afaka mandray ireo ôrdônansin'ny famonjena izy ireo ary ny zavatra tokony hifantohana dia ireo fanendrena ao amin'ny fisoronana sy ireo ôrdônansin'ny tempoly. Nomarihiny fa fony ireo tovolahy ireo mbola mpitovo, dia nanambady vehivavy mahafinaritra ny ankamaroan'izy ireo—ny sasany mpikambana mazoto, ny sasany mpikambana mangatsiaka ary ny sasany tsy mpikambana.

Taorian'ny fifanakalozan-kevitra lalina nandritra ny filankevitry ny tsatòka dia tapaka fa ny lehilahy ao amin'ny fisoronana sy ny vehivavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia handeha hamonjy ireo lehilahy ireo sy ny vadiny ary ireo eveka dia nanokana bebe kokoa tamin'ny

fotoanany niarahana tamin'ny zatovolahy sy zatovovavy tao amin'ireo paroasy. Ireo izay tafiditra tao anatin' ilay asa famonjena dia nifantoka tamin'ny fanomanana azy ireo amin'ny fisoronana aloha sy ny fanambadiana mandrakizay ary ireo ôrdônansin'ny famonjena any amin'ny tempoly. Tao anatin'ny roa taona taty aoriana dia nandray ny fanafiana masina tany amin'ny tempoly sy nofehezina tamin'ny vadiny ny ankamaroan' ireo lehilahy 63 ireo izay notohanana handray ny Fisoronana Melkizedeka nandritra ilay fihaonambe izay natrehiko. Izany tantara izany dia ohatra iray fotsiny izay maneho fa tena ilaina ny rahavavintsika ao anatin'ny asa famonjena any amin'ny paroasintsika sy tsatòkantsika ary tena manamora ny fahazoana fanambarana izy ireo, indrindra fa mandritra ireo filankevitry ny Fiangonana.[17]



***Kiev, Ukraine***

### Ny Anjara Asan'ny Rahavavy ao amin'ny Fianakaviana

Fantatsika fa maro ireo hery goavana izay ampiasaina mba hanoherana ny vehivavy sy ny fianakaviana. Ny fanadihadiana natao vao haingana dia milaza fa misy ny fihenan'ny fanoloran-tena ao amin'ny fanambadiana miaraka amin'ny filatsahan'ny isan'ny olon-dehibe manambady.[18] Ho an'ny sasany ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia lasa "safidy tsy voatery atao fa tsy fitsipika fototra mandrafitra ny fiaraha-monintsika."[19] Miatrika safidy maro ny vehivavy ary mila mandinika ombam-bavaka ireo safidy izay ataony sy ny fiantraikan'izany safidy izany eo amin'ny fianakaviana.

Tamin'izaho tany Nouvelle Zélande tamin'ny taon-dasa teo dia namaky avy tao amin'ny gazetin'i Auckland aho ny momba ireo vehivavy tsy avy ao amin'ny finoantsika izay sahirana tamin'ireo olana ireo. Nilaza ny renim-pianakaviana iray fa nahatsapa izy, raha mikasika ny toe-javatra iainany, fa ilay safidiny hoe hiasa sa hijanona ao an-trano dia noho ilay karipetra vaovao sy ilay fiara faharoa izay tsy dia nilainy raha ny marina. Nisy vehivavy iray anefa nahatsapa fa "ny fahavalo lehibe indrindran'ilay hoe fiainam-pianakaviana feno hafaliana dia tsy ny asa andraisam-bola—fa ny fahitalavitra." Nilaza izy fa mandany fotoana be loatra hijerena fahitalavitra ny fianakaviana ary zara raha manampotoana iarahana.[20]

Fanapahan-kevitra tena ara-pihetseham-po sy an'ny tena manokana ireo, saingy misy fitsipika anankiroa izay tokony hataontsika ao an-tsaina foana. Voalohany, dia tsy misy vehivavy tokony hanana fahatsapana hoe mila maneho fialan-tsiny na hanana fahatsapana ho tsy dia manan-danja loatra ny anjara biriky nentiny, noho izy hoe manokana ny ezaka lehibe ataony amin'ny fitaizana sy fikarakarana ny zanaka. Tsy misy zavatra hafa mety hanan-danja kokoa noho izany ao anatin'ny drafitry ny Raintsika any an-danitra. Faharoa, tokony hitandrina tsara isika mba tsy hitsara na hihevitra fa tsy dia mahery fo loatra ireo rahavavy izay manapa-kevitra ny hiasa any ivelan'ny tokantrano. Mahalana isika vao mba manakatra an-tsaina sy mankasitraka tanteraka ny toe-javatra iainan'ny olona. Tokony hiaraka hifanakalo hevitra ombam-bavaka ny mpivady ao anatin'ny fahatakarana fa tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra amin'ny fanapahan-kevitra raisiny izy ireo.

Ho anareo rahavavy be fandavantena izay reny tokan-tena, na inona na inona antony, dia maneho amin'ny fo ny fankasitrahana anareo izahay. Nataon'ireo mpaminany mazava tsara "fa maro ireo tanana izay vonona hanampy anareo. Tsy manadino anareo ny Tompo." Torak'izany koa ny Fiangonana."[21] Manantena aho fa ny Olomasin'ny Andro Farany dia ho lohalaharana eo amin'ny famoronana tontolo iray any amin'ny toerampiasana, izay ahaizana mandray kokoa sy ahazoana aina kokoa ho an'ny lehilahy sy vehivavy eo amin'ny andraikitra maha-ray aman-dreny azy ireo.

Ho anareo rahavavy mpitovo izay mahery sy mahatoky, dia aoka ho fantatrareo fa tianay ianareo ary mankasitraka anareo izahay ary manome toky anareo fa tsy hisy fitahiana mandrakizay tsy ho azonareo izany.

I Emily H. Woodmansee izay vehivahy mpisava lalana niavaka iray, no nanoratra ny tonon'ilay hira hoe: "Nous Soeurs de Sion." Nohamafisiny mazava tsara fa "ny asan'ny vehivavy dia toy ny an'ny anjely."[22] Izany dia nofaritana ho toy ny "tsy fanaovana afa-tsy ny sitrapon'ny Raintsika any an-danitra mivantana ary 'izany dia fanomezana . . . izay tadiavin'ireo . . . rahavavy.'"[23]

Ry rahavavy malala, tianay sy mampitolagaga anay ianareo. Isaoranay ny asa fanompoana ataonareo ato amin'ny fanjakan'ny Tompo. Mahatalanjona ianareo! Maneho fankasitrahana an'ireo vehivavy teo amin'ny fiainako aho. Mijoro ho vavolombelona momba ny fisian'ny Sorompanavotana aho sy ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy ary ny Famerenana ny Fiangonana amin'ny laoniny. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Wallace Stegner, *The Gathering of Zion: The Story of the Mormon Trail* (1971), 13.
2. Robert D. Putnam and David E. Campbell, *American Grace: How Religion Divides and Unites Us* (2010), 233.
3. Jereo ny *Handbook 2: Administering the Church* (2010), 1.3.1; jereo koa ny Mosesy 5:1, 4, 12, 27.
4. Ao amin'ny Andrew D. Olsen, *The Price We Paid: The Extraordinary Story of the Willie and Martin Handcart Pioneers* (2006), 445.

5. Jereo ny “Leaves from the Life of Elizabeth Horrocks Jackson Kingsford,” Utah State Historical Society, Manuscript A 719; ao amin’ny “Remembering the Rescue,” *Ensign,* Aog. 1997, 47.
6. Natambatra sy nafohezina avy amin’ny e-mail iray nosoratan-dRahavavy Monica Sedgwick, Filohan’ny Zatovovavin’ny Tsatòkan’i Laguna Nigel ary lahateny iray izay nataon’i Sister Leslie Mortensen, Filohan’ny Zatovovavin’ny Tsatòkan’i Mission Viejo.
7. Ao amin’ny lahatsoratra iray mitondra ny lohateny hoe “Why Do We Let Them Dress Like That?” (“Nahoana no Avelantsika Hiankanjo Toy Izao Izy Ireo?”) (*Wall Street Journal,* Mar. 19–20, 2011, C3), nisy renim-pianakaviana Jiosy feno hatsaram-panahy iray izay nanoro hevitra momba ny fomba fiankanjo sy ny fitsipi-pitondrantena ary nankasitraka ny ohatra nasehon’ireo vehivavy Môrmona.
8. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’izao Tontolo Izao,” *Liahona,* Nôv. 2010, 129.
9. Jereo ny Putnam and Campbell, *American Grace,* 244–45.
10. Jereo ny Putnam and Campbell, *American Grace,* 504.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5; jereo koa ny Môsià 4:26.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:56.
13. *Manuel 2: Administration de l’Église* (2010), pejy 22.
14. Jereo ny *Manuel 2,* 6.1.
15. Jereo ny *Manuel 2,* 4.5.
16. Jereo ny Emily Matchar, “Why I Can’t Stop Reading Mormon Housewife Blogs,” salon.com/life/feature/2011/01/15/feminist_obsessed_with_mormon_blogs. Ity vehivavy mamaritra ny tenany ho mpiaro ny zon’ny vehivavy sy ho tsy mpino an’Andriamanitra ity dia mankasitraka izay lafiny izay ary milaza fa izy dia adala mamaky ny blog momba ireo vehivavy Môrmôna manambady izay mikarakara tokantrano.
17. Resaka nifanaovana tamin’i Lehonitai Mateaki, filohan’ny Tsatòkan’i Tonga Ha’akame, (izay lasa filohan’ny Misiônan’i Papua Nouvelle Guinée Port Moresby) ary i Leinata Va’enuku filohan’ny Fikambanana Ifanampian’ny Tsatòka.
18. Jereo ny D’Vera Cohn and Richard Fry, “Women, Men, and the New Economics of Marriage,” Pew Research Center, Social and Demographic Trends, pewsocialtrends.org. Nihena be koa ny isan’ireo zaza teraka tany amin’ny firenena maro. Izany dia nantsoina hoe ny ririnin’ny haimponina.
19. “A Troubling Marriage Trend,” *Deseret News,* Nôv. 22, 2010, A14, nindramina avy amin’ny tatitra tao amin’ny msnbc.com.
20. Jereo ny Simon Collins, “Put Family before Moneymaking Is Message from Festival,” *New Zealand Herald,* Feb. 1, 2010, A2.
21. Gordon B. Hinckley, “Women of the Church,” *Ensign,* Nôv. 1996, 69; jereo koa ny Spencer W. Kimball, “Our Sisters in the Church,” *Ensign,* Nôv. 1979, 48–49.
22. “Nous, Soeurs de Sion” *Cantiques,* no. 201.
23. Karen Lynn Davidson, *Our Latter-Day Hymns: The Stories and the Messages,* rev. ed. (2009), 338–39.



**Nataon’ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin’ny Fiadidiana Voalohany

# Fahafahana Hanao Zava-tsoa

*Ny fomban’ny Tompo entina hanampiana ireo izay mila fanampiana ara-nofo dia mitaky ny fitiavana tsy misy tambiny avy amin’ireo olona izay manokana ny tenany sy ny zavatra ananany ho an’Andriamanitra sy ho an’ny Asany.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, ny tanjon’ny hafatro dia ny haneho haja sy fankalazana ny zavatra nataon’ny Tompo sy ny mbola ataony hanompoana ireo mahantra sy mila fanampiana eto anivon’ny Zanany eto an-tany. Tiany ireo Zanany izay mila fanampiana ary ireo maniry ny hanampy koa. Ary dia nanorina fomba Izy entina hitahiana ireo izay mila fanampiana sy ireo izay hanome.

Henon’ny Raintsika any an-danitra ny vavak’ireo Zanany manerana an’izao tontolo izao izay mangataka sakafo ho hanina, akanjo mba hotafiana ary ny mba hahazo haja noho ny fahafahana hamelona ny tenany sy ny fianakaviany. Reny ireo fiangaviana ireo hatramin’izay nametrahany ny lehilahy sy ny vehivavy teto an-tany izay.

Mahafantatra ireo zavatra ilaina ireo koa ianao any amin’ny toerana onenanao sy manerana an’izao tontolo izao. Matetika no vonton’alahelo ny fonao mahatsapa fangorahana. Rehefa mahita olona sahirana amin’ny fitadiavan’asa ianao dia mahatsapa izany faniriana hanampy izany. Mahatsapa izany ianao rehefa mandalo ao an-tranon’ny mananotena iray ary mahita fa tsy manan-ko hanina izy. Mahatsapa izany ianao rehefa mahita ny sarin’ireo zazakely mitomany manoloana ny tranony rava noho ny horohoron-tany na ny hain-trano.

Satria ren’ny Tompo ny hiaka ataon’izy ireo ary tsapany ny fangorahanao lalina azy ireo dia efa nanome fomba Izy hatrany am-piandohana hahafahan’ireo mpianany manampy. Nanasa ireo Zanany Izy hanokana ny fotoany, ny fananany ary ny tenany mba hiaraka Aminy amin’ny fanompoana ny hafa.

Nisy fotoana niantsoana izany fombany entina manampy izany hoe fiainana ny lalàn’ny fanokanana. Nandritra ny fotoana hafa dia nantsoina hoe lamina miray izany. Amin’izao fotoantsika izao izany dia antsoina hoe fandaharan’asa fifanampiana an’ny Fiangonana.

Novaina ny anarana sy ireo pitsopitsony amin’ny fanatanterahana izany mba hifanaraka amin’ny zavatra

ilaina sy ny toe-javatra iainan'ny olona. Kanefa ny fomban'ny Tompo entina hanampiana ireo izay mila fanampiana ara-nofo dia mitaky ny fitiavana tsy misy tambiny avy amin'ireo olona izay manokana ny tenany sy ny zavatra ananany ho an'Andriamanitra sy ho an'ny Asany.

Nanasa sy nandidy antsika Izy handray anjara amin'ny Asany mba hoentina hampitraka ireo izay mila fanampiana. Manao fanekempihavanana hanao izany isika ao amin'ny ranon'ny batisa sy any amin'ny tempoly masin'Andriamanitra. Manavao izany fanekempihavanana izany isika isaky ny Alahady rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo.

Ny tanjoko anio dia ny hamariparitra ny sasantsasany amin'ireo fahafahana natolony ho antsika mba hanampiana ny hafa izay mila fanampiana. Tsy afaka ny hiresaka momba azy rehetra mandritra ity fotoana fohy iarahantsika ity aho. Ny fanantenako dia ny mba hanavaozantsika sy hanamafisantsika ny fanoloran-tena mba hiasa.

Misy fihirana iray hiraiko foana hatramin'ny fahazazako izay mikasika ny fanasan'ny Tompo antsika hanao ity asa ity. Fony mbola kely aho dia nifantoka kokoa tamin'ny feony fa tsy tamin'ny herin'ireo tonony. Mivavaka aho mba hahakasika ny fonareo ny tonony anio. Handeha hohenointsika indray izany tonony izany:

*Nanao soa teto an-tany ve aho*
*androany?*
*Ka nanampy ireo mila izany?*
*Nankahery ny malahelo ve aho ary*
*nampifaly ny hafa koa?*
*Raha tsy izay dia tsy nahomby tokoa.*
*Nisy enta-mavesatra nihamaivana*
*ve androany*
*Noho ny finiavako hizara?*
*Nisy marary sy trotraka nila*
*fanampiana ve tany ho any?*
*Ka teo ve aho nikarakara?*
*Koa mitsangana ary manaova*
*bebe kokoa*
*Mihoatra noho ny manonofy*
*miandrandra ny lanitra.*
*Fahafinaretana ny fanaovan-tsoa,*
*fifaliana tsy hita noanoa,*
*Fitahiana noho ny adidy sy fitiavana*
*oneran'Andriamanitra.*[1]



Mandefa hafatra matetika ny Tompo ho fanairana antsika rehetra amin'ireo olana. Indraindray izany mety fahatsapana fangorahana ho an'ny olona iray mila fanampiana. Mety efa nahatsapa izany ny raimpianakaviana iray raha nahita ny zanany mianjera ka voakika ny lohaliny. Mety hahatsapa izany ny reny iray rehefa mandre ny zanany mitomany amin'ny alina. Mety nahatsapa fangorahana toy izany ny zanakalahy na zanakavavy iray ho an'ny olona iray izay toa mitanondrika na matahotahotra any am-pianarana.

Isika rehetra dia efa samy nahatsapa alahelo miaro fangorahana ho an'ny olon-kafa izay tsy fantatsika akory. Ohatra, rehefa nahare ny fanadihadiana mahakasika ilay onja namakivaky ny Ranomasimbe Pasifika vokatry ny horohoron-tany tany Japon ianareo dia niahiahy ny amin'ireo olona mety hiharan'izany voina izany.

Nahatsapa fangorahana ny an'arivony taminareo rehefa nandre ny tondra-drano tany Queensland, Australie. Fanombantombanana ny isan'ireo izay nila famonjena ihany no notaterin'ny fampahalalam-baovao. Kanefa maro taminareo no nahatsapa ny fangirifirian'ireo olona. Novalian'ireo mpilatsaka an-tsitrapo mpikamban'ny Fiangonana miisa 1.500 na mihoatra tany Australie izany antso fanaraina izany, izay nitondran'izy ireo fanampiana sy fampiononana.

Izany fahatsapan'izy ireo fangorahana izany dia navadiny ho fanapahan-kevitra hiasa araky ny fanekempihavanana nataony. Hitako ireo fitahiana izay nirotsaka tamin'ireo olona nila vonjy izay nandray fanampiana sy tamin'ireo olona izay nandray izany fahafahana izany mba hanome fanampiana izany.

Ireo ray aman-dreny manampanahy rehefa misy olona mila fanampiana dia mahita fomba entina hitahiana ny fiainan'ireo zanany lahy sy vavy amin'izany. Nisy ankizy kely telo vao tsy ela akory izay no nanatitra fitoeran-tsakafo misy hanina masaka tsara nahandro nandondona ny varavarambenay. Fantatry ny ray amandrenin'izy ireo fa nila fanampiana izahay ka dia nampandraisany anjara tamin'izany fahafahana hanompo anay izany ireo zanany.

Nitahy ny fianakavianay noho ireo asa fanompoana amin-kalalahantanana nataony ireo ray aman-dreny. Noho ny safidiny ny hamela ny zanany handray anjara tamin'ny fanoloran-tanana dia nanolotra fitahiana ho an'ireo izay ho zafikeliny koa izy ireo. Ny fitsikin'ireo ankizy rehefa niala ny tokantranonay dia nanome antoka ahy fa hitranga tokoa izany. Hilaza amin' ireo zanany izy ireo ny amin'ny fifaliana tsapany tamin'ny fanaovana asa fanompoana tamin-katsaram-panahy ho an'ny Tompo. Tsaroako ireo fahafaham-po mangina tsapako rehefa avy nanadio ny bozaky ny mpifanolobodirindrina taminay aho rehefa nasain'ny raiko nanao izany. Isaky ny nasaina mba hanolo-tanana aho dia tsaroako ary inoako ilay fihirana hoe: "Tompo, tsara ny Asanao."[2]

Fantatro fa ireo tonony ireo dia nosoratana mba hamaritana ny fifaliana

izay azo avy amin'ny fanompoana ny Tompo amin'ny andro Sabata. Kanefa ireo ankizy teo am-baravaranay dia nahatsapa fifaliana tamin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo tamin'ny andro andavanandro. Ary nahita izany fotoana ahafahana manao zava-tsoa izany ny ray aman-drenin'izy ireo ka nampihanaka izany fifaliana izany amin'ny taranaka maro mifandimby.

Ny fomba fanampian'ny Tompo ireo izay mila fanampiana dia manome fahafahana iray hafa hitahian'ny ray aman-dreny ireo zanany. Hitako tao am-piangonana izany indray Alahady. Nisy zaza madinika iray nanolotra tamin'ny eveka ny valopy fanaovana fanomezana an'ny fianakaviany raha handeha hiditra ny efitrano fivavahana iny izy alohan'ny fivoriana fanasan'ny Tompo.

Fantatro ilay fianakaviana sy ilay zazalahikely. Vao avy nandre ilay fianakaviana fa misy olona mila fanampiana ao amin'ny paroasy. Nilaza zavatra toy izao tamin'ilay zaza ilay rain'ilay zazalahy teo am-panatsofohana fanomezana amin'ny fifandiankanina bebe kokoa mihoatra noho ny mahazatra tao anaty valopy. Mba omeo kely an'i eveka ity valopy ity azafady! Fantatro fa hanome izany izy mba hanampiana ireo mila fanampiana kokoa noho isika."

Tsy fanaintainana noho ny hanoanana tamin'io Alahady io no hotsaroan'ilay zazalahikely fa ny fahatsapana tsara ao anaty tamin'io andro io. Azoko lazaina avy tamin'ny fitsikiny sy ny fomba nihazonany mafy tsara ilay valopy fa nahatsapa ny fahatokiana lehibe apetraky ny rainy aminy izy amin'ny hitondrany izany fanomezana avy amin'ny fianakaviany izany ho an'ny mahantra. Hahatsiaro izany andro izany izy rehefa diakona, ary mety ho mandrakizay mihitsy.

Izany hafaliana izany ihany no hitako tamin'ny endrik'ireo olona izay nanampy ny olona ho an'ny Tompo tany Idaho taona maro lasa izay. Vaky ny Tohodrano Teton ny Asabotsy 5 Jona 1976. Olona iraika ambin'ny folo no namoy ny ainy. An'arivony ireo olona izay tsy maintsy nandao ny tranony tao anatin'ny ora vitsy. Rava



difotry ny rano ny trano sasany. Ary tsy azo nonenana ny trano an-jatony raha tsy tamin'ny alalan'ny ezaka sy ny fitaovana izay mihoatra lavitra noho izay mety ho vitan'ireo tompony.

Ireo izay nandre ilay loza dia nangoraka ary namaly ilay antso mba hanao ny soa. Nandao ny tranony sy ny asany ireo mpifanolobodirindrina, ireo eveka, ireo filohan'ny Fikambanana Ifanampiana, ireo mpitarika ao amin'ny kôlejy, ireo mpampianatra sy mpamangy isan-tokantrano mba hanampy hanadio ireo tranon'ny hafa izay tondraky ny rano.

Nisy mpivady iray niverina tany Rexburg rehefa avy niala sasatra tonga taorian'ilay tondra-drano. Tsy nandeha nijery ny tranony akory izy ireo fa avy dia nandeha tany amin'ny eveka ary nanontany raha misy azon'izy ireo hanampiana. Nasain'ny eveka nanampy fianakaviana iray mila fanampiana izy ireo.

Taorian'ny andro vitsivitsy dia nandeha nijery izay nahazo ny tranony izy ireo. Tsy tao intsony izany fa rava tanteraka. Niverina nankany amin'ny eveka fotsiny izy ireo sady nanontany hoe: "Inona indray no tianao mba ho ataonay izao?"

Na aiza na aiza toerana ipetrahanao dia efa hitanao ny fahagagan'ny fangorahana izay nitarika tamin'ny asa fanampiana tsy misy tambiny. Mety ho tsy tamin'ny fotoan'ny loza lehibe ara-boajanahary izany. Hitako tao amin'ny kôlejin'ny fisoronana izany rehefa nitsangana ny rahalahy iray ary nilazalaza ny zavatra ilain'ny lehilahy na vehivavy iray izay nitady asa ahafahana mamelona ny tenany sy ny ankohonany. Tsapako tao amin'izany efitrano izany ny fahatsapana fangorahana, ka nisy nanolotra anaran'olona hafa izay mety afaka hampiasa ilay olona mila asa.

Ny zavatra nitranga tao amin'izany kôlejin'ny fisoronana izany sy ny nitranga tany amin'ireo trano tondraka tany Idaho dia endrika hisehoan'ny fomban'ny Tompo entina hanampiana ireo izay mila fanampiana goavana mba hizaka tena indray. Mahatsapa fangorahana ny fontsika ary haintsika ny fomba fanaovana asa araky ny fomban'ny Tompo mba hanampiana.

Mankalaza ny faha-75 taona nananganana ny fandaharan'asa fifanampiana an'ny Fiangonana isika amin'ity taona ity. Natomboka izany fandaharan'asa izany mba hanampiana ireo izay very asa, na toeram-pambolena sy fiompiana, hatramin'ny trano fonenana mihitsy aza tamin'ny fotoana izay antsointsika amin'ny hoe ilay Fahasahiranana Ara-toekarena Lehibe.

Tonga indray ny fotoana ilana fanampiana goavana ara-nofo ho an'ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra amin'izao androntsika izao toy ny tamin'ny andro taloha sy ny amin'ny fotoana hoavy rehetra. Ireo fitsipika fototry ny fandaharan'asa fifanampiana an'ny Fiangonana dia tsy indray mandeha fotsiny na amin'ny toerana iray monja. Ho an'ny fotoana rehetra sy ny toerana rehetra izany.

Ireo fitsipika ireo dia ara-panahy sy mandrakizay. Izany no mahatonga hoe ny fahatakarana azy ireo sy ny fampidirana azy ireo hiorim-paka ao am-pontsika dia mahatonga antsika hahita ireo fahafahana hanampy amin'ny fotoana rehetra sy toerana rehetra hanasan'ny Tompo antsika hanao izany.

Indreto misy fitsipika vitsivitsy izay mitarika ahy rehefa maniry ny hanampy araky ny fomban'ny Tompo aho sy tamin'ny fotoana nisy olon-kafa nanampy ahy.

Voalohany, faly sy mahatsapa ho mendri-kaja ny tsirairay rehefa afaka mamelona ny tenany sy ny fianakaviany izy ary avy eo mikatsaka ny hanampy ny hafa. Feno fankasitrahana aho tamin'ireo izay nanampy ahy tamin'ny zavatra nilaiko. Ary feno fankasitrahana lehibe kokoa aza aho nandritra ny taona maro ho an'ireo izay nanampy ahy hananako ny fizakantena. Ary avy eo dia lehibe indrindra ny fankasitrahako an'ireo izay nampiseho ahy ny fomba azoko hampiasana ny amby ampy teo am-pelantanako mba hanampiako ny hafa.

Nianatra aho fa ny fomba hananana amby ampy dia ny tsy mandany mihoatra noho izay raisina. Ary izany amby ampy izany dia nahafahako nianatra fa tena tsara tokoa ny manome noho ny mandray. Satria rehefa manome fanampiana araky ny fomban'ny Tompo isika dia omeny fitahiana.

Nilaza toy izao ny Filoha Marion G. Romney mahakasika ny asa fifanampiana, hoe: "Tsy mety hoe be loatra ny fanampiana atolotrao ka hampahantra anao izany." Ary avy eo dia nolazainy ny tenin'ny filohan'ny misiônany, Melvin J. Ballard, izay manao hoe: "Tsy mety misy olona hoe hanolotra vodimofo ho an'ny Tompo ka tsy ho voatahy hahazo mofo iray avy Aminy ho valin'izany."[3]

Hitako fa tena marina izany teo amin'ny fiainako. Rehefa malalatanana amin'ny zanaky ny Ray any an-danitra aho dia malala-tanana amiko koa Izy.

Ny fitsipika faharoan'ny filazantsara izay nitari-dalana ahy teo amin'ny asa fifanampiana dia ny hery sy fitahiana avy amin'ny firaisan-kina. Rehefa mifandray tanana isika mba hanompoana ireo olona sahirana, dia ny Tompo no mampiray ny fontsika. Ny Filoha J. Reuben Clark, Zanany dia nilaza izany tamin'izao fomba izao: "Izany asa fanompoana izany. . . dia nitondra . . . fahatsapana firahalahiana be indrindra satria karazana lehilahy maro samy manana ny fahaizany sy ny asa fivelomany no niara-niasa teo amin'ny toeram-pambolena ho an'ny asa Fifanampiana na tamin'ny fandaharan'asa hafa."[4]

Izany fahatsapana firahalahiana miroborobo izany dia sady ho an'ny mpanome no ho an'ny mpandray. Hatramin'ity andro ity dia misy fifandraisana mafy orina eo amiko sy ny lehilahy iray izay niara-nisoroka fotaka tamiko tao amin'ny tranony tondraky ny rano tany Rexburg. Ary nahatsapa ho mendri-kaja kokoa izy noho izy nanao izay rehetra vitany nanampiana ny tenany sy ny fianakaviany. Raha samy niasa irery izahay dia samy tsy ho nahazo izany fitahiana ara-panahy izany izahay roroa.

Izany dia mitarika amin'ny fitsipika fahatelo manosika hiasa eo amin'ny asa fifanampiana: Ento miara-miasa aminao ny fianakavianao mba ho afaka ny hianatra hifanampy izy ireo tahaka ny fomba hanampiany ny hafa. Ireo zanakao lahy sy zanakao vavy izay miara-miasa aminao mba hanompoana ny hafa dia hahay hifanampy kokoa rehefa mila fanampiana izy ireo.

Ny fitsipika manan-danja fahaefatra amin'ny fifanampian'ny Fiangonana dia nianarako fony aho eveka. Izany dia azoko avy tamin'ny didy ara-tsoratra masina hoe mizaha ireo mahantra. Andraikitry ny eveka ny mikaroka sy manome fanampiana ireo izay mbola mila fanampiana rehefa nanao izay tratrany izy ireo sy ny fianakaviany. Tsapako fa manome ny Fanahy Masina ny Tompo mba ho azo tanterahina ny hoe "tadiavo dia hahita ianao"[5] eo amin'ny fikarakarana ireo mahantra tsy misy hafa amin'ny fikarohana ny fahamarinana. Fa nianatra nampandray anjara ny Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana aho tao anatin'izany fikarohana izany Ary mety hahazo ny fanambarana alohanao izy.

Mety hila izany fitaomam-panahy izany ny sasany aminareo afaka volana vitsivitsy. Asaina mba hanao andron'ny fanompoana ny mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany entina hankalazana ny faha-75 taona nanorenana ny fandaharan'asa fifanampiana an'ny Fiangonana. Hikatsaka fanambarana ireo mpitarika sy ireo mpikambana eo am-pandrafetana ny asa ho atao.

Hanome sosokevitra telo aho eo am-pandrafetanareo ny asa fanompoana izay hataonareo.

Voalohany, omano ara-panahy ny tenanao sy ireo olona tarihinao. Rehefa nohalefahan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ihany ny fonareo vao afaka ny hahita hoe ny tanjon'ny asa ho atao dia ny hitahiana arapanahy sy ara-nofo ny fiainan'ireo zanaky ny Ray any an-danitra.

Ny sosokevitro faharoa dia ny fisafidianana ireo olona handray ny asa fanompoana hataonareo mba ho ireo olona ato amin'ny fanjakana na ireo eo amin'ny fiaraha-monina izay tena hahakasika ny fon'ireo mpanolotra ny zavatra maha-ory azy. Ho tsapan'ireo olona izay tompoinareo ny fitiavanareo. Izany no mety hahafaly kokoa azy ireo, araky ny nampanantenain'ilay fihirana, mihoatra noho ny fanomezana izay zavatra ilainy.

Ny sosokevitro farany dia ny hanaovana drafitra hampiasana ny herim-piraisan-kinan'ny fianakaviana, ny an'ireo kôlejy, ny an'ireo rafitra vondrona fanampiny, ary ireo olona izay fantatrareo eo anivon'ny fiaraha-monina. Ny fahatsapana firaisankina dia hampitombo avo heny ny voka-tsoa entin'ilay asa fanompoana ataonareo. Ary izany fahatsapana firaisan-kina eo anivon'ny fianakaviana, ny Fiangonana ary ny fiarahamonina izany dia hitombo ary ho tonga lova haharitra ela aorian'ny fiafaran'ilay asa fanompoana.

Izao no fotoana hilazako aminareo ny fankasitrahako fatratra anareo. Tamin'ireo asa fanompoana am-pitiavana nataonareo ho an'ny Tompo dia izaho no lasa niantefan'ireo teny fisaorana avy amin'ny olona nampianareo rehefa nifanena tamin'izy ireo aho.

Nahita fomba nampifaliana azy ireo ianareo teo am-panampiana azy ireo araky ny fomban'ny Tompo. Ianareo sy ireo mpanara-dia feno fanetrentena an'ny Mpamonjy toa anareo no nanolotra ny fotoanareo hanompoana ary ireo olona izay nampianareo dia niezaka nanome ahy ny fony feno fankasitrahana ho valin'izany.

Mandray fanehoam-pankasitrahana toy izany koa aho avy amin'ireo olona

niarahanareo niasa. Tsaroako ny fotoana iray izay nijoroako teo akaikin'ny Filoha Ezra Taft Benson. Niresaka mahakasika ny asa fanompoana eto amin'ny Fiangonan'ny Tompo izahay tamin'izany. Nanaitra ahy ny fihetsiny feno ilay fahavitrihana ananan'ny tanora raha niteny izy, sady nanao fihetsika tamin'ny tanany, nanao hoe: "Tiako ity asa ity, ary tena asa izany!"

Misolo tena ny Tompo aho maneho fankasitrahana amin'ny asa fanompoana nataonareo ho an'ny zanaky ny Raintsika any an-danitra. Fantany ianareo ary Hitany ny ezaka ataonareo, ny fikirizanareo ary ny fahafoizan-tena atolotrareo. Mivavaka aho mba hanomezany anareo ireo fitahiana ka hahita ny voan'ny asa nataonareo eo amin'ny fifalian'ireo olona izay nampianareo mba ho an'ny Tompo ianareo.

Fantatro fa velona Andriamanitra Ray ary mandre ny vavaka ataontsika Izy. Fantatro fa i Jesoa no Kristy. Afaka ny ho voadio sy hahazo tanjaka ianao sy ireo izay notompoinao amin'ny alalan'ny fanompoana Azy sy ny fitandremana ny Didiny. Afaka mahafantatra ianareo tahaka ny ahafantarako, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, fa i Joseph Smith dia mpaminanin'Andriamanitra izay namerina tamin'ny laoniny ny Fiangonana marina sy velona, ary ity izany. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminany velon'Andriamanitra. Izy dia ohatra tsara ny amin'izay nataon'ny Tompo: mandehandeha manao soa. Mivavaka aho mba hahafahantsika manararaotra ireo fahafahana "hampiakarana ireo tanana miraviravy, ary hanatanjahana ny lohalika malemy."[6] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Have I Done Any Good?" *Hymns,* no. 223.
2. "Tsara ny Asa," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 25.
3. Marion G. Romney, "Welfare Services: The Savior's Program," *Ensign,* Nôv. 1980, 93.
4. J. Reuben Clark Jr., tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1943, 13.
5. Jereo ny Matio 7:7–8; Lioka 11:9–10; 3 Nefia 14:7–8.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5.





**Atolotry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana

Angatahina isika hanohana an'i Thomas Spencer Monson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, i Henry Bennion Eyring ho Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, ary i Dieter Friedrich Uchtdorf ho Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany.

Angatahina isika hanohana an'i Boyd Kenneth Packer ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary hanohana an'ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin'izany kôlejy izany: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson ary Neil L. Andersen.

Ireo izay manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany koa.

Angatahina isika hanohana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra, aoka haneho tahaka izany ihany koa.

Angatahina isika haneho fisaorana an'ireto Fitopololahin'ny Vondrom-paritra manaraka ireto, mihatra manomboka ny 1 Mey 2011: José L. Alonso, Nelson L. Altamirano, John S. Anderson, Ian S. Ardern, Sergio E. Avila, David R. Brown, D. Fraser Bullock, Donald J. Butler, Vladimiro J. Campero, Daniel M. Cañoles, Carl B. Cook, I. Poloski Cordon, J. Devn Cornish, Federico F. Costales, LeGrand R. Curtis Jr., Heber O. Diaz, Andrew M. Ford, Julio G. Gaviola, Manuel Gonzalez, Daniel M. Jones, Donald J. Keyes, Domingos S. Linhares, B. Renato Maldonado, Raymundo Morales, J. Michel Paya, Stephen D. Posey, Juan M. Rodriguez, Gerardo L. Rubio, Jay L. Sitterud, Dirk Smibert, Eivind Sterri, Ysrael A.



Tolentino, W. Christopher Waddell, ary i Gary W. Walker.

Ireo izay te-hiaraka haneho aminay izany fisaorana izany tamin'ny asa fanompoana mahatalanjona vitan'izy ireo dia afaka maneho izany.

Angatahina isika hanohana ireto ho mpikambana vaovao ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy: Don R. Clarke, José L. Alonso, Ian S. Ardern, Carl B. Cook, LeGrand R. Curtis Jr., W. Christopher Waddell, ary i Kazuhiko Yamashita; ary ho mpikambana vaovao ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy : Randall K. Bennett, J. Devn Cornish, O. Vincent Haleck, ary i Larry Y. Wilson.

Izay rehetra manohana dia iangaviana haneho izany.

Ireo izay manohitra, aoka haneho izany koa.

Angatahina isika hanohana ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra vaovao: Kent J. Allen, Stephen B. Allen, Winsor Balderrama, R. Randall Bluth, Hans T. Boom, Patrick M. Boutoille, Marcelo F. Chappe, Eleazer S. Collado, Jeffrey D. Cummings, Nicolas L. Di Giovanni, Jorge S. Dominguez, Gary B. Doxey, David G. Fernandes, Hernán D. Ferreira, Ricardo P. Giménez, Allen D. Haynie, Douglas F. Higham, Robert W. Hymas, Lester F. Johnson, Matti T. Jouttenus, Chang Ho Kim, Alfred Kyungu, Remegio E. Meim Jr., Ismael Mendoza, Cesar A. Morales, Rulon D. Munns, Ramon C. Nobleza, Abenir V. Pajaro, Gary B. Porter, José L. Reina, Esteban G. Resek, George F. Rhodes Jr., Lynn L. Summerhays, Craig B. Terry, David J. Thomson, Ernesto R. Toris, Arnulfo Valenzuela, Ricardo Valladares, Fabian I. Vallejo, Emer Villalobos, ary i Terry L. Wade.



Ireo izay manohana, aoka mba haneho izany.

Misy manohitra?

Angatahina isika hanohana ireo Manampahefana Ambony hafa, ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary ireo fiadidian'ny vondrona fanampiny maneran-tany araka izay misy ankehitriny.

Ireo izay manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Filoha Monson, raha ny fahitako azy dia niray feo nanohana ireo hevitra naroso ny tato amin'ny Ivotoeran'ny fihaonambe.

Misaotra anareo ry rahalahy sy anabavy noho ny fanohananareo, ny finoana sy ny fanompoana ary ny fanolorantenanareo ary ny vavakareo tsy tapaka. ■



# Tatitry ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana, taona 2010

**Atolotr'i Robert W. Cantwell**
Tale mpitantana, Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana

*Ho an'ny Fiadidiana Voalohany an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

Ry Rahalahy Malala: Araka ny voalaza tamin'ny fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana faha-120, ny Filankevitry ny Fitantanana ny Fahafolonkarena dia manome lalana ny hampiasana ny volan'ny Fiangonana. Io filankevitra io dia ahitana ny Fiadidiana Voalohany, ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ny Episkôpà Mpiahy. Io Filankevitra io dia manaiky ny teti-bola ho an'ireo departemantan'ny Fiangonana sy ireo asa ato amin'ny Fiangonana ary ireo vola omena ireo mpitarika ireo vondrona. Mampiasa ny vola arak'ilay teti-bola nekena ireo departemantan'ny Fiangonana ary araky ny rafitra sy fomba fiasan'ny Fiangonana.

Ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana dia nahazo fahefana hijery ireo firaketana sy hampiasa ireo fomba rehetra ilaina mba hanatanterahana ny fanaraha-maso araky ny tokony ho izy ireo vola miditra sy vola mivoaka ary ny fitehirizana ny vola raisin'ny Fiangonana. Ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana dia tsy miankina amin'ireo departemanta sy asa hafa ato amin'ny Fiangonana, ary ny olona miasa ao aminy dia mpitam-bola voamarina ara-panjakana, mpanamarina ny fampiasam-bola anatiny voamarina ara-panjakana, mpiandraikitra ny rafitry ny serasera voamarina ara-panjakana, ary olona matihanina itokisana hafa koa.

Raha mifototra amin'ny fanaraha-maso natao, ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana dia maneho ny heviny fa, ny zavatra ara-materialy rehetra, ny anjara biriky voaray, ny vola nampiasaina, ary ny fidiram-bolan'ny Fiangonana tamin'ny taona 2010 dia voarakitra sy voatantana araky ny fomba fitantanana ara-dalàna, araky ny teti-bola nekena ary araky ny rafitra sy fomba fiasan'ny Fiangonana.

Natao tatitra tamim-panajana,
Ny Departemanta Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana
Robert W. Cantwell
Tale Mpitantana ■

# Tatitra mahakasika ny Antontan'isa ho an'ny Taona 2010

**Atolotr'i Brook P. Hales**
Mpitantsoratry ny Fiadidiana Voalohany

Ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka ity tatitra manaraka ity izay mikasika ny Antontan'isa mahakasika ny Fiangonana ho an'ny taona 2010. Hatramin'ny 31 Desambra 2010 dia nisy: Tsatòka 2.896, Misiona 340, Distrika 614, ary Paroasy sy sampana 28.660.

Ny fitambaran'ny mpikamban'ny Fiangonana hatramin'ny faran'ny taona 2010 dia 14.131.467.

Nisy zaza miisa 120.528 vao notsofina rano voarakitra tato am-piangonana, ary olona niova fo miisa 272.814 no natao batisa tamin'ny taona 2010.

Ny isan'ireo mpitory filazantsara amin'ny fotoana feno amperin'asa tamin'ny fiafaran'ny taona dia 52.225.

Ny isan'ireo misiônera mpanao asa fanompoana eto amin'ny Fiangonana dia 20.813, izay maro no any an-tranony ihany no mipetraka ary voantso hanompo amin'ny fitantanan-draharaha samihafa eto amin'ny Fiangonana.

Tempoly efatra no notokanana nandritra ny taona: ny Tempolin'i Vancouver British Colombia any Canada; ny Tempolin'i Gila Valley Arizona eto Etazonia; ny Tempolin'i Cebu City Philippines; ary ny Tempolin'i Kiev Ukraine.

Naverina notokanana tamin'ny 2010 ny Tempolin'i Laie Hawaii eto Etazonia.

Ny fitambaran'ny tempoly amperin'asa maneran-tany dia 134.

**Manampahefana Ambony teo aloha sy olona hafa tato amin'ny Fiangonana izay nodimandry hatramin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana volana Aprily tamin'ny Taon-dasa**

Ny Loholona W. Grant Bangerter, Adney Y. Komatsu, Hans B. Ringger, LeGrand R. Curtis, Richard P. Lindsay, Donald L. Staheli, ary Richard B. Wirthlin, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Fitopololahy teo aloha; Barbara B. Smith, Filohan'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany teo aloha; Ruth H. Funk, Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany teo aloha; Norma Jane B. Smith, mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany teo aloha; Helen Fyans, vady navelan'ny Loholona J. Thomas Fyans, Manampahefana Ambony efa nisotro ronono; Arnold D. Friberg, Mpahaikanto sy Mpanao sary; ary J. Elliot Cameron, Mpiandraikitra ny Fampianaran'ny Fiangonana teo aloha. ■









**Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Tarihin'ny Fanahy Masina

*Ny tsirairay amintsika dia tarihin'ny fanahin'ny fanambarana sy ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*

Efa-jato taona izay no lasa hatry ny namoahana ny Baiboly Dikan-tenin'ny Mpanjaka James niaraka tamin'ny fandraisana anjara lehibe nentin'i William Tyndale, izay raisiko ho mahery fo lehibe.

Ny mpitondra fivavahana dia tsy naniry ny handikana ny Baiboly tamin'ny teny anglisy fampiasan'ny rehetra. Nenjehin'izy ireo tamin'ny toerana rehetra i Tyndale. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Raha manavotra ny aiko Andriamanitra, afaka taona vitsy dia ataoko mahalalala betsaka kokoa mikasika ny soratra masina noho ianareo ny ankizilahy mpitarika sarety."[1]

Nisy namadika i Tyndale ary notazomina tao amin'ny fonja maizina sy mamanala tany Bruxelles izy nandritra ny herintaona mahery. Rotidrotika ny akanjony. Nitalaho tamin'ireo mpihazona azy izy mba hanome azy ny palitaony sy ny satrony ary labozia iray, ka nilaza hoe: "Tena mahavalaka ny mipetraka irery ao anaty ny haizina."[2] Tsy nomena azy ireo zavatra nangatahiny ireo. Taty aoriana dia notsoahina avy tao am-ponja izy ary nokendaina sy nodorana tamin'ny tsatoka iray nanoloana ny vahoaka maro be. Saingy tsy zava-poana ny asa napetrak'i Tyndale sy ny fahafatesany ho maritiora.

Satria ny ankizy Olomasin'ny Andro Farany dia ampianarina hatramin'ny fahazazany mba hahalala ny soratra masina, izy ireo dia manatanteraka amin'ny ampahany ny faminaniana nataon'i William Tyndale efa-jato taona mialoha.

Ny soratra masintsika ankehitriny dia ahitana ny Baiboly, ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy, ny Voahangy Lafo Vidy, ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.

Noho ny Bokin'i Môrmôna dia antsoina matetika hoe Fiangonana Môrmôna isika, fiantsoana izay tsy lavintsika, saingy fiantsoana izay tsy tena marina.

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia niverina namangy ireo Nefita ny Tompo satria nivavaka tamin'ny Ray tamin'ny anarany izy ireo. Ary hoy ny Tompo:

"Inona no tianareo homeko anareo?

"Ary hoy ireo Taminy: Tompo ô, mba tianay ny hilazanao aminay ny anarana izay hiantsoanay ity fiangonana ity; fa misy fifanjihirana eo anivon'ny vahoaka momba izany zavatra izany.

"Ary hoy ny Tompo taminy . . . , nahoana ny vahoaka no mimonomonona sy mifanjihitra noho izany zavatra izany?

"Tsy efa novakiany va ny soratra masina, izay milaza fa ianareo dia tsy maintsy mitondra eo aminareo ny anaran'i Kristy . . . ? Fa amin'izany anarana izany no hiantsoana anareo amin'ny andro farany. . . .

"Koa, na inona na inona hataonareo, dia hataonareo amin'ny anarako izany; koa antsoinareo amin'ny anarako ny fiangonana; ary hantsoinareo amin'ny anarako ny Ray mba hitahiany ny fiangonana noho ny Amiko.

"Ary ahoana no maha-fiangonako azy raha tsy antsoina amin'ny anarako izy? Fa raha antsoina amin'ny anaran'i Mosesy ny fiangonana iray, dia fiangonan'i Mosesy izy amin'izany; na raha antsoina amin'ny anaran'ny olona iray izy, dia fiangonan'io olona io izy amin'izany; fa raha antsoina amin'ny anarako kosa izy, dia fiangonako izy amin'izany, raha toa izy ireo ka miorina amin'ny filazantsarako."[3]

Noho ny fankatoavana ny fanambarana dia miantso ny tenantsika ho Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany isika fa tsy hoe Fiangonana Môrmôna. Raha miantso ny Fiangonana ho Fiangonana Môrmôna na miantso antsika ho Môrmôna ny olona hafa dia tsy maninona izany, raha toa ka isika kosa no manao izany dia zavatra hafa indray.

Ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza hoe:

"Tsy mitsaha-mitombo ny maha-zava-dehibe ny fampiasana ilay anarana voambara dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany (F&F 115:4) eo amin'ny andraikitsika hanambara ny anaran'ny Mpamonjy manerana izao tontolo izao. Mifanaraka amin'izany dia angatahanay, rehefa miresaka ny Fiangonana isika, ny mba hampiasana ny anarany feno na aiza na aiza maha-mety izany.

"Rehefa miresaka ny mpikamban'ny Fiangonana isika dia manao sosokevitra izahay ny ampiasana ny anarana hoe 'mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.' Raha hampiasa fanafohizana



dia aleo mampiasa ny anarana hoe 'Olomasin'ny Andro farany'."[4]

"[Ny Olomasin'ny Andro Farany] dia miresaka an'i Kristy, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, maminany ny amin'i Kristy, ary manoratra araka ny faminaniantsika mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany."[5]

Afaka miresaka mikasika antsika araka izay tiany izao tontolo izao saingy amin'ny resaka ataontsika dia tsarovy mandrakariva fa mpikamban'ny Fiangonan'i *Jesoa Kristy* isika.

Ny sasany dia milaza fa tsy Kristianina isika. Na izy ireo tsy mahafantatra antsika mihitsy, na izy ireo diso hevitra.

Ato amin'ny Fiangonana dia tanterahina amin'ny alalan'ny fahefana sy amin'ny anaran'i Jesoa Kristy ny ôrdônansy rehetra.[6] Manana ny lamina mitovy tamin'ny lamina nisy tamin'ny Fiangonana fahiny isika ahitana apôstôly sy mpaminany.[7]

Fahiny dia nanokana Apôstôly Roambinifolo ny Tompo. Nisy namadika Izy ary dia nohomboana. Taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty dia nampianatra ny mpianany ny Mpamonjy nandritra ny 40 andro ary dia niakatra tany an-danitra Izy avy eo.[8]

Saingy nisy zavatra tsy ampy. Andro vitsy taty aoriana dia nivory tao amin'ny trano iray ny Roambinifololahy ary "nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery nifofofofo ka nanenika ilay trano niangonany. . . . Lela maro mitarehin'afo [no]. . . nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona . . . Ary samy feno Fanahy Masina izy rehetra."[9] Voatafy hery ankehitriny ireo Apôstôliny. Takatr'izy ireo fa ny fahefana nomen'ny Mpamonjy sy ny fanomezan'ny Fanahy Masina dia tena nilaina ho an'ny fananganana ny Fiangonany. Nodidiana izy ireo hanao batisa sy hanome ny fanomezan'ny Fanahy Masina.[10]

Taty aoriana dia lasa ny Apôstôly sy ny fisoronana nohazonin'izy ireo. Nilaina ny famerenana tamin'ny laoniny ny fahefana sy ny hery entina mitantana. Nandritra ny taonjato maro dia niandrandra fatratra ny fiverenan'ny fahefana sy ny fananganana ny Fiangonan'ny Tompo ny olona.

Tamin'ny taona 1829 dia naverina tamin'ny laoniny tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ny fisoronana tamin'ny alalan'i Jaona Mpanao Batisa sy ny Apôstôly Petera sy Jakoba ary i Jaona. Ankehitriny dia tendrena ho amin'ny fisoronana ireo mpikambana lehilahy mendrika ao amin'ny Fiangonana. Izany fahefana izany sy ny fanomezan'ny Fanahy Masina mifandray amin'izany, izay omena ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra aorian'ny batisa, dia mampiavaka antsika amin'ny fiangonana hafa rehetra.

Fanambarana iray tany ampiandohana no manoro ny "mba hahazoan'ny olona tsirairay kosa miteny amin'ny anaran'ny Tompo Andriamanitra, dia Ilay Mpamonjy izao tontolo izao."[11] Ny asan'ny Fiangonana ankehitriny dia tanterahin'ny olon-tsotra lahy sy vavy nantsoina sy notohanana hiahy, sy hampianatra ary hitantana. Amin'ny alalan'ny herin'ny fanambarana sy ny fanomezan'ny Fanahy Masina no mandray fitarihana ireo izay voaantso mba hahafantatra ny sitrapon'ny Tompo. Ny sasany dia mety tsy hanaiky ny zavatra toy ny hoe faminaniana sy fanambarana ary ny fanomezan'ny Fanahy Masina, saingy raha te-hahatakatra ny mikasika antsika izy ireo dia mila mahatakatra fa manaiky ireo zavatra ireo isika.

Ny Tompo dia nanambara tamin'i Joseph Smith lalàna iray mikasika ny fahasalamana dia ny Tenin'ny Fahendrena, fotoana maro talohan'ny nahafantaran'izao tontolo izao ireo loza mifandraika amin'izany. Ampianarina ny rehetra hiala amin'ny dite mahery, ny kafe, ny zava-pisotro mahery, ny paraky sy ny sigara ary, mazava ho azy, ny karazana zava-mahadomelina sy akora mampiankin-doha rehetra, izay eo anoloan'ny tanorantsika hatrany. Ireo izay mankato izany fanambarana izany dia ampanantenaina hoe "hahazo fahasalamana eo amin'ny foitrany ary tsoka ho an'ny taolany;

"Ary hahita fahendrena sy rakitsoa lehiben'ny fahalalana izy ireo, dia rakitsoa miafina;

"Ary hihazakazaka izy ireo fa tsy ho sasatra ary handeha fa tsy ho reraka."[12]

Ao amin'ny fanambarana iray hafa, ny fenitry ny Tompo mikasika ny fahadiovam-pitondrantena dia mandidy ny iarovana ny fahefana masina

manome aina sy ny ampiasana izany raha tsy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy izay mpivady ihany.[13] Ny fampiasana io fahefana io tsy araka ny tokony ho izy dia fahotana lehibe izay tsy misy afa-tsy ny fandatsahana ny ran'ny tsy manan-tsiny sy ny fandavana ny Fanahy Masina ihany no lehibe noho izany.[14] Raha misy mandika ny lalàna dia mampianatra ny fanalàna ny vokatr'izany fandika lalàna izany ny fotompampianaran'ny fibebahana.

Sedraina ny tsirairay. Mety mihevitra ny olona iray fa tsy rariny ny miatrika fakam-panahy manokana izay tsy atrehan'ny hafa, saingy izany no tanjon'ny fiainana mety maty—ny ho sedraina. Ary ny valin-teny dia mitovy ho an'ny rehetra: tokony ary afaka hanohitra ny karazana fakam-panahy rehetra isika.

"Ny drafitra lehiben'ny fahasambarana"[15] dia mifototra amin'ny fiainampianakaviana. Ny lehilahy no lohan'ny tokantrano ary ny vehivavy vadiny no ivon'ny tokantrano. Ary ny fanambadiana dia fiaraha-miasa iray tantana. Ny lehilahy iray Olomasin'ny Andro Farany dia lehilahy tompon'andraikitra amin'ny fianakaviany sy mahatoky ao amin'ny filazantsara. Vady sy ray feno fiahiana sy fanoloran-tena izy. Manaja ny maha-vehivavy izy. Ny vehivavy dia manohana ny vadiny. Ireo ray amandreny dia samy miantoka ny fivoarana ara-panahin'ny zanak'izy ireo.

Ireo Olomasin'ny Andro Farany dia ampianarina ny hifankatia sy ny hifamela heloka amin-kitsimpo.

Ny fiainako dia niova noho ny patriarka marina iray. Nanambady ny malalan'ny fony izy. Tena nifankatia fatratra izy ireo ary tsy ela dia bevohoka ny zanak'izy ireo voalohany ramatoa.

Ny alina nahaterahan'ilay zazakely dia nisy ny fahasarotana. Ny hany dokotera tokana nisy dia tany amin'ny toerana tany ambanivohitra tany ho any, nikarakara marary. Taorian'ny ora maro nihetsehan'ny zaza dia nanomboka ho tsy nisy antenaina ny fahasalaman'ilay reny. Nony farany dia hita ilay dokotera. Tao amin'ny fahamaizana dia niasa faingana izy ary dia tsy ela dia teraka ilay zazakely ary toa tapitra ilay fotoan-tsarotra. Saingy andro vitsy taty aoriana dia maty ilay reny tanora noho ilay otrik'aretina izay notsaboin'ilay dokotera tany amin'ny tokantranon'ny marary iray hafa io alina io ihany.

Nirodana ny tontolon'ilay lehilahy tanora. Rehefa nandeha ny herinandro dia nihombo hatrany ny alahelony. Tsy dia nieritreritra zavatra hafa ankoatr'izay izy, ary tao anatin'ny ngindin'ny fahatezerany dia lasa nandrahona izy. Raha ankehitriny, dia tsy misy fisalasalana fa mety ho namporisihana izy hitory ilay dokotera noho ny asa tsy zarizary, toy ireny hoe hamaha ny olana rehetra ireny ny vola.

Indray alina dia nisy nandondona tao am-baravarany. Niteny fotsiny ny ankizy vavikely iray hoe "Mitady anao i Daddy. Te hiresaka aminao izy."

I "Daddy" dia ilay filohan'ny tsatoka. Ny torohevitra avy tamin'izany mpitarika hendry izany dia izao fotsiny ihany: "Avelao ho any izany ry John. Tsy misy zavatra azonao hatao ka afaka hamerina azy. Ny zavatra rehetra mety ho ataonao dia vao mainka hanaratsy ny toe-javatra. John, avelao any izany."

Izany no fisedrana ho an'ilay namako. Ahoana no ahafahany mamela izany? Fahadisoana lehibe no nitranga. Nitolona izy mba hamehy ny tenany ary nony farany dia tapa-kevitra izy fa tokony hankato ary hanaraka ny torohevitr'io filohan'ny tsatoka hendry io. Ho avelany ho any izany.

Hoy izy hoe: "Efa lahy antitra aho vao nahatakatra sy afaka nahita dokotera iray any ambanivohitra mampalahelo—vesaran'ny asa betsaka loatra, kely karama, mivezivezy sy reraka mitety marary, tsy dia nisy fanafody firy, tsy nisy hôpitaly, vitsy fitaovana, mitolona mba hamonjy aina, ary dia mahomby amin'ny ankapobeny. Tonga nandritra ny fotoan-tsarotra izy, raha aina roa no teo ambavahoan'ny fahafatesana, ary dia niasa tsy nisy hatak'andro izy. Takatro ihany nony farany!" Hoy izy: "Saika nanimba ny fiainako aho sy ny fiainan'ny hafa."

Nisaotra ny Tompo ombieny ombieny izy teo am-pandohalihana noho ny mpitarika hendry iray ao amin'ny fisoronana izay nanoro hevitra fotsiny hoe: "Avelao any izany ry John."

Manodidina antsika isika dia mahita mpikamban'ny Fiangonana izay tafintohina. Ny sasany dia tafintohana noho ny zavatra nitranga teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana na teo amin'ireo mpitarika ary mijaly mandritra ny fiainan'izy ireo manontolo, tsy mahavita manadino ny fahadisoan'ny hafa. Tsy avelan'izy ireo ho any izany. Ary dia lasa mangatsiaka izy ireo.

Izany fihetsika izany dia toa tahaka ny lehilahy iray voadonan'ny fikapohana baolina fampiasa amin'ny

***São Luís, Brésil***



"golf". Amin'ny fahatezerana dia maka fikapohana baolina iray izy ary dia ny lohany ihany no kapohiny tsy tapaka amin'izany mandritra ny androm-piainany manontolo. Hadalana izany! Mampalahelo izany! Izany karazana valifaty izany dia fampijalian-tena. Raha tafintohina ianao dia mamelà, adinoy ary avelao ho any izany.

Ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra izao fampitandremana izao: "Ary ankehitriny, raha misy hadisoana, dia hadisoan'ny olona izany; noho izany dia aza maniny ny zavatr'Andriamanitra mba ho hita tsisy pentina ianareo eo amin'ny toeram-pitsaran'i Kristy."[16]

Ny Olomasin'ny Andro Farany dia tena toy ny olona rehetra. Ankehitriny dia manerana izao tontolo izao ny 14 tapitrisa amintsika. Mbola fiandohany ihany izao. Nampianarina isika ho eto amin'izao tontolo izao fa tsy ho isan'izao tontolo izao.[17] Noho izany dia miaina fiainana tsotra ao anaty fianakaviana tsotra eo anivon'ny mponina amin'ny ankapobeny isika.

Nampianarina isika tsy handainga na hangalatra na hamitaka.[18] Tsy mampiasa fiteny tsy maontina isika. Mahita ny lafy tsaran'ny fiainana isika sy faly ary tsy matahotra ny fiainana.

Isika dia vonona ny "hiara-malahelo amin'izay malahelo. . . ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra izay mety hisy [antsika]."[19]

Raha misy olona mitady fiangonana izay tsy mitaky zavatra atao betsaka dia tsy ity izany fiangonana izany. Tsy mora izany hoe Olomasina izany, saingy raha ny lavitr'eazaka no dinihana dia izany no hany làlana marina.


Ary na dia eo aza ny fanoherana na ny "ady, tabataban'ady ary horohorontany any amin'ny toerana samihafa,"[20] tsy misy hery na hery misarika afaka mampitsahatra ity asa ity. Ny tsirairay amintsika dia tarihin'ny fanahin'ny fanambarana sy ny fanomezan'ny Fanahy Masina. "Toy ny tsy ahafahan'ny olona maninjitra ny sandriny malemy mba hanakanana ny reniranon'i Missouri tsy hikoriana amin'ny lalany efa voatendry, na hampiakatra azy hanoha riana, no tsy ahafahana manakana ny Tsitoha tsy hampidina fahalalana avy any an-danitra ho eo ambony lohan'ny Olomasin'ny Andro Farany."[21]



Raha mitondra enta-mavesatra ianao, adinoy izany, avelao any izany. Mamelà heloka be dia be ary mba mibebaha ihany, ary dia hovangian'ny Fanahy Masina ianao sy ho hamafisina amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona izay tsy mbola fantatrao hoe nisy. Hisy hiahy ianao ary ho voatahy—ianao sy ny ankohonanao. Fanasana hanatona Azy izao. Ity fiangonana ity—Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, "ilay hany fiangonana marina sy velona eto ambonin'ny tany manontolo,"[22] Izy mihitsy no nanambara izany—no toerana ahitana ilay "drafitra lehiben'ny fahasambarana."[23] Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ao amin'ny "David Daniell, introduction to *Tyndale's New Testament* (1989), viii."
2. Ao amin'ny "Daniell, introduction to *Tyndale's New Testament,* ix."
3. 3 Nefia 27:2–5, 7–8.
4. Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 23 Feb 2001.
5. 2 Nefia 25:26.
6. Jereo Mosesy 5:8; batisa: jereo 2 Nefia 31:12; 3 Nefia 11:27; 18:16; mitso-drano ny marary: jereo Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 42:44; manome ny Fanahy masina: jereo Môrônia 2:2; fanendrena ho amin'ny fisoronana: jereo Môrônia 3:1–3; fanasan'ny Tompo: jereo Môrônia 4:1–3; fahagagana: jereo Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 84:66–69.
7. Jereo Ireo Fanekem-pinoana 1:6.
8. Jereo Asan'ny Apôstôly 1:3–11.
9. Asan'ny Apôstôly 2:2–4.
10. Jereo Asan'ny Apôstôly 2:38.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:20.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–20.
13. Jereo "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo Izao," *Liahona,* Nôv. 2010, 129.
14. Jereo Almà 39:4–6.
15. Almà 42:8.
16. Pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna.
17. Jereo ny Jaona 17:4–19.
18. Jereo Eksôdôsy 20:15–16.
19. Môsià 18:9.
20. Môrmôna 8:30.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:33.
22. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:30.
23. Almà 42:8.



**Nataon'ny Loholona Russell M. Nelson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Hatreo Am-pinoana ny Ho Avy

*Ny fahamarinany, ny fanekempihavanany, ny ôrdônansiny dia mamela antsika handresy ny tahotra ary hiatrika ny ho avy amim-pinoana!*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, misaotra anareo izahay noho ny fanohananareo, tsy tamin'ny fananganananareo ny tanana ihany, fa indrindra ny fanompoana ataonareo any an-tokantrano, any am-piangonana, ary eo anivon'ny fiaraha-monina misy anareo. Tianay ny miaraka aminareo ary mahita anareo eo anivon'ny fianakavianareo sy ny namanareo. Na aiza na aiza hitoeranareo dia mijery ny ezaka ataonareo izahay hahatonga ity tontolo ity ho tsaratsara kokoa. Manohana anareo izahay! Tianay ianareo! Raha mivavaka ho anay ianareo, dia mivavaka ho anareo ihany koa izahay!

Alainay sary an-tsaina ny fianakavianareo miangona eo anoloan'ny fahitalavitra na en ligne mijery ny fandaharan'ny fihaonamben'ny Fiangonana any an-tokantrano. Nandefa sary iray taty amiko izay nalain'izy ireo nandritra ny fotoan'ny fihaonambe ny reny sy ray iray izay nihaino ampitandremana. Nodinihin'izy ireo ny fihetsik'ilay zanak'izy ireo lahy izay 18 volana tamin'izay ary nahafantatra ny endrika sy ny feon'ilay mpandahateny izy. Nanomboka nanorokoroka ny fahitalavitra ilay zaza. Te-hanatona akaiky izy. Avy hatrany ity zokiny vavy izay tonga saina dia nanao an-tsangory azy ary nibata azy akaikikaiky kokoa. Indro ilay sary.

Eny, izaho ilay sary eo amin'ny fahitalavitra, ary ireo ankizy ireo dia ny zafikeliko. Afaka taona vitsy ity zazalahy ity dia ho loholona, handray ny fanafiana masina any amin'ny tempoly, ary ho vonona ny hitory ny filazantsara. Any aoriana any dia hofehezina amin'ny mpiara-dia azy mandrakizay izay nofinidiny izy. Azonao sary an-tsaina ve izy ho vady sy ray indray andro any, miaraka amin'ireo zanany? Ary indray andro any dia hanao veloma farany amin'ireo zafikeliny izy, amin'ny fahalalana azo antoka fa ny fahafatesana dia ampahany amin'ny fiainana.

Tena marina izany. Velona isika mba ho faty, ary ho faty isika mba ho velona indray. Raha mijery ny mandrakizay, ny hany fahafatesana tonga aloha loatra dia ny fahafatesan'ireo izay tsy vonona ny hihaona amin'Andriamanitra.

Amin'ny maha-apôstôly sy mpaminany anay dia tsy ny zanakay sy ny zafikelinay irery ihany no tena tsinjovinay, fa ny anareo ihany koa— ary ireo zanak'Andriamanitra rehetra. Ny zava-hitranga rehetra ho avy ho an'ny zanak'Andriamanitra masina tsirairay avy dia ho rafetin'ny ray aman-dreniny, ny fianakaviany, ny namany, ary ny mpampianatr'izy ireo. Ka noho izany ny finoantsika *ankehitriny* dia tonga ampahany amin'ny finoan'ny taranantsika *any aoriana*.

Ny tsirairay avy dia samy manana ny fombany eto amin'ity tontolo miovaova tsy misy fiafarany ity—tontolo izay hifaninanan'ny firehan-kevitra. Ny herin'ny ratsy dia hifanohitra hatrany amin'ny herin'ny tsara. Hiezaka hatrany i Satana hitaona antsika hanaraka ny fombany ary hanao izay hampahonena antsika, tahaka azy.[1] Ary ny hetraketraka mahazatra eo amin'ny fiainana tahaka ny aretina, ny faharatrana, ary ny loza dia hisy hatrany.

Miaina ao anatin'ny fotoan'ny korontana isika. Ny horohorontany, ny tsunami mpandravarava, ny firodanan'ny fitondram-panjakana, ny fitontonganan'ny toe-karena dia mahery vaika, voahozongozona ny fianakaviana ary miakatra ny tahan'ny fisaraham-panambadiana. Tena manana antony goavana isika hiasana saina. Kanefa tsy tokony havelantsika handresy ny finoantsika ny tahotsika. Afaka miady amin'ny tahotra isika amin'ny alalan'ny fampatanjahantsika ny finoantsika.

Atombohy amin'ny zanakareo izany. Ianareo ray aman-dreny no mihazona ny andraikitra voalohany hampahatanjaka ny finoan'izy ireo. Avelao izy ireo hahatsapa ny finoanareo, na dia mandritra ny fahoriana mafy mianjady aminao aza. Aoka ny finoanao hifantoka amin'ny Ray any an-danitra be fitiavana sy i Jesoa Kristy Zanany. Ampianaro amim-paharesen-dahatra lalina izany finoana izany. Ampianaro ireo zazalahy sy zazavavy sarobidy fa zanak'Andriamanitra izy ireo, nohariana araka ny endriny, miaraka amin'ny antony masina sy ny fahafahana masina. Ny tsirairay avy dia teraka niaraka tamin'ny fitsapana izay horesena ary finoana izay hampiroboroboana.[2]

Ampianaro ny finoana araky ny drafitry ny famonjen'Andriamanitra. Ampianaro fa ny fiainantsika ety antany dia vanim-potoana fiomanana, fotoan'ny fahoriana ary fitsapana izay hijerena raha toa ka hanao izay nandidian'ny Tompo antsika isika.[3]

Ampianaro ny finoana hitandrina ny didin'Andriamanitra *rehetra*, amin'ny fahafantarana fa izy ireny dia nomena hitahy ireo zanany ary hitondra hafaliana ho azy ireo.[4] Ampitandremo izy ireo fa ho voahodidin'ny olona izay mifidifidy izay didy hotandremany izy ireo ary tsy hiraharaha ireo didy hafa izay safidiany ho dikaina. Antsoiko hoe fankatoavana samy maka izay tiany izany. Ny fanaovana io fisafidifidianana io dia tsy mety. Hitarika any amin'ny fahoriana izany. Mba hiomananao hihaona amin'Andriamanitra dia tsy maintsy mitandrina ny didiny *rehetra* ianao. Mitaky finoana ny fankatoavana azy ireo, ary ny fitandremana ny didiny dia hampahatanjaka izany finoana izany.

Ny fankatoavana dia mamela ny fitahian'Andriamanitra hirotsaka tsy misy sakantsakana. Hotahiany ireo zanany mpankatò mba ho afaka amin'ny fangejana sy ny fahoriana. Ary hitahy azy ireo Izy amin'ny fahazavana misimisy kokoa. Ohatra, ny olona iray izay mitandrina ny Tenin'ny Fahendrena amin'ny fahafantarana fa ny fankatoavana dia tsy mitondra fahafahana amin'ny fiankinan-doha fotsiny, fa hitondra ny fitahian'ny fahendrena sy rakitsoan'ny fahalalana.[5]

Ampianaro ny finoana hahafantatra fa ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra dia hanome fiarovana ara-nofo sy ara-panahy. Ary tsarovy, ny anjely masin'Andriamanitra dia ho eo foana hanampy antsika. Nilaza ny Tompo hoe: "Izaho handeha eo alohanareo. Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo."[6] Fampanantenana be tokoa izany! Rehefa mahatoky isika, dia hanampy antsika Izy sy ny anjeliny.

Ny finoana tsy voahozongozona dia hamafisina amin'ny alalan'ny vavaka. Zava-dehibe ho Azy ny vavaka vokatry ny fo ataonao. Eritrereto ny vavaka tamim-pangirifiriana nataon'ny Mpaminany Joseph Smith nandritra ny andro mahaory tamin'ny fotoana nitazonana azy tao amin'ny fonjan'i Liberty. Namaly azy ny Tompo mba hanovana ny fomba fijerin'ny Mpaminany. Hoy Izy: "Fantaro anaka, fa ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany."[7]



Raha toa ka mivavaka amin'ny fahaizana mijery ny mandrakizay isika, dia tsy mila misalasala isika hoe reny ve ny fibaboantsika sy ny ranomasontsika lalina. Ity fampanantenana avy amin'ny Tompo ity dia voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 98:

"Ny fivavakareo dia efa tonga eo an-tsofin'ny Tompo . . . ary voarakitra miaraka amin'izao tombo-kase sy testamenta izao—efa nianiana sy nanapaka ny Tompo fa hotovina izany.

"Koa Izy dia manome anareo izao fampanantenana izao, omban'ny fanekempihavanana tsy azo ovana fa hotanterahina izany; ary ny zava-drehetra izay efa nampahoriana anareo dia hiara-hiasa hahasoa anareo sy ho voninahitry ny anarako, hoy ny Tompo."[8]

Ny Tompo dia nisafidy ny teny matanjaka indrindra mba hanome antoka antsika! *Tombokase! Testamenta! Nianiana! Nanapaka! Fanekempihavanana tsy azo ovana!* Ry rahalahy sy anabavy, minoa Azy! Hihaino ireo vavaka tsotra sy vokatry ny fo ataonareo Andriamanitra, ary dia hatanjaka ny finoanareo.

Mba hampitomboana ny finoana maharitra, dia tena ilaina ny fanolorantena maharitra ho mpandoa fahafolonkarena feno. Voalohany dia mitaky finoana ny fandoavana fahafolonkarena. Avy eo ny mpandoa fahafolonkarena dia hampivelatra finoana bebe kokoa hatrany amin'ny fahafantarana fa ny fahafolonkarena dia tombontsoa sarobidy. Ny fahafolonkarena dia lalàna taloha avy amin'Andriamanitra.[9] Nanome fampanantenana tamin'ny zanany Izy hoe hamoha ny "varavaran'ny lanitra, ary hampidina . . . ny fitahiana, manana amby ampy ho anareo [Izy]."[10] Tsy izay ihany, ny fahafolonkarena dia mitazona ny anaranao ho voasoratra ho isan'ny vahoakan'Andriamanitra ary hiaro anao amin'ny "andro famaliana sy ny fandoroana."[11]

Nahoana isika no mila finoana tsy voahozongozona toy izany? Satria efa ho avy ny andro sarotra. Mahalana amin'ny hoavy vao ho mora na malaza izany hoe Olomasin'ny Andro Farany mahatoky izany. Hotsapaina daholo isika tsirairay avy. Ny Apôstôly Paoly dia nampitandrina fa amin'ny andro farany, ireo izay manaraka amin'ny zotom-po ny Tompo "dia henjehina."[12] Izany fanenjehana izany dia mety hahalavo anao amin'ny fahalemena tsy re tsaika, na mandrisika anao ho lasa ohatra sy be risim-po eo amin'ny fiainanao andavanandro.

*Ny fomba* fiatrehanao ny fitsapana eo amin'ny fiainanao dia hampivelatra ny finoanao. Ho tonga aminao ny hery



rehefa tsaroanao fa ianao dia manana ny toetra araka an'Andriamanitra, izay lova sarobidy tsy manam-petra. Nampahatsiahy anao, ny zanakao ary ny zafikelinao ny Tompo, fa ianareo dia taranany, ary efa voatokana hatrany an-danitra ny fotoana marina sy ny toerana hahaterahanao, ho lehibe ary ho tonga solontenany sy ho olon'ny fanekempihavanana. Rehefa mamakivaky ny lalan'ny fahamarinan'ny Tompo ianao, dia ho voatahy ianao hanohy hatrany amin'ny hatsarany ary ho hazavana sy ho mpamonjy ny Olony.[13]

Ny fitahiana azo avy amin'ny alalan'ny herin'ny Fisoronana Melkizedeka dia natao ho anareo tsirairay avy ry rahalahy sy anabavy. Ireo fitahiana ireo dia afaka hanova ny toe-javatra eo amin'ny fiainanao, toy ny fahasalamana, ny fiarahana amin'ny Fanahy Masina, ny fifandraisan'ny tena manokana aman'olona, ary fahafahana hanao zavatra maro amin'ny hoavy. Ny hery sy ny fahefana avy amin'ity fisoronana ity dia mihazona ny fanalahidy ho an'ny fitahiana ara-panahy rehetra ao amin'ny Fiangonana.[14] Fa ny tena zava-dehibe, dia nanambara ny Tompo fa hanohana ireo fitahiana ireo Izy, araka ny sitrapony.[15]

Ny lehibe indrindra amin'ireo fitahian'ny fisoronana rehetra dia omena any amin'ny tempoly masin'ny Tompo. Hahamendrika anao sy ny fianakavianao ho amin'ny fitahian'ny fiainana mandrakizay ny fahatokiana amin'ny fanekempihavanana atao any.[16]

Ny valisoanao dia tsy aorian'izao fiainana izao ihany. Ny ankamaroan'ireo fitahiana ireo dia ho azonao eto amin'ity fiainana ity, eo anivon'ny zanakao sy ny zafikelinao. Ianareo Olomasina mahatoky dia tsy hiady irery eto amin'ity fiainana ity. Eritrereto tsara anie izany! Nanambara ny Tompo hoe: "Izaho no hiady amin'izay miady aminao, ary Izaho no hamonjy ny zanakao."[17] Taty aoriana dia tonga ny fampanantenana ho an'ny vahoakany mahatoky: "Ary Izaho Tompo no hiady ny adiny sy ny adin'ny zanany ary ny an'ny zanaky ny zanany, . . . hatrany amin'ny zafiafy sy ny zafindohalika."[18]

Ny Filoha malalantsika Thomas S. Monson dia nanome antsika ny fijoroana ho vavolombelona feno faminaniana. Hoy izy hoe: "Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ireo fitahiana nampanantenaina antsika ireo dia tsy hita isa. Na dia mety hiangona aza ny rahon'ny orambaratra, na dia hirotsaka amintsika aza ny orana, dia hampionona sy hanohana antsika ary hitondra hafaliana ao am-pontsika rehefa mandeha am-pahitsiana sy mitandrina ny didy ny fahalalantsika ny filazantsara sy ny fitiavana ny Raintsika any an-danitra ary ny Mpamonjy antsika."

Nanohy ny Filoha Monson hoe: "Ry rahalahiko sy anabaviko malala, aza matahotra. Matokia. Mamiratra toy ny finoanao ny hoavy"[19]

Ampiako amin'ny teniko manokana izany teny mavesa-danja nolazain'ny Filoha Monson izany. Mijoro ho vavolombelona aho fa Raintsika Andriamanitra. I Jesoa no Kristy. Naverina tamin'ny laoniny teto an-tany indray ny Fiangonany. Ny fahamarinany, ny fanekempihavanany, ny ôrdônansiny dia mamela antsika handresy ny tahotra ary hiatrika ny ho avy amim-pinoana! Izany no hijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 2 Nefia 2:27.
2. Nampianatra izany foto-kevitra izany i Petera raha nilaza izy fa "mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany hianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao" (2 Petera 1:4).
3. Jereo ny Abrahama 3:25.
4. Jereo ny 2 Nefia 2:25.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:19; jereo koa ny Isaia 45:3.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7. Ohatra iray amin'ny fanovana ny fomba fijery ny voarakitra ao amin'ny Salamo: "Arovy ny Fanahiko; . . . Andriamanitro ô, vonjeo ny mpanomponao, izay matoky anao. Mamindra fo amiko Tompo ô: fa ianao no itarainako mandrakariva. . . . Hidera anao amin'ny foko rehetra aho, Andriamanitro Tompo ô Hanome voninahitra ny anaranao mandrakizay aho." (Salamo 86:2–3, 12).
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:2–3.
9. Ny fahafolonkarena dia voalaza ao anaty boky miisa valo ao amin'ny Testamenta Taloha: Genesisy, Levitikosy, Nomery, Deotoronomy, 2 Tantara, Nehemia, Amosa ary Malakia.
10. Malakia 3:10.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 85:3.
12. 2 Timoty 3:12.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:8–11.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:18.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:47, 59.
16. Jereo ny Abrahama 2:11.
17. Isaia 49:25; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:14.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:37.
19. Thomas S. Monson, "Matokia," *Liahona,* Mey 2009, 92.



**Nataon'ny Loholona Richard J. Maynes**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Fanorenana Tokantrano mifantoka amin'i Kristy

*Mahatakatra sy mino ny toetra mandrakizain'ny fianakaviana isika. Izany fahatakarana sy finoana izany dia tokony hitaona fanahy antsika hanao ny zava-drehetra tratry ny herintsika hanorenana tokantrano mifantoka amin'i Kristy.*

Tamin'ny fanombohan'ny asa fitoriana nataoko fony aho misiônera tanora tany Uruguay sy Paraguay dia nahatsapa aho fa isan'ny zavatra tena nahasarika ireo izay nikatsaka hahafantatra bebe kokoa momba Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia ny fahalianan'izy ireo amin'ny fotopampianarantsika mahakasika ny fianakaviana. Raha ny tena marina, hatramin'ny namerenana tamin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy, dia ny fotopampianarana izay milaza fa ny fianakaviana dia afaka ny hiaraka mandrakizay no nanintona ireo naman'ny Fiangonana mpikatsaka ny fahamarinana.

Ny fitsipiky ny fianakaviana mandrakizay dia singa iray tena manandanja ao amin'ny drafitra lehiben'ny Ray any an-danitra ho an'ny Zanany. Zava-dehibe indrindra ao amin'izany drafitra izany ny fahatakarana fa manana fianakaviana any *an-danitra* isika ary manana fianakaviana eto *an-tany* ihany koa. Mampianatra antsika ny Apôstôly Paoly fa ny Ray any an-danitra dia rain'ny fanahintsika:

"Ary hitady an'Andriamanitra izy ireo . . . ka hahita Azy. . . .

"Fa Izy no ivelomantsika, sy ihetsehantsika ary iainantsika; . . . Fa terany koa isika."[1]

Ny maha-zanaky ny Ray any andanitra be fitiavana antsika dia fitsipika fototra iray tena manan-danja tokoa ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy hany ka na dia ireo zanatsika aza dia manambara izany fahamarinan'izany rehefa mihira ny hiran'ny kilonga hoe "Zanaky ny Ray Aho" izy ireo, tsaroanareo ve ny tonony?

*Zanaky ny Ray aho,*
*Napetrany ety,*
*Nomeny fianakaviana aho*
*Ray aman-dreny tia.*

*Tariho, ampio, miaraha,*
*Eo anilanay.*
*Toroy ahy ny ataoko*
*Hiverina any indray.*[2]

Ny fahafantarana fa manana fianakaviana isika any *an-danitra* dia manampy antsika hahatakatra ny maha-mandrakizay ny fianakaviantsika ety *an-tany*. Ny Fotopampianarana sy ny Fanekempihavanana dia nampianatra antsika fa ny fianakaviana no fototry ny lamina any andanitra: "Ary ny fiaraha-miaina izay misy etoana eo anivontsika ihany no hisy eo amintsika any, saingy izany dia homban'ny voninahitra mandrakizay."[3]

Ny fahatakarana ny hoe ny fianakaviana dia ho mandrakizay dia



singa tena manan-danja eo amin'ny fahatakarana ny drafitry ny Ray any an-danitra ho an'ireo Zanany. Ny fahavalo etsy ankilan'izany dia manao izay rehetra tratry ny heriny handravana ny drafitry ny Ray any an-danitra. Eo am-piezahana handresy ny drafitr'Andriamanitra ny fahavalo dia mitarika fanafihana tsy mbola nisy toy izany eo amin'ny rafitry ny fianakaviana. Ny sasany amin'ireo fiadiana mahery vaika izay ampiasainy amin'ny fanafihana ataony dia ny fitiavan-tena, sy ny fitiavan-karena, ary ny pôrnôgrafia.

Ny hasambarantsika mandrakizay dia *tsy* isan'ny tanjon'i Satana. Fantany fa fanalahidy iray manan-danja ahafahany manao izay hahatonga ny lehilahy sy ny vehivavy ho ory tahaka azy ny manaisotra azy ireo amin'ny fifandraisany amin'ny fianakaviany izay mety ho tonga ho *mandrakizay*. Noho ny fahatakaran'i Satana fa ny hasambarana marina eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny mandrakizay dia hita ao amin'ny rafitry ny fianakaviana, dia ataony izay rehetra tratry ny heriny hanapotehina izany.

Ny mpaminany fahiny Almà dia niantso ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny Zanany ho "drafitra lehiben'ny fahasambarana."[4] Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izay tohanantsika ho mpaminany, sy mpahita, ary mpanambara dia efa nanolotra antsika ity torolalana nentanim-panahy ity raha ny mikasika ny hasambarana sy ny fiainam-pianakaviana: "Ny fianakaviana dia tendrin'Andriamanitra. Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena ilaina eo amin'ny drafitra mandrakizainy. Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny voady nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka. Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia azo tratrarina kokoa raha miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo."[5]

Izany hasambarana noresahin'i Almà izany, izay noresahan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo vao tsy ela dia azo antoka kokoa ny ahitana azy ao



an-tokantrano miaraka amin'ny fianakaviana. Ho hita sy ho be dia be izany hasambarana izany rehefa manao izay rehetra tratry ny hery isika hanorenana tokantrano izay mifantoka amin'i Kristy.

Izaho sy Rahavavy Maynes dia nianatra fitsipika manan-danja sasantsasany teo am-panombohana ny fanorenana tokantrano iray izay mifantoka amin'i Kristy fotoana aloha be teo amin'ny fanambadianay. Natombokay tamin'ny fanarahana ny torolalan'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana izany. Notarihanay hatrany ny zanakay tamin'ny fanaovana ny takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro ary eo ihany koa ny vavaka isan'andro sy ny fandalinana ny soratra masina. Tsy mora, na mety, na nahomby hatrany anefa izany, kanefa rehefa nandeha teny ny fotoana dia lasa fomba amampanao sarobidy ho an'ny fianakaviana ireo fiarahana tsotra ireo.

Hitanay fa mety tsy hotsaroan'ireo zanakay daholo ny momba ilay lesona tamin'ny takarivan'ny mpianakavy rehefa mandeha ny herinandro, kanefa ho tsaroan'izy ireo fa *nanao izany izahay.* Fantatray fa aoriana kely rehefa tonga any an-tsekoly dia mety tsy ho tsaroany ireo teny tao amin'ny soratra masina na ny vavaka, kanefa ho tsaroan'izy ireo fa *namaky* ny soratra masina tokoa izahay ary *nanao* ny vavaka tokoa. Ry rahalahy sy anabavy, misy hery sy fiarovana lehibe ho antsika sy ho an'ny tanorantsika ny fanaovana ireo fomba amampanaon'ny lanitra ireo ao an-tokantrano.

Manampy hanorenana fomba fiainana izay hitoeran'ny Fanahy ny fianarana, sy ny fampianarana, ary ny fampiharana ny fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ao an-tokantranontsika. Amin'ny alalan'ny fanorenana izany fomba amam-panao ao an-tokantranontsika izany no ahafahantsika miala amin'ny fomba amampanao ratsin'izao tontolo izao ary hianatra hametraka ny filan'ny hafa sy ny olan'ny hafa ho vaindohandraharaha.

Ny andraikitra amin'ny fanorenana tokantrano mifantoka amin'i Kristy dia miankina amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Ny ray aman-dreny dia manana andraikitra hampianatra ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana. Raisina ho tompon'andraikitra eo anoloan'ny Tompo ireo ray aman-dreny amin'ny fomba nanatanterahan'izy ireo ny andraikitra masiny. Ny ray aman-dreny dia mampianatra ireo zanany *amin'ny* teny sy *amin'ny alalan'ny* ohatra. Ity tononkalo nataon'i C.C. Miller ity izay mitondra ny lohateny hoe: "Ny Ako" dia mampiseho ny maha-zava-dehibe ireo ray aman-dreny sy ny fiantraikan'izy ireo rehefa mitarika ny zanany izy ireo:

*Ondry fa tsy zanakondry anie*
*Ilay nivily lalana tamin'ny*
*fanoharan'i Jesoa,*
*Diso lalana ilay ondry iray lehibe*
*Ka niala nanalavitra iretsy namany*
*tokoa.*
*Fa nahoana no tadiavintsika ilay*
*ondry nania*
*Satria manantena no mivavaka*
*fatratra ery?*
*Satria zava-doza raha mania ny*
*renin'ondry,*
*Izay hitarika sy hamery ireto*
*zanakondry.*
*Hanaraka ilay ondry ireto*
*zanakondry,*
*Na aiza na aiza toerana halehany.*
*Satria rehefa diso lalana ity*
*renin'ondry,*
*Tsy ho ela akory ny zanakondry*
*dia hiala amin'ny lalana tokony*
*halehany.*
*Ka noho izany ry ondry dia miangavy*
*izahay*
*Mba ho tombotsoan'ireo zanakondry*
*ankehitriny,*
*Satria rehefa very ny ondry anankiray*
*Dia ho loza tokoa tsy roa aman-tany*
*F'ireo zanakondry no hanefa izany.*[6]

Ny vokatry ny fitarihan'ireo ray aman-dreny ny zanany amin'ny lalan-diso dia hazavain'ny Tompo amintsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana: "Ankoatra izany, raha manan-janaka ao i Ziona . . . ka *tsy* mampianatra azy hahazoany ny fotopampianarana momba ny finoana an'i Kristy, ny Zanak'Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana . . . dia mby eo amin' ny lohan'ny ray aman-dreny ny fahotana."[7]

Sarotra ny manantitrantitra be loatra ny maha-zava-dehibe ny fampianaran'ireo ray aman-dreny ny zanany ireo fomba amam-panaon'ny lanitra amin'ny alalan'ny teny sy ny ohatra. Ny zanaka ihany koa dia manana anjara manan-danja eo amin'ny fanorenana tokantrano mifantoka amin'i Kristy. Mamelà ahy hizara lahateny fohifohy izay vao tsy ela akory no nataon'i Will, ilay zafikeliko valo taona, izay mampiseho ity fitsipika ity:

"Tiako ny mitaingin-tsoavaly sy mampiasa atsamo-tady miaraka amin'ny dadako. Ny atsamo-tady dia vita amin'ny kofehy maromaro mirandrana mba hampahatanjaka izany. Raha kofehy tokana no mamaritra ilay izy dia tsy hahavita ny asany. Kanefa noho izy hoe kofehy maro no mirandrana ary miara-miasa, dia azonay ampiasaina amin'ny fomba maro izany ary tena mafy tokoa.

"Ny fianakaviana dia tahaka ny atsamo-tady. Rehefa ny olona iray monja no miasa mafy ary manao izay mety dia tsy hatanjaka ny fianakaviana raha oharina amin'ny hoe ny rehetra no miara manao ezaka hifanampy.

"Fantatro fa rehefa manao ny tsara aho dia manampy ny fianakaviako. Rehefa manao tsara toetra amin'i Isabelle zandriko vavy aho, dia miara-paly izahay ary mahafaly an'i dadanay sy mamanay izany. Rehefa te-hanao zavatra ny reniko, dia afaka manampy azy aho amin'ny filalaovako miaraka amin'i Joey zandriko kely. Afaka manampy ny fianakaviako ihany koa aho amin'ny fanadiovako ny efitranoko sy ny fanampiana isaky ny azo atao ary manao izany am-pifalifaliana. Satria moa izaho no lahimatoan'ny fianakaviako, dia fantatro fa ny fanehoana ohatra tsara dia tena zava-dehibe. Afaka miezaka araka izay tratrako aho hisafidy ny tsara ary hanaraka ireo didy.

"Fantatro fa ireo ankizy dia afaka manampy ireo fianakaviany ho matanjaka tahaka ny atsamo-tady mafy fatotra. Rehefa manao ny tsara indrindra ny tsirairay ary miasa miaraka, dia ho faly sy hatanjaka ny fianakaviana."

**Dortmund, Allemagne**



Rehefa miahy amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ny fianakaviany ny ray aman-dreny ary mampianatra ireo zanany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy *amin'ny* teny sy *amin'ny alalan'ny* ohatra, ary rehefa tia sy manohana ireo ray aman-dreniny ireo zanaka amin'ny alalan'ny fianarana sy fampiharana ny fitsipika nampianarin'ny ray aman-dreniny azy ireo, dia ny fanorenana ny tokantrano mifantoka amin'i Kristy no ho vokatr'izany.

Ry rahalahy sy anabavy, amin'ny maha-mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika dia takatsika ary inoantsika ny maha-mandrakizay ny fianakaviana. Izany fahatakarana sy finoana izany dia tokony hitaona fanahy antsika hanao ny zava-drehetra tratry ny herintsika hanorenana tokantrano mifantoka amin'i Kristy. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa rehefa miezaka manao izany isika, dia ho feno kokoa ny fampiharantsika ny fitiavana sy ny asa fanompoana izay hita taratra tao amin'ny fiainan'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny sorompanavotany, ary vokatr'izany ny tokantranontsika dia tena afaka ny ho tahaka ny lanitra ety an-tany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Asan'ny Apôstôly 17:27-28.
2. "Zanaky ny Ray Aho" *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* pejy 113.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130: 2; jereo ny Robert D. Hales, "The Eternal Family *Ensign,* Nôv. 1996, 64.
4. Almà 42:8.
5. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao," *Liahona,* Nôv. 2010, 129.
6. C. C. Miller, "The Echo," tao amin'ny *Best-Loved Poems of the LDS People,* edisiona nataon'i Jack M. Lyon sy ireo hafa (1996), 312–13.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25; nampiana fanantitranterana.



**Nataon'ny Loholona Cecil O. Samuelson Jr.**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Fijoroana ho Vavolombelona

*Ny fототry ny fahazoana sy fihazonana ny fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia tsotra, mazava ary vitan'ny olona tsirairay.*

Iray amin'ireo fitahiana lehibe teo amin'ny fiainako nandritra ny taona maro ny nananako fahafahana ho voahodidin'ny tanoran'ny Fiangonana sy niarahana niasa tamin'izy ireo. Ireo fiarahana sy ireo finamanana ireo dia raisiko ho isan'ireo fotoana mamy sy sarobidy indrindra teo amin'ny fiainako. Izy ireo ihany koa no fototry ny ankamaroan'ny fiheverako ny zava-drehetra ho tsara ho an'ny hoavin'ny Fiangonana sy ny zanak'olombelona ary izao tontolo izao.

Nandritra ireo fotoana nifaneraserako tamin'ireo tanora ireo koa no nananako fahafahana niresaka tamin'ny sasantsasany tamin'izy ireo izay nanana fisalasalana na olana samihafa teo amin'ny fijoroany ho vavolombelona. Na amin'ny endriny maro samihafa aza ny antsipiriany ao anatin'izany ary indraindray tena miavaka, dia maro amin'ireo fanontaniana sy antony miteraka fisalasalana no toa saika mitovitovy hatrany. Torak'izany koa ireo olana sy ahiahy ireo dia tsy voafetra ho an'ny vondron'olona manokana na sokajin-taona iray. Ireo olana ireo dia mety hitranga eo amin'ireo mpikambana izay efa taranaka maro no naha-mpikambana azy tato amin'ny Fiangonana, sy eo amin'ireo mpikambana vaovaon'ny Fiangonana ary koa eo amin'ireo vao manomboka mahafantatra Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ny fanontanian'izy ireo matetika dia vokatry ny faniriana te-hahafantatra marina na ny fahalianana. Koa satria tena manan-danja sy zava-dehibe tokoa ho antsika tsirairay avy ny vokatr' ireo fanontaniana ireo dia tsara raha dinihina ny momba ny fijoroantsika ho vavolombelona. Raha ny toe-javatra misy eo amintsika Olomasin'ny Andro Farany izao, ny fijoroana ho vavolombelontsika dia raisintsika ho tenivavolombelona azo antoka ananantsika momba ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, izay azo avy amin'ny fanambarana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Raha toa ka tsotra sy mazava ny hoe fijoroana ho vavolombelona ao anatin'izany fanambarana mifono famaritana izany, dia fanontaniana manan-danja maro no aterak'ity fanambarana ity toy ny hoe: Iza no mendrika hahazo fijoroana ho vavolombelona? Ahoana no fomba ahazoan'ny olona iray ilay fanambarana ilaina? Inona avy ireo dingana arahana ahazoana fijoroana ho vavolombelona? Moa ve zava-miseho iray miavaka sa zavatra mandeha miandalana ny fahazoana ny fijoroana ho vavolombelona? Ireo fanontaniana tsirairay ireo sy ny hafa dia manana zana-panontaniana hafa miankina aminy kanefa ny fototry ny fahazoana sy fihazonana ny fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia tsotra, mazava ary vitan'ny olona tsirairay.

Hamaly fohifohy an'ireo fisalasalana mety hitranga aho ary avy eo dia hanambara ireo hevitra izay nozarain'ireo tanora namana mahatoky vao haingana izay niaina zavatra manokana teo amin'ny fahazoan'izy ireo ny fijoroany ho vavolombelona. Nanana fahafahana koa izy ireo hanampy ny hafa izay nianjadian'ny olana na fahasahiranana mikasika ny lafiny ara-pinoana.

Voalohany, iza no mendrika hahazo fijoroana ho vavolombelona? Ireo rehetra izay vonona handoa ny sarany—izany hoe mitandrina ireo didy—dia afaka mahazo fijoroana ho vavolombelona. "Koa mandeha hatrany am-paran'ny tany ny feon'ny Tompo, mba handre izay rehetra te handre" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:11). Antony fototra iray nisian'ny Famerenana ny filazantsara tamin'ny laoniny ny mba "hahazoan' ny olona tsirairay kosa miteny amin' ny anaran' ny Tompo Andriamanitra, dia Ilay Mpamonjy izao tontolo izao; Mba ho afaka hitombo eto an-tany koa ny finoana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:20–21).

Faharoa, ahoana no fomba ahazoan'ny olona iray ilay fanambarana ilaina ary inona avy ireo dingana fototra arahana mba hahazoana izany? Nazava ary tsy niova mihitsy ny fomba handraisana izany hatramin'izay. Ilay fampanantenana nomena mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna

dia mihatra koa amin'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona mikasika ireo fahamarinana hafa.

"Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo"—izany hoe nihaino, namaky, nandalina ary nisaintsaina ireo fanontaniana mipetraka—"hanontani[o] Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto"—izany hoe hivavaka am-pisaintsainana sy momba ny zavatra iray manokana ary hivavaka amim-panajana ianao miaraka amin'ny fanoloran-tena ny hanaraka ny valim-bavaka azonao—"ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban' ny tena finiavana, sady manam-pinoana an' i Kristy, dia haneho ny fahamarinan' izany aminareo Izy amin' ny herin' ny Fanahy Masina.

"Ary amin' ny herin' ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan' ny zava-drehetra" (Môrônia 10:4–5).

Fahatelo, moa ve zavatra miavaka manokana miseho indray mandeha ny fahazoana ny fijoroana ho vavolombelona sa zavatra mandeha miandalana? Ny fijoroana ho vavolombelona dia toy ny zava-manan'aina iray izay mitombo sy mivelatra rehefa karakaraina araky ny tokony ho izy. Mila fikolokoloana, sy fikarakarana ary fiarovana izany mba haniriany sy hiroboroboany. Torak'izany koa, raha toa ka tsy miraharaha na tsy mahavita ireo dingana hamelombelomana izany fijoroana ho vavolombelona izany isika dia hihena izany na ho very. Mampitandrina ny soratra masina fa ny fandikana ny didin'Andriamanitra dia miteraka fahaverezan'ny Fanahy, ary mety hitarika amin'ny fandavana ny fijoroana ho vavolombelona izay efa nananana teo aloha aza izany (jereo ny F&F 42:23).

Mamelà ahy ianareo hizara 10 amin'ireo fomba fijery sy sosokevitra avy amin'ireo tanora namako mahatoky sy sarobidy ireo. Ireo hevitra izay nozarainy dia misy fitoviana eo amin'ny fomba fisainana sy zavatra niainan'izy ireo; hany ka mety tsy ho zava-baovao ho antsika tsirairay avy izany. Mampalahelo anefa fa mandritra ny fotoana mampahory sy mampanahirana antsika indrindra indrindra no mety hanadinoantsika vetivety na tsy hieritreretantsika hoe azo ampiharina eo amintsika manokana izany.

Voalohany, sarobidy ny olona tsirairay satria samy zanak'Andriamanitra daholo isika. Fantany sy tiany isika ary maniry Izy ny hahombiazantsika sy ny hiverenantsika any Aminy. Tokony hianatra hatoky ny Fitiavany sy ny Fotoanany isika toy izay ireo fanirian'ny tenantsika izay indraindray tsy maharitra sy tsy tonga lafatra.

Faharoa, raha toa ka mino tanteraka ilay fiovam-po mahery vaika voalaza ao amin'ny soratra masina isika (jereo nyMôsià 5:2; Almà 5:12–14, 26), dia tokony hahatakatra fa izany dia mitranga miandalana, fa tsy eo no ho eo na tonga dia mitranga amin'ny endriny feno, ary miseho mba ho valin'ny fanontaniana, na zavatra iainana na olana voafaritra tsara ary koa amin'ny alalan'ny fandalinana sy vavaka nataontsika.

Fahatelo, ilaintsika ny mahatsiaro fa tanjona iray ifotoran'ity fiainana ity ny hizahana toetra sy hisedraina antsika ary noho izany dia tsy maintsy mianatra ny hivoatra isika avy amin'ireo olana atrehintsika ary mankasitraka noho ireo lesona nianarana izay tsy ho azo avy amin'ny fomba tsotsotra fotsiny.

Fahaefatra, tokony mianatra ny hatoky an'ireo zavatra izay inoantsika na fantatsika isika mba hanampiantsika ny tenantsika mandritra ny fotoan'ny fisalasalana na eo anatrehan'ireo olana izay manahirana antsika.

Fahadimy, araky ny nampianarin'i Almà azy, ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona dia matetika fitohizam-pivoarana tsikelikely miainga avy amin'ny fanantenana, avy eo ny finoana ary farany ny fahafantarana ny fahamarinan'ny fitsipika na fotopampianarana iray manokana na ny filazantsara mihitsy (jereo ny Almà 32).

Fahaenina, ny fampianarantsika ny hafa ireo zavatra fantatsika dia manamafy orina ny fijoroantsika ho vavolombelona rehefa manorina ny an'ny olona iray hafa isika. Rehefa manome vola na sakafo ny olona iray ianao dia mihena ny anjaranao. Kanefa rehefa mizara ny fijoroana ho vavolombelona ianao dia mihamatanjaka sy mitombo izany na ho an'ilay mpizara na ho an'ilay mpandray.

Fahafito, tokony hanao ireo zava-madinika nefa tena ilaina isika isan'andro ary tsy tapaka. Hampahatanjaka ny finoantsika ary hanasa ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika ny vavaka, ny fandalinana ny soratra masina sy ny filazantsara, ny fanatrehana ny fivoriam-piangonana, ny fandehanana any amin'ny tempoly, ny fanatanterahana ny famangiana sy fampianarana isan-tokantrano ary ireo andraikitra hafa. Rehefa tsy manao ireo zavatra ireo isika dia mety ho tandindomin-doza ny fijoroantsika ho vavolombelona.

Fahavalo, tsy tokony ho faritantsika ho ambony kokoa ireo fenitra tokony iainan'ny hafa raha oharina amin'ny antsika manokana. Matetika loatra isika no mamela ny fahadisoana na ny tsy fahombiazan'ny hafa, indrindra ireo mpitarika na ireo mpikamban'ny Fiangonana, hisy fiantraikany eo amin'ny zavatra tsapantsika momba ny tenantsika na momba ny fijoroana ho vavolombelontsika. Tsy tokony ho fomba fialan-tsiny noho ny fahalementsika mihitsy ireo olan'ny hafa.

Fahasivy, tsara ny mahatsiaro fa ny fanamelohantsika be loatra ny tenantsika rehefa manao fahadisoana dia mety hiteraka zava-doza be mitovy amin'ny tsy firaharahiana ireo fotoana tena ilantsika ny fanaovana fibebahana.

Ary fahafolo, tokony ho mazava amintsika hatrany fa ny Sorompanavotan'i Kristy dia miasa tanteraka sy tsy tapaka eo amintsika tsirairay avy rehefa mamela izany hiasa eo amintsika isika. Avy eo, dia hirindra araka ny tokony ho izy ny zava-drehetra eny fa na dia mbola sahirana aza isika amin'ireo zavatra hafa madinidinika, na ireo fahazaran-dratsy hafa na ireo ampahany tsy ampy eo amin'ny finoantsika.

Feno fankasitrahana aho noho ireo fomba fijery, sy tanjaka ary fijoroana ho vavolombelona azo halain-tahaka ananan'ireo tanora maro namako sy

nifanerasera tamiko. Rehefa miaraka amin'izy ireo aho dia mahazo hery ary rehefa fantatro fa miaraka amin'ny hafa izy ireo dia faly aho noho ny fahalalana ireo zavatra tsara izay ataon'izy ireo sy noho ny asa fanompoana izay ataony amin'ny anaran'Ilay Tompo izay tompoiny sy ezahiny hankatoavina.

Manao zavatra tsara sy manandanja ny olona satria manana fijoroana ho vavolombelona. Na dia marina aza izany dia mahazo fijoroana ho vavolombelona koa isika noho ny zavatra ataontsika. Hoy i Jesoa hoe:


"Tsy Ahy ny fampianarako, fa an'Izay naniraka Ahy.

Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin'Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho" (Jaona 7:16–17).

"Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko" (Jaona 14:15).

Tahaka an'i Nefia sy Môrmôna fahiny dia "tsy mahalala ny zavadrehetra aho" (1 Nefia 11:17; jereo koa ny Tenin'i Môrmôna 1:7) kanefa mamelà ahy ianareo hilaza izay fantatro.

Fantatro fa velona sy tia antsika Andriamanitra Raintsika any an-danitra. Fantatro fa Jesoa Kristy, ilay Zanaka lahitokany miavaka, no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika ary lohan'ity Fiangonana izay mitondra ny Anarany ity. Fantatro fa nitranga tamin'i Joseph Smith ireo zavatra izay nolazainy sy nampianariny mikasika ny famerenana ny Filazantsara amin'ny laoniny ho an'izao androntsika izao. Fantatro fa tarihin'ny apôstôly sy mpaminany isika ankehitriny ary ny Filoha Thomas S. Monson no mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana rehetra izay ilaina mba hitahiana ny fiainantsika ary hampandrosoana ny asan'ny Tompo. Fantatro fa mendrika ny hahazo izany fahalalana izany isika ary raha toa ka sahirana ianareo dia afaka miantehitra amin'ireo fahamarinan'ireo fijoroana ho vavolombelona izay renareo teto amin'ity polpitra ity nandritra ity fihaonambe ity. Ireo zavatra ireo dia fantatro sy ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Ny Faniriana

*Mba hahatratrarantsika ny tanjontsika mandrakizay dia haniry sy hiasa mba hananana ireo toetra takiana mba ho lasa olona maharitra mandrakizay isika.*

Nisafidy ny hiresaka mikasika ny lanjan'*ny faniriana aho.* Manantena aho fa hikaroka ny ao am-pontsika isika tsirairay mba hamantarana ny zavatra tena iriantsika sy ny fomba handaharantsika ireo faniriantsika manan-danja indrindra.

Ny faniriana no milaza izay tokony ho laharam-pahamehantsika, ny laharam-pahamehana no mamolavola ny safidintsika ary ny safidy no mamaritra ny zavatra ataontsika. Ireo faniriana izay asehontsika amin'ny asa no mamaritra ireo fiovana misy eo amintsika, ireo tanjona tratrantsika ary ny iafarantsika.

Voalohany dia hiresaka mikasika ireo faniriana iombonana sasantsasany aho. Amin'ny maha-olombelona antsika dia misy ireo zavatra fototra ilain'ny vatantsika. Ny faniriana tehanome fahafaham-po ireo zavatra ilaina ireo dia manery ny safidintsika ary mamaritra ireo fihetsika ataontsika. Hisy ohatra telo hanehoana ny fomba handresentsika indraindray ireo faniriana ireo amin'ny alalan'ny faniriana hafa izay eritreretintsika ho manandanja kokoa.

Voalohany, ny sakafo. Mila sakafo isika, kanefa rehefa mandeha ny fotoana dia azo toherina amin'ny alalan'ny faniriana mafy hifady hanina izany faniriana izany.

Faharoa, fialofana. Fony aho zazalahikely 12 taona dia nahatohitra ny faniriana hikaroka fialofana aho noho ny faniriana lehibe kokoa tao anatiko ny hanatanteraka ny zavatra iray notakiana tamin'ny Skoto Zazalahy dia ny matory any anaty ala in-dray alina. Isan'ireo zazalahy maro izay nandao ny lay tsara voatra aho ary nahita fomba hanamboarana trano fialofana iray sy fandriana vita amin'ny akora voajanahary izay hitanay teny rehetra teny.

Fahatelo, ny torimaso. Eny fa na dia ity faniriana fototra ity koa aza dia azo toherina ao anatin'ny fotoana voafetra amin'ny alalan'ny faniriana manandanja kokoa. Fony aho mbola miaramila vao herotrerony tao amin'ny Vondron-tafika tao Utah dia nianatra ohatra iray avy tamin'ny miaramila manamboninahitra iray izay efa zatra ady aho.

Nandritra ireo volana niantombohan'ny Ady tany Korea dia nantsoina hanompo an'ady ny andia-miaramila an-tanetin'ny Vondron-tafika ao Utah tao Richfield. Nahitana lehilahy Môrmôna miisa 40 teo ho eo izany andia-miaramila baikoan'ny Kapiteny Ray Cox izany. Taorian'ny fiofanana fanampiny sy ny fanampian'ireo




***Khayelitsha, Afrika Atsimo***

miaramila am-paneva mena avy tamin'ny toerana maro samihafa azy ireo dia nalefa tany Korea izy ireo, izay niainan'izy ireo karazan'ady faran'izay mafy indrindra tamin'izany ady izany. Nandritra ny fifandonana iray dia tsy maintsy nanohitra fanafihana mivantana nataon'ireo andian-tafiky ny fahavalo an-jatony maro izy ireo, fanafihana izay namotika sy nandrava ireo andian-tafika an-tanety hafa.

Inona no idiran'izany amin'ny hoe fandresena ny faniriana hatory? Nandritra ny alina nampidi-doza iray, izay nibosesehan'ny tafika an-tanetin'ny fahavalo nanatrika ny vavaady sy avy tany amin'ny faritra aoriana izay nipetrahan'ny tafika an-tanety, dia nandidy ireo mpiambina ny faritra manodidina ilay Kapiteny mba hiantso azy manokana amin'ilay telefaonina izay nampifandraisina mivantana tao amin'ny lainy isaky ny adiny iray mandritra ny alina manontolo. Nanao izay tsy hatorian'ireo mpiambina izany, kanefa koa nidika fa nanapatapaka imbetsaka ny torimason'ny Kapiteny Cox izany. "Ahoana no nahafahanao nanao izany?" hoy aho nanontany azy. Ny valinteny nomeny dia naneho ny herin'ny faniriana iray tena manan-danja.

"Fantatro fa raha tafody any antrano izahay dia hifanena amin'ny ray aman-drenin'ireto tovolahy ireto eny amin'ny araben'ny tanàna kely misy anay, ary tsy tiako ny hifanatrika amin'izy ireo raha toa ka tsy tafody any an-tranony ny zanakalahin'izy ireo noho ny tsy nanaovako izay zavatra tokony ho nataoko amin'ny mahampibaiko azy ireo ahy."[1]

Tena ohatra amin'ny herin'ny faniriana tena manan-danja hanao izay laharam-pahamehana sy hanao asa izany! Tena ohatra mahery vaika ho antsika tsirairay izay tompon'andraikitra amin'izay mahasoa ny hafa—ny ray aman-dreny ary ny mpitarika sy mpampianatra ato am-piangonana izany!

Ho famintinana izany toe-javanitranga izany, vao maraimbe taorian'ny alina izay tsy natorian'ny Kapiteny Cox mihitsy dia nitarika ny vatan-dehilahiny hanao valimpanafihana ny tafika an-tanetin'ny fahavalony izy. Nahababo olona 800 mahery teo izy ireo ary roa monja no naratra tamin'izy ireo. Nahazo maripankasitrahana noho ny herimpony i Cox, ary ny andia-miaramilany dia nahazo ny Fanehoam-pisaorana manokan'ny Filoha ho an'ny Vondrona vokatry ny herimpon'izy ireo. Ary tahaka ireo zatovolahin'i Helamàna (jereo nyAlmà 57:25–26), dia tafody soa aman-tsara daholo izy ireo.[2]

Ahitana fampianarana maro mikasika ny maha-zava-dehibe ny faniriana ny Bokin'i Môrmôna.

Taorian'ny ora maro nitalahoana tamin'ny Tompo dia nolazaina i Enôsa fa voavela ny helony. Tamin'izay izy dia "nanomboka nahatsapa faniriana ho an'ny fiadanan'ny fanahin'ireo rahalahiny" (Enôsa 1:9). Nanoratra izy hoe: "Ary . . . rehefa avy nivavaka sy niasa tamin'ny fahazotoana aho, dia hoy ny Tompo tamiko: Hotoviko aminao araka ny fanirianao noho ny finoanao" (andininy faha-12). Jereo tsara ireo zavatra telo tena manandanja izay nialoha ireo fitahiana nampanantenaina: faniriana, sy asa ary finoana.

Tao amin'ny toriteny mikasika ny finoana nataon'i Almà dia mampianatra izy fa ny finoana dia afaka manomboka amin'ny "[zavatra] tsy mihoatra ny faniriana hino" raha toa ka "hamela izany hiasa ao amintsika [isika]" (Almà 32:27).

Ny fampianarana lehibe iray hafa mikasika ny faniriana, indrindra momba ny hoe inona no tokony ho faniriantsika faratampony, dia niseho tamin'ny zavatra niainan'ny mpanjakan'i Lamanita izay nampianarin'i Aharôna ilay mpitory filazantsara. Rehefa nahasarika ny sainy ny fampianarana nataon'i Aharôna dia hoy ny mpanjaka nanontany hoe: "Inona no hataoko mba ho azo aterak'Andriamanitra aho" ary "hanana izany fiainana mandrakizay izany?" (Almà 22:15). Namaly i Aharôna hoe: "Raha maniry izany zavatra izany ianao, . . . raha mibebaka amin' ny fahotanao rehetra ianao ary miankohoka eo anoloan' Andriamanitra sy miantso ny anarany amim-pinoana sady mino fa ianao dia handray, amin' izany dia handray ny fanantenana izay irinao ianao" (andininy 16).

Nanao izany ilay mpanjaka, ary tao anatin'ny vavaka mahery vaika no nanambarany hoe: "Hafoiko ny fahotako rehetra hahafantarako Anao . . . ary [hamonjena ahy] amin' ny andro farany" (andininy faha-18). Vokatr'izany

fanoloran-tena sy ny fahafantarana ny faniriany faratampony izany dia voavaly tamim-pahagagana ny vavaka nataony.

Nanam-paniriana goavana ny hitory ny fibebahana ho an'ny olon-drehetra ny mpaminany Almà, kanefa fantany fa tsy tokony haniry ny hanana ilay hery tsy hay toherina takiana amin'ny fanaovana izany izy satria, araky ny nambarany dia "Ilay Andriamanitra marina . . . [no hanatanteraka] izany amin'ny olona araka ny fanirian'izy ireo, na izany ho fahafatesana, na ho fiainana" (Almà 29:4). Torak'izany ihany koa, ny Tompo dia nanambara tao amin'ny fanambarana maoderina fa Izy "dia hitsara ny olon-drehetra araka ny asany, araka ny fanirian'ny fony" (F&F 137:9).

Moa ve isika vonona tokoa amin'ny hametrahan'ilay Mpitsara Mandrakizay antsika an'izany zavatra manan-danja lehibe izany eo amin'izay zavatra tena iriantsika?

Maro ireo soratra masina miresaka momba ny zavatra iriantsika manoloana ireo zavatra katsahintsika. "Izay fatra-pitady Ahy dia hahita Ahy ary tsy hafoy" (F&F 88:83). "Katsahonareo fatratra tokoa ny fanomezam-pahasoavana tsara" (F&F 46:8). "Fa izay mitady amim-pahazotoana tokoa no hahita" (1 Nefia 10:19). "Manakaikeza Ahy dia hanakaiky anareo Aho; tadiavo fatratra Aho dia hahita Ahy ianareo; mangataha dia hahazo ianareo, dondòny dia hovohana ianareo" (F&F 88:63).

Tsy mora ny manamboatra ny faniriantsika mba hanomezana laharam-pahamehana ireo zavatra mikasika ny mandrakizay. Samy tratran'ny fakampanahy hanam-paniriana amin'ireto zavatra efatr'izao tontolo izao ireto isika dia ny harena, ny fitadiavana laza, ny voninahitra, ary ny fahefana. Mety maniry an'ireo isika saingy tsy tokony ho laharam-pahamehantsika izy ireo.

Ireo izay hoe ny hahazo harena no faniriany faratampony dia tafalatsaka ao amin'ny fandriky ny fitiavankarena. Tsy mampandry sofina izy ireo amin'ilay fampitandremana hoe: "Aza mikatsaka ny harena na ny zavapoanan'izao tontolo izao" (Almà 39:14; jereo koa ny Jakôba 2:18 ao amin'ny Bokin'i Môrmôna).

Ireo izay maniry hahazo laza sy voninahitra dia tokony hanaraka ny ohatry ny Kapiteny Môrônia mahery fo, izay tsy "nikatsaka fahefana" na ny "voninahitr'izao tontolo izao" teo amin'ny asa fanompoany (Almà 60:36).

Ahoana no fomba hampivoarantsika ny faniriana? Vitsy ny handalo ilay karazana fotoan-tsarotra izay nanome risim-po an'i Aron Ralston,[3] kanefa ny zavatra niainany dia manome lesona sarobidy mikasika ny fampitomboana ny faniriana.



Tamin'ny fotoana nihanihan'i Ralston ny harambato iray tena lavitra tany amin'ny faritra Atsimon'i Utah, dia nisy vato lehibe iray milanja 363 kilao nianjera tampoka teo aminy ary nanery ny sandriny havanana. Tao anatin'ny dimy andro dia niady mafy samirery izy mba hanafaka ny tenany. Raha saika hilavo lefona iny indrindra izy ary hanaiky ny ho faty dia nahita tao anatin'ny fahitana zazalahikely iray 3 taona mihazakazaka manatona azy ary nosakambinin'ny sandriny havia. Takany fa izany dia fahitana ilay zanakalahiny hoavy sy fanomezan-toky fa mbola ho velona izy, ka dia nanangona ny herimpony i Ralston ary nanao fihetsika henjana dia henjana mba hamonjena ny ainy alohan'ny tsy hananany hery intsony. Notapahiny ny taolana roa tamin'ny sandriny havanana izay tery ary avy eo dia nampiasainy ny antsy tao anatin'ilay fitaovana iray misy karazan-javatra maro mba hanapahana izany sandriny izany. Nanangona ny heriny izy avy eo mba hihanihana ny 8 kilaometra hitadiavana vonjy.[4] Tena ohatry ny faniriana mahery vaika tokoa izany! Rehefa mahazo fahitana amin'ny mety hahatongavantsika isika dia mitombo be ny faniriana sy ny hery entintsika manatanteraka zavatra iray.

Tsy hiatrika velively zava-tsarotra mafy dia mafy toy izany ny ankamaroantsika, kanefa isika rehetra dia mety hiatrika fandrika izay mety hanakana ny fivoarana mankany amin'ny tanjontsika mandrakizay. Raha toa ka mivaivay tokoa ireo faniriana marina ananantsika dia hanosika antsika izany hanasaraka ny tenantsika ho afaka amin'ny zavatra mampiankindoha antsika sy ireo faneriterena hafa mifono ota ary ireo laharam-pahamehana izay manakana ny fivoarantsika mandrakizay.

Tokony ho tsaroantsika fa ny faniriana marina dia tsy mba mety hoe zavatra tsy misy fotony, na atosi-pihetsehampo na ho amin'ny fotoana voafetra fotsiny. Tokony ho zavatra vokatry ny fo, tsy miovaova ary maharitra izany. Rehefa manam-paniriana tahaka izany isika, dia hikatsaka ny toetra araky ny namaritan'ny Mpaminany

Joseph Smith azy, izay "nandresena ny ratsy eo amin'ny [fiainantsika] ary hanafaka ny faniriantsika hanota."[5] Fanapahan-kevitra tena an'ny tena manokana izany. Araky ny nolazain'ny Loholona Neal A. Maxwell hoe:

"Rehefa faritana ho 'nanafaka ny fanirian'izy ireo hanota' ny olona, dia izy ireo, ary izy ireo ihany, no nanapakevitra malalaka hanala ireo faniriana diso ireo tamin'ny alalan'ny fahavononan'izy ireo 'hiala an-tsitrapo tamin'ny otan' [izy ireo] rehetra' mba hahafantaran'izy ireo an'Andriamanitra."

"Noho izany, rehefa mandeha ny fotoana, ny zavatra izay iriantsika fatratra no hiafarantsika any aoriana ary izany no ho raisintsika any amin'ny mandrakizay."[6]

Na dia manan-danja aok'izany aza ny manary ny faniriana rehetra hanota, dia mbola mitaky mihoatra noho izany ny fiainana mandrakizay. Mba hahatratrarantsika ny tanjontsika mandrakizay dia haniry sy hiasa mba hananana ireo toetra takiana mba ho lasa olona maharitra mandrakizay isika. Ohatra, ireo olona maharitra mandrakizay dia mamela ireo rehetra izay nanao diso taminy. Mametraka izay mahasoa ny hafa mialoha ny an'ny tenany izy ireo, ary tia ny zanak'Andriamanitra rehetra. Raha toa ka mety ho sarotra izany—ary mino aho fa tsy ho mora ho antsika tsirairay izany—dia tokony hanomboka amin'ny faniriana ny hanana izany toetra izany isika, ary mangataka ny fanampian'ny Ray any an-danitra be fitiavana mikasika ireo zavatra tsapantsika. Mampianatra antsika ny Bokin'i Môrmôna fa tokony "hivava[ka] amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo [isika] mba hahazoan[tsika] mameno amin'izany fitiavany izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy Zanany" (Môrônia 7:48).

Faranako ny teniko amin'ny ohatra farany mikasika ny faniriana iray izay tokony ho faratampony ho an'ny lehilahy sy vehivavy rehetra—ireo izay efa manambady sy ireo tokantena. Tokony samy haniry ary hanao asa matotra mifanaraka amin'izany ny rehetra mba hanatanterahana fanambadiana mandrakizay. Ireo izay efa



nanambady tany amin'ny tempoly dia tokony hanao ny zava-drehetra azon'izy ireo atao mba hiarovana izany. Ireo izay mbola tokan-tena dia tokony haniry hanao ny fanambadiana any amin'ny tempoly ary hanao ho laharam-pahamehana ny fanaovana asa mba hahatratrarana izany. Ireo tanora sy zatovo tokan-tena dia tokony hahatohitra ny foto-pisainana azo raisina ho fanaon'ny maro kanefa foto-kevitra diso mandrakizay izay manamaivan-danja ny fanambadiana sy ny fananan-janaka.[7]

Ry tovolahy tokan-tena, mba diniho ity fanamby nosoratan'ny rahavavy iray tokan-tena tamin'ity taratasy ity. Izy dia nanao fitalahoana mikasika an'ireo "zanakavavin'Andriamanitra miaina amim-pahamarinana izay mikatsaka amin-kitsimpo ilay mpiara-dia mendrika ho azy, kanefa toa jamba sy diso hevitra ireo tovolahy amin'ny hoe tokony ve sa tsy tokony ho andraikiny ny mikaroka ireto zanakavavin'ny Ray any an-danitra mahafinaritra sy voafinidy ireto ary hampiaraka amin'izy ireo ary ho vonona ny hanatanteraka antsitrapo sy hitandrina ireo fanekempihavanana masina any amin'ny tranon'ny Tompo." Nofaranany izany hoe: "Maro ireo tovolahy tokan-tena OAF (Olomasin'ny Andro Farany) izay faly mandeha mivoaka sy miala voly, ary mampiaraka sy mandehandeha, kanefa tsy mba manana faniriana velively hanao izay mety ho karazana fampanantenana amin'ny vehivavy iray."[8]

Mino aho fa misy koa ireo tovolahy izay mikaroka mafy ary te-handre ahy hanampy hoe misy ireo zatovovavy izay manamaivan-danja ny faniriana hanatanteraka fanambadiana sy fananan-janaka noho ny fanirian'izy ireo te-hanana fototr'asa iray na zavatra hafa mitondra voninahitra araka ny fiainana an-tany. Mila manana faniriana marina na ny lahy na ny vavy, izay hitondra azy ireo amin'ny fiainana mandrakizay.

Aoka ho tsaroantsika fa ny faniriana no milaza izay tokony ho laharam-pahamehantsika, ny laharam-pahamehana no mamolavola ny safidintsika ary ny safidy no mamaritra ny zavatra ataontsika. Ho fanampin'izany dia ny zavatra ataontsika sy ny faniriantsika no mahatonga antsika ho lasa olona mendrika iray, na izany ho tonga namana mahatoky, na mpampianatra manan-talenta na olona iray mendrika ny handray ny fiainana mandrakizay.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy aho, izay afaka mahatonga izany rehetra izany ho tanteraka amin'ny alalan'ny fitiavany, sy ny fampianarany ary ny Sorompanavotany. Mivavaka aho ny mba haniriantsika mihoatra ny zava-drehetra ny ho tonga tahaka Azy ka indray andro any mba hiverenantsika eo Anatrehany ary handraisantsika ny fahafenoan'ny Fifaliany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Tafatafa nataon'ny mpanoratra tamin'i Ray Cox, Mt. Pleasant, Utah, 1 Aogositra 1985, nanamafisany ny zavatra nolazainy mikasika ny taona 1953 tao Provo, Utah.
2. Jereo ny Richard C. Roberts, *Legacy: The History of the Utah National Guard* (2003), 307–14; "Self-Propelled Task Force," *National Guardsman,* Mey 1971, back cover; *Miracle at Kapyong: The Story of the 213th* (film produced by Southern Utah University, 2002).
3. Jereo ny Aron Ralston, *Between a Rock and a Hard Place* (2004).
4. Ralston, *Between a Rock and a Hard Place,* 248.
5. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 211.
6. Neal A. Maxwell, "According to the Desire of [Our] Hearts," *Ensign,* Nôv. 1996, 21,22.
7. Jereo ny Julie B. Beck, "Teaching the Doctrine of the Family," *Liahona,* Mar. 2011, 32–37.
8. Taratasy nosoratana ny 14 Sept. 2006.



**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mahita Fifaliana ao anatin'ny Asa Fanompoana feno Fitiavana

*Aoka isika haneho ny fitiavantsika sy ny fankasitrahantsika noho ny sorompanavotan'ny Mpamonjy, amin'ny alalan'ny asa fanompoana tsotra sy feno fangorahana.*

Ry rahalahy sy ranabavy, manantena aho fa ianareo izay mivahiny eto Salt Lake dia hanararaotra izao fotoana izao hankafizana ny loko sy ny hanitr'ireo voninkazo kanto ao Temple Square.

Ny lohataona dia mitondra fanavaozana eo amin'ny fahazavana sy ny fiainana—mampahatsiahy antsika, amin'ny alalan'ny fiverimberenan'ny fizaran-taona, ny fiainana sy ny sorona ary ny fitsanganan'ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika tamin'ny maty, dia i Jesoa Kristy, fa "ny zavatra rehetra dia vavolombelona manambara [Azy]" (Mosesy 6:63).

Etsy ankilan'izany sehatra mahafinaritra entin'ny lohataona izany sy ny tandindon'ny fanantenana entiny, dia misy kosa tontolo feno ahiahy, fahasarotana sy fikorontanana. Ny zavatra takian'ny fiainana andavanandro—ny fianarana, ny asa, ny fitaizana zanaka, ny fitantanana sy ny antso ao ampiangonana, ny hetsika rehetra arak'izao tontolo izao, eny na dia ny fanaintainana sy ny fijaliana entin'ny aretina sy ny fahoriana tsy nampoizina aza—dia mety hahatorovana antsika. Ahoana no fomba hialantsika amin'ireo sangodim-panin'ireo olana sy ahiahy mba ahitana fiadanan-tsaina sy fahasambarana?

Matetika isika no mitovy amin'ilay mpivarotra tanora avy any Boston izay tamin'ny 1849, araka ny voalaza, dia tafalatsaka tao anatin'ilay hafanam-pon'ny hazakazaka hitadiavana volamena tany Californie. Namidiny daholo ny fananany rehetra mba hitadiavana harena tany amin'ireo reniranon'i Californie, izay nolazaina taminy fa feno vongam-bolamena vaventy loatra ka sarotra ho an'ny olona iray ny mibata izany.

Nifandimby tsy nisy fiafarana ireo andro, izay nandrotsahany ny fanivanany tao anaty rano fa foana hatrany izany rehefa nakarina. Ny hany valisoa azony dia vato nivangongo niavosa. Kivy sy borona izy ary efa hilavo lefona kanjo indray andro nisy mpitrandraka iray efa antitra sy za-draharaha niteny taminy hoe, "Tena miavosa izany vato azonao izany, ry tovolahy."

Namaly ilay tovolahy hoe "Tsy misy volamena eto. Handeha hiverina hody aho."

Nanatona ireo vato niavosa ilay mpitrandraka anti-dahy ary nilaza hoe "Misy volamena tokoa moa. Fa mila mahafantatra fotsiny hoe aiza no tokony ahitana azy." Naka vato roa tamin'ny tanany izy ary nampifampikapohany izy roaroa. Vaky nisokatra ny vato iray ka niseho teo ny potibolamena nanjelatra notarafin'ny masoandro.

Nahatsikaritra kitapokely hoditra nibontsina nifatotra teny am-balahan'ilay mpitrandraka ilay tovolahy dia niteny hoe "Vongany no tadiaviko, tahaka ireo ao anaty kitaponao, fa tsy poti-bolamena madinika fotsiny."

Naroson'ilay mpitrandraka antidahy ny kitapony ho hitan'ilay tovolahy izay nijery tao anatiny, nanantena ahita vongam-bolamena vaventy maro. Gaga izy raha nahita fa feno potibolamena an'arivony ilay kitapo.

Hoy ilay mpitrandraka anti-dahy hoe "Anaka, raha ny fahitako azy dia sahirana loatra ianao mitady vongambolamena vaventy ka tsy vitanao ny mameno ny kitaponao amin'ireto poti-bolamena sarobidy ireto. Ny fanangonana tamim-paharetana an'ireto poti-bolamena madinika ireto no nahazoako harem-be."

Izany tantara izany dia ahitana taratra ilay fahamarinana ara-panahy izay nampianarin'i Almà tamin'i Helamana zanany lahy manao hoe:

"Amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe. . . .

". . . ary amin'ny alalan'ny zavatra tena madinika no. . .itondran['ny Tompo] ny famonjena ho an'ny fanahy maro." (Almà 37:6–7).

Rahalahy sy ranabavy, ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia tsotra, na manao

ahoana fihezahantsika hanasarotra izany. Tokony hiezaka isika hitandrina ny fiainantsika ho tsotra tahaka izany, afaka amin'ireo fitaomana avy any ivelany, ary mifantoka amin'ireo zavatra izay tena manan-danja indrindra.

Inona ary ireo zavatra sarobidy sy tsotra ao amin'ny filazantsara izay mitondra fahazavana sy tanjona eo amin'ny fiainantsika? Inona ary ireo poti-bolamenan'ny filazantsara, izay raha angonina amim-paharetana mandritra ny androm-piainantsika dia hitondra ho antsika ilay harena faratampony—dia ny fanomezana sarobidin'ny fiainana mandrakizay?

Izaho mino fa misy fitsipika iray tsotra nefa lalina—eny mafonja mihitsy—izay mahafaoka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy manontolo. Raha raisintsika amin'ny fo manontolo io fitsipika io ary ataontsika ifantohan'ny fiainantsika, dia hanadio sy hanamasina antsika ka ho afaka hiverina hiaina eo anatrehan'Andriamanitra indray isika.

Niresaka momba io fitsipika io ny Mpamonjy raha namaly ilay fariseo izay nanontany hoe "Mpampianatra ô, ny didy manao ahoana moa no lehibe ao amin'ny lalàna?"

"Dia hoy Jesosy taminy: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra."

"Izany no didy lehibe sady voalohany.

"Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Matio 22:36–40).

Rehefa tia an'Andriamanitra sy i Kristy amin'ny fontsika sy ny fanahintsika ary ny saintsika rehetra ihany isika vao afaka mizara izany fitiavana izany amin'ny namantsika amin'ny alalan'ny fihetsika feno hatsarampanahy sy ny asa fanompoana—amin'ny fomba izay ho nitiavan'ny Mpamonjy sy ho nanompoany antsika rehetra raha niaraka tamintsika tety Izy ankehitriny.

Rehefa manenika antsika io fitiavana madion'i Kristy io—na fiantrana—dia hanahaka kokoa ny an'ny Ray any An-danitra sy ny an'i Jesoa ny fomba fisainantsika, sy ny zavatra tsapantsika ary ny fomba fiasantsika. Ny antony



manosika antsika sy ny faniriantsika any am-po dia mitovy amin'ny an'ny Mpamonjy. Nozarainy tamin'ireo Apôstôliny izany faniriana izany ny andro talohan'ny nanomboana Azy. Hoy izy:

"Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo. . . .

"Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia" (Jaona 13:34–35).

Ilay fitiavana izay nofaritan'ny Mpamonjy dia fitiavana miasa. Tsy miseho amin'ny asa goavana sy feno herim-po izany, fa miseho kosa amin'ny alalan'ny fihetsika tsotra feno hatsarampanahy sy asa fanompoana.

Misy fomba sy toe-javatra maro karazana ahafahantsika manompo sy mitia ny hafa. Mamelà ahy hanolotra vitsivitsy fotsiny amin'izany.

Voalohany, ny fiantrana dia manomboka ao an-tokantrano. Ilay hany fitsipika manan-danja indrindra izay tokony hifehy ny tokantrano tsirairay dia ny mampihatra ilay Fitsipika Volamena—dia ilay fampitandreman'ny Tompo manao hoe "na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany" (Matio 7:12). Makà fotoana kely dia alaivo sary an-tsaina hoe ahoana no mety ho fahatsapanao raha ianao no maharay teny sy iharan'ny fihetsika tsy voahevitra. Aoka isika, amin'ny alalan'ny ohatra asehontsika, hampianatra ny olona ao amin'ny fianakaviantsika mba hifankatia.

Ny toerana iray hafa izay hananantsika fahafahana betsaka hanompoana dia ao am-piangonana. Ny paroasy sy sampana misy antsika dia tokony ho toerana hoe ilay Fitsipika Volamena hatrany no mitaona ny teny sy ny fihetsika ifanaovantsika. Ny fifampitondrantsika amin'ny hatsaram-panahy, ny fifampitenenana teny fanohanana sy fampaherezana, ary ny fahatakarana izay ilain'ny hafa eo amintsika samy isika dia hahafahantsika manorina firaisan-kina feno fitiavana eo amin'ny samy mpikambana ao amin'ny paroasy. Rehefa misy fiantrana, dia tsy misy toerana ho an'ny fifosana sy ny teny tsy voahevitra.

Ireo mpikambana ao amin'ny paroasy, na olon-dehibe na tanora, dia afaka miray hina manao asa fanompoana misy lanjany mba hitahiana ny fiainan'ireo hafa. Vao tapa-bolana lasa izay, nanao tatitra ny Filohan'ny Vondrom-paritra Avaratra-andrefana any Amerika Atsimo, ny Loholona Marcus B. Nash avy ao amin'ny Fitopololahy, fa ny fanendrena "ireo matanjaka arapanahy ho any amin'ireo malemy" dia nahafahan'izy ireo nanavotra olon-dehibe sy tanora an-jatony izay nangatsiaka. Amin'ny alalan'ny fitiavana sy fanompoana—dia tafaverina tsirairay izy ireo. Ireny fihetsika feno hatsaram-panahy ireny dia manorina fifamatorana matanjaka sy maharitra



eo amin'ny tsirairay izay tafiditra amin'izany—na ireo izay manampy na ireo izay ampiana. Fahatsiarovana sarobidy maro tokoa no ateraky ny asa fanompoana tahaka izany.

Rehefa manao jery todika an'ireo taona maro nitantanako tato ampiangonana aho dia an'isan'ireo fahatsiarovana lalina indrindra ananako ireo fotoana izay niarahako tamin'ny mpikambana tao amin'ny paroasy nanampiana olona iray.

Ohatra, tsaroako fony aho eveka, ny niarahako niasa tamin'ny mpikambana mazoto maro tao amin'ny paroasiko raha nanadio nanala ireo sakafom-biby lò izahay tao anatin'ireo lavaka fanotrehana izany tany amin'ny trano fiompiana ho an'ny fifanampiana an'ny tsatòka. Tsy dia nahafinaritra loatra izany asa izany! Nisy rahalahy mpikambana nalaina iray, izay tsy niangona efa nandritra ny taona maro, voaasa hiaraka taminay. Noho ilay fitiavana sy finamanana tsapany niaraka taminay tamin'izahay niasa sy tafaresaka tao anatin'io lavaka mamofona fanotrehana sakafom-biby io, dia niverina tato am-piangonana izy ary taty aoriana nofehezina tany amin'ny tempoly tamin'ny vady aman-janany. Ny fiarahanay tamin'ny alalan'ny asa fanompoana dia nitondra fitahiana ho an'ny zanany sy ny zafikeliny ary ankehitrany ho an'ny zafiafiny. Maro tamin'izy ireo no nanao asa fitoriana, nanambady tany amin'ny tempoly, ary manorina fianakaviana mandrakizay—asa lehibe iray tanteraka tamin'ny fihetsika tsotra iray—poti-bolamena madinika anankiray.

Ny sehatra fahatelo ahafahantsika manompo dia eo amin'ny fiarahamonina misy antsika. Ho fanehoana madio ny fitiavantsika sy ny fiahiantsika dia afaka manolo-tanana amin'ireo izay mila ny fanampiantsika isika. Betsaka aminareo no efa nitafy akanjo "Manome Tanana" ary tsy nitandro hasasarana hanamaivana ny fahoriana sy hanatsara ny fiarahamonina misy anareo. Vao tsy ela ny tanora tokan-tena maro tao amin'ny Tsatokan'i Sendai Japon no nanolotra asa fanompoana tsy voavidim-bola tamin'ny nikarohana ireo mpikambana taorian'ilay horohoron-tany sy tsunami nahatsiravina. Tsy hay ho isaina ny fomba ahafahana manompo.

Amin'ny alalan'ny hatsaram-panahy sy ny asa fanompoana ataontsika avy ao am-po no ahafahantsika minamana amin'ireo izay tompointsika. Avy amin'ireo finamanana ireo no hipoiran'ny fahatakarana tsara kokoa ny fanolorantenantsika amin'ny filazantsara sy ny faniriana hamantatra bebe kokoa mikasika antsika.

Ilay namako akaiky hoe Loholona Joseph B. Wirthlin, dia niresaka mikasika ny herin'io fitsipika io raha nilaza izy hoe: "Ny hatsaram-panahy no fototry ny halehibeazana. [Io] no fanalahidy manokatra varavarana sy mamolavola namana. Manalefaka ireo fo izy io ary manorina fifandraisana izay afaka maharitra mandritra ny andrompiainana manontolo" ("The Virtue of Kindness," *Liahona*, Mey 2005, 26).

Ny fomba iray hafa hahafahantsika manompo ireo zanaky ny Ray any An-danitra dia amin'ny alalan'ny asa fitoriana—tsy hoe amin'ny maha-misiônera amin'ny fotoana feno ihany fa amin'ny maha-namana sy mpiray vodirindrina ihany koa. Ny hoavin'ny fitomboan'ny Fiangonana dia tsy ho tanteraka amin'ny alalan'ny fandondomana amin'ny varavaran'ny olontsy fantatra fotsiny. Ho tanteraka izany rehefa ireo mpikambana, miaraka amin'ireo misiônerantsika, heniky ny fiatiavan'Andriamanitra sy Kristy, no mamantatra ny zavatra ilaina ary manatanteraka izany ao anatin'ny toe-panahin'ny asa fanompoana feno fiantrana.

Rehefa manao izany isika ry rahalahy sy ranabavy, dia hahatsapa ny fitiavantsika sy ny fahadiovam-pontsika ireo izay madio am-po mikatsaka ny fahamarinana. Betsaka no haniry hamantatra bebe kokoa mikasika antsika. Izay, ary izay ihany, vao hitombo ny Fiangonana ka hameno ny tany manontolo. Tsy ho vitan'ireo misiônera irery izany fa mitaky ny fahazotoana sy ny asa fanompoana avy amin'ny mpikambana tsirairay.

Amin'ireo asa fanompoana rehetra ataontsika dia mila mahay mihaino ireo fitaoman'ny Fanahy Masina isika. Ilay feo tony sy malefaka dia hampahafantatra antsika hoe iza no mila ny fanampiantsika ary inona no azontsika atao hanampiana azy ireo.

Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: 'Tena manan-danja be ny hifanompoantsika tsirairay ato amin'ny fanjakana . . . Matetika ny asa fanompoana ataontsika dia fampaherezana tsotra na fanolorana . . . fanampiana amin'ny alalan'ny asa tsotra, kanefa tahaka ny inona ny vokatsoa feno voninahitra mirotsaka . . . avy amin'ny fihetsika kely nefa niniana natao!" (*Enseignement des Présidents de l'Eglise: Spencer W. Kimball* [2006], 82).

Ary nanoro hevitra ny Filoha Thomas S. Monson hoe:

"Ny fanampiana ilain'ny hafa dia misy tokoa ary isika tsirairay avy dia afaka manao zavatra entina hanampiana olona iray.

". . . Raha tsy manokana fotoana hanompoana ny hafa isika dia tsy misy antony manan-danja firy ny fiainantsika." (Liahona, "Inona no zavatra nataoko ho an'ny hafa androany?" *Liahona,* Nôv. 2009, 85.

Ry rahalahy sy rahavavy, mamelà ahy hanantitrantitra indray hoe ny toetra manan-danja indrindra ananan'ny Ray any An-danitra sy Jesoa Kristy Zanany Malala izay tokony iriantsika ny mikatsaka mba hanana izany ao amin'ny fiainantsika dia ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana, ilay fitiavana madion'i Kristy (Môrônia 7:47). Avy amin'io fanomezam-pahasoavana io no mivelatra ny fahafahantsika mitia sy manompo ny hafa—tahaka izay nataon'ny Mpamonjy.

Môrmôna mpaminany dia nampianatra antsika ny maha-manan-danja indrindra an'io fanomezam-pahasoavana io ary nanoro antsika ny fomba ahafahantsika mahazo izany: "Noho izany ry rahalahiko malala dia mivavaha amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin'izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy Zanany; mba hahatonga anareo ho zanak'Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy; mba hananantsika izany fanantenana izany; mba hahazoana manadio antsika tahaka Azy izay madio" (Môrônia 7:48).

Zava-dehibe no tanteraka amin'ny alalan'ny zavatra tsotra sy madinika. Tahaka ireo poti-bolamena madinika izay voaangona mandritra ny fotoana ela ka tonga harem-be, ireo fihetsika kely sy tsotra ataontsika maneho hatsarampanahy sy fanompoana dia hangonina ka ho tonga fiainana iray heniky ny fitiavana ho an'ny Ray any An-danitra sy ny fanoloran-tena ho amin'ny asan'Andriamanitra sy Jesoa Kristy, ary ho tonga fahatsapana fiadanana sy fifaliana isaky ny mifanolo-tanana isika.

Raha miha-manakaiky ny vaninandron'ny Paska dia aoka isika haneho ny fitiavantsika sy ny fankasitrahantsika noho ny sorompanavotan'ny Mpamonjy, amin'ny alalan'ny asa fanompoana tsotra sy feno fangorahana ataontsika amin'ireo rahalahy sy anabavintsika ao an-trano, any ampiangonana ary eo anivon'ny fiarahamonina. Ho amin'izany no vavaka ataoko amim-panetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■





**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Fanomanana an'Izao Tontolo Izao ho amin'ny Fiaviana Fanindroany

*Ho fahafahana masina hitondranao ny hafa hanatona an'i Kristy ny asa fitorianao ary hanampy amin'ny fanomanana amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.*

Hiresaka mivantana ho an'ireo lehilahy 12 ka hatramin'ny 25 taona aho anio hariva izay mihazona ny fisoronan'Andriamanitra. Mahatsiaro anareo izahay ary mivavaka ho anareo. Nitantara mahakasika ilay zafikeliko lahy efa-taona aho indray mandeha izay namely totohondry mafy be ny zandriny lahikely. Taorian'ny nanambatambazan'i Kathy vadiko ity zaza nitomany dia nitodika tamin'ilay iray efa-taona izy ary nilaza tamim-pandanjalanjana hoe: "Nahoana ianao no mamely totohondry ny zandrinao?" Nibanjina ny renibeny izy sady namaly hoe: "Bebe a! Manao azafady aho. Very ny peratro FNT [Fidio ny tsara], ka tsy afaka mifidy ny tsara intsony aho." Fantatray fa miezaka ny hifidy ny tsara ianareo. Tianay be tokoa ianareo.

Moa ve ianareo efa nieritreritra hoe inona no antony nandefasana anareo tety an-tany amin'izao fotoana manokana izao? Tsy teraka nandritra ny fotoan'i Adama sy Eva ianareo, na nandritra ny fotoana nanjakan'ireo farao tany Egypta, na nandritra ny fiankohonan'i Ming. Tonga teto an-tany tamin'izao fotoana izay ianareo, taonjato roapolo taorian'ny fiavian'i Kristy voalohany. Naverina tamin'ny laoniny teto an-tany ny fisoronan'Andriamanitra, ary efa noraisin'ny Tompo eo An-tanany ny fanomanana an'izao tontolo izao ho amin'ny Fiaviany indray amim-boninahitra. Andro hisian'ny fahafahana manao zavatra sy andron'ny fihazonana andraikitra manan-danja lehibe izao. Andronareo izao.

Efa naneho ny finoanareo an'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny

batisanareo ianareo. Vokatry ny fanendrena anareo tao amin'ny fisoronana dia nitombo ny talentanareo sy ny fahaiza-manaonareo ara-panahy. Iray amin'ireo andraikitra manan-danja hazoninareo ny manampy amin'ny fanomanana an'izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.

Nanokana mpaminany iray ny Tompo, ny Filoha Thomas S. Monson, mba hitarika ny asa an'ny Fisoronany. Nilaza toy izao, ho anareo, ny Filoha Monson: "Mila mpitory ny filazantsara ny Tompo."[1] "Ny zatovolahy sy zatovovavy mendrika rehetra dia tokony hiomana ny hanompo. Andraikitry ny fisoronana ny asa fitoriana—adidy andrasan'ny Tompo [aminareo] izay efa nomena be dia be."[2]

Mitaky fahafoizan-tena ny asa fitoriana. Tsy maintsy hisy zavatra hafoinareo rehefa mamaly ny antson'ny Mpaminany mba hanompo ianareo.

Ho anareo izay mpanaraka ny lalao baolina lavalava dia mahafantatra ny ekipa All Blacks avy any Nouvelle Zélande, anarana izay nomena azy ireo noho ny lokon'ny fanamiany, izay ekipa mpanao baolina lavalava malaza indrindra hatrizay.[3] Ny mahavoafantina ny olona iray ho tafiditra ao amin'ny "All Blacks" any Nouvelle Zélande dia mitovitovy amin'ny fisafidianana ny ekipa milalao amin'ny Superbowl aty Amerika na ny ekipa mpilalao baolina kitra amin'ny Fiadiana ny Amboara Eran-tany.

Tamin'ny taona 1961, i Sidney Going, izay 18 taona ary mihazona ny Fisoronana Aharôna dia efa mby ho tonga mpilalao baolina lavalava malaza tany Nouvelle Zélande. Noho ny fahaiza-milalaony manokana dia maro no nieritreritra fa ho voafidy ho ao amin'ny ekipam-pirenena All Blacks izy amin'ny taona manaraka.

Tamin'ny fahasivy ambin'ny folo taonany, amin'ny fotoana tena hahombiazany amin'ny filalaovana baolina lavalava, no nilazan'i Sid fa ho hajanony ny baolina lavalava mba handehanany hanao asa fitoriana. Tao ny niantso azy hoe adala. Ny sasany nanao azy hoe tsy misy saina.[4] Nanambara izy ireo fa ny fotoana toy izao eo amin'ny




lalao baolina lavalava dia mety tsy hisy intsony.

Ho an'i Sid dia tsy ny zavatra nafoiny no manan-danja—fa ny fahafahana sy ny andraikitra amin'ny hoavy. Nanana adidy ao amin'ny Fisoronana izy dia ny hanolotra roa taona amin'ny fiainany hitoriana ny fisian'ny Tompo Jesoa Kristy sy ny Filazantsarany naverina tamin'ny laoniny. Tsy misy zavatra—na dia ny fahafahana hilalao ao amin'ny ekipam-pirenena sy ireo laza ho entin'izany aza—nahasakana azy amin'izany adidiny izany.[5]

Nantsoin'ny mpaminanin'Andriamanitra izy mba hanompo tany amin'ny Misiônan'i Canada Andrefana. Valo amby efapolo taona lasa amin'ity volana ity no nandaozan'ny Elder Sidney Going 19 taona an'i Nouvelle Zélande ka nanompoany ho mpitory ny filazantsara ho an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Nizara tamiko traikefa iray nitranga tany amin'ny misiônany i Sid. Indray hariva rehefa mby hiverina any amin'ny trano fipetrahany izy sy ny namana mpiara-mitory aminy no nanapa-kevitra hamangy fianakaviana iray farany. Nampandrosoin'ilay raim-pianakaviana izy ireo. Nijoro ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjy i Elder Going sy ny mpiara-mitory taminy. Nanaiky ny Bokin'i Môrmôna ilay fianakaviana. Namaky izany nandritra ny alina manontolo ilay raim-pianakaviana. Tao anatin'ny herinandro sy tapany taorian'io fotoana io dia voavakiny manontolo ny Bokin'i Môrmôna, sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy. Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia natao batisa ilay fianakaviana.[6]

Asa fitoriana namoizana toerana amin'ny maha-mpilalao ao amin'ny ekipan'ny All Blacks an'ny Nouvelle Zélande? Novalian'i Sid izany hoe: "Ny fitahiana amin'ny [fitondrana ny hafa] ho ao amin'ny filazantsara dia manandanja lavitra noho izay zavatra mety nafoi[nao]."[7]

Mety hanontany tena ianao hoe inona no nitranga tamin'i Sid Going taorian'ny asa fitoriany? Ny zavadehibe indrindra dia: ny fanambadiana mandrakizay tamin'i Colleen malalany, zaza dimy mendrin-kaja, ary taranaka loan-jafikely. Niaina ny fiainany manontolo tamim-pahatokiana ny Rainy any an-danitra izy, sy nitandrina ny didiny ary nanompo ny hafa.

Ary ny baolina lavalava? Taorian'ny asa fitoriany i Sid Going dia lasa isan'ny irakiraka nikoizana indrindra teo amin'ny tantaran'ny All Blacks, nilalao nandritra ny taom-pilalaovana in-11 izy ary kapiteny tao amin'izany ekipa izany izy nandritra ny taona maro.[8]

Tena nahay ve i Sid Going? Tena nahay tokoa izy hany ka novaina hatramin'ny fotoana hanazaran-tena sy hilalaovana satria tsy milalao andro Alahady izy.[9] Nahay tokoa i Sid hany ka nahazo mari-pankasitrahana avy tamin'ny Mpanjakavavin'i Angletera noho ny zavatra nentiny ho an'ny baolina lavalava.[10] Nahay tokoa izy hany ka nisy boky nosoratana momba azy izay mitondra ny lohateny hoe: *Super Sid*.

Ahoana raha toa ka tsy niseho teo amin'ny fiainan'i Sid ireo zavatra ireo taorian'ny asa fitoriany? Iray amin'ireo fahagagana lehibe amin'ny asa fitorian'ny Fiangonana ny tsy fametrahan'i Sid Going sy ireo an'arivony maro hafa toa azy ny fanontaniana

hoe: "Inona no zavatra ho azoko avy amin'ny asa fitoriana?" fa kosa ny hoe: "Inona no azoko homena?"

Ho fahafahana masina hitondranao ny hafa hanatona an'i Kristy ny asa fitorianao ary hanampy amin'ny fanomanana amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.

Efa ela no nanambaran'ny Tompo momba ireo fanomanana ilaina amin'ny Fiaviany Fanindroany. Nanambara tamin'i Enoka Izy hoe: "Fahamarinana no haidiko avy any an-danitra; ary ny marina no halefako avy eto an-tany, . . . ary fahamarinana sy marina no hasaiko mipaoka ny tany toy ny amin' ny tondra-drano, ka hanangona ny olom-boafidiko avy amin' ny vazan-tany efatra."[11] Naminany ny mpaminany Daniela fa amin'ny andro farany dia hikodiadia handrakotra ny faran'ny tany rehetra ny filazantsara, sahala ny "vato nendahana tamin'ny tendrombohitra, nefa tsy nendahantanana."[12] Niresaka mahakasika ny Fiangonana amin'ny andro farany i Nefia izay ho vitsy an'isa, kanefa hanenika ny tany manontolo.[13] Ny Tompo dia nanambara tamin'izao fotoam-pitantanana izao fa "[ho] antsoina ianareo mba hanatanteraka ny fanangonana ny olom-boafidiko."[14] Ry rahalahikeliko isany, ny asa fitoriana ho ataonareo dia fahafahana hanao zavatra lehibe sy andraikitra, izay manan-danja amin'ny fanangonana nampanantenaina ary mifandray amin'ny hoavinareo mandrakizay.

Hatramin'ny fotoana niantombohan'ny Famerenana tamin'ny laoniny dia noraisin'ireo rahalahy tsy ho sangisangy tokoa ny adidy hitory ny filazantsara. Tamin'ny 1837, fito taona monja taorian'ny nanorenana ny Fiangonana, tao anatin'ny fotoan'ny fahantrana sy fanenjehana, dia nandefasana misiônera hampianatra ny filazantsara tany Angletera. Tao anatin'ny taona vitsivitsy manaraka dia efa nitory ny filazantsara tamin'ny toerana maro samihafa toa an'i Autriche, Polynésie Française, Inde, Jamaïque, Chili, ary Chine ireo mpitory ny filazantsara.[15]

Nitahy ity asa ity ny Tompo ary nanomboka naorina nanerana an'izao tontolo izao ny Fiangonana.



Ity fivoriana ity dia adika amin'ny fiteny 92. Feno fankasitrahana isika ny amin'ireo mpitory ny filazantsara amin'ny fotoana feno miisa 52.225 izay any amin'ny firenena mihoatra ny 150.[16] Tsy maty masoandro mihitsy ireo mpitory ny filazantsara mijoro ho vavolombelon'ny Mpamonjy. Eritrereto ny hery ara-panahin'ireo mpitory ny filazantsara miisa 52.000, mitafy ny Fanahin'ny Tompo, manambara amimpahasahiana "fa tsy hisy anarana hafa omena na làlan-kafa na fomba izay mety hahatongavan' ny famonjena amin' ny zanak' olombelona . . . , afatsy ao Aminy sy amin' ny alalan' ny anaran' i Kristy ihany."[17] Maneho ny fankasitrahana ireo mpitory an'aliny izay efa niverina koa izahay izay nanome sy mbola manohy manome izay tsara indrindra any aminy. Azo lazaina fa voaomana amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany izao tontolo izao vokatry ny asan'ny Tompo ataon'ireo mpitory ny filazantsarany.

Asa ara-panahy ny fitoriana ny filazantsara. Zava-dehibe ny fahamendrehana sy ny fiomanana. Nilaza ny Filoha Monson hoe: "Ry zatovolahy, manainga anareo aho mba hiomanana hanompo amin'ny fitoriana ny filazantsara. Aoka ianareo ho madio sy masina ary mendrika mba hisolo tena ny Tompo."[18] Mandritra ny taona maro alohan'ny asa fitoriana ataonareo dia tsarovy fa misy andraikitra masina miandry anareo amin'ny hoavy. Ny zavatra ataonareo alohan'ny asa fitorianareo dia hisy fiantraikany lehibe tokoa eo amin'ny herin'ny fisoronana izay entinareo any amin'ny saha hanaovanareo asa fitoriana. Miomana tsara.

Niresaka mikasika ireo "zatovolahy rehetra izay mendrika sy afaka ara-batana sy ara-tsaina [izay miomana] hanao asa fitoriana" ny Filoha Monson.[19] Indraindray dia mety tsy afaka ny hanompo ny olona iray noho ny tsy fahasalamana na ny antony hafa. Ho fantatrao ny fahafahanao hanompo rehefa miresaka amin'ny ray aman-dreninao sy ny evekanao ianao. Raha sendra izany toe-javatra izany ianareo dia aza mieritreritra hoe tsy misy ilana anareo eo amin'izany andraikitra manan-kaja hoavy izany. Tsara fanahy amin'ireo izay tia Azy ny Tompo, ary hanokatra ny varavaran'ny fanompoana hafa ho anareo Izy.

Mety manontany tena ireo sasantsasany hoe efa be taona loatra ve izy ireo ka tsy afaka hanompo. Nisy namako iray avy any Chine nahafantatra ny Fiangonana tany Cambodge tany amin'ny faha-25 taonany tany ho any. Nanontany tena izy raha mbola afaka ny handeha hanao asa fitoriana. Taorian'ny vavaka sy ny firesahany tamin'ny evekany dia voantso ary nanompo tamim-boninahitra taty New York City izy. Raha mampanahy anareo ny taonanareo dia mivavaha

ary miresaha amin'ny evekanareo. Hanome fitarihana ho anao izy.

Ny dimampolo isan-jaton'ireo mpitory ny filazantsara rehetra dia manompo ao amin'ny taniny ihany. Tena mety izany. Nampanantena ny Tompo fa "handre ny fahafenoan' ny filazantsara amin' ny teniny avy ny olona tsirairay ary amin' ny fiteniny avy."[20] Ho voantso amin'ny alalan'ny faminaniana ianareo ary hanompo any amin'ny toerana izay tena ilana anareo indrindra.

Tiako ny mihaona amin'ireo misiônera manerana an'izao tontolo izao. Azonareo an-tsaina ve hoe iza koa no hitako tany amin'ny Misiônan'i Sydney tamin'izaho namangy tany vao haingana? I Elder Sidney Going—ilay sangan'ny baolina lavalava tany Nouvelle Zélande. 67 taona izy ankehitriny, ary mbola mpitory indray, fa amin'ity indray mitoraka ity dia miaraka amin'ny namana nosafidiany: Rahavavy Colleen Going. Notantarain'izy ireo tamiko ny amin'ny fianakaviana iray nampianarin'izy ireo. Mpikambana ireo ray aman-dreny saingy nalaindaina tato am-piangonana nandritra ny taona maro dia maro. Nanampy namelona indray ny finoan'ilay fianakaviana i Elder sy Rahavavy Going. Nolazain'i Elder Going tamiko ny hery izay tsapany raha nijoro teo akaikin'ilay raim-pianakaviana izy teo amin'ny batistera, raha nanao batisa ny zandriny lahy sy vavy ilay lahimatoa izay mihazona ny fisoronana. Nozarainy tamiko ny fifaliany tamin'ny fanatrehana fianakaviana iray miray hina amin'ny fiezahana hanatratra miaraka ny fiainana mandrakizay.[21]

Nilaza toy izao ny Fiadidiana Voalohany raha niresaka taminareo, hoe:

"[Fanahy] voafidy ianareo izay tonga amin'izao fotoanandro izao izay mahabetsaka indrindra ny andraikitra sy ny fahafahana hanao zavatra, ary koa mahabetsaka ny fakam-panahy. . . .

Mivavaka ho anareo tsirairay izahay. . . [mba] hahafahanareo manao ilay asa lehibe izay eo anatrehanareo . . . ka mba ho mendrika ianareo sy hanao [an-tsitrapo] ireo andraikitra fampiroboroboana ny fanjakan'Andriamanitra ary fanomanana an'izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany."[22]



Tiako ny sarihosodokon'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany nataon'i Harry Anderson. Mampahatsiahy ahy izany fa ho avy amin-kery sy amim-boninahitra Izy. Hisy zava-hitranga mahagaga maro eto an-tany sy eny amin'ny habakabaka.[23]

Ireo izay miandry ny fiavian'ny Mpamonjy dia "hiandrandra [Azy]." Ary nampanantenainy hoe: "Ho avy Aho!" Hahita Azy "eny amin' ny rahon' ny lanitra [miaraka amin'ny anjely masina], mitafy hery sy voninahitra lehibe" ireo olo-marina.[24] Hisy "anjely hitsoka trompetra, ary ireo olomasina . . . dia hivoaka avy amin' ny vazan-tany efatra"[25] ary "[hi]tsena Azy."[26] Ka ireo "izay efa nandry," izany hoe ireo olomasina mendrika efa nodimandry, "dia hivoaka [koa] mba hitsena [Azy]."[27]

Milaza ny soratra masina hoe: "ny Tompo dia hametraka ny tongony eo amin' [ny] tendrombohitra"[28] ary "Hiloa-bava [Izy] ka handre izany avokoa ny faran' ny tany."[29]

Ry rahalahikeliko ato amin'ny Fisoronana, mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny voninahitra, kanefa ambonin'ny zava-drehetra, ny amin'ny tena hisian'izany zava-hitranga mahavariana izany. Velona ny Mpamonjy. Hiverina eto an-tany Izy. Na mandritra ity fotoana ity na any ambadiky ny voaly dia hiara-paly amin'ny Fiaviany izaho sy ianao, ary hisaotra ny Tompo isika tamin'ny nandefasany antsika teto an-tany amin'izao fotoana izao mba hanatanteraka ny adidintsika masina, hanampy amin'ny fanomanana an'izao tontolo izao ho amin'ny Fiverenany Indray, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Thomas S. Monson, "Mila mpitory ny filazantsara ny Tompo," *Liahona*, Jan. 2011, 4.
2. Thomas S. Monson, "Mandrapihaonantsika Indray," *Liahona,* Nôv. 2010, 5–6.
3. Jereo ny stats.allblacks.com.
4. Jereo ny Bob Howitt, *Super Sid: The Story of a Great All Black* (1978), 27.
5. Resaka nifanaovana an-tariby niaraka tamin'ny Filoha Maxwell Horsford, Tsatòkan'i Kaikohe Nouvelle Zélande, Martsa 2011.
6. Resaka nifanaovana an-tariby niaraka tamin'ny Elder Sidney Going, Martsa 2011.
7. Taratasy nalefa E-mail avy tamin'ny Elder Sidney Going, Martsa 2011.
8. Jereo ny stats.allblacks.com/asp/profile .asp?ABID=324.
9. Resaka nifanaovana an-tariby niaraka tamin'ny Filoha Maxwell Horsford, Tsatòkan'i Kaikohe Nouvelle Zélande, Mar. 2011.
10. Notolorana ny mari-pankasitrahana MBE (Member of the Order of the British Empire) i Sid Going tamin'ny 1978 noho ny zavatra nentiny teo amin'ny fanatanjahan-tena baolina lavalava (jereo ny Howitt, *Super Sid,* 265).
11. Mosesy 7:62.
12. Daniela 2:45.
13. Jereo ny1 Nefia 14:12–14.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:7.
15. Jereo ny *Deseret News 2011 Church Almanac* (2011), 430, 458, 463, 487, 505, 512.
16. Tamin'ny 31 Desambra 2010.
17. Môsià 3:17.
18. Thomas S. Monson, *Liahona*, Jan. 2011, 4.
19. Thomas S. Monson, *Liahona*, Nôv. 2010, 5–6.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:11.
21. Resaka nifanaovana an-tariby niaraka tamin'ny Elder Sidney Going, Mar. 2011
22. "Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany," *For the Strength of Youth: Fulfilling Our Duty to God* (bokikely, 2001), 2–3.
23. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:18; 45:40.
24. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:44.
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:45, 46.
26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:96.
27. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:45; jereo ihany koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:13–8}; 88:96–97.
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:48.
29. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:49.



**Nataon'ny Loholona Steven E. Snow**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Fanantenana

*Manome hery antsika ny fanantenantsika amin'ny Sorompanavotana amin'ny alalan'ny fananana fomba fijery ny mandrakizay.*

Nihalehibe tany amin'ny tany efitra ambony toerana tany Utah Atsimo ny fianakavianay. Mahalana ny rotsak'orana ary atao be hatrany ny fanantenana fa ho ampy ny rotsak'orana entina hiatrehana ny hafanan'ny fotoam-pahavaratra. Tamin'izany fotoana izany, toy ny amin'izao fotoana izao koa, dia mametraka fanantenana amin'ny hisian'ny orana izahay, mivavaka mba hirotsahany, ary mandritra ny fotoana mahakely fanantenana dia mifady hanina mba hisian'ny orana.

Nisy tantara momba ny raibe iray izay nitondra ny zafikeliny lahy nitsangatsangana teo an-tanàna. Tamin'ny farany dia niditra toeram-pivarotana kely amoron'ny arabe izy ireo ary nijanona nividy zava-pisotro mangatsiaka. Nisy fiara izay avy amin'ny faritany hafan'i Etazonia tonga ary dia nanatona ity lahy antitra ity ilay mpamily. Sady nanondro ireo tangoron-drahona vitsy teny amin'ny habakabaka izy no nanontany hoe: "Mety ho avy ve ny orana?"

"Manantena izany mafy aho," hoy ny navalin'ilay rangahy lehibe, "na dia ho an'ity zafikeliko ity fotsiny aza fa izaho mantsy efa mba nahita."

Ny fanantenana dia fiontanam-po izay manatsara kokoa ny fiainantsika andavanandro. Izany dia faritana ho toy "ny fahatsapana fa . . . ho tsara indrindra ny zavatra hitranga." Rehefa mampihatra ny fanantenana isika dia "miandrandra . . . miaraka amin'ny faniriana sy fahatokiana misimisy ihany" (dictionary.reference.com/browse/hope). Araka izany, ny fanantenana dia miteraka fahatoniana eo amin'ny fiainantsika rehefa miandrandra amim-pahatokiana ny zava-hitranga hoavy isika.

Indraindray isika dia manantena zavatra izay tsy dia voafehintsika loatra na tsy voafehintsika mihitsy. Manantena ny hisian'ny andro tsara isika. Manantena isika fa ho tonga aloha ny lohataona. Manantena isika fa handresy amin'ny Fiadiana ny Amboara Eran-tany amin'ny baolina kitra, na amin'ny Super Bowl na amin'ny Fifaninana Baseball Amerikana ny ekipa tohanantsika.

Ny karazam-panantenana toy izany dia mahatonga ny fiainantsika ho mahaliana ary matetika mitarika amin'ny fombafomba tsy mahazatra, eny hatramin'ny finoanoam-poana mihitsy aza. Ny rafozan-dahiko ohatra dia tia fanatanjahan-tena be, kanefa resy lahatra izy fa rehefa *tsy* mijery ny lalao ataon'ny ekipa tiany indrindra izy dia matetika mandresy ireo. Fony aho 12 taona dia niezaka foana manao ilay bà kiraro tsy misasa iray izay isaky ny misy lalao baseball fifanintsanana an'ny Ligin'ny Tanora, tamim-panantenana mba handresy. Nasain'ny reniko ampirimina tany amin'ny lavarangana ambadiky ny trano izany.

Amin'ny fotoana hafa ireo zavatra antenaintsika dia afaka mitarika amin'ny nofinofy izay hitaona sy hitarika antsika ho amin'ny asa. Raha manana fanantenana ny hahay kokoa isika any an-tsekoly dia azo tanterahana izany fanantenana izany amin'ny alalan'ny fianarana mafy sy ny fahafoizan-tena. Raha manana fanantenana ny hilalao amin'ny ekipa mpandresy isika dia afaka hitarika antsika hanao fanazaran-tena tsy tapaka, feno fanolorantena ary fiarahana miasa eo amin'ny iray ekipa izany fanantenana izany ary farany hitondra amin'ny fahombiazana.

I Roger Bannister dia mpianatra ho dokotera tany amin'ny oniversite tany Angletera izay nanana faniriana be fangirihana. Naniry ny ho tonga ny lehilahy voalohany hahavita ny hazakazaka 1,6 kilaometatra vitaina anatin'ny latsaky ny efatra minitra izy. Nandritra ny fotoana maro tamin'ny tapany voalohan'ny fiantombohan'ny taonjato faha-roapolo dia nandrasan' ireo mpitia hazakazaka sy fanatanjahan-tena tamim-pientanentanana ilay andro hanintsanana ny zava-bita tsara indrindra teo amin'ny hazakazaka 1 maila mba ho latsaky ny efatra minitra. Nandritra ny taona maro dia efa betsaka ireo mpihazakazaka malaza no saika hahavita izany, saingy mbola nitoetra ihany ilay zava-bita tsara indrindra efatra minitra. Nanokana ny tenany hanaraka fotoam-panazaran-tena mafy i Bannister niaraka tamin'ny fanantenana fa hahatanteraka ny tanjony hanintsana ny zava-bita tsara indrindra eran-tany. Nanomboka niahiahy ny teo anivon'ny mpankafy fanatanjahantena raha ho vita tokoa ny hanintsana ilay zava-bita tsara indrindra efatra minitra. Ireo noheverina ho manam-pahaizana manokana aza moa dia nilaza fa tsy mahavita mihazakazaka amin'ny hafainganana toy izany amin'ny halavirana toy izany ny vatan'olombelona. Ny 6 Mey 1954, nandritra ny andro manjombona iray no tanteraka izany fanantenana lehiben'i Roger Bannister izany! Nandika ny tsipika famaranana tao anatin'ny 3:59.4 izy, nahavita zavabita tsara indrindra vaovao eran-tany. Ny fanantenany mba hanamontsana

ilay zava-bita tsara indrindra efatra minitra dia tonga nofinofy izay tanteraka tamin'ny alalan'ny fanazaran-tena, sy asa mafy ary fanoloran-tena.

Mitaona amin'ny nofinofy ny fanantenana ary mamporisika antsika hanatanteraka izany nofinofy izany. Kanefa ny fanantenana irery dia tsy hitondra fahombiazana ho antsika. Maro ireo fanantenana mendrika izay tsy tanteraka, satria voasakan'ny havoan'ny faniriana tsara sy ny hakamoana fotsiny.

Amin'ny maha-ray aman-dreny antsika dia mifantoka amin'ny zanatsika ny faniriantsika lalina. Manantena isika fa hihalehibe izy ireo ka ho tompon'andraikitra sy hanana fiainana amim-pahitsiana. Ny fanantenana toy izany dia mety halazo mora foana raha toa ka tsy maneho fihetsika ho ohatra tsara azo arahina isika. Ny fananana fanantenana fotsiny dia tsy midika fa hiaina amim-pahitsiana ny zanatsika. Mila maka fotoana isika hiarahana amin'izy ireo amin'ny takarivan'ny mpianakavy sy amin'ireo fiaraha-mientana mampivoatra isika. Mila mampianatra azy ireo hivavaka isika. Mila miara-mamaky ny soratra masina amin'izy ireo sy mampianatra azy ireo ireo fitsipiky ny filazantsara manan-danja isika. Izay vao ho azo heverina fa ho tanteraka ny faniriantsika lalina ho azy ireo.

Tsy tokony hamela velively ny fahakiviana handresy ny fanantenana isika. Nanoratra ny Apôstôly Paoly fa "tokony hiasa amin'ny fanantenana" (1 Korintiana 9:10) isika. Ny fampiharana an-kasa ny fanantenana dia mampivoatra ny fiainantsika ary manampy antsika hiandrandra amim-pahatokiana ny hoavy. Ilaintsika amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika ny manana fanantenana na eo am-piasana tany mba hambolena isika na eo ampiainana ny fiainantsika tsotra fotsiny.

Ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fanantenana dia faniriana ananan'ny mpanara-dia Azy hiandrandrany ny fahazoana ny famonjena mandrakizay amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

Izany ilay fanantenana tena tsy maintsy ananantsika tsirairay avy. Izany no mampiavaka antsika amin'ny olon-kafa eto amin'izao tontolo izao. Nampitandrina ireo mpanara-dia an'i Kristy tany am-boalohany i Petera mba "ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo" (1 Petera 3:15).

Manome hery antsika ny fanantenantsika amin'ny Sorompanavotana amin'ny alalan'ny fananana fomba fijery ny mandrakizay. Ny tanjona toy izany dia mamela antsika hanana fomba fijery mihoatra ny fiainana eto sy ny ankehitriny amin'ny fampanantenana ho amin'ny mandrakizay. Tsy mila voafandrika ao anatin'ny zavatra antenain'izao tontolo izao izay miovaova tsy tapaka isika. Afaka manana fahalalahana ny hiandrandra ny voninahitra selestialy isika, voafehy miaraka amin'ireo fianakaviantsika sy olona tiantsika.

Misy ifandraisany foana amin'ny finoana sy ny fiantrana ny fanantenana ao amin'ny filazantsara. Nampianatra ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe: "Ny fanantenana dia iray amin'ireo tongondatabatra telo miaraka amin'ny fiantrana sy ny finoana. Mampitombina tsara ny fiainantsika ireo telo ireo na dia eo aza ireo faritra mikitoantoana sy tsy milamina izay mety handalovantsika" ("The Infinite Power of Hope," *Liahona,* Nôv. 2008, 21).

Ao amin'ny toko faran'ny Bokin'i Môrmôna, i Môrônia dia nanoratra hoe:

"Koa tsy maintsy misy ny finoana; ary raha tsy maintsy misy ny finoana, dia tsy maintsy misy koa ny fanantenana; ary raha tsy maintsy misy ny fanantenana, dia tsy maintsy misy koa ny fiantrana.

"Ary raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsy azo vonjena mihitsy ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra; tsy azo vonjena koa ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra ianareo raha tsy manana finoana; torak'izany koa raha tsy manana fanantenana" (Môrônia 10:20–21).

Nampianatra ny Loholona Russell M. Nelson fa: "ny *finoana* dia mifototra amin'i Jesoa Kristy. Ny Sorompanavotana no ivon'ny *fanantenana*. Miseho amin'ny 'fitiavana madion'i Kristy' ny *fiantrana*. Ireo toetra telo ireo dia mifamatotra toy ny rohy eo amin'ny tariby ary mety tsy hisy famantarana ahafahana manavaka azy tsara. Izy ireo miaraka no lasa rohy mampifandray antsika amin'ny fanjakana selestialy" ("A More Excellent Hope," *Ensign,* Feb. 1997, 61).

Rehefa naminany ny amin'i Jesoa Kristy i Nefia teo am-pamaranana ny rakitsorany dia nanoratra hoe: "Noho izany dia tsy maintsy mibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy ianareo, amin' ny fanananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra" (2 Nefia 31:20).

Izany "fanantenana mamirapiratra sy lavorary" izay noresahan'i Nefia izany dia ny fanantenana ao amin'ny Sorompanavotana, dia famonjena mandrakizay izay ho tanteraka noho sorona mitondra fanavotana nataon'ny Mpamonjy. Nitarika ireo lehilahy sy vehivavy nandritra ny vanim-potoana maro hahatontosa zava-mahagaga maro izany fanantenana izany. Ireo apôstôly fahiny dia nitety ny tany ary nijoro ho vavolombelona ny Aminy ary farany nanolotra ny ainy teo am-panatontosana ny Asany.

Tamin'ity fotoampitantanana ity dia maro ireo mpikamban'ny Fiangonana tany am-boalohany no nandao ny trano fonenany, tao anatin'ny fo vontom-panantenana sy finoana teo am-pamakivakiana niankandrefana ny Tany Lemaka Lehibe nankany amin'ny Lohasahan'i Salt Lake.

Tamin'ny 1851 no tonga mpikamban'ny Fiangonana tany Ecosse i Mary Murray Murdoch, mananotena iray tamin'ny faha-fito ambin'ny enimpolo taonany. Izy dia vehivavy 1 metatra sy 20 ny halavany ary tsy nihoatra ny 41 kilao, kanefa niteraka valo, izay velona hatramin'ny naha-olon-dehibe azy ny enina tamin'ireo. Noho izany hakeliny izany dia nantsoin'ny zanany sy ny zafikeliny izy hoe "I Bebe kely."

I John Murdoch, zanany lahy, sy ny vadiny dia tonga mpikamban'ny Fiangonana ihany koa ary nifindra tany Utah tamin'ny taona 1852 niaraka tamin'ireo zanak'izy ireo roa mbola kely. Na dia teo aza ny fahasahiranan'ny fianakaviany manokana, efa-taona taty aoriana dia nandefa vola ampy i John mba hahafahan'ny reniny hamonjy ny fianakaviany tany Salt Lake City. Tamimpanantenana izay mihoatra lavitra noho ny halavany no nanombohan'i Mary ilay dia sarotra hiankandrefana ho any Utah tamin'izy 73 taona.

Taorian'ny famakivakiana ny Atlantika tamim-pilaminana, dia niaraka tamin'ny Vondrona Mpitarika Saretin'i Martin izay tsy dia tsara vintana loatra izy. Nanomboka ny diany niankandrefana izany vondron'ny mpisava lalana izany ny 28 Jolay. Fantatsika tsara ny fijaliana nianjady tamin'izany vondrona izany. Saika ny ampahaefatry ny olona miisa 576 tao amin'izany vondrona izany no maty alohan'ny nahatongavana tany Utah. Mbola saika bebe kokoa ny maty raha tsy nisy ny ezaka fanavotana teo ambany fiahian'ny Filoha Brigham Young izay nandefa sarety sy sakafo nikaroka ireo Olomasina reraka sy voafandrika tao anaty ranomandry.

Maty tamin'ny 2 Ôktôbra 1856 i Mary Murdoch tao akaikik'i Chimney Rock, Nebraska. Maty vokatry ny harerahana, sy ny hatsiaka ary ireo fahasarotan'ny dia izy. Tsy nahatanty ny harerahana ara-batana natrehin'ireo Olomasina ny vatany kely marefo. Teo am-pialana aina izy dia tsy niala tany amin'ny fianakaviany tany Utah ny sainy. Ireo teny faran'ity vehivavy mpisava lalana mahatoky ity dia hoe: "Lazao i John fa maty teo am-paniriana ny ho ao Ziona aho." (Jereo ny Kenneth W. Merrell, *Scottish Shepherd: The Life and Times of John Murray Murdoch, Utah Pioneer* [2006], 34, 39, 54, 77, 94–97, 103, 112–13, 115.)

I Mary Murray dia maneho ilay ohatry ny fanantenana sy finoana nananan'ireo mpisava lalana maro izay nanao izany dia niankandrefana izany tamin-kerimpo. Ny diantsika ara-panahy ankehitriny dia tsy mitaky fanantenana na finoana latsaky ny nasehon'ireo mpisava lalana fahiny. Mety amin'ny endriny hafa ny fanamby atrehintsika saingy ny fahasarotany dia mitovy ny tamin'izany.

Mivavaka aho mba hitarihan'ny fanantenantsika antsika amin'ny fahatanterahan'ireo nofinofy rariny ananantsika. Mivavaka manokana aho mba hampahatanjahan'ny fanantenantsika amin'ny Sorompanavotana ny finoantsika sy ny fiantrana ananantsika ary hanome antsika fomba fijery hitodika amin'ny mandrakizay eo amin'ny fiainantsika hoavy. Enga anie ka samy hanana izany fanantenana mamirapiratra sy lavorary izany isika tsirairay, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'i Larry M. Gibson**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovolahy Maneran-tany

# Ireo Fanalahidy Masin'ny Fisoronana Aharôna

*Tian'ny Tompo ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna tsirairay mba hanasa ny olon-drehetra hanatona an'i Kristy—manomboka amin'ny fianakavian'izy ireo.*

Nanapa-kevitra ny hiompy bitro ny iray tamin'ireo zanako lahy, tamin'izy 12 taona. Nanangana ny tranony izahay ary naka bitrolahy lehibe iray sy bitrovavy roa tamin'ny mpifanolobodirindrina taminay. Tsy noeritreretiko mihitsy ny zavatra hitranga aminay. Tao anatin'ny fotoana fohy, dia feno bitro kely marobe tao amin'ny tranokely fiasanay. Ankehitriny efa lehibe ny zanako lahy, dia mibaboka ny hagagako tamin'ny fomba nifehezan'izy ireo izany—tao ny alikan'ny mpifanolobodirindrina taminay izay matetika tafiditra ao anaty tranokely ary nihinana ny sasany tamin'ireo bitrokely.

Kanefa dia tohina tokoa ny foko rehefa nahita ny zanako lahy sy ireo rahalahiny niandry sy niaro ireto bitro. Ary ankehitriny, efa lasa ray sy vady mpihazona ny fisoronana mendrika izy ireo izay tia sy mampahery ary miaro ny fianakavian'izy ireo.

Feno fitiavana tokoa ny fahatsapako rehefa mijery anareo zatovolahin'ny Fisoronana Aharôna izay miandry, manohana, ary mampahery ireo manodidina anareo, anisan'izany ny fianakavianareo sy ny mpikambana ao amin'ny kôlejinareo. Tena tiako be ianareo.

Vao tsy ela akory aho no nanatrika zatovolahy 13 taona notendrena ho filohan'ny kôlejin'ny diakona. Taorian'izay dia nandray ny tanany ny eveka ary niantso azy hoe "ry filoha," ary nanazava ny mpikambana tao amin'ny kôlejy hoe "Miantso azy amin'ny maha-filoha azy aho mba hanomezandanja ny maha-masina ny antsony. Ny filohan'ny kôlejin'ny diakona dia iray amin'ireo olona efatra ao amin'ny paroasy izay hany mihazona ny fanalahidin'ny fiadidiana. Amin'ny alalan'ireo fanalahidy ireo, miaraka amin'ny mpanolotsainy, no hitarihany ny kôlejy amin'ny fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo." Ity eveka ity dia nahatakatra ny herin'ny fiadidiana izay tarihan'ny filoha izay mihazona sy mampiasa ny fanalahidy masina. (Jereo ny F&F 124:142–43).

Avy eo aho dia nanontany ity zatovolahy ity raha toa ka vonona izy hiahy izany kôlejy lehibe izany. Ny valinteny nolazainy dia hoe: "Sahirantsaina aho. Tsy fantatro hoe inona no ataon'izany filohan'ny kôlejin'ny diakona izany. Azonao lazaina ahy ve?"

Nilaza taminy aho fa manana

episkôpa mahafinaritra izy sy mpanoro hevitra hanampy azy hahita fahombiazana ary ho mpitariky ny fisoronana matanjaka. Fantatro fa hanaja ny fanalahidy masin'ny fiadidiana izay hazoniny izy ireo.

Avy eo aho dia nanontany ity fanontaniana ity: "Moa ve ianao mieritreritra fa ny Tompo dia niantso anao amin'ity antso manan-danja ity ka tsy hanome fitarihana ho anao?"

Nieritreritra izy ary namaly hoe: "Aiza no ahitako izany?"

Taorian'ny fifanakalozanay hevitra dia takany fa hahazo fitarihana izy ao anaty soratra masina, ny tenin'ny mpaminany velona, ary ny valim-bavaka. Nanapa-kevitra izahay hikaroka soratra masina ho toeram-panombohana amin'ny fikatsahany hianatra ny andraikitra amin'ny antsony vaovao.

Nojerenay tao amin'ny fizarana faha-107 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny andininy faha-85. Izany dia milaza fa ny filohan'ny kôlejin'ny diakona dia miara-mivory amin'ny filankevitry ny mpikambana ao amin'ny kôlejiny sy mampianatra azy ireo ny adidiny. Voamarikay fa ny kôlejiny dia tsy kilasy fa filankevitry ny zatovolahy ary izy ireo dia hifampahery sy hifanohana, eo ambany fitarihan'ny filoha. Naneho fahatokiana aho fa ho filoha matanjaka izy izay hiankina amin'ny fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo ary hanandriana ny antsony masina rehefa mampianatra ireo diakona namany mikasika ireo adidiny.

Avy eo dia nanontany azy aho: "Fantatrao fa hampianatra ireo diakona ny adidin'izy ireo ianao, fantatrao ve inona avy ireo adidy ireo?"

Ary dia nijery ny soratra masina indray izahay ary nahita hoe:

1. Ny diakona dia notendrena mba hiambina sy ho mpanompo raikitra amin'ny Fiangonana (jereo F&F 84:111).

   Satria ny fianakaviana no rafitra fototra ao amin'ny Fiangonana, noho izany dia ao an-tokantranony no toerana manan-danja indrindra ahafahan'ny mpihazona ny fisoronana Aharôna manatontosa ny adidiny. Manome fanohanan'ny fisoronana izy ho an'ny rainy sy ny reniny rehefa eo am-pitarihana ny fianakaviana izy ireo. Miandry ny rahalahiny sy ny anabaviny koa izy, ary ny zatovolahy ao amin'ny kôlejiny sy ny mpikambana hafa ao amin'ny paroasy.
2. Ny diakona dia tokony hanampy ny mpampianatra amin'ny adidiny rehetra eo am-piangonana rehefa misy fotoana ilàna izany (jereo ny F&F 20:57).

   Tsapanay fa raha toa ny diakona iray manampy amin'ny adidin'ny mpampianatra, dia mila mahafantatra ny adidin'izy ireo izy. Tao amin'ny soratra masina no nahitanay haingana ireo adidin'ny anjara fanompoan'ny mpampianatra mihoatra ny am-polony. (jereo ny F&F 20:53–59; 84:111). Ho traikefa lehibe no azon'ireo zatovolahy rehetra—ary ny rain'izy ireo, ny mpanoroheviny ary ny hafa—raha hanao tahaka ny nataon'ity zatovolahy ity: mijery ny soratra masina ary mahita amin'ny alalan'ny tenantsika mivantana ny adidintsika. Mino aho fa ho betsaka amintsika no ho sanganehana—ary handray fitaomam-panahy—amin'ny zavatra hitantsika. Ny Adidy amin'Andriamanitra dia mirakitra famintinana tena manampy amin'ireo adidy ao amin'ny Fisoronana Aharôna ary loharano lehibe ho an'ny fivelarana ara-panahy. Mamporisika anareo aho hampiasa tsy tapaka izany.
3. Ny diakona sy ny mpampianatra ihany koa dia tokony "hampitandrina, hanazava, hanentana ary hampianatra sy hanasa ny rehetra hanatona an' i Kristy" (F&F 20:59; jereo ny andininy 46 ary 68 ho an'ny mpisorona).

   Maro ireo zatovolahy no mieritreritra fa ny zavatra iainan'ny misiônera dia manomboka rehefa feno 19 taona izy ireo ary hiditra ny Foibe Fanofanana ho Misiônera. Mianatra isika amin'ny alalan'ny soratra masina fa manomboka mialoha be izany. Tian'ny Tompo ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna tsirairay mba hanasa ny olon-drehetra hanatona an'i Kristy—manomboka amin'ny fianakavian'izy ireo.



Manaraka, mba hanampy ity filoha tanora ity hahatakatra fa izy ary izy irery ihany no filoha mpiahy ao amin'ny kôlejy, dia nanoro hevitra azy aho hamaky in-telo ny adidy voalohany voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:85. Namaky izy hoe "Miahy diakona roa ambin'ny folo." Nanontany azy aho: "Inona no lazain'ny Tompo anao manokana momba ny adidinao amin'ny maha-filoha anao?"

"Mazava ho azy" hoy izy, "fa maro ireo zavatra tonga tao an-tsaiko rehefa nifampiresaka isika. Mino aho fa ny Ray any an-danitra dia mila ahy ho filohan'ny diakona roa ambin'ny folo. Dimy aminay fotsiny no tonga, ary ny iray tonga tsindraindray. Koa ahoana no hahazoantsika izany roa ambin'ny folo izany?"

Tsy mbola nahatakatra ity soratra masina ity tahaka ny nahatakarany izany aho, kanefa, izy no mihazona ny fanalahidy masina izay tsy hananako. Nampianarin'ity filohan'ny kôlejin'ny diakona vao 13 taona monja ity aho momba ny herin'ny faminaniana izay tonga ao amin'ireo manana ny fanalahidy masin'ny fiadidiana, tsy hijerena ny faharanitan-tsaina, na ny habe na ny taona.

Namaly azy aho hoe: "Tsy fantatro. Ahoana no hevitrao?"

Ary dia namaly izy hoe: "Mila mitady hevitra isika hanao izay hahatongavany. Fantatro fa misy roa hafa izay tokony ho ato amin'ity kôlejy ity, kanefa tsy tonga izy ireo, ary tsy fantatro izy ireo. Angamba afaka ny ho tonga namana akaikin'ilay iray aho ary ny mpanolotsaiko amin'ilay iray hafa. Raha tonga daholo izy ireo, dia ho fito izahay, kanefa aiza no hahitanay ny dimy ambiny?"

"Tsy fantatro," izay no valinteniko "fa raha tian'ny Ray any an-danitra ho tonga eo izy ireo, dia fantany izany."

"Dia mila mivavaka izahay amin'ny maha-fiadidiana sy kôlejy anay mba hahitana izay tokony hatao." Nanontany izy avy eo hoe: "Moa ve aho tompon'andraikitra amin'ireo zatovolahy eo amin'ny taonan'ny diakona ato amin'ny paroasintsika, eny fa na dia ireo tsy mpikambana aza?"

Tao anatin'ny tahotra kely no namaliako hoe: "Raha araka ny fijerin'ny Tompo, moa ve ny evekanao manana andraikitra fotsiny ihany amin'ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny sa ho an'ireo rehetra izay monina ao amin'ny faritra hiadidiany?"

Takatr'ity "mpanompo vonona" ity izany. Takany ny andraikitry ny diakona, ny mpampianatra, ary ny mpisorona tsirairay amin'ny fiandrasana ny Fiangonana sy fanasana ny rehetra hanatona an'i Kristy.



Miverina any amin'ny soratra masina ny eritreritro mandinika ireto zatovolahy sy zatovovavintsika mahafinaritra an'ny Fiangonana ireto—iray amin'ireo nolazain'i Môrônia tamin'i Joseph Smith, dia ny hoe "tsy mbola tanteraka izany saingy ho tanteraka tsy ho ela" (Joseph Smith—Tantara 1:41)—"Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, . . . ary ny zatovonareo hahita fahitana" (Joela 2:28).

Ny "zavatra tonga" tao an-tsain'ity filoha tanora ity dia ny fahitana ny tian'ny Ray any an-danitra ataon'ity kôlejy ity. Izany dia ny fanambarana fa mila mampahatanjaka ireo mpikambana mavitrika tao amin'ny kôlejiny izy, hanavotra ireo izay sahirana, ary hanasa ny rehetra hanatona an'i Kristy. Ireo rehetra ireo no nanainga azy ka nahatonga azy hanao drafitra hanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny Tompo dia nampianatra ity filoha tanora ity fa ny dikan'ny hoe *fisoronana* dia ny fandehanana manompo ny hafa. Tahaka ny nazavain'ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Thomas S. Monson, hoe: "Ny fisoronana dia tsy tena hoe fanomezana fa fahafahana manompo, fahafahana mampitraka, fahafahana mitahy ny fiainan'ny hafa" ("Our Sacred Priesthood Trust," *Liahona*, Mey 2006, 57).

Ny asa fanompoana no tena fototry ny fisoronana—asa fanompoana atao amin'ny hafa izay efa nasehon'ny Mpamonjy. Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no fisoronany, eo amin'ny fanompoana Azy isika, ary efa nasehony ny mpihazona fisoronana rehetra ny fomba hanompoana ampahatokiana ao amin'ny fisoronana.

Manasa ireo fiadidian'ny kôlejy tsirairay aho mba hifanakalo hevitra, handalina sy hivavaka tsy tapaka mba hianarana ny sitrapon'ny Tompo ho an'ny kôlejinareo ary mandehana dia ataovy izany. Ampiasao ny boky Adidy amin'Andriamanitra hanampy anareo hampianatra ny mpikambana ao amin'ny kôlejinareo ny adidin'izy ireo. Manasa ireo mpikambana tsirairay ao amin'ny kôlejy aho hanohana ny filohan'ny kôlejinareo ary handray ny toroheviny raha mianatra sy manatontosa am-pahamarinana ny adidinao amin'ny fisoronana rehetra ianao. Ary manasa antsika tsirairay avy aho hijery ireo zatovolahy miavaka ireo tahaka ny hijeren'ny Tompo azy—izay loharano mahery vaika hananganana sy hampahatanjahana ny Fanjakany eto ankehitriny.

Mihazona ny Fisoronana Aharôna izay naverin'i Jaona Mpanao Batisa tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao akaikin'i Harmony, Pennsylvania ianareo ry zatovolahy mahafinaritra. Ny fisoronanareo dia mihazona ny fanalahidy masina entina hamohana ny varavarana ho an'ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra hanatonany ny zanakalahiny, Jesoa Kristy, ary hanarahany Azy. Izany dia azo avy amin'ny alalan'ny "filazantsaran'ny fibebahana, ary ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana" ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro; ary, "ny fanompoan'ny Anjely." (F&F 13:1; Joseph Smith—Tantara 1:69). Ianareo dia tena mpanompo izay tsy maintsy madio sy mendrika, mahatoky, ary lehilahy mahatoky ao amin'ny fisoronana amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra.

Satria nahoana? Henoy ny tenin' ny Fiadidiana Voalohany malalantsika, izay miantefa amintsika tsirairay avy amin'ny Andraikitra amin'Andriamanitra:

"Manana ny fahefana hanatanteraka ny ôrdônansy ao amin'ny Fisoronana Aharôna ianareo. . . . Hitahy lehibe tokoa ny fiainan'ireo izay manodidina anareo ianareo. . . .

Ny Ray any an-danitra dia manana fahatokiana lehibe aminareo ary dia manana iraka manan-danja mba hotontosainareo." (*Fulfilling My Duty to God: For Aaronic Priesthood Holders* [2010], 5).

Fantatro fa marina ireo teny ireo ary mivavaka aho mba hananantsika tsirairay avy izany fijoroana ho vavolombelona izany. Ary lazaiko ireo zavatra ireo amin'ny anaran'ilay izay ny fisoronany no hazonintsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny Tokony Hahatongavanareo, Ny Tomboantsoanareo

*Rehefa mamaky ny soratra masina sy mamaky ny tenin'ireo mpaminany amin'ny fonao sy ny sainao rehetra ianao, dia holazain'ny Tompo aminao ny fomba hahafahanao hiaina ireo tombotsoanao ao amin'ny fisoronana.*

Indray mandeha dia nisy lehilahy iray izay mba efa nofinofiny hatry ny ela ny handeha an-tsambo hanatanteraka dia ary hamakivaky ny Ranomasina Méditerranée. Nanofy ny hiriaria amin'ireo lalan-kelin'i Rome, sy Athènes, ary Istanboul izy. Nanangona ny volany rehetra izy mandrapahazoany vola ampy hanatanterahana ny diany. Satria somary kely ihany ny volany dia nivimbina valizy iray fanampiny izy izay nofenoiny tsaramaso am-bifotsy, boaty feno biscuits, sy vovo-dranomboankazo fitapoka rano, ary izay no nohaniny isan'andro isan'andro.

Te-handray anjara amin'ireo karazan-javatra maro nisy tao an-tsambo tokoa izy—toy ny manao fanazarantena ao amin'ny toerana fanaovana izany, milalao golf kely, ary milomano eny amin'ny dobo filomanosana. Nitsiriritra ireo olona nijery sarimihetsika, sy fety aman-danonana, ary fampisehoana ara-kolotsaina izy. Ary endrey ny faniriany mivaivay raha mba afaka ny hanandrana ny tsiron'ireo sakafo mahatalanjona hitany tao amin'ny sambo—izay toa miendrika hanim-pitoloha isak'izay aroso! Kanefa te-hitsitsy vola tokoa ilay lehilahy ka tsy nandray anjara tamin'ireo zavatra ireo. Afaka nahita ireo tanàna niriany hotsidihana tokoa izy saingy ny ankamaroan'ny tontolon'ny androny dia nijanona tao amin'ny efitra keliny izy ary nihinana ireo sakafo tsotra nentiny.

Nanontany azy ny iray tamin'ireo mpiasa an-tsambo tamin'ny andro faran'ilay dia hoe iza amin'ireo fety fanaovam-belona no hatrehiny. Tamin'izany andro izany ilay lehilahy vao nahalala fa tsy ny fety fanaovam-beloma ihany fa ny ankamaroan'ireo zavatra rehetra tao an-tsambo nandritra ny dia—toy ny sakafo, ny fialamboly—dia efa tafiditra tao anatin'ny sarany tapakila naloany. Taraiky loatra vao nahafantatra ilay lehilahy fa tsy nankafy ireo tombontsoa maro tokony niainany izy.

Ny fanontaniana tian'ity fanoharana ity aseho dia hoe: moa ve isika amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika tsy miaina amim-pankafizana ireo tombontsoa eo amin'ny lafin'ny fahefana masina, sy fanomezana ary fitahiana izay fahafahana hanao zavatra sy zo ananantsika amin'ny maha-mpihazona ny fisoronan'Andriamanitra antsika?

### Ny Voninahitra sy Fahambonian'ny Fisoronana

Fantatsika rehetra fa ny fisoronana dia mihoatra lavitra noho ny fiantsoana fotsiny na anarana. Nampianatra ny Mpaminany Joseph fa "ny Fisoronana dia fitsipika mandrakizay, ary efa nisy niaraka tamin'Andriamanitra hatramin'izay . . . ka ho mandrakizay, tsy nisy fiantombohany na fiafarany."[1] Mihazona "ny fanalahidin' ny fahalalana an'Andriamanitra" izany.[2] Raha ny marina dia amin'ny alalan'ny fisoronana no hisehoan'ny tena "herin'ny toetra araka an'Andriamanitra."[3]

Tsy takatry ny saintsika ny fitahiana avy amin'ny fisoronana. Afaka "tonga . . . nofinidin'Andriamanitra" ireo mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka mahatoky.[4] Ho "hamasinin' ny Fanahy ho fanavaozana ny vatany"[5] izy ireo ary faran'izay ambony indrindra dia ny mandray izay "rehetra ananan' ny Ray."[6] Na dia sarotra takarina aza izany kanefa dia mahafinaritra ary dia mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany.

Ny fahatokian'ny Raintsika any andanitra ka nanomezany ity fahefana sy andraikitra ity ny olombelona dia porofo amin'ilay Fitiavany lehibe antsika ary tandindon'izay mety hahatongavantsika amin'ny maha-zanakalahin'Andriamanitra antsika any amin'ny fiainana aorian'ny fahafatesana.

Na izany aza anefa dia matetika loatra ny zavatra ataontsika no toa mampiseho fa tsy miaina mifanaraka amin'izany fahafahana goavana tokony hahatongavantsika izany isika. Rehefa hanontaniana mikasika ny fisoronana isika dia maro no afaka mitanisa ny famaritana marina, kanefa eo amin'ny fiainantsika andavanandro dia toa tsy mampiseho fa takatsika mihoatra noho ny andalan-tsoratra atao tsianjery fotsiny izany.

Afaka ho afa-po amin'ireo traikefa ambanimbany niainantsika isika amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika ary mionona amin'ny tsy fahazoana ireo tombontsoa tokony hankafizintsika, na kosa afaka mandray anjara amin'ny fahafahana hivoky ara-panahy sesehena sy amin'ny fitahian'ny fisoronana.

### Inona no Azontsika Atao mba Hiainantsika mifanaraka amin'izay tokony Hahatongavantsika?

Ireo teny voasoratra ao amin'ny soratra masina sy voalaza eto amin'ity fihaonamben'ny Fiangonana ity dia natao hampiharina amin'ny tenantsika"[7] fa tsy natao ho henoina na ho vakiana fotsiny.[8] Matetika loatra no manatrika fivoriana isika ary maneho amin'ny fihetsiky ny lohantsika fa manaiky ny zava-boalaza. Mety hitsiky sy haneho fanekena mihitsy aza isika. Mandray an-tsoratra ireo asa maromaro ho atao isika, ary mety hilaza amin'ny tenantsika hoe: "Ho ataoko izany zavatra izany." Kanefa eo anelanelan'ny fihainoana sy ny fanoratana entina mampatsiahy ao amin'ny finday avo lenta ananantsika, sy ny tena fanatanterahana, dia nampifanandrifiantsika eo amin'ny famantarana manondro hoe "atsy ho atsy" ny maripanondroana ny "zavatra atao[ntsika]. Ry rahalahy, aoka ho alaintsika antoka fa ny mari-panondroana ny "zavatra hataontsika" dia ho eo amin'ny hoe "izao ankehitriny izao!"

Rehefa mamaky ny soratra masina sy mamaky ny tenin'ireo mpaminany amin'ny fonao sy ny sainao rehetra ianao, dia holazain'ny Tompo aminao ny fomba hahafahanao hiaina ireo tombotsoanao ao amin'ny fisoronana. Aza avela hisy andro handalo ka tsy hanaovanao ireo zavatra nobitsihin'ny Fanahy ho ataonao.

### Voalohany: Mamakia ny Boky Torolalana

Raha toa ka manana solosaina faran'izay avo lenta sy lafo vidy indrindra ianao, moa ve ho ataonao haingon'ny biraonao fotsiny izany? Mety ho zava-mahavariana ilay solosaina. Mety azo hanaovana karazan-javatra maro



izany. Kanefa rehefa mandalina ny boky torolalana, sy mianatra ny fomba fampiasana ireo logiciel, ary manindry ny bokotra power ihany ianareo vao afaka mampiasa ireo zavatra rehetra mety ho vitany.

Manana ny boky torolalany ihany koa ny fisoronana masin'Andriamanitra. Handeha isika hanolotena hamaky ny soratra masina sy ireo boky torolalana amin'ny tanjona sy amimpifantohana bebe kokoa. Handeha ho atombontsika amin'ny famerenana mamaky ny fizarana 20, 84, 107, ary ny 121 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izany. Arakaraka ny handalinantsika ny tanjona, sy ny fahafahana hanao zavatra ary ny fomba fampiasana ny fisoronana araky ny tokony ho izy no hahatalanjona bebe kokoa antsika noho ny heriny, ary hampianaran'ny Fanahy bebe kokoa antsika ny fomba hahazoana sy hampiasana izany hery izany hitahiana ny fianakaviantsika, sy ny fiaraha-monina ary ny Fiangonana.

Amin'ny maha-olona antsika dia mametraka an-tsitrapo ho laharampahamehana ny fahalalana sy ny fivoarana mirona amin'ny ara-nofo isika. Tiantsika ny fianarana sy fahaiza-manao ary tokony hamirapiratra isika amin'izany. Mamporisika anareo aho hiezaka amim-pikirizana hahazo fahalalana ary ho tonga matihanina amin'ny sehatra ianaranareo. Manasa anareo koa aho mba ho tonga matihanina amin'ireo fotopampianaran'ny filazantsara—indrindra amin'ny fotopampianaran'ny fisoronana.

Miaina amin'ny vanim-potoana izay mahamora kokoa ny fahazoana ny soratra masina sy ireo tenin'ny apôstôly sy mpaminanin'izao andro izao isika raha oharina tamin'ny fotoana teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao. Na dia izany aza dia andraikitsika, adidintsika ary tombontsoa ho antsika ny mampiasa sy mampihatra ny fampianaran'izy ireo. Ireo fitsipika sy fotopampianaran'ny fisoronana dia manan-kaja sy avy amin'Andriamanitra. Arakaraka ny handalinantsika ny fotopampianarana sy ny fahafahana hanao zavatra ary ny ampiharantsika ny fomba fampiasana ny fisoronana no vao mainka hivelaran'ny fanahintsika, sy hitomboan'ny fahatakarantsika ary ho hitantsika ireo zavatra nomanin'ny Tompo ho antsika.

### Faharoa: Katsaho ireo Fanambarana avy amin'ny Fanahy

Tsy ny fahalalana fotsiny no takiana amin'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona mafy orina ny amin'i Jesoa Kristy sy ny Filazantsarany naverina tamin'ny laoniny—mitaky fandraisana fanambarana manokana izany, izay hamafisin'ny fampiharana amimpahamarinana sy amim-panolorantena ireo fitsipiky ny filazantsara. Nanazava ny Mpaminany Joseph Smith fa ny fisoronana no "ilay fantsona izay nanombohan'Ilay Tsitoha nanambarany ny Voninahiny hatrany amin'ny fiantombohan'ny fahariana an'ity tany ity, ary tamin'ny alalan'izany ihany no nanohizany nanambara ny Tenany eo amin'ireo zanak'olombelona




***Bucarest, Roumanie***

hatramin'izao fotoana izao."[9]

Raha tsy mikatsaka ny fomba fampiasana izany fantsona izany isika dia miaina ambany lavitra noho ireo tombontsoa avy amin'ny fisoronana. Ohatra, misy ireo mino fa tsy mahafantatra hoe mino. Nandray valimbavaka maro isan-karazany avy tamin'ny feo tony sy malefaka izy ireo nandritra ny fotoana naharitraritra, kanefa noho ny hoe toa bitika sy tsy manan-danja loatra izany fitaomampanahy izany dia tsy takany ny tena dikan'izany. Ny vokany dia mamela ny fisalasalana izy ireo hanakana azy ireo tsy hahatanteraka ny zavatra tokony ho tratrany sy ho vitany amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana azy.

Tsy voatery hiseho amin'ny endriny mahery vaika foana ny fanambarana sy ny fijoroana ho vavolombelona. Ho an'ny ankamaroan'ny olona dia tonga tsikelikely ny fijoroana ho vavolombelona—ampahany kely isaky ny mandeha. Indraindray izany dia tonga tsikelikely ka sarotra amintsika ny hahatsiaro ilay fotoana manokana nahafantarantsika ny fahamarinan'ny filazantsara. Ny Tompo dia manome antsika "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, ary fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely."[10]

Amin'ny lafiny sasany dia misy hitoviany amin'ny bolabolandranomandry mitombo isaky ny fihodinany ny fijoroantsika ho vavolombelona. Miantomboka amin'ny ampaham-pahazavana kely izany—eny fa na dia ny faniriana hino fotsiny aza. Tsikelikely avy eo, "ny fahazavana miraikitra amin'ny fahazavana,"[11] ary "izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin'Andriamanitra dia handray hazavana misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan'ny andro,"[12] rehefa "mandray amin'ny fahafenoany amin'ny fotoana mahamety izany."[13]


Eritrereto ny maha-zava-mahatalanjona izany hoe mahavita zavatra mihoatra lavitra noho ireo fetra azontsika atao eto an-tany, izany hoe misokatra izany ny masom-pahatakarana ary mandray hazavana sy fahalalana avy any amin'ny loharano any an-danitra! Tombontsoa sy fahafahana miavaka ho antsika mpihazona ny fisoronana ny hikatsaka fanambarana ho an'ny tenantsika manokana ary hianatra ireo fomba hahafantarana ny fahamarinana ho an'ny tenantsika amin'ny alalan'ny tenivavolombelona azo antoky ny Fanahy Masina.

Handeha isika hikatsaka amimpahavitrihana ny fahazavan'ny fitaomam-panahin'ny tena manokana. Handeha isika hiangavy ny Tompo mba handrotsaka ao an-tsaina sy ny fanahintsika ny sombin'ny finoana izay ahafahantsika mandray sy mahafantatra ny asa masin'ny Fanahy Masina eo amin'ny toe-javatra manokana iainantsika, sy ny fanamby atrehintsika ary ny adidintsika eo amin'ny fisoronana.

**Fahatelo: Mahazoa Fifaliana eo amin'ny Asa Fanompoan'ny Fisoronana**

Nandritra ny asako tamin'ny nahampanamory fiaramanidina ahy dia nanana fahafahana aho ho kapiteny mpanara-maso sy mpanofana ny hafa. Isan'ny atao ao anatin'izany asa izany ny manofana sy manao fitsapam-pahaizana amin'ireo mpanamory efa manana traikefa mba hahazoana antoka fa nanana ny fahalalana sy fahaizana ilaina izy ireo mba hahafahany mitondra amin'ny fomba azo antoka sy amim-pahombiazana ireny fiaramanidina lehibe ireny.

Tsikaritro fa misy ireo mpanamory, na dia aorian'ny taona maro namoriana tamin'ny sehatra matihanina aza, no mbola tsy afaka amin'ny fientanentanana rehefa mahazo haavo eny ambony, ka "niala ny faritry ny Tany ary miriaria eny amin'ny habakabaka miaraka amin'ny elatra volafotsy mahasondriana."[14] Tian'izy ireo ny feon'ny fifofofofon'ny rivotra, ny fanenon'ny ny môtera matanjaka, sy ilay fahatsapana ho "iray amin'ny rivotra sy ho iray amin' ireo habakabaka maizina sy kintana efa mby hirotsaka."[15] Mamindra ny fientanentanam-pon'izy ireo.



Misy koa ireo vitsivitsy izay toa efa manao zavatra amim-pahazarana fotsiny. Voafehin'izy ireo tsara ny fomba familiana sy fanamoriana ilay fiaramanidina, kanefa toa efa very ny fifaliana amin'ny fanamoriana "amin'ny toerana izay tsy mbola nanidinan'ny sorohitra na voromahery mihitsy."[16] Very ireo fahatsapana ho talanjona manoloana ny fiposahan'ny masoandro mahavariana, na ny hatsaran'ny zavaboaharin' Andriamanitra rehefa avy namakivaky ireo ranomasina sy kaontinanta maro. Raha mahafeno ireo fepetra takiana ara-dalana izy ireo dia omeko ny taratasy mari-pankasitrahana noho izany kanefa mahonena ahy izy ireo.

Mety hanontany tena ianareo hoe manao zavatra amim-pahazarana fotsiny ve aho amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana ahy—manatanteraka ny zavatra andrasana aminareo kanefa tsy mahazo ny fifaliana izay tokony ho tsapanareo. Ny fihazonana ny fisoronana dia manome antsika fahafahana marobe hahatsapa ilay fifaliana izay nolazain'i Amôna hoe: "Moa va isika tsy manana antony lehibe hifaliana? . . . efa lasa fitaovana teo an-tanany tamin' ny fanaovana ity asa lehibe sy mahatalanjona ity. Koa aoka isika hirehareha, . . . ao amin'ny Tompo; eny, hifaly isika."[17]

Ry rahalahy, fivavahana mitondra fifaliana ity antsika ity! Voatahy manokana isika mihazona ny fisoronan' Andriamanitra! Ao amin'ny bokin'ny Salamo dia milaza hoe: "Sambatra izay olona mahalala ny feo mahafaly; Jehovah ô, amin'ny fahazavan'ny tavanao no handehanany."[18] Afaka mahatsapa izany fifaliana lehibe kokoa izany isika raha tsy manao afa-tsy ny mikaroka izany.

Matetika loatra isika no tsy mahatsapa ny fitahiana izay azo avy amin'ny fanatanterahana isan'andro ireo asa fanompoan'ny fisoronana. Misy fotoana toy ny enta-mavesatra ireo asa nampandraiketina. Ry rahalahy, aoka isika tsy handalo ny fiainantsika difotra ao anatin'ireo F telo: faharerahana, fiasana saina ary fitarainana. Miaina lavitry ny tombontsoa tokony ho tsapantsika isika rehefa mamela ny vato fantsik'izao tontolo



izao hanakana antsika tsy hahazo ny fifaliana sesehena azo avy amin'ny asa fanompoan'ny fisoronana atao amim-pahatokiana, indrindra izay eo anivon'ny rindrin'ny tokantranontsika. Miaina lavitry ny tombontsoa tokony ho azontsika isika rehefa tsy mandray anjara amin'ny hanim-pitoloham-pahasambarana, sy fiadanana ary fifaliana izay ampanantenain'Andriamanitra amin-katsaram-panahy ireo mpanompo mahatoky ao amin'ny fisoronana.

Ry zatovolahy, raha toa ka fahasahiranana fa tsy fitahiana ho anareo ny tonga any am-piangonana vao maraina hanampy hikarakara ny fanasan'ny Tompo dia manasa anareo aho haka sary an-tsaina ny tena lanjan'izany ôrdônansy masina izany ho an'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy izay mety avy nandalo herinandro feno fanamby. Ry rahalahy, raha toa ka tsy mahomby loatra ny fahitanao ny ezaka fampianarana isan-tokantrano ataonao dia manasa anao aho hijery amin'ny mason'ny finoanao ny mety ho fiantraikan'ny fitsidihana ataon'ny mpanompon'ny Tompo ny fianakaviana iray izay manana olana maro mianjady aminy. Rehefa azonareo fa mety ho tonga tahaka ny an-Andriamanitra ny asa fanompoana ataonareo ao amin'ny fisoronana, dia ho fenon'ny Fanahin'Andriamanitra ny fo sy ny sainareo ary hamiratra eny amin'ny masonareo sy ny tavanareo izany.

Amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika dia aoka tsy hanamafy fo mihitsy isika amin'ireo zava-mahagaga sy mahatalanjona izay ampandraiketin'ny Tompo antsika.

#### Famaranana

Ry rahalahiko malala, aoka isika hikatsaka amim-pahazotoana hianatra ny fotopampianaran'ny fisoronana masina, aoka isika hanamafy orina ny fijoroantsika ho vavolombelona andalana anampy andalana amin'ny fandraisana ny fanambaran'ny Fanahy ary aoka isika hahita fifaliana marina eo amin'ireo asa fanompoan'ny fisoronana ataontsika andavanandro. Raha manao izany isika dia hanomboka hiaina mifanaraka amin'izay tokony hahatongavantsika sy ireo tombontsoantsika manokana amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika, ary ho afaka "[h]ahay ny zavatra rehetra. . .ao amin'i Kristy Ilay mampahery [antsika]."[19] Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny maha-apôstôlin'ny Tompo ahy ary hametrahako ny tsodranoko amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 104.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:34.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
7. 1 Nefia 19:24.
8. Jereo ny Jakoba 1:22ao amin'ny Testamenta Vaovao.
9. *Teachings: Joseph Smith,* 108–9.
10. 2 Nefia 28:30.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:40.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:19.
14. John Gillespie Magee Jr., "High Flight," ao amin'ny edisiona, Diane Ravitch, *The American Reader: Words That Moved a Nation* (2000), 486.
15. Richard Bach, *Stranger to the Ground* (1963), 9.
16. Magee, "High Flight," 486.
17. Almà 26:13, 15–16.
18. Salamo 89:15.
19. Filipiana 4:13.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mianatra ao amin'ny Fisoronana

*Raha toa ianao ka mazoto sy mankatò ao amin'ny fisoronana dia harena mirakitra fahalalana ara-panahy no harotsaka eo aminao.*

Feno fankasitrahana aho miaraka aminareo eto amin'ity fivorian'ny fisoronan'Andriamanitra ity. Anio hariva dia any amin'ny toerana maro samihafa no misy antsika ary amin'ny dingana isan-karazany eo amin'ny fanompoana ao amin'ny fisoronana. Kanefa, na dia eo aza ny toe-javatra samihafa iainantsika dia mitovy ny zavatra ilaintsika. Dia ny mianatra ny andraikitsika ao amin'ny fisoronana sy ny mitombo amin'ny herintsika izay hanatanterahana azy ireo.

Fony aho diakona dia tsapako tokoa izany. Nonina tao amin'ny sampana kely iray an'ny Fiangonana tao New Jersey aho, tany amin'ny morontsiraka atsinanan'i Etazonia. Izaho no hany diakona tao amin'ilay sampana —tsy hoe hany diakona nanatrika fa hany diakona tao anaty lisitra. I Ted zokiko lahy no hany mpampianatra tao. Manatrika eto izy anio hariva.

Mbola diakona aho raha nifindra monina taty Utah ny fianakaviako. Taty aho dia nahita zavatra telo nahafinaritra efa tafaorina izay nanafaingana ny fivoarako ao amin'ny fisoronana. Ny voalohany dia filoha iray izay mahay ny hoe ahoana izany miara-mivory amin'ireo olona ao amin'ny kôlejiny manao filankevitra izany. Ny faharoa dia ny finoana lehibe an'i Jesoa Kristy izay mitarika amin'ilay fitiavana lehibe izay efa henontsika—dia ny fifankatiavana. Ary ny fahatelo dia ny faharesen-dahatra ifampizarana fa ny tanjona faratampon'ny fisoronana dia ny miasa ho amin'ny famonjena ny olona.

Tsy ilay hoe paroasy efa tafaorina tsara no nampiavaka izany. Ny zavatra nisy tao amin'io paroasy io dia afaka mitranga na aiza na aiza, na inona na inona karazana vondron'ny Fiangonana misy anao.

Ireo zavatra telo ireo dia mety efa tena iainana tsara ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana misy anao ka zara raha tsikaritrao akory. Ho an'ireo hafa dia mety tsy tsapanareo ny filàna fitomboana hany ka mety tsy ilaina ireo fanampiana ireo aminao. Na inona na inona zava-misy dia mivavaka aho mba ho ampian'ny Fanahy hahafahako manazava tsara azy ireo ka ho liana amin'izy ireo ianao.

Ny tanjoko raha hiresaka ireo zavatra telo ireo izay manampy hitombo ao amin'ny fisoronana dia ny hitaona anao hanisy lanja azy ireo sy hampiasa azy ireo. Raha manao izany ianao dia hiova tanteraka ho amin'ny tsara ny asa fanompoanao. Ary raha hilofosanao ny asa fanompoanao ao amin'ny fisoronana dia hitahy ireo zanak' Andriamanitra ianao mihoatra noho izay heverinao ankehitriny hoe azo tanterahina.

Ilay voalohany dia hitako raha noraisina tao amin'ny kôlejin'ny mpisorona aho ary ny eveka no filohanay. Mety ho zavatra bitika izany aminao na tsy tsikaritra akory, kanefa nanome ahy ny lanjan'izany hoe hery ao amin'ny fisoronana izany, izay nanova ny asa fanompoako tao amin'ny fisoronana nanomboka tamin'io fotoana io. Izany dia nanomboka tamin'ny fomba nitarihany anay.

Raha ny fijeriko azy, ny fomba nandraisany ny hevitr'ireo tovolahy mpisorona dia tahaka ny hoe izahay no olona hendry indrindra teto an-tany. Niandry izy hoe tapitra niteny daholo izay te-hiteny. Nihaino no nataony. Ary rehefa nanapa-kevitr'izy ny amin'izay tokony hatao, dia toa namafisin'ny Fanahy taminay sy taminy ireo fanapahan-kevitra ireo.

Takatro ankehitriny fa tsapako tamin'izany ny zavatra tian'ny soratra masina ambara amin'ilay hoe ny filoha dia tokony miara-mivory manao filankevitra amin'ireo olona ao amin'ny kôlejiny.[1] Ary taona maro taty aoriana, fony aho eveka niaraka tamin'ny kôlejin'ny mpisorona notantanako dia samy nandray fampianarana na izaho na ry zareo avy tamin'ny zavatra izay nianarako fony aho zatovolahy mpisorona.

Roapolo taona taty aoriana, fony aho eveka, dia nanana fahafahana aho nahita ny fahombiazan'ny filankevitra iray, tsy hoe ao anaty trano fiangonana ihany fa hatreny an-tendrombohitra ihany koa. Nandritra ny fiaraha-mientana iray tamin'ny andro Asabotsy, dia nisy mpikambana iray tao amin'ny kôlejinay very tany anaty ala tamin'ny alina. Raha ny fahalalako dia irery izy ary tsy nanana akanjo mafana na sakafo na fialofana. Nikaroka azy izahay fa tsy nahita.

Ny tsaroako dia hoe niara-nivavaka



izahay, izaho sy ilay kôlejin'ny mpisorona, ary dia samy nasaiko niteny tsirairay avy eo. Tena nihaino tsara aho ary raha ny fahitako azy dia nifampihaino koa izy ireo. Afaka fotoana kely dia nisy fahatsapana fiadanana nitoetra taminay. Nahatsapa aho hoe avotra soa aman-tsara any ho any ilay mpikambana tao amin'ny kôlejinay.

Lasa nazava tamiko hoe inona no tokony ataon'ilay kôlejy ary inona no tsy tokony hataony. Rehefa nofaripari-tan'ireo izay nahita azy ny toerana tao an'ala izay nalehany mba ho avotra dia tsapako hoe izay tokoa ilay toerana. Fa ny fahagagana lehibe kokoa ho ahy dia ny nahitako ny herin'ny finoana an'i Jesoa Kristy izay ananan'ny filankevitry ny fisoronana iray miray hina, izay nitarika ny fanambarana ho amin'ilay olona izay manana ny fanalahidin'ny fisoronana. Samy nitombo daholo izahay rehetra tamin'io andro io teo amin'ny lafin'ny herin'ny fisoronana.

Ny fanalahidy faharoa ho amin'ny fahalalana mitombo dia ny fananana fifankatiavana izay tonga noho ny finoana lehibe. Tsy azoko antoka hoe iza amin'ireo no mandeha aloha fa izy roa ireo dia toa samy misy isaky ny misy fianarana goavana sy haingana ao amin'ny fisoronana. Nampianatra izany antsika i Joseph Smith tamin'ny alalan'ny ohatra nasehony.

Nandritra ireo andro nanombohan'ny Fiangonana tamin'ity fotoampitantanana ity dia nandray didy avy tamin'Andriamanitra izy ny hampiorina ny hery ao amin'ny fisoronana. Nahazo fitarihana izy hanorina sekoly ho an'ireo mpihazona fisoronana. Napetraky ny Tompo ny fepetra takiana dia ny tokony hisian'ny fifankatiavana teo anivon'ireo izay hampianatra sy ho ampianarina. Izao no tenin'ny Tompo mikasika ny famoronana toerana ho an'ny fianaran'ny fisoronana sy ny hoe tahaka ny ahoana izany ho an'ireo izay tokony hianatra ao:

"Mifandamìna ianareo; . . . manorena . . . tranon'ny fianarana, . . . tranon'ny filaminana. . . .

"Manendre mpampianatra iray eo anivonareo, ary aoka tsy indray ho mpitondra teny ny rehetra; fa aoka hiteny tsirairay ary hihaino izay lazaina ny rehetra, ka rehefa avy miteny ny rehetra, dia ho azo aorina ny rehetra amin'ny alalan'ny rehetra, mba hananan'ny olona tsirairay zo mitovy."[2]

Fariparitan'ny Tompo eto ny zavatra izay efa hitanay dia ny herin'ny filankevitra iray na ny kilasy iray ao amin'ny fisoronana mba hahazoana fanambarana avy amin'ny Fanahy. Ny fanambarana no hany fomba ahafahantsika mahafantatra fa i Jesoa no Kristy. Izany finoana lehibe izany no zana-tohatra voalohany eo amin'ny tohatra hiakarana mba hianarana ireo fitsipiky ny filazantsara.

Ao amin'ny fizarana faha-88 amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavana ao amin'ny andininy faha-123 sy 124 dia antitranterin'ny Tompo ny fifankatiavana sy ny tsy fifanomezan-tsiny. Ny tsirairay dia voaray ao amin'ny sekolin'ny fisoronana naorin'ny mpaminanin'ny Tompo amin'ny alalan'ny fanaovana fanekempihavana iray miaraka amin'ny fananganan-tanana dia ny mba ho tonga "namana sy rahalah[y] . . . ao amin'ny famatoran'ny fitiavana."[3]

Tsy manao izany fombafomba izany isika ankehitriny, saingy na aiza na aiza nahitako fianarana niavaka tao amin'ny fisoronana dia nisy hatrany izany famatoran'ny fitiavana izany. Hitako indray izany famatoran'ny fitiavana izany sady tamin'ny antony nahatonga ny fianarana ireo fahamarinan'ny filazantsara azy no tamin'ny naha-vokatr'izany azy. Ny fitiavana dia manasa ny Fanahy Masina mba hanatrika eo hanamafy ny fahamarinana. Ary ny fifalian'ny fianarana fahamarinana masina dia miteraka fitiavana ao amin'ny fon'ireo olona izay nifampizara izany traikefam-pianarana izany.

Marina ihany koa ny mifamadika amin'izany. Ny fifandirana na ny fialonana dia mampihena ny fahafahan'ny Fanahy Masina hampianatra antsika ary manakantsakana ny fahafahantsika mandray fahazavana sy fahamarinana. Ary ny fahatsapana fahadisoampanantenana izay tsy maintsy ho vokatr'izany no misy ny masombolin'ny fifandirana sy ny fifanomezan-tsiny bebe kokoa eo anivon'ireo izay nanantena traikefam-pianarana izay tsy voarain'izy ireo.

Ireo mpihazona fisoronana izay miara-mianatra tsara ho ahy dia toa manana mpampihavana be hatrany eo anivony. Mahita fampihavanana ianao ao amin'ireo kilasin'ny fisoronana sy ao amin'ireo filankevitra. Izany no ilay fanomezam-pahasoavana hanampy ny olona hahita marimaritra iraisana raha ny hafa kosa mahita fahasamihafana. Fanomezam-pahasoavan'ny mpampihavana ny manampy ny olona hahita hoe ny zavatra voalazan'ny olona iray hafa dia mitondra anjara biriky hanorenana fa tsy fanakianana.

Rehefa ampy ny fitiavana madion'i Kristy sy ny faniriana ho tonga mpampihavana, dia tanteraka ny firaisankina eo anivon'ireo filankevitry ny fisoronana sy eo anivon'ireo kilasy. Mitaky faharetana sy fanetren-tena izany, nefa nahita ny fahatanterahan'izany aho na dia tamin'ny fotoana hoe sarotra aza ny olana ary na dia avy amin'ny karazana sokajy sy fiaviana tena samy hafa



aza ireo olona tao amin'ny filankevitra na kilasy.

Azo atao ny manakatra ilay fenitra avo kokoa napetraky ny Tompo ho an'ny mpihazona fisoronana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra eo anivon'ny kôlejy. Azo tanterahina izany rehefa misy finoana sy fitiavana lehibe ary tsy misy fifandirana. Toy izao ny fepetra takian'ny Tompo mba hanomezany fankatoavana amin'ny fanapahan-kevitra raisintsika: "Ary ny fanapahan-kevitra tsirairay raisin'ny iray amin'ireo kôlejy ireo dia tsy maintsy amin'ny alalan'ny firaisan'ny feony; izany hoe, ny mpikambana tsirairay amin'ny kôlejy tsirairay dia tsy maintsy manaiky ny fanapahan-kevitra mba hahatonga ny fanapahan-kevitr'izy ireo hanana hery sy fahefana mitovy eo amin'izy samy izy."[4]

Ny fanampiana fahatelo ho an'ny fianarana ao amin'ny fisoronana dia tonga noho ny faharesen-dahatra iraisana mikasika ny antony hitahian'ny Tompo sy hatokisany antsika ka afaka mihazona sy mampiasa ny Fisoronany. Izany faharesen-dahatra izany dia ny hiasa mba ho famonjena ny olona. Izany faharesen-dahatra iraisana izany dia mitondra firaisan-kina eo anivon'ireo kôlejy. Afaka manomboka mianatra mikasika izany isika avy amin'izay voarakitra ao amin'ny soratra masina mikasika ny fomba nanomanana antsika fanahy zanakalahy talohan'ny nahaterahana ho amin'izany tombontsoa manokana izany dia ny hihazona ny fisoronana.

Mikasika ireo izay nomena fitokisana lehibe ao amin'ny fisoronana eo amin'ny fiainana dia nilaza ny Tompo hoe: "Na dia talohan'ny nahaterahan'izy ireo aza, dia nandray ny lesona voalohany tao amin'ny tontolon'ny fanahy niaraka tamin'ireo maro hafa izy ireo, ary nomanina mba hivoaka amin'ny fotoana mahamety izany amin'ny Tompo mba hiasa ao amin'ny tanimboalobony ho famonjena ny fanahin'ny olona."[5]

Ao amin'ny fisoronana dia iraisantsika ny adidy masina hoe miasa ho an'ny fanahin'ny olona. Isika dia tsy maintsy manao misimisy kokoa noho ny mianatra hoe adidintsika izany. Ilaina ho tafiditra lalina tokoa ao am-pontsika izany ka na ireo fanamby maro amin'ny ezaka atao mandritra ny fahatanorana na ireo fitsapana izay tonga noho ny fahanterana dia tsy hahasaraka antsika amin'izany tanjona izany.

Vao tsy ela izay no namangiako mpisorona avo iray tany an-tranony. Tsy afaka mamonjy ireo fivorian'ny kôlejinay intsony izy. Mipetra-drery izy. Efa maty ny vadiny tsara tarehy ary ireo zanany dia mipetraka lavitra azy. Ny fotoany sy ny aretiny dia mametra ny fahafahany manompo. Mbola manao fanazaran-tena mibata fonjam-by izy hitazomana izay sisa azony tazomina amin'ny tanjaka mahery nananany fahiny.

Raha nandroso tao an-tranony aho dia nijoro izy niarahaba ahy, nampiasa ilay fitaovana ahafahany mijoro sy mandeha. Nasainy aho hipetraka teo amin'ny seza teo akaikiny. Niresaka momba ny fiarahanay nahafinaritra tao amin'ny fisoronana izahay.

Avy eo dia tamim-pihetsahampo tokoa no nitenenany tamiko hoe: "Nahoana re no mbola velona aho? Nahoana no mbola eto foana aho? Tsy misy na inona na inona vitako."

Nolazaiko taminy fa manao zavatra ho ahy izy. Manamafy orina ahy izy noho ny finoana sy ny fitiavany. Na dia tamin'ny fihaonanay fohy aza izy dia nahatonga ahy haniry ho tonga tsara kokoa. Ny ohatra asehony sy ny finiavany hanao zavatra iray manan-danja dia nanentana ny fanahiko hiezaka bebe kokoa hanompo ny hafa sy ny Tompo.

Fa noho ny feony toa malahelo sy ny fijeriny no nahatsapako hoe tsy nahavaly ireo fanontaniany aho. Mbola nanontany tena ihany izy hoe nahoana no mbola avelan'Andriamanitra hiaina izy miaraka amin'ireo sakana maro tsy ahafahany manompo.

Tamin'ny fomba mahafinaritra tahaka ny mahazatra azy no nisaorany ahy noho ny nahatongavako namangy azy. Raha nitsangana handeha hivoaka iny aho dia niditra avy tamin'ny efitra hafa ilay mpitsabo mpanampy izay mpankany an-tranony ora vitsivitsy isan'andro. Nandritra ny resadresaka nifanaovanay sy ilay mpisorona avo dia noresahiny kely tamiko ny momba io vehivavy io. Tena mahafinaritra izy io hoy izy. Niaranonina teo anivon'ireo Olomasin'ny Andro Farany izy io ny ankamaroan'ny fiainany kanefa mbola tsy mpikambana.

Nandroso ilay vehivavy nitarika ahy ho any amin'ny fivoahana. Nanondro ilay vehivavy ilay rahalahy ary niteny tamim-pitsikiana hoe: "Jereo, toa tsy mahavita na inona na inona aho. Niezaka nanao izay hahavita batisa azy ao amin'ny Fiangonana aho fa tsy nahomby izany." Nitsiky taminy sy tamiko ilay vehivavy. Nivoaka aho ary nitodi-doha hody ho any amiko izay tsy lavitra teo.

Teo aho no tonga saina hoe ny valin'ireo fanontaniany dia efa nambolena efa ela tao am-pony. Ity mpisorona avo mahery fo ity dia niezaka hanefa

ny adidiny nampianarina taminy nandritra ireo taona maro tao amin'ny fisoronana.

Fantany fa ny hany fomba ahafahan'ilay tovovavy mandray ny fitahian'ny famonjena amin'ny alalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ny manao fanekempihavanana amin'ny alalan'ny batisa. Efa nampianarin'ireo filohan'ny kôlejy rehetra nisy azy izy araka ireo fanekempihavanana, nanomboka tamin'ny diakona ka hatrany amin'ny mpisorona avo.

Tsaroany ary tsapany ny fianianany sy fanekempihavanany ao amin'ny fisoronana. Mbola mitandrina izany izy.

Vavolombelona izy ary misiônera ho an'ny Mpamonjy na aiza na aiza misy azy. Efa tena tao am-pony izany. Ny faniriana tao am-pony dia ny hoe afaka hiova ny fon'ity tovovavy ity amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fitandremana fanekempihavanana masina.

Ny fotoana nandalovany tao amin'ny sekolin'ny fisoronana tamin'ity fiainana ity dia ho fohy ihany raha oharina amin'ny mandrakizay. Kanefa ao anatin'izany fotoana fohy izany dia voafehiny ireo boky fianaran'ny mandrakizay. Ho entiny miaraka aminy na aiza na aiza hitondran'ny Tompo azy ireo leson'ny fisoronana izay manandanja mandrakizay.

Tsy hoe tokony hiezaka hianatra fotsiny ireo leson'ny fisoronana ianao mandritra ity fiainana ity fa tokony ihany koa hanana fijery tsara momba izay azo tanterahana. Misy vitsivitsy amintsika mety hametra ao an-tsaintsika ny fahafahantsika mianatra izay atolotry ny Tompo amintsika rehefa eo am-panompoana Azy.

Nisy tovolahy iray nandao ny tanana kely niaviany tany Pays de Galles tany amin'ny taona 1840 tany ho any, naheno ireo Apôstôlin'Andriamanitra, ary niditra tao amin'ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany. Niantsambo niaraka tamin'ireo Olomasina ho aty Amerika izy ary nitondra sarety namakivaky ireo lemaka niankandrefana. Tao amin'ny andiany faharoa nanaraka ny fahatongavan'i Brigham Young teto amin'ity lohasahy ity izy. Ny asa fanompoany tao amin'ny fisoronana dia nahitana ny fanadiovana sy ny fiasana tany hambolena.

Namidiny varo-boba ilay toerampambolena mba handehanana hanao asa fitoriana ho an'ny Tompo ho an'ny amin'ny tany foana izay ankehitriny dia ny faritra Nevada, mba hikarakara ondry. Avy teo no niantsoana azy hanao asa fitoriana hafa niampita ny ranomasimbe ho any amin'ilay tanàna nilaozany tao anatin'ny fahantrany mba hanarahana ny Tompo.

Tamin'ny alalan'izany rehetra izany no nahitany fomba hianarana niaraka tamin'ireo rahalahiny ao amin'ny fisoronana. Noho izy mpitory filazantsara feno fahasahiana dia nidina tamin'ilay lalana manokana tany Pays de Galles mankamin'ny tranobe fialantsasatr'ity lehilahy iray izay efa in'efatra no praiminisitr'i Angleterre ity izy mba hanolorana azy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Nampandrosoan'ity olo-malaza ity tao an-tranony izy. Avara-pianarana nivoaka avy tao amin'i Eton College sy tao amin'ny Oniversiten'i Oxford izany lehilahy izany. Noresahin'ilay misiônera taminy ny mikasika ny fiavian'ny zanak'olombelona sy ny anjara toerana lehibe ananan'i Jesoa Kristy eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao, ary hatramin'ny hiafaran'ireo firenena.

Tamin'ny fiafaran'ny resadresak'izy ireo, dia nolavin'ilay mpampiantrano ny fanasan'ilay misiônera azy mba ho atao batisa. Kanefa raha hisaraka iny izy ireo, dia nanontanian'ity mpitondra an'ilay fanjakana lehibe maneran-tany ity ilay misiônera feno fanetren-tena nanao hoe: "Taiza ianao no nandia fianarana?" Namaly izy hoe: "Tao amin'ny fisoronan'Andriamanitra."

Mety efa nisy fotoana nieritreretanao hoe tahaka ny ahoana no hahatsara lavitra kokoa ny fiainanao raha mba tafiditra nianatra tao amin'ny sekoly malaza iray ianao. Mivavaka aho mba ho hitanao ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra anao sy ny fahafahana nomeny anao hiditra ao amin'ny Sekolin'ny fisoronany.

Raha toa ianao ka mazoto sy mankatò ao amin'ny fisoronana dia harena mirakitra fahalalana ara-panahy no harotsaka eo aminao. Hitombo ianao eo amin'ny herinao hanoherana ny ratsy sy hitoriana ny fahamarinana izay mitondra mankamin'ny famonjena. Hahita fifaliana ianao ao amin'ny fifalian'ireo izay tarihinao ho any amin'ny fisandratana. Ho tonga toeram-pianarana ny ankohonanao.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fanalahidin'ny fisoronana dia efa naverina tamin'ny laoniny. Mihazona sy mampiasa ireo fanalahidy ireo ny Filoha Thomas S. Monson. Velona Andriamanitra ary mahafantatra tsara anao. Velona i Jesoa Kristy. Voafidy ianao hanana ny voninahitra hihazona ny fisoronana masina. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:87.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119, 122.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:133.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:27.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:56.





Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ny Herin'ny Fisoronana

*Aoka isika ho mpihazona mendrika ny hery masin'ny fisoronana izay hazonintsika. Enga anie hitahy ny fiainantsika izany ary ho ampiasaintsika entina hitahiana ny fiainanan'ny hafa.*

Nivavaka sy nandalina naharitra aho mikasika ny zavatra hoteneniko anio hariva. Tsy maniry ny hanafintohina an'iza na iza aho. Nieritreritra aho hoe: "Inona moa ireo fanamby atrehantsika? Inona ireo zavatra iainako isan'andro ka mahatonga ahy hitomany tsindraindray amin'ny alina?" Nieritreritra aho fa hiresaka mikasika ny sasantsasany amin'ireo fanamby ireo anio hariva. Azo ampiharina ho an'ny zatovolahy ny sasany amin'izy ireo. Azo ampiharina ho an'ireo vantombatony amin'ny taona ny sasany amin'izy ireo. Ary ho an'ireo zokinjokiny kely ny sasantsasany amin'izy ireo. Tsy hiresaka amin'ireo antitra kosa isika.

Ka dia te-hanomboka ity fotoana ity aho amin'ny filazana tsotra fotsiny hoe nahasoa antsika tokoa ny fiarahana tamin'ity takariva ity. Nandre hafatra mahafinaritra sy mifanentana amin'ny fisoronan'Andriamanitra isika. Nahazo hery sy voaentana ara-panahy niaraka taminareo aho.

Anio hariva aho dia te-hiresaka mahakasika ireo zavatra izay nanitikitika ny saiko fatratra faramparany izay tsapako fa tokony ho zaraina aminareo. Na amin'ny fomba ahoana na manao ahoana izany rehetra izany dia mifandraika amin'ny fahamendrehan'ny tena manokana izay takiana mba handraisana sy hampiasana ny hery masin'ny fisoronana izay hazonintsika.

Mamela ahy hanomboka amin'ny fitanisana aminareo ny ao amin'ny fizarana 121 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:

"Fa ireo zon' ny fisoronana dia mifamatotra tsy azo sarahina amin' ny herin' ny lanitra, ary . . . ny herin' ny lanitra dia tsy azo fehezina na ampiasaina raha tsy araka ireo fitsipiky ny fahamarinana.

"Marina fa azo atolotra antsika ireo zo ireo; kanefa rehefa miezaka ny hanafina ny fahotantsika isika, na ny hampanarana ny fiavonavonantsika sy ny hambom-pontsika poaka aty, na ny hampiasa fifehezana na fanjakazakana na fanerena amin' ny fanahin' ny zanak'olombelona, na manao ahoana na manao ahoana ampahan'ny tsy fahamarinana amin' izany, dia indro, misintona ny lanitra; malahelo ny Fanahin'ny Tompo; ary rehefa misintona izany, dia Amena ho an' ny fisoronana na ny fahefan' izany lehilahy izany."[1]

Ry rahalahy, izany dia teny mandidy avy amin'ny Tompo mahakasika ny Fahefany masina. Tsy afaka ny hisalasala isika mahakasika ny andraikitra avy amin'izany andalan-tsoratra masina izay apetraka eo amintsika tsirairay izay mihazona ny fisoronan'Andriamanitra izany.

Tonga eto an-tany amin'ny fotoana mahaory isika. Ny fenitra arapitondrantena iainan'ny be sy ny maro dia efa nitontongana tsikelikely amin'ny endriny hoe "azoko atao daholo izay tiako atao."

Efa ela niainana aho ka nanatrimaso ny fitontonganana arapitondran-tenan'ny fiaraha-monina. Nisy fotoana saika nitovy ny fenitra eo am-piangonana sy ny fenitra iainana eo amin'ny fiaraha-monina. Ankehitriny dia misy hantsana goavana manasaraka antsika ary tsy mitsahatra mihamalalaka hatrany izany.

Maro ireo horonantsary sy fandaharana amin'ny fahitalavitra izay mampiseho fihetsika mifanohitra tanteraka amin'ireo lalàn'Andriamanitra. Aza manaiky ho resy lahatra amin'ny fahalotoana amin'ny endriny mibaribary na ankolaka izay matetika hita etsy sy eroa. Tafiditra ao anatin'izany laharanjavatra izany koa ny tononkiran'ny ankamaroan'ireo hira ankehitriny. Ny fanimbazimbana izay manenika tokoa ny manodidina antsika ankehitriny dia tsy ho azo noleferina tamin'ny fotoana taloha izay vao tsy ela akory. Mampalahelo fa tonontononina foana imbetsaka dia imbetsaka tokoa ny anaran'ny Tompo. Handeha hotsaroantsika miaraka ilay didy—iray amin'ireo folo—izay nambaran'ny Tompo tamin'i Mosesy teo amin'ny Tendrombohitra Sinay: "Aza manonona foana ny anaran'i Jehovah Andriamanitrao; fa tsy hataon'i Jehovah ho tsy manantsiny izay manonona foana ny anarany."[2] Malahelo aho fa na iza na iza amintsika dia mirona amin'ny fiteny tsy maontina ary dia miangavy aho ny hanajanonana ny fampiasana izany. Milela-paladia aho ny mba tsy hitenenanareo na hanaovanareo zavatra izay tsy hahafahanareo mirehareha ny aminy.

Alaviro tanteraka ny pôrnôgrafia. Aza manandrakandrana mijery izany akory. Voaporofo fa zavatra mampiankin-doha isan'ny sarotra ialana

indrindra izany. Ialao ny zava-pisotro misy alikaola sy ny sigara sy ny paraky na rehefa mety zava-mahadomelina hafa, izay mampiankin-doha ary sarotra ialana ihany koa.

Inona no hiaro anareo amin'ireo ota sy faharatsiana manodidina anareo? Manambara aho fa ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka ny amin'ny Mpamonjy sy ny Filazantsarany dia hanampy hitarika anareo amin'ny toerana azo antoka. Raha mbola tsy namaky ny Bokin'i Môrmôna ianareo dia vakio izany. Tsy mangataka anareo mba hanangan-tanana aho. Raha mamaky izany amim-bavaka sy amim-piniavana ianareo mba hahafantatra ny fahamarinana, dia ny Fanahy Masina no haneho ny fahamarinan'izany aminareo. Raha marina izany—ary izany tokoa *no izy*—dia mpaminany izany i Joseph Smith izay nahita an'Andriamanitra Ray sy an'i Jesoa Kristy Zanany. Marina ny Fiangonana. Raha toa ka mbola tsy manana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ireo zavatra ireo ianareo dia ataovy izay ilaina atao mba hahazoana izany. Zava-dehibe ho anareo ny fananareo fijoroana ho vavolombelona anareo manokana, satria ny fijoroana ho vavolombelon'ny hafa dia tsy afaka ny hanampy anareo ho lasa lavitra. Rehefa avy nandray fijoroana ho vavolombelona ianareo dia mila mihazona sy mampiaina izany amin'ny alalan'ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny vavaka sy fandalinana ny soratra masina tsy tapaka. Mandehana any am-piangonana. Ianareo ry zatovolahy, manaova seminera na institiota ianareo raha misy an'izany any aminareo.

Raha sendra misy zavatra tsy mety eo amin'ny fiainanareo dia misy lalana foana hivoahana amin'izany. Atsaharo ny fiainana tsy am-pahamarinana. Miresaha amin'ny evekanareo. Na inona na inona olana dia azo vahana amin'ny alalan'ny fibebahana marina izany. Afaka ny ho voadio indray ianareo. Hoy ny Tompo, raha niresaka mahakasika ireo izay mibebaka, "Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, Dia ho fotsy tahaka ny oram-panala,"[3] "ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony."[4]



Namaritra ny tenany ho eto amin'izao tontolo izao ny Mpamonjin'ny zanak'olombelona fa tsy naman'izao tontolo izao.[5] Isika ihany koa dia afaka ny ho eto amin'izao tontolo izao fa tsy naman'izao tontolo izao rehefa mandà ny foto-kevitra sy fampianarana diso ary mijanona ho mahatoky amin'izay zavatra nandidian'Andriamanitra antsika.

Ankehitriny dia nieritreritra betsaka anareo tovolahy tanora aho izay amin'ny taonan'ny fanambadiana kanefa mbola tsy mahatsapa ny hiroso amin'izany. Mahita tovovavy mahate-ho tia aho, izay maniry ny ho alaina vady ary hanana fianakaviana, saingy voafetra ihany ny fahafahany satria manemotra ny firosoana amin'ny fanambadiana ireo tovolahy tanora.

Tsy toe-javatra vaovao izany. Maro ny zava-boalaza mahakasika io resaka io izay nataon'ireo Filohan'ny Fiangonana teo aloha. Zaraiko aminareo ny iray na roa fotsiny amin'ny torohevitr'izy ireo.

Hoy ny Filoha Harold B. Lee hoe: "Tsy manatanteraka ny adidintsika amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika isika rehefa tsy manambady amin'ny fotoana tokony hanaovana izany ary manakana ny tenantsika tsy hanatanteraka fanambadiana feno haja miaraka amin'ireto tovovavy maha-te-ho tia."[6]

Nilaza toy izao ny Filoha Gordon B. Hinckley: "Malahelo . . . ireo rahavavy tokan-tena ny foko, izay mikatsaka mafy ny fanambadiana kanefa tsy mety mahita izany. . . . Tsy faly amin'ireo tanora zatovolahy kosa aho, izay noho ny fombafomban'ny fiarahamonintsika dia manana ny andraikitra ny hanapa-kevitra raha ny mahakasika izany resaka izany kanefa tsy manao izany."[7]

Tsikaritro fa misy antony maro izay mahatonga anareo hisalasala hanao izany dingan'ny fanambadiana izany. Raha toa ka miahiahy mahakasika ny fiainana ara-bola ho anareo sy ny vadinareo ianareo dia mamela ahy hanome toky fa tsy mahamenatra ho an'ny mpivady ny voatery mihafy sy manangona. Amin'ny ankapobeny dia mandritra ireo fotoam-pahasahiranana ireo no mampifanatona bebe kokoa ny mpivady rehefa eo am-piezahana hahafoy tena sy mandray fanapahankevitra sarotra. Angamba mety ho matahotra ny hanao safidy diso ianareo. Raha ny mahakasika izany dia miteny aho hoe mila mampihatra finoana ianareo. Mitadiava olona izay mifanentana aminareo. Fantaro anefa fa tsy afaka ny haminavina ny olana rehetra izay mety hitranga ianareo, fa mahazoa toky fa ho azo vahàna ny zavadrehetra raha toa ka mitady vahaolana ianareo ary raha toa ka manolo-tena ianareo hanao izay hampamety ny fanambadianareo.

Angamba mety mahazo fahafinaretana loatra ianareo amin'ny mahampitovo anareo, mandeha fialan-tsasatra diso tafahoatra, mividy fiara sy kilalao lafo vidy ary mifaly tsotr'izao amin'ny fiainana tsy mivaky loha miaraka amin'ireo namana. Nifanena tamin'ny vondrona tanora toa anareo aho izay nandehandeha niaraka, ary miaiky aho fa nanontany tena mihitsy hoe nahoana no tsy miaraka amin'ny tanora tovovavy mahafatifaty izy ireo.

Ry rahalahy misy fotoana izay tokony hieritreretana amim-pahamatorana mahakasika ny fanambadiana ary hitadiavana namana izay irinareo hiara-dalana aminareo mandrakizay. Raha misafidy amim-pahendrena ianareo, ary raha toa ka manolo-tena hahita fahombiazana eo amin'ny fanambadianareo, dia tsy hisy zavatra eto amin'ity fiainana ity ka hitondra fahasambarana lehibe mihoatra izany ho anareo.

Rehefa manambady ianareo ry



rahalahy, dia haniry ny hanambady any amin'ny tranon'ny Tompo. Satria ho anareo izay mihazona ny fisoronana dia tokony tsy hisy safidy hafa. Mitandrema, fandrao handrava ny fahafahanareo hanatontosa fanambadiana toy izany. Afaka mampiaraka amin'ny fomba madio ianareo kanefa sady mahazo fahafinaretana amin'ny fotoana iarahana ihany koa.

Ankehitriny ry rahalahy dia hijery zavatra hafa aho izay tsapako fa tokony horesahina aminareo. Tao anatin'ny telo taona hatramin'ny nanohanana ahy ho Filohan'ny Fiangonana dia mino aho fa ny andraikitra mampalahelo sy mahakivy indrindra dia ny fandraisana fanapahan-kevitra hanafoanana ny famehezana. Nialohavan'ny fanambadiana feno fifaliana tany amin'ny Tranon'ny Tompo ny tsirairay tamin'izy ireny, izay nanombohan'ny mpivady vao ny fiainambaovao miaraka ary niandrandrany ny hiarahan'izy ireo hatramin'ny mandrakizay. Ary rehefa nandeha ny volana sy ny taona dia maty ny fitiavana, noho ny antony maro samihafa. Mety ho vokatry ny olana ara-bola izany, na ny tsy fahampian'ny fifampiresahana, na ny fahatezerana tsy voafehy, na ny fifamaliana teo amin'ny rafozana na fisafotofotoana tamin'ny ota. Misy antony maro azo heverina. Amin'ny ankamaroany dia tsy voatery ho fisaraham-panambadiana no iafarany.

Ny ankamaroan'ny fangatahana mba hanafoana ny famehezana dia avy amin'ireo vehivavy izay niezaka tamim-pahakiviana hampamety ny fanambadiana kanefa, taorian'ny fanombatombanana farany, dia tsy naharesy ireo olana.

Safidio amim-pitandremana sy amim-bavaka izay ho namanareo; ary rehefa manambady ianareo dia aoka hisy fifampitokisana tanteraka eo aminareo. Misy torohevitra sarobidy hitako indray mandeha teo amin'ny takelaka kely iray tao an-tokantranon'ny dadatoa sy nenitoako. Toy izao izany: "Safidio izay ho tianao; ary tiavo izay nosafidinao." Misy hevi-pahendrena lehibe fonosin'ireo teny vitsivitsy ireo. Tena zava-dehibe indrindra ny fanoloran-tena eo amin'ny fanambadiana.

Mitovy lenta aminareo ny vadinareo. Ao amin'ny fanambadiana dia tsy misy hoe ambony na ambany kokoa noho ilay iray hafa. Miara-dalana ianareo amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra anareo. Tsy natao ho ambanimbaniana na haratsiratsiana ny vehivavy fa tokony omena haja sy tiavina. Nilaza ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Raha misy lehilahy ato amin'ity Fiangonana ity izay . . . mampihatra fanjakazakana tsy voahevitra amin'[ny vadiny] dia tsy mendrika ny hihazona ny fisoronana. Na dia atao hoe notendrena aza izy dia misintona ny lanitra, malahelo ny fanahin'ny Tompo ary ho amena ho an'ny fisoronan'izany lehilahy izany."[8]

Nilaza toy izao ny Filoha Howard W. Hunter mahakasika ny fanambadiana hoe: "Ny fahitana fifaliana sy fahombiazana ara-panambadiana dia amin'ny ankapobeny tsy noho ny hoe nanambady an'ilay olona tena izy fa hoe efa *ilay olona tena izy ianao*." Tiako izany. "Ny ezaka hanao am-piheverana ny anjaran'ny tena feno no singa lehibe indrindra mahatonga ny fahombiazana."[9]

Taona maro lasa izay tao amin'ny paroasy izay niadidiako fony aho eveka dia nisy mpivady izay matetika misy tsy fitovian-kevitra goavana sy manahirana. Tena tsy fitovian-kevitra be tokoa no tiako tenenina. Izy roa dia samy mitohika amin'ny heviny. Ary tsy te-handefitra amin'ilay iray hafa. Rehefa tsy mifamaly izy ireo dia miezaka miaina ilay antsoiko hoe sarintsarin'ny fampiatoan'ady.

Indray andro tamin'ny 2 ora maraina dia nandray antso an-tariby avy tamin'ireto mpivady ireto aho. Tehiresaka tamiko izy ireo ary tiany raha teo no ho eo no hanaovana izany. Niarina tamim-pahalainana avy tao ampandriana aho, niakanjo ary nandeha tany an-tranony. Nipetraka nifanatrika izy ireo teo amin'ny efitrano ary tsy nifampiresaka. Tamin'ny alalako no niresahan'ilay vehivavy tamin'ny vadiny. Avy eo dia amin'ny alalako no hamalin-dralehilahy ny vadiny. Niasa saina aho hoe: "Ahoana loatra re no fomba handaminako ireto mpivady ireto e?"

Nivavaka aho mba hahazo fitaomam-panahy ary dia tonga tato an'eritreritro ny hametraka azy ireo fanontaniana iray. Hoy aho: "Hafiriana izay no lasa taorian'ny nandehananareo tany amin'ny tempoly ka nanatrehanareo famehezana tany amin'ny tempoly?" Niaiky izy ireo fa tena efa ela mihitsy izay. Izy ireo anefa dia olona mendrika izay mihazona ny fahazoandalana hiditra ny tempoly ary nanatanteraka ôrdônansy ho an'ireo hafa koa.

Hoy aho tamin'izy ireo hoe: "Handeha hiaraka amiko ho an'ny amin'ny tempoly ve ianareo amin'ny Alarobia maraina amin'ny valo? Hanatrika fotoana famehezana any isika."

Niara-nanontany izy ireo hoe: "An'iza?"

Hoy aho namaly hoe: "Tsy fantatro. Ho an'izay mifanambady amin'izany andro maraina izany fotsiny."

Ny Alarobia manaraka tamin'ilay ora voatondro dia nihaona teo amin'ny Tempolin'i Salt Lake izahay. Niditra ny efitrano kanton'ny famehezana izahay telo, tsy nahafantatra na iza na iza afatsy ny Loholona ElRay L. Christiansen, izay Mpanampy ny Kôlejin'ny Roambinifololahy tamin'izany, toerana Manampahefana Ambony izay nisy

tamin'izany fotoana izany. Voalamina fa hanao famehezana ny mpivady tao amin'izany efitrano izany indrindra ny Loholona Christiansen tamin'io maraina io. Mino aho fa nieritreritra izao ny fianakavian'ilay vavy hoe: "Naman'ny lahy angamba ireto," ary ny fianakavian'ilay lahy hoe: "Naman'ny vavy angamba ireto." Ireo mpivady niaraka tamiko dia nipetraka teo amin'ilay seza lava nifanelanelana teo amin'ny enimpolo santimetatra teo ho eo.

Nanomboka tamin'ny torohevitra ho an'ireo mpivady izay hatao rahararaha ny Loholona Christiansen, ary nataony tamin'ny fomba nahafinaritra tokoa izany. Nilaza momba ny fomba tokony hitiavan'ny lahy ny vadiny izy ary ny fomba tokony hanehoany fanajana azy, ary ny fankasitrahana azy amin'ny maha-fon'ny tokantrano azy. Avy eo dia niresaka tamin'ny vavy amin'ny fomba tokony hanajany ny vadiny izy amin'ny maha-lohan'ny tokantrano azy ary ny tokony hanohanany azy amin'ny endriny rehetra.

Tsikaritro fa nandritra ny firesahan'ny Loholona Christiansen tamin'ireto mpivady ireto, dia nifanatona tsikelikely koa ilay mpivady niaraka tamiko. Tsy ela dia nifanakaiky mihitsy izy ireo. Ny nahafinaritra ahy dia samy nikisaka tamin'ny fotoana iray izy ireo. Tamin'ny fiafaran'ilay fotoana dia nifampitakisina mihitsy ilay mpivady niaraka tamiko toy ireny hoe *izy ireo* ireny indray no mpivady vao. Samy nitsiky koa izy roa.

Nivoaka ny tempoly izahay tamin'izany andro izany ary tsy nisy nahafantatra hoe iza izahay ary inona no nahatongavanay teo, saingy nifampitantana ireto namako ireto teo ampivoahana ny varavarana. Nilamina ny tsy fitovian-kevitr'izy ireo. Tsy nila niteny aho na indraim-bava aza. Hitanareo fa tsaroan'izy ireo ny fotoam-panambadiany sy ny fanekempihavanana izay nataony tany amin'ny tranon'Andriamanitra. Nanolo-tena ny hamerina hanomboka indray izy ireo ary hiezaka mafy kokoa amin'ity indray mitoraka ity.

Raha toa ka misy manana olana amin'ny fanambadianareo ianareo dia mamporisika anareo aho mba hanaovanareo izay rehetra ilaina handravonana izany, mba ho faly toy ny tamin'ny fotoana nanombohanareo ny fanambadianareo indray ianareo. Isika izay vita fanambadiana tany amin'ny Tranon'ny Tompo dia manao izany ho an'izao fiainana izao sy ho an'ny mandrakizay, ary avy eo tsy maintsy manao ny ezaka rehetra ilaina hahatontosana izany. Hitako fa misy toe-javatra izay tsy afaka hanavotana intsony ny fanambadiana, kanefa mandray fahatsapana mivaivay aho fa ho an'ny ankamaroan'ny hafa dia afaka ary tokony ho avotra izany. Aza avela ho tonga amin'ny toe-javatra mety hitera-doza ny fanambadianareo.



Nampianatra ny Filoha Hinckley fa safidintsika tsirairay avy izay mihazona ny fisoronan'Andriamanitra ny mamehy ny tenantsika mba hahafahana miaina araky ny fenitra ambony kokoa noho ny an'izao tontolo izao. Zavadehibe anefa ny tokony haha-lehilahy maontina sy manan-kaja antsika. Tokony tsy ho azo kianina ny fihetsika ataontsika.

Ny teny izay lazaintsika, ny fomba hifandraisantsika amin'ny hafa ary ny fomba fiainantsika dia hisy fiantraikany eo amin'ny fahombiazantsika amin'ny maha-lehilahy na zatovolahy mpihazona ny fisoronana antsika.

Tsy voavidy vola ny fanomezana avy amin'ny fisoronana. Ahitana ny fahefana amin'ny maha-mpanompo hanaovana ny asan'Andriamanitra, hametrahan-tanana ireo marary, hitahiana ny fianakaviantsika ary hitahiana ny hafa izany. Ny fahefany dia manankery mihoatra ny voalin'ny fahafatesana, ary hatramin'ny mandrakizay. Tsy misy zavatra azo oharina amin'izany eto amin'izao tontolo izao. Tandrovy izany, kolokoloy izany, tiavo izany ary manàna fiainana mendrika izany.[10]

Ry rahalahiko malala, enga anie ka hitarika ny dingana tsirairay eo amin'ny fiainantsika ny fahamarinana. Aoka isika ho mpihazona mendrika ny hery masin'ny fisoronana izay hazonintsika, anio ary ho mandrakizay. Enga anie hitahy ny fiainantsika izany ary ho ampiasaintsika entina hitahiana ny fiainan'ireo hafa, toy ny nataon'ilay izay niaina sy maty ho antsika—dia i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjy antsika. Izany no vavaka ataoko amin'ny Anarany masina, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36–37.
2. Eksôdôsy 20:7.
3. Isaia 1:18.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42.
5. Jereo ny Jaona 17:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:5.
6. "President Harold B. Lee's General Priesthood Address," *Ensign,* Jan. 1974, 100.
7. Gordon B. Hinckley, "What God Hath Joined Together," *Ensign,* Mey 1991, 71.
8. Gordon B. Hinckley, "Personal Worthiness to Exercise the Priesthood," *Liahona,* Jolay 2002, 60.
9. *The Teachings of Howard W. Hunter,* edisiona navoakan'i Clyde J. Williams (1997), 130.
10. Jereo ny Gordon B. Hinckley, *Liahona,* Jolay 2002, 58–61.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Miandry eny amin'ilay Lalana Mankany Damaskosy

*Ireo izay mikatsaka amim-pahavitrihana ny hianatra momba an'i Kristy no ho lasa hahafantatra Azy amin'ny farany.*

Ny iray tamin'ireo zava-niseho tena niavaka indrindra teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao dia niseho teo amin'ny lalana mankany Damaskosy. Fantatrareo tsara angamba ny tantaran'i Saoly, tovolahy iray izay "nampahory mafy ny fiangonana, ka nidirany isan-trano . . . ka nataony an-tranomaizina [ireo Olomasina]."[1] Feno fankahalana loatra i Saoly ka mpikambana maro tao amin'ny Fiangonana tany am-piandohana no niala tao Jerosalema tamim-panantenana ny hanalavitra ny hatezerany.

Nenjehin'i Saoly izy ireo. Saingy raha "tonga teo akaikin'i Damaskosy [izy dia] . . . nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra tampoka manodidina azy:

"Dia lavo tamin'ny tany izy ka nandre feo nanao taminy hoe: Saoly, Saoly, nahoana hianao no manenjika Ahy?"[2]

Izany zava-niseho nitondra fiovana tanteraka izany dia nanova mandrakizay an'i Saoly. Nanova an'izao tontolo izao mihitsy aza izany.

Fantatsika fa misy ny fisehoan-javatra toy izany. Raha ny marina dia mijoro ho vavolombelona isika fa nitranga tamin'ny zatovolahy iray nantsoina hoe Joseph Smith ny toe-javatra masina toy izany tamin'ny 1820. Manana fijoroana ho vavolombelona mazava sy azo antoka isika fa misokatra indray ny lanitra ary miresaka amin'ireo mpaminaniny sy apôstôliny Andriamanitra. Mihaino sy mamaly ny vavaka ataon'ireo Zanany Andriamanitra.

Na izany aza dia misy olona sasany izay mieritreritra fa raha tsy miaina toe-javatra toy ny an'i Saoly na ny an'i Joseph Smith izy ireo dia tsy afaka ny hino. Mijoro eo akaikin'ny ranon'ny batisa izy ireo saingy tsy miditra ao anatin'izany. Miandry eo an-tokonambavaravaran'ny fijoroana ho vavolombelona izy ireo fa tsy afaka mitondra ny tenany ao amin'ny fahafantarana ny fahamarinana. Raha tokony hanao ireo dingana madiniky ny finoana eny amin'ilay lalan'ny mpianatra izy ireo dia mitady zava-mitranga goavana mba hanosika azy ireo hino.

Nandany ny andron'y niandry teny amin'ny lalana mankany Damaskosy izy ireo.

## Ny Finoana Dia Tonga Tsikelikely

Nisy rahavavy malala iray izay mpikamban'ny Fiangonana mahatoky nandritra ny fiainany. Nitondra alahelo manokana anefa izy. Taona maro tany aloha tany dia matin'ny aretina izay nandalo vetivety ny zanany vavy ary mbola nisy fiantraikany taminy ny ratra avy amin'izany zavatra mampalahelo izany. Nandrotidrotika azy ireo fanontaniana lehibe miaraka amin'ny toe-javatra mitranga toy izany. Tena niaiky izy fa tsy toy ny teo aloha ny fijoroany ho vavolombelona. Nahatsapa tanteraka izy fa raha tsy maneho zavatra aminy ny lanitra dia tsy ho afaka ny hino intsony indray izy.

Koa dia niandry izy.

Misy olona maro hafa izay mahita ny tenany ho miandry eny amin'ny lalana mankany Damaskosy noho ny antony maro samihafa. Manemotra ny firotsahan'izy ireo tanteraka ho mpianatra izy ireo. Manantena ny handray ny fisoronana izy ireo saingy miahiahy ny hiaina mba ho mendrika an'izany tombontsoa izany. Maniry ny handeha ho any amin'ny tempoly izy ireo saingy manemotra ilay asa farany hanehoana finoana mba hahamendrika amin'izany. Izy ireo dia mijanona miandry hoe atolotr'azy ireo ilay Kristy toy ny sary hosodoko mahatalanjona nataon'i Carl Bloch—mba hanala tanteraka ny ahiahiny sy ny tahony.


Ny marina dia ireo izay mikatsaka amim-pahavitrihana ny hianatra momba an'i Kristy no ho lasa hahafantatra Azy aty aoriana. Hahazo fahatakarana masina manokana momba ilay



# Manampahefana Ambony ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

*Aprily 2011*

## NY FIADIDIANA VOALOHANY


Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Voalohany



Thomas S. Monson
Filoha



Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO


Boyd K. Packer


L. Tom Perry


Russell M. Nelson


Dallin H. Oaks


M. Russell Ballard



Richard G. Scott



Robert D. Hales


Jeffrey R. Holland


David A. Bednar


Quentin L. Cook


D. Todd Christofferson


Neil L. Andersen

## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY


Ronald A. Rasband


Claudio R. M. Costa


Steven E. Snow


Walter F. González


L. Whitney Clayton


Jay E. Jensen


Donald L. Hallstrom

# NY KÔLEJY VOALOHAN'NY FITOPOLOLAHY

(manaraka abidia)



Marcos A. Aidukaitis, José L. Alonso, Carlos H. Amado, Ian S. Ardern, Mervyn B. Arnold, David S. Baxter, Shayne M. Bowen, Gérald Caussé, Yoon Hwan Choi, Craig C. Christensen

Don R. Clarke, Gary J. Coleman, Carl B. Cook, Lawrence E. Corbridge, LeGrand R. Curtis Jr., Benjamín De Hoyos, John B. Dickson, Kevin R. Duncan, David F. Evans, Enrique R. Falabella

Eduardo Gavarret, Carlos A. Godoy, Christoffel Golden Jr., Gerrit W. Gong, C. Scott Grow, James J. Hamula, Keith K. Hilbig, Richard G. Hinckley, Marlin K. Jensen, Daniel L. Johnson

Paul V. Johnson, Patrick Kearon, Yoshihiko Kikuchi, Paul E. Koelliker, Erich W. Kopischke, Richard J. Maynes, Marcus B. Nash, Brent H. Nielson, Allan F. Packer, Kevin W. Pearson

Anthony D. Perkins, Paul B. Pieper, Rafael E. Pino, Bruce D. Porter, Carl B. Pratt, Dale G. Renlund, Michael T. Ringwood, Lynn G. Robbins, Cecil O. Samuelson Jr., Joseph W. Sitati

Ulisses Soares, Gary E. Stevenson, Michael John U. Teh, José A. Teixeira, Octaviano Tenorio, Juan A. Uceda, Francisco J. Viñas

W. Christopher Waddell, William R. Walker, F. Michael Watson, Kazuhiko Yamashita, Jorge F. Zeballos, Claudio D. Zivic, W. Craig Zwick

# NY KÔLEJY FAHAROAN'NY FITOPOLOLAHY

(manaraka ny abidia)



Wilford W. Andersen, Koichi Aoyagi, Randall K. Bennett, Tad R. Callister

Craig A. Cardon, Bruce A. Carlson, J. Devn Cornish, Keith R. Edwards


Stanley G. Ellis, Bradley D. Foster, Larry W. Gibbons, O. Vincent Haleck

Won Yong Ko, Larry R. Lawrence, Per G. Malm, James B. Martino

Jairo Mazzagardi, Kent F. Richards, Gregory A. Schwitzer, Lowell M. Snow

Paul K. Sybrowsky, Kent D. Watson, Larry Y. Wilson

# NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Richard C. Edgley
Mpanolotsaina Voalohany

H. David Burton
Eveka Mpiahy

Keith B. McMullin
Mpanolotsaina Faharoa









***Ireo "mpiray fanjakana amin'ny olona masina" (Efesiana 2:19) manerana an'izao tontolo izao dia mivory mandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha-181. Aseho sary manaraka ny sahazam-pamantaranandro manomboka avy eny amin'ny farany ambony havia ireo Olomasin'ny Andro farany tany Lusaka, Zambie; Kiev, Ukraine; St. Catherine, Jamaique; São Paulo, Brésil; Odenton, Maryland, Etazonia; Dortmund, Allemagne; ary Coimbra, Portugal.***







Mpampianatra izy ireo na matetika aza izany no tonga toy ny endriky ny piozila—singany iray ihany isaky ny mandeha. Mety tsy mora ny hamantarana ny singan-javatra iray manokana rehefa mandeha irery—mety tsy mazava ny fomba ifandraisan'izany amin' izy rehetra. Ny singany tsirairay avy dia manampy antsika hahita tsara kely kokoa ilay endriny rehefa mitambatra. Aty aoriana, rehefa ampy ny isan'ireo singany natambatra dia ho fantatsika ny hakanton'izy iray anontolo. Dia raha miverina mijery ny zavatra niainantsika isika, dia mahita fa tena niaraka tamintsika tokoa ny Mpamonjy—tsy hoe tampotampoka teo fa tamin'ny fomba mangina sy tony ary saika tsy tsikaritra mihitsy aza.

Afaka hiaina izany isika raha toa ka mandroso amim-pinoana ary tsy miandry ela loatra eo amin'ny lalana mankany Damaskosy.



#### Mihainoa ary Mankatoava

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa tia ny Zanany ny Raintsika any an-danitra. Tia antsika Izy. Tia anao izy. Rehefa ilaina dia hitondra anao hihoatra ireo sakana ny Tompo rehefa mikatsaka ny fiadanana miaraka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina ianao. Matetika Izy no miresaka amintsika amin'ny fomba izay tsy heno raha tsy amin'ny alalan'ny fontsika ihany. Mba hahenoana tsara kokoa ny feony, dia tsara kokoa raha vonoina ny feon'ny tabataban'izao tontolo izao eo amin'ny fiainantsika. Raha tsy miraharaha na raha manakana ny bitsiky ny Fanahy isika, na inona na inona antony, dia lasa zara raha fantatra izany ary tonga any amin'ny tsy fahafahantsika maheno izany intsony. Aoka isika hianatra hihaino ny bitsiky ny Fanahy ary avy eo maniry ny hanaraka izany.

Ny mpaminany malalantsika, Thomas S. Monson, dia ohatra iray ho antsika eo amin'izay lafiny izay. Maro be ireo tantarany mikasika ny fihainoany ny bitsiky ny Fanahy. Mitantara ohatra iray mikasika izany ny Loholona Jeffrey R. Holland:

Indray mandeha raha nirahina nanao asa tany Louisianne ny Filoha Monson, dia nanontany azy ny filohan'ny tsatòka iray raha toa ka manana fotoana hamangiana ankizivavy 10 taona iray nantsoina hoe Christal izy izay efa tonga tany amin'ny ambaratonga farany ny homamiadana nahazo azy. Nivavaka ny mba hahatongavan'ny Filoha Monson ny fianakavian'i Christal. Saingy tena lavitra ny tranon'izy ireo ary tery be ny fandaharam-potoana ka tsy nisy fotoana nanaovana izany. Noho izany dia nangataka an'ireo izay manao vavaka mandritra ny fihaonamben'ny tsatòka ny Filoha Monson mba hampiditra an'i Christal ao anatin'ny vavaka ataon'izy ireo. Azo antoka fa hahazo an-tsaina ny zava-miseho ny Tompo sy ilay fianakaviana.

Nandritra ny fivoriana Asabotsy tamin'ilay fihaonambe, rehefa nitsangana mba handray fitenenana ny Filoha Monson, dia nibitsika ny Fanahy hoe: "Avelao ny zaza hanatona ahy, ary aza rarana; fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra."[3]

"Lasa nanjavozavo ny zavatra nosoratany. Niezaka ny hanohy ny lohahevitry ny fivoriana araka ny efa napetraka izy saingy tsy nety afaka tao an-tsainy ny anarana sy ny sarin'[ilay ankizivavy kely]."[4]

Nihaino ny Fanahy izy ary nanamboatra ny fandaharam-potoanany. Vao maraim-be ny ampitson'izany dia nandao ireo sivy amby sivifolo ny Filoha Monson ary nandeha ankilaometatra maro mba ho eo andoham-pandrian'ilay anankiray.

Vao tonga tany izy dia "nijery an'ilay zaza izay narary loatra ka tsy afaka nitsangana ary osa loatra ka tsy afaka niteny. Nampahajamba azy ny aretiny. Tohina lalina tamin'ny zava-niseho sy tamin'ny Fanahin'ny Tompo . . . , Rahalahy Monson ka dia nametraka ny tanana marefon'ilay zaza teo amin'ny azy. 'Christal a!' hoy izy nibitsibitsika, 'Inty aho.'

"Tao anatin'ny ezaka mafy no nibitsibitsihany namaly hoe: 'Ry Rahalahy Monson, fantatro fa ho avy ianao.'"[5]

Ry rahalahy sy rahavavy, aoka isika hiezaka ny ho anisan'ireo izay azon'ny Tompo itokisana mba hihaino ny bitsibitsiny sy hamaly toy ny nataon'i Saoly teny amin'ny *lalany* ho any Damaskosy hoe "Inona no tianao hataoko Tompoko?"[6]

#### Manompoa

Ny antony iray tsy hahafantarantsika ny feon'ny Tompo indraindray eo amin'ny fiainantsika dia satria mety tsy tonga mivantana eo amintsika toy ny valin'ny vavaka ataontsika ireo fanambaran'ny Fanahy.

Ny Raintsika any an-danitra dia manantena antsika mba handinika izany ao an-tsaina aloha ary avy eo mivavaka mba hahazo fitarihana eo amin'ny fitadiavana ny valin'ireo fanontaniana sy olana eo amin'ny fiainantsika manokana. Manana ny fanomezan-tokin'ny Raintsika any an-danitra isika fa hihaino sy hamaly ny vavaka ataontsika Izy. Ny valiny dia mety tonga amin'ny alalan'ny feo sy ny fahendren'ireo namana sy



fianakaviana hatokisana, sy amin'ny alalan'ny soratra masina ary amin'ny alalan'ny tenin'ireo mpaminany.

Raha ny zavatra niainako dia tsy ho tombontsoantsika fotsiny ny sasany amin'ireo bitsika mahery vaika azontsika fa koa ho an'ny tombontsoan'ny hafa. Raha toa ka tsy mieritreritra afa-tsy ny tenantsika isika dia mety tsy hahazo ny sasantsasany amin'ireo traikefa ara-panahy tena mahery vaika sy tsy hahazo ireo fanambarana lalina ho an'ny fiainantsika.

Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nampianatra ity foto-kevitra ity rehefa nilaza hoe: "Tena mahita antsika Andriamanitra ary miambina antsika. Saingy matetika dia amin'ny alalan'ny olona anankiray hafa no hanomezany izay ilaintsika. Noho izany dia zava-dehibe ny fifanompoantsika."[7] Ry rahalahy sy rahavavy, isika tsirairay dia manana andraikitra noho ny fanekempihavanantsika mba hahafantatra izay ilain'ny hafa sy hanompo toy ny nataon'ny Tompo—mba hanampiana sy hitahiana ary hanomezana hery ireo izay manodidina antsika.

Matetika ny valin'ny vavaka ataontsika dia tsy tonga rehefa mandohalika isika fa rehefa mijoro ka manompo ny Tompo sy ireo olona manodidina antsika. Ny asa fanompoana sy fanokanana feno fitiavana dia manadio ny fanahintsika, manala ny kiran'ny hazandrano amin'ny masontsika ara-panahy ary manokatra ny varavaran'ny lanitra. Rehefa lasa valin'ny vavaka nataon'ny olona anankiray isika dia matetika mahita ny valin'ny vavaka nataontsika.

#### Mizarà

Misy fotoana indraindray izay hanambaran'ny Tompo amintsika zavatra izay tsy natao afa-tsy ho antsika irery ihany. Na dia izany aza, dia maro dia maro ireo tranga izay nanomezan'ny Tompo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana an'ireo izay hizara izany amin'ny hafa. Izany foana no zava-niseho niaraka tamin' ireo mpaminany rehetra hatramin'ny andron'i Adama. Fa ambonin'izany aza, ny Tompo dia manantena ireo mpikamban'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny mba "hanokatra ny vavan'[izy ireo] amin'ny fotoana rehetra, ka manambara ny filazantsara[ny] amin'ny feom-pifaliana."[8]

Tsy mora foana akory izany. Aleon'ny sasany mitarika sarety mamakivaky ny sahalava toy izay hiresaka momba ny finoana na fivavahana amin'ireo namany na mpiara-miasa aminy. Miahiahy ny mety handraisan'ny olona azy izy ireo na ny fomba mety hanimban'izany ny fifandraisany aman'olona. Tsy tokony ho izany no mitranga satria manana hafatra mahafinaritra hozaraina isika ary manana hafatra mifono fifaliana.

Taona maro lasa izay ny fianakavianay dia niaina sy niasa teo anivon'ny olona izay matetika mihitsy no tsy nitovy finoana taminay. Rehefa nanontany anay izy ireo hoe nanao ahoana ny faran'ny herinandronay dia niezaka niala tamin'ny firesahana ireo lohahevitra mahazatra izahay—toy ny fihetsiketsehana ara-panatanjahantena, sarimihetsika na toetr'andro—ary niezaka nizara ireo zavatra ara-panahy niainanay amin'ny maha-fianakaviana anay nandritra ny faran'ny herinandro. Ohatra, ny zavatra nolazain'ny zatovo iray nanao lahateny momba ireo fitsipika avy ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts* na ny zavatra nahakasika ny fonay noho ireo tenin'ilay tovolahy iray izay handeha hanao asa fitoriana na ny nanampian'ny Fiangonana anay amin'ny maha-fianakaviana anay mba handresena olana iray manokana nanananay. Niezaka ny tsy hanao fitoriana lava reny izahay na hanery ny olona. I Harriet vadiko no tena nahay nikaroka zavatra manentana ny fanahy na mitondra hery na mampihomehy mba hozaraina. Matetika izany dia nitarika tany amin'ny fifanakalozankevitra lalindalina kokoa. Ny zavatra mahavariana dia isaky ny miresaka amin'ny namana momba ny fiatrehana ireo olan'ny fiainana izahay dia matetika maheno izao hevitra izao: "Mora ho anareo izany satria manana ny fiangonanareo ianareo."

Miaraka amin'ireo loharano tena maro entina ifandraisana amin'olona sy ireo fitaovana maro be izay ilaina na tsy dia ilaina loatra eo am-pelantanantsika dia mora kokoa ny fizarana ny vaovao mahafalin'ny filazantsara ary lasa lavitra kokoa ny fiantraikany noho ny teo aloha. Raha ny marina dia toa matahotra sahady aho hoe misy olona sasany izay efa nandefa hafatra sms toy ny hoe: "Efa 10 minitra izay no niresahany nefa mbola tsy nisy fanoharana mahakasika ny fiaramanidina ihany!" Ry tanora namako angamba ilay famporisihan'ny Tompo hoe "sokafy ny vavanao"[9] dia azo ampiana ankehitriny hoe "ampiasao ny tananao" mba hanoratana ao amin'ny blog na handefasana amin'ny

sms ny filazantsara ho an'izao tontolo izao! Saingy mba tsarovy hoe tokony ho amin'ny fotoana mahamety azy izany sy any amin'ny toerana maha-mety azy.

Ry rahalahy sy rahavavy, amin'ny alalan'ny soa azo avy amin'ny teknôlôjia maoderina dia afaka maneho fankasitrahana sy fifaliana momba ny drafitra lehiben'Andriamanitra ho an'ny zanany isika amin'ny fomba izay tsy hoe mba hahafahan'ny olona any amin'ny toeram-piasantsika maheno izany fotsiny fa mba hahafahan'izao tontolo izao mihitsy maheno izany. Indraindray, dia fehezan-teny iray monja misy fijoroana ho vavolombelona dia afaka manova ny fitrangan-javatra izay hisy fiantraikany mandrakizay eo amin'ny fiainan'ny olona anankiray.

Ny fomba tena tsara indrindra hitoriana ny filazantsara dia amin'ny alalan'ny ohatra. Raha miaina araka ny finoantsika isika dia hahatsikaritra izany ny olona. Raha misoritra eo amin'ny fiainantsika ny endrik'i Jesoa Kristy,[10] ary raha falifaly sy manampiadanana isika dia haniry ny hahafantatra ny anton'izany ny olona. Ny iray amin'ireo toriteny tena lehibe indrindra natao hatramin'izay momba ny asa fitoriana dia ity torohevitra tsotra avy amin'i Masindahy François d'Assise ity: "Torio amin'ny fotoana rehetra ny filazantsara ary raha ilaina dia mampiasà teny."[11] Ny fahafahana manao izany dia eny amin'ny manodidina antsika rehetra eny. Tandremo sao tsy mahita izany noho ny fiandrasana ela loatra eo amin'ny lalana mankany Damaskosy.

***São Paulo, Brésil***



## Ilay Lalantsika mankany Damaskosy

Mijoro ho vavolombelona aho fa miresaka amin'ny mpaminaniny sy ny apôstôliny ny Tompo amin'izao androntsika izao. Miresaka amin'ireo izay manatona Azy amin-kitsimpo omban'ny tena fitiavana koa Izy.[12]

Aza miahiahy. Tadidio hoe: "Sambatra kosa izay tsy nahita nefa nino."[13] Tian'Andriamanitra ianareo. Maheno ny vavaka ataonareo Izy. Miresaka amin'ny zanany Izy sy manolotra fampaherezana, fiadanana ary fitiavana an'ireo izay mikatsaka Azy sy manaja Azy amin'ny alalan'ny fandehanana amin'ny lalany. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia manaraka ny lalana tokony haleha. Manana mpaminany velona isika. Ity Fiangonana ity dia tarihany, izay ny anarany no entintsika, dia i Jesoa Kristy izany.

Ry rahalahy sy ranabavy, ry namana malala, aoka isika tsy hiandry ela loatra eo amin'ilay *lalantsika* mankany Damaskosy. Fa aoka kosa isika handroso amim-kerim-po ao anatin'ny finoana, fanantenana ary fiantrana ary dia ho voatahy amin'ilay hazavana katsahintsika rehetra eo amin'ny lalan'ny tena mpanara-dia. Ho an'izany no ivavahako ary apetrako aminareo ny tsodranoko amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Asan'ny Apôstôly 8:3.
2. Asan'ny Apôstôly 9:3–4.
3. Marka 10:14.
4. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "President Thomas S. Monson: Always 'on the Lord's Errand,'" *Tambuli,* Ôkt.–Nôv. 1986, 20.
5. Jeffrey R. Holland, *Tambuli,* Ôkt.–Nôv. 1986, 20.
6. Asan'ny Apôstôly 9:6.
7. *Enseignement des Présidents de l'Eglise: Spencer W. Kimball* (2006), 82.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28:16.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 60:2.
10. Jereo ny Almà 5:14.
11. Ao amin'ny William Fay and Linda Evans Shepherd, *Share Jesus without Fear* (1999), 22.
12. Jereo ny Môrônia 10:3–5.
13. Jaona 20:29.



**Nataon'i Loholona Paul V. Johnson**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Manoatra Noho ny Mpandresy Isika Amin'ny Alalan'Ilay Tia Antsika

*Tsy natao hitsapana antsika fotsiny ihany ireo fisedrana ireo. Tena manan-danja izy ireo amin'ny làlana mankany amin'ny fitafiana ny toetra araka an'Andriamanitra.*

Tafiditra anatin'ny fiainana an-tany ny fitsapana sy ny fisedrana ary ny fahoriana, ary ny sasantsasany amin'ireo fisedrana atrehantsika eo amin'ny fiainana dia mety ho mahery vaika tokoa. Na aretina izany, na fivadiham-pitokisana, na fakam-panahy, na ny fahafatesan'ny olona tiana, na ireo loza voajanahary na ny fizahan-toetra hafa, na ny fahoriana dia ao anatin'ny zavatra iainantsika amin'ny fiainana eto an-tany. Maro no nanontany tena mikasika ny antony tokony iatrehantsika ireo fanamby sasantsasany. Fantatsika fa ny antony iray dia ny hanomezana fizahan-toetra ny finoantsika mba hahitana raha toa hanao ny zavatra rehetra nodidian'ny Tompo isika.[1] Soa ihany fa ity fiainana an-tany ity no sehatra lavorary iatrehana—sy andalovana—ireo fitsapana ireo.[2]

Saingy ireo fisedrana ireo dia tsy natao hitsapana antsika fotsiny ihany. Tena manan-danja izy ireo amin'ny làlana mankany amin'ny fitafiana ny toetra araka an'Andriamanitra.[3] Raha toa ka misedra ireo fahoriana ireo araka ny tokony ho izy isika dia ho atokana ho tombontsoantsika izy ireo.[4]

Ny loholona Orson F. Whitney dia nilaza hoe: "Tsy misy fanaintainana izay iaretantsika, tsy misy fisedrana izay lalovantsika ka ho very foana. . . . Ny zavatra rehetra iaretantsika, indrindra rehefa mandalo izany amin'ny faharetana isika dia manorina ny toetrantsika, manadio ny fontsika, mampivelatra ny fanahintsika ary mahatonga antsika ho malefaka sy manana fiantrana kokoa, . . . Amin'ny alalan'ny alahelo sy ny fijaliana, ny asa mafy sy ny fahoriana, no ahazoantsika ireo fampianarana, izay antony nahatongavantsika eto."[5]

Vao haingana dia nisy zazalahy kely sivy taona nahitana karazana homamiadan'ny taolana izay tsy fahita firy. Nanazava ny aretina sy ny fitsaboana izany ny dokotera, izay nahitana ny fanaovana chimiothérapie mandritra ny volana maro sy fandidiana goavana. Nilaza izy fa tena ho fotoan-tsarotra ho an'ilay zazalahy kely sy ny fianakaviany izany, saingy nampiany hoe: "Manontany ahy ny olona hoe: 'Mbola hitovy amin'izao ve aho rehefa vita izao zavatra izao?' Milaza amin'izy ireo aho hoe: 'Tsia, tsy hitovy intsony ianao. Tena ho matanjaka kokoa ianao. Hampitolagaga ianao!' "

Indraindray dia toa miantefa amin'ny sehatry ny fiainantsika sy ireo ampahany amin'ny maha-isika antsika izay toa manahirana antsika indrindra ireo fisedrantsika. Satria ny fivoaran'ny tena manokana no vokatra katsahina avy amin'ireny fanamby ireny, dia tsy tokony hahagaga raha mahakasika mivantana ny tenantsika manokana ireo fisedrana ireo—saika voafantina amin'ny antsipiriany ho an'ny filàntsika sy ny fahalementsika manokana izy ireo. Ary tsy misy afa-miala amin'izany, indrindra moa fa ireo olomasina izay mitolona mba hanao ny marina. Ny olomasina mpankato sasantsasany dia mety hanontany hoe: "Fa maninona no izaho? Miezaka ny ho tsara aho! Maninona ny Tompo no mamela izao hitranga?" Ny memin'ny fahoriana dia manampy manadio, eny, na dia ny tsara indrindra amin'ny olomasina aza, amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo hanala ireo loto eo amin'ny fiainan'izy ireo ary mahatonga azy ireo ho madio kokoa.[6] Na dia ny akora lavorary indrindra aza dia ilaina diovina mba hanalàna ireo loto. Ny hoe tsara dia tsy ampy. Te-ho tonga tahaka ny Mpamonjy isika, izay nianatra raha niaritra ny fanaintainana sy ny fahoriana ary ny fakam-panahy isan-karazany.[7]

Ny Làlan'i Crimson any amin'ny Andian-tendrombohitr'i Logan no isan'ny fianihana tendrombohitra tiako indrindra. Ny ampahany lehibe indrindra amin'ny làlana dia miakatra tsimoramora hatrany an- tampon'ny havoana avo feno tsaoka ary manome toerana fitazanana ny hatsaran-tarehin'ny andian-tendrombohitra sy ny lonaka ery



ambany. Tsy mora anefa ny fahatongavana eny an-tampon'ny havoana. Ny làlana mankany dia fiakarana mitohy, ary alohan'ny hahatrarana ny tampony, ny mpianika dia misedra ny ampahany mideza indrindra amin'ny làlana, ary ireo andian-tendrombohitra dia afenin'ireo havoana. Ny asa mafy farany dia mendrika loatra ny ezaka natao, satria vantany vao tonga eo an-tampony ianao dia mampitolagaga ny zavatra tazana manoloana. Ny hany fomba ahitana izany dia ny mianika ihany.

Ny fitrangan-javatra ao amin'ny soratra masina sy eo amin'ny fiainana dia mampiseho fa ny fitsapana maizina sy mampidi-doza indrindra matetika dia mialoha ireo toe-javatra mampitolagaga sy fivoarana lehibe tokoa. "Fa tonga aorian'ny fahoriana be ny fitahiana."[8] Voafandrika teo anoloan'ny Ranomasina Mena ny zanak'i Isiraely talohan'ny nizaran'izany ho roa.[9] Niatrika loza sy ny fahatezerana avy tamin'ny rahalahiny ary tsy fahombiazana maro i Nefia talohan'ny nahafahany nahazo ireo takela-barahina.[10] I Joseph Smith dia voagejan'ny herin'ny ratsy mafy dia mafy tokoa hany ka toy ireny voaozona ny ho fongana tampoka ireny izy. Rehefa saika vonona hidina ao amin'ny famoizam-po izy dia nampiasa ny heriny rehetra izy hiantso an'Andriamanitra, ary tamin'izay fotoana izay indrindra dia novangian'ny Ray sy ny Zanaka izy.[11] Matetika dia miatrika fanoherana sy fahoriana ireo naman'ny Fiangonana rehefa manakaiky ny batisan' izy ireo. Ireo reny dia mahafantatra fa ireo fanambin'ny fiterahana dia mialohan'ny fahagagan'ny fahaterahana. Mahita fitahiana mahafinaritra ombieny ombieny isika aorian'ny fisedrana lehibe.

Raha nanodidina ny 19 taona teo ny renibeko dia nanana aretina nihombo izay nahatonga azy ho narary tokoa. Nilaza izy taty aoriana hoe: "Tsy afaka nandeha aho. Ny tongotro ankavia dia narary ahy mafy rehefa nijanona teo am-pandriana nandritra ny volana maro aho. Ireo taolana dia nalemy tahaka ny spaonjy, ary rehefa nametraka ny tongotro tamin'ny tany aho dia toy ireny main'ny herinaratra ireny."[12] Na dia tsy niala teo am-pandriana aza izy ary tamin'ny faratampon'ny fijaliany dia nahazo sy nianatra ireo bokikely avy tamin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Niova fo izy ary natao batisa taty aoriana. Imbetsaka no manampy antsika ho amin'ny zavatra iray faran'izay manan-danja ny fanamby iray manokana.

Eo anivon'ireo olana dia saika tsy ho vita ny mahita fa ireo fitahiana ho avy dia lehibe lavitra noho ny fanaintainana sy ny fahafaham-baraka na ny ratram-po izay mety lalovantsika amin'izao. "Fa ny famaizana rehetra dia tsy atao ho mahafaly andro anaovana, fa mampahory; fa rehefa afaka izany dia vao mitondra ny vokatry ny fahamarinana hiadanana ho an'izay nanaovana azy izy."[13] Ny apôstôly Paoly dia nampianatra hoe: "Fa ny fahorianay maivana izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay."[14] Mahaliana ny ampiasan'i Paoly ny teny hoe "fahoriana maivana." Izany teny izany dia avy amin'ny olona izay nokapohina, notoraham-bato, rendrika an-tsambo, notanana an-tranomaizina, ary nandalo fisedrana maro hafa.[15] Tsy mino aho fa maro amintsika no hiantso ny fahoriantsika hoe maivana. Kanefa raha ampitahaina amin'ireo fitahiana sy fivoarana izay azontsika any am-parany, eto amin'ity fiainan'ity sy any amin'ny mandrakizay dia tena maivana tokoa ny fahoriantsika.

Isika dia tsy mikatsaka ireo fitsapana sy fisedrana ary fahoriana. Ny diantsika manokana mamakivaky ny fiainana dia hanome antsika ny anjara marina mifandraika amin'ny filantsika. Maro ireo fisedrana no ampahany voajanahary amin'ny fiainantsika eto an-tany ihany, saingy manana anjara asa manan-danja izy ireo eo amin'ny fivoarantsika.

Rehefa nanakaiky ny faran'ny fanompoan'ny Mpamonjy teto an-tany dia nandalo ny fisedrana sarotra indrindra izay nisy hatrizay Izy—ilay fijaliana tsy takatry ny saina tao Getsemane sy tao Golgota. Izany dia nialoha ilay fitsanganana amin'ny

maty feno voninahitra sy ny fampanantenana fa hitsahatra ny fijaliantsika rehetra indray andro any. Ny fijaliany dia nilaina hahatonga ilay fasana ho foana tamin'io marain'ny Paska io ary ho an'ny tsy fahafatesantsika sy ny fiainantsika mandrakizay hoavy.

Indraindray dia te-hivoatra tsy misy fanamby isika sy te-hatanjaka tsy mila miatrika olana. Saingy tsy azo amin'ny fandehanana amin'ny làlana mora ny fivoarana. Fantatsika tsara fa ny mpanao fanatanjahan-tena izay mandà ny fanazaran-tena mafy dia tsy ho tonga mpanao fanatanjahantena avo lenta na oviana na oviana. Tokony hitandrina isika mba tsy hankahala ireo zavatra izay manampy antsika indrindra hitafy ny toetra araka an'Andriamanitra.

Tsy misy fisedrana iray izay atrehantsika ka mihoatra ny fahazakantsika satria dia afaka mahazo fanampiana avy amin'ny Tompo isika. Mahay ny zavatra rehetra isika ao amin'Ilay mampahery antsika.[16]

Rehefa sitrana avy tamin'ny fanambin'ny aretina lehibe iray ny Loholona Robert D. Hales dia nizara izao manaraka izao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana: "Tamin'ny fotoana sasantsasany dia niteny tamin'ny Tompo aho fa azo antoka fa efa nianatra ireo lesona tokony nianarana aho ary tsy ho nilaina intsony ny handalovako fijaliana amboniny kokoa. Ny fangatahana tahaka izany dia toa tsy nisy fiantraikany, fa niseho mazava tamiko fa ilay làlan'ny fanadiovana avy amin'ny fitsapana dia nila niaretana tao amin'ny fotoan'ny Tompo sy tamin'ny fomban'ny Tompo manokana. . . . Izaho dia . . . nianatra fa tsy ho avela irery hiatrika ireo fisedrana sy fahoriana ireo aho fa ireo anjely mpiambina dia hiaraka amiko. Nisy ireo izay tena tahaka ny anjely niseho tamin'ny endrika dokotera, mpitsabo mpanampy, ary indrindra indrindra, i Mary namako malala. Ary nisy fotoana, rehefa nirian'ny Tompo izany dia nankaherezin'ny fitsidihan'ny vahiny avy any an-danitra aho izay mitondra fankaherezana sy fanomezan-toky tamin'ny fotoana nilako izany."[17]

Tia antsika ny Raintsika any



an-danitra ary fantatsika fa "na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin'Andriamanitra dia tohanana izy amin'ny fizahan-toetra azy, sy ny fahasahiranana ary ny fahoriany, ary hasandratra izy amin'ny andro farany."[18] Indray andro any rehefa tonga any am-pitan'ny voaly isika dia tiantsika raha tsy ilay lazain'ny olona hoe: "Tsara, nahavita ianao" fotsiny no rentsika. Fa iriantsika kosa ny hitenenan'ny Tompo hoe: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky."[19]

Tiako ny tenin'i Paoly hoe:

"Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana va, sa fahantrana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? . . .

"Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika."[20]

Fantatro fa velona Andriamanitra ary velona i Jesoa Kristy Zanany. Fantatro ihany koa fa amin'ny alalan'ny fanampian'izy ireo dia afaka ny "hanoatra noho ny mpandresy" amin'ny fahoriana atrehantsika eo amin'ny fiainana isika. Afaka ho tonga tahaka Azy ireo isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 1 Petera 1:6–8; Abrahama 3:25.
2. Jereo ny 1 Petera 2:20.
3. Jereo ny 2 Petera 1:4.
4. Jereo ny 2 Nefia 2:2.
5. Orson F. Whitney, in Spencer W. Kimball, *Faith Precedes the Miracle* (1972), 98.
6. Jereo ny Isaia 48:10; 1 Nefia 20:10.
7. Jereo ny Almà 7:11–12.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:4.
9. Jereo ny Eksôdôsy 14:5–30.
10. Jereo ny 1 Nefia 3–4.
11. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:15–17.
12. Amalie Hollenweger Amacher, tantara tsy navoaka eo am-pelan-tanan'ny mpanoratra azy.
13. Hebreo 12:11.
14. 2 Korintiana 4:17.
15. Jereo ny 2 Korintiana 11:23–28.
16. Jereo ny Filipiana 4:13.
17. Robert D. Hales, "The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom," *Liahona,* Jan. 2001, 6.
18. Almà 36:3.
19. Matio 25:21.
20. Romana 8:35, 37.

***Bucarest, Roumanie***





**Nataon'ny Eveka H. David Burton**
Eveka Miahy

# Ny Asa Masin'ny Fifanampiana

*Ilay asa fifampikarakarana sy ny fanehoana "hatsaram-panahy amin'ny mahantra" dia asa masina, nodidian'ny Ray.*

Miarahaba anareo ry rahalahy sy anabavy! Tamin'ny 1897 dia nijoro teo amin'ny varavarana iray izay i David O. McKay fony mbola tanora, nihazona teo an-tanany taratasy fampahafantarana iray mikasika ny Fiangonana. Tamin'ny naha-mpitory ny filazantsara azy tany Stirling, Écosse, dia nanao toy izany im-betsaka izy talohan'izany. Fa tamin'ity andro ity dia nisy vehivavy tena trotraka nanokatra ny varavarana ary nijoro teo anoloany. Nitafy voron-kitsay izy, kaoka be ny takolany ary nisavoritaka ny volony.

Noraisiny ilay taratasy kely natolotry ny Loholona McKay azy ary niteny ireto teny enina ireto izy, izay tsy nohadinoin'ny Loholona McKay na oviana na oviana taty aoriana: "Hahafahako hividy mofo ve ity taratasy ity?"

Nisy fiantraikany maharitra teo amin'ity mpitory filazantsara vao herotrerony ity izany fihaonana izany. Taty aoriana izy dia nanoratra an'izao: "Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nahazo fahatakarana lalina aho fa ny Fiangonan'i Kristy dia tokony ho liana, ary liana amin'ny famonjena ara-batana ny olombelona. Niala teo amin'ilay varavarana aho niaraka tamin'ny fahatsapana fa iny [vehivavy] iny, izay . . . nanana alahelo tamin'ny olombelona sy tamin'Andriamanitra ao am-po[ny], [dia] tsy vonona handray ny hafatry ny filazantsara tamin'io. Nila fanampiana ara-nofo [izy], ary tsy nisy fikambanana, araky ny fahalalako azy, tany Stirling izay afaka manome izany [azy]."[1]

Am-polo taonany vitsivitsy taty aoriana dia nitambesaran'ny fiantraikan'ny Fahasahiranana Ara-toe-karena goavana izao tontolo izao. Tamin'izany fotoana izany indrindra, tamin'ny 6 Aprily 1936, no nanambaran'ny Filoha Heber J. Grant sy ireo mpanolotsainy, J. Reuben Clark sy David O. McKay, ny fandaharan'asa izay fantatra taty aoriana amin'ny hoe fandaharan'asa fifanampiana an'ny Fiangonana. Nahavariana fa roa herinandro taty aoriana dia notendrena ho filoha voalohan'izany ny Loholona Melvin J. Ballard ary i Harold B. Lee no tale mpitantana voalohany.

Tsy asa moramora izany. Na dia nanendry olona mahatalanjona hitantana izany aza ny Tompo, dia napetraky ny Filoha J. Reuben Clark mazava tsara fa "ny fananganana ny fandaharan'asan'ny [fifanampiana] dia vokatry ny fanambarana avy tamin'ny Fanahy Masina voarain'ny Filoha Grant, ary tamin'ny alalan'ny fanambarana mitovy amin'izany foana izay tonga teo amin'ireo rahalahy izay niandraikitra izany no nitantanana azy hatramin'izay ka hatramin'izao."[2]

Sady hentitra no tsy miovaova ny fanoloran-tenan'ireo mpitariky ny Fiangonana mba hanamaivana ny fahorian'ny olombelona. Ny Filoha Grant dia te-hanana "fomba fiasa . . . hanampiana sy hikarakarana ny olona na ohatrinona na ohatrinona no mety ho lany." Nilaza izy fa azony atao mihitsy ny "manajanona ny fianarana seminera, na manajanona ny asa fitoriana mandritra ny fotoana voafetra, na manakatona ireo tempoly mihitsy aza, fa tsy hamela olona ho fatin'ny hanoanana izy."[3]

Niaraka tamin'ny Filoha Gordon B. Hinckley aho tany Managua, Nicaragua raha niresaka tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana miisa 1.300 izay tra-boina vokatry ny rivo-doza nandravarava ka nahafatesana olona mihoatra ny 11.000. "Raha mbola misy ny eo am-pelantanan'ny Fiangonana," hoy izy tamin'izy ireo, "dia tsy hamela anareo ho noana, na tsy hitafy na tsy hanana trano izahay. Hanao izay rehetra vitanay izahay mba hanampiana araky ny fomba izay nofaritan'ny Tompo hanaovana izany."[4]

Ny iray amin'ireo lafiny mampiavaka ity ezaka maty paika mifototra amin'ny filazantsara ity dia ny fifantohany amin'ny andraikitra sy fizakantenan'ny olona tsirairay. Nanazava ny Filoha Marion G. Romney hoe: "Maro ireo fandaharan'asa najoron'ny olona tsara sitrapo mba hanampiana ireo izay mila fanampiana. Kanefa maro amin'izy ireny no najoro mba hanatrarana tanjona fohy ho an'ny 'fanampiana ny olona,' izay mifanohitra amin'ny hoe 'fanampiana ny olona mba hanampy ny tenany.'"[5]

Ny fizakan-tena dia vokatry ny fiainana mitsinjo ny hoavy ary fampiharana ny fifehezan-tena ara-bola. Efa hatrany am-boalohany ny Fiangonana no nampianatra fa ny fianakaviana—raha mbola vitan'izy ireo—dia mila

mandray ny andraikiny eo amin'ny fitadiavana izay mahasoa azy ara-nofo. Ny taranaka tsirairay dia takiana mba hianatra ho an'ny tenany manokana ny fitsipika fototry ny fizakan-tena: toy ny tsy fidiran-trosa, ny fampiharana ny fitsipiky ny fihafiana, fiomanana ho amin'ny vody andro merika, fihainoana sy fanarahana ny tenin'ny mpaminany velona, fampivoarana ny fahaizana manavaka ny hoe ilaina sy ny hoe tiana, ary fiainana mifanaraka amin'izany.

Ny tanjona sy fampanantenana ary fitsipika izay manamafy orina ny asa ataontsika eo amin'ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana dia mihoatra lavitra an'ity fiainana an-tany ity. Ity asa masina ity dia tsy hitondra soa sy hitahy fotsiny ireo mijaly na mila fanampiana. Amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra antsika dia tsy afaka ny handova amin'ny endriny feno ny fiainana mandrakizay isika raha tsy mirotsaka tanteraka amin'ny fikarakarana ny hafa mandritra ny fiainantsika ety an-tany. Amin'ny alalan'ny fampiharana an-tsitrapo ny fahafoizan-tena sy ny fanolorana izay ananantsika ho an'ny hafa no ianarantsika ireo fitsipika selestialin'ny fahafoizan-tena sy fanokanana.[6]

Nampianatra ny Mpanjaka lehibe Benjamina fa ny iray amin'ireo antony hizarantsika izay ananantsika amin'ireo mahantra sy hanamaivanantsika ny fahoriany dia ny mba hahafahantsika mitana ny famelana ny fahotantsika isan' andro isan' andro, ka hahazoantsika mandeha tsisy tsiny eo anoloan'Andriamanitra.[7]

Hatramin'ny nahariana an'izao tontolo izao dia nanana anjara manandanja teo amin'ny fiaraha-monina mandala ny fahamarinana hatrany ny fanehoana fiantrana. Maniry tontolo feno fandriampahalemana isika erantany sy fiaraha-monina miroborobo. Mivavaka isika mba hisian'ny fiarahamonina feno hatsaram-panahy sy miaina amim-pahitsiana izay tsy misy toerana ho an'ny faharatsiana ary anjakan'ny hatsaran-toetra sy ny fahamarinana. Mivavaka isika mba hisian'ny fiaraha-monina feno hatsaram-panahy sy miaina amim-pahitsiana izay tsy



misy toerana ho an'ny faharatsiana ary anjakan'ny hatsaran-toetra sy ny fahamarinana. Na firy na firy ny tempoly hatsangantsika, na firy na firy ny habetsaky ny mpikambana ao amintsika, ary na tsara toy ny inona aza ny fahitan'izao tontolo izao antsika—raha toa ka tsy mahatanteraka ilay didy lehibe dia ny "[hamonjy] ny osa, [hampiakatra] ny tanana izay miraviravy ary [hampahatanjaka] ny lohalika malemy"[8] isika, na hitodi-damosina ireo mijaly sy malahelo, dia ho eo ambany fanamelohana sy tsy hahazo sitraka amin'Andriamanitra[9], ary ho lavitra antsika ilay fanantenana mitondra hafaliana andrandrain'ny fontsika.

Manerana ny tany dia misy eveka miisa 27.000 izay mikaroka ireo mahantra mba hanomezana azy ireo izay ilainy. Ny eveka tsirairay dia hotronin'ny filankevitry ny paroasy izay ahitana mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ao amin'ny vondrona fanampiny, ka ao anatin'izany ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana be fanolorantena. Afaka "mihazakazaka mamonjy ny hafa izy ireo; . . . manisy diloilo sy divay ny ferin'ireo manaintaina; . . . [ary] mamafa ny ranomason'ireo kamboty sy mampifaly ny fon'ireo mananotena."[10]

Ny fon'ireo mpikambana sy mpitariky ny Fiangonana manerantany dia voaentana sy voatariky ny fotopampianarana sy ny fahatsapana avy amin'Andriamanitra mba haneho fitiavana sy hikarakara ny namana.

Nisy mpitariky ny fisoronana iray tany Amerika Atsimo novesaran'ny olana amin'ny hanoanana sy ny tsy fahampian'ny zavatra ilain'ireo mpikambana teo amin'ny tsatòka keliny. Noho ny faniriany tsy hamela ny zaza madinika ho noana dia nahita tanimboly kely izy ary nandamina ny fisoronana mba hikarakara sy hamboly eo amin' izany. Nahita soavaly antitra koa izy ireo ary nampiantsoroka angadin'omby tranainy teo amboniny ka nanomboka niasa ny tanimboly izy ireo. Kanefa raha mbola tsy vita akory ny asa dia nisy loza nitranga. Maty ilay soavaly.

Mba tsy hamelana ireo rahalahiny sy anabaviny hijaly amin'ny hanoanana dia nakarin'ireo rahalahy tao amin'ny fisoronana teo an-tsorony ilay angadin'omby tranainy ary nitarika izany mba hangadiana ilay tany mafy be izy ireo. Nentiny ara-bakiteny teo amin'izy ireo ny ziogan'ny fijaliana sy ny enta-mavesatr'ireo rahalahiny sy anabaviny.[11]

Nisy zava-nitranga teo amin'ny fianakaviako izay maneho ny fanolorantena hikarakara ireo mila fanampiana. Maro aminareo no efa nandre ny vondron'ny mpitarika saretin-dry Willie sy Martin sy ny fijaliana sy fahafatesan'ireo

***Ste Catherine, Jamaique***






mpisava lalana ireo rehefa nizaka ny hatsiakan'ny ririnina sy ireo toe-javatra mafy niainana nandritra ny dian'izy ireo niankandrefana. I Robert Taylor Burton, iray amin'ireo raiben'ny raibeko, dia isan'ireo olona nangatahin'i Brigham Young mba handeha hamonjy ireo Olomasina trotraka ireo.

Nosoratan'ny Raibeko tao amin'ny diariny ny zava-nitranga tamin'izany fotoana izany. "Mandrevo sy mamirifiry tokoa ny ranomandry. . . . Tena mamirifiry ka tsy afa-nihetsika [izahay]. . . . Miiba 24 degre selsiosa ny maripana . . . ; tena mangatsiaka ka tsy afa-nandeha ny olona."[12]

Nozaraina tamin'ireo Olomasina tafahitsoka anaty ranomandry ireo ny sakafo sy fitaovana enti-mamonjy azy ireo, kanefa "na nanao izay afany aza [izy ireo] dia maro tamin'izy ireo no maty an-dalana ka nalevina teny ihany."[13]

Raha teo am-pamakivakiana ny ampahan-dalana misy an'i Echo Canyon ireto Olomasina voavonjy ireto, dia sarety maromaro no nijanona mba hanampy tamin'ny fahaterahan'ny zazavavikely iray. Tsikaritr'i Robert fa tsy ampy ny akanjo nananan'ity reny vao herotrerony ity mba hampitafiana ilay zaza vao teraka mba hampafana azy. Na dia nangatsiaka tokoa aza tamin'izany dia "nesoriny ny lobany vita zaitra tany an-trano ary nomeny ity reny ity mba hampitafiana ilay zazakely."[14] Nomena ny anarana hoe Echo—Echo Squires—ilay zaza mba hahatsiarovana ilay toerana sy ny toe-java-nisy tamin'ny fahaterahany.

Taona maro taty aoriana dia voantso tao amin'ny Episkôpà Mpiahy teto amin'ny Fiangonana i Robert, ary nanompo nandritra ny telopolo taona mahery tao izy. Tamin'ny faha-86 taonany, dia narary i Robert Taylor. Novoriany teo an-doham-pandrianany ny fianakaviany mba hanomezany azy ireo ny tsodranony farany. Tao anatin'ny teny farany nolazainy dia nisy torohevitra iray tsotra nefa mifono zavatra lalina manao hoe: "Aoka ho tsara fanahy amin'ireo mahantra ianareo."[15]

Rahalahy sy anabavy, maneho haja ireo olona be herimpo nantsoin'ny Tompo hanangana sy hitantana ity fandaharan'asa fifanampiana ho an'ireo mpikambana sahirana eto amin'ny Fiangonany ity isika. Isika dia maneho haja ireo olona, amin'izao androntsika izao, izay mikatsaka fomba maro tsy voatanisa sy fomba mangingina matetika mba hanehoana "hatsaram-panahy amin'ny mahantra," hampita[fiana] ny mitanjaka sy hamahana[na] ny noana sy hanafa[hana] ny babo ary hitondra[na] fanampiana ho an'ny marary sy ny ory.

Ity no asa masina izay andrasan'ny Mpamonjy mba ho ataon'ny Mpianany. Izany no asa Tiany natao rehefa nandia teto an-tany Izy. Izany no asa izay fantatro fa ho nataony raha toa ka teto anivontsika Izy ankehitriny. Izany no asa izay fantatro fa ho nataony raha toa ka teto anivontsika Izy ankehitriny.[16]

Dimy ambin'ny fitopolo taona lasa izay dia naorina tamin'ny endriny tsotsotra tany am-piandohana ny fomba fiasa iray izay natokana ho an'ny famonjena ny zanak'olombelona ara-panahy sy ara-nofo. Hatramin'izay fotoana izay dia nampivoatra sy nitahy ny fiainan'ireo olona an-tapitrisany maro manerana an'izao tontolo izao izany. Tsy ambinambin-javatra mahaliana kely fotsiny eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izany drafitry ny fifanampiana izay azo avy amin'ny faminananiana izany. Ireo fitsipika izay iorenany dia mamaritra ny tena maha-izy azy antsika. Toetra fototra ao anatin'ny anjara asantsika amin'ny maha-mpanara-dia antsika tsirairay ny Mpamonjy sy Ilay ohatra ho antsika dia i Jesoa ilay Kristy izany.

Ilay asa fifampikarakarana sy ny fanehoana "hatsaram-panahy amin'ny mahantra" dia asa masina, nodidian'ny Ray, ary narafitra araky ny fombany mba hitahiana, sy hanadiovana ary hanandratana ny Zanany. Enga anie isika ka hanaraka ny torohevitra nomen'ny Mpamonjy an'ilay mpanao lalàna iray tao amin'ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy, manao hoe: "Mandehana hianao, ka mba manaova toy izany koa."[17] Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. *Cherished Experiences from the Writings of President David O. McKay,* comp. Clare Middlemiss (1955), 189.
2. J. Reuben Clark Jr., "Testimony of Divine Origin of Welfare Plan," *Church News,* 8 Aog. 1951, 15; jereo koa ny Glen L. Rudd, *Pure Religion* (1995), 47.
3. Glen L. Rudd, *Pure Religion,* 34.
4. Tao amin'ny "President Hinckley Visits Hurricane Mitch Victims and Mid-Atlantic United States," *Ensign,* Feb. 1999, 74.
5. Marion G. Romney, "The Celestial Nature of Self-Reliance," *Liahona,* Mar. 2009, 15.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:15–18; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:2–3.
7. Jereo nyMôsià 4:26–27.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5; jereo koa ny Matio 22:36–40.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:18.
10. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 4:567–68.
11. Tafa sy dinika niaraka tamin'i Harold C. Brown, tale mpitantana teo aloha an'ny Departemanta Fandaharan'asa Fifanampiana.
12. Diarin'i Robert T. Burton, Church History Library, Salt Lake City, 2–6 Nôv. 1856.
13. Robert Taylor Burton, in Janet Burton Seegmiller, *Be Kind to the Poor: The Life Story of Robert Taylor Burton* (1988), 164.
14. Lenore Gunderson, in Jolene S. Allphin, *Tell My Story, Too,* tellmystorytoo.com/art_imagepages/image43.html.
15. Robert Taylor Burton, in Seegmiller, *"Be Kind to the Poor,"* 416.
16. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "You Are My Hands," *Liahona*, May 2010, 68–70, 75.
17. Lioka 10:37.



**Nataon'i Silvia H. Allred**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

# Ny Toetry ny Maha Mpanara-dia

*Rehefa tonga ho fitsipika mitarika antsika ny fitiavana ao anatin'ny fikarakarantsika ny hafa dia lasa ohatra velona amin'ny fiainana ny filazantsara ny fanompoantsika azy ireo.*

Hatrany am-piandohana, ny Tompo dia nampianatra fa mba hahatonga antsika ho vahoakany dia mila iray fo sy iray saina isika.[1] Ny Mpamonjy dia nampianatra ihany koa fa ireo didy lehibe indrindra ao amin'ny lalàna dia ny hoe: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra" sy ny hoe "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao."[2] Farany, fotoana fohy taorian'ny nameranana ny Fiangonana tamin'ny laoniny dia nandidy ireo olomasina ny Tompo mba "[h]amangy ny mahantra sy ny sahirana ary [h]anamaivana ny fahoriany."[3]

Inona no lohahevitra iraisan'ireo didy rehetra ireo? Ny tokony ifankatiavantsika sy ny ifanompoantsika. Raha ny marina dia toetry ny maha mpanara-dia ao amin'ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy izany.

Mandritra ny fankalazantsika ny faha 75 taonan'ny fandaharan'asa fifanampian'ny Fiangonana dia ampatsiahivina antsika ireo tanjon'ny fifanampiana dia ny manampy ny mpikambana hanampy ny tenan'izy ireo ho lasa mizaka tena, hikarakara ny mahantra sy ny sahirana ary hanao asa fanompoana. Ny Fiangonana dia nandamina ny loharanony mba hanampiana ny mpikambana hanolotra ho an'ny tenan'izy ireo sy ny fianakaviany ary ny hafa izay zavamahasoa ara-batana, ara-panahy, arapiaraha-monina sy ara-pihetseham-po. Tafiditra ao amin'ny anjara asan'ny eveka ny andraikitra manokana hikarakara ny mahantra sy ny sahirana ary ny hanolotra izany loharano izany ho an'ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny. Ao anatin'ny ezaka izay ataony dia ampian'ireo kôlejin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana izy, indrindra fa ireo mpamangy isan-tokantrano.

Ny Fikambanana Ifanampiana dia mpandray anjara feno hatrany tao amin'ny rafitry ny fifanampiana. Tamin'ny nananganan'ny Mpaminany Joseph Smith ny Fikambanana Ifanampiana tamin'ny 1842 dia nilaza tamin'ireo vehivavy izy hoe: "Izao no fiandohan'ny andro tsaratsara kokoa ho an'ny mahantra sy ny sahirana."[4] Nilaza tamin'ireo rahavavy izy fa ny tanjon'ny fikambanana dia ny "fanampiana ny mahantra, ny sahirana, ny mananotena sy ny kamboty, ary ho fanatanterahana ireo tanjon'ny fiantrana olona rehetra. . . . Handraraka diloilo sy divay amin'ny fo maratran'ireo malahelo izy ireo, hamafa ny ranomason'ny kamboty ary hahatonga ny fon'ny mananotena ho ravoravo."[5]

Nanambara ihany koa izy fa ny Fikambanana dia "afaka ny hanainga ireo rahalahy hanao asa soa rehefa mikatsaka ireo zavatra ilain'ny mahantra izy ireo—mitady ireo izay mila fiantrana sy manome izay ilain'izy ireo, manampy amin'ny fanitsiana ny toetsaina amam-panahy sy ny fanamafisan'orina ny hasin'ny fiaraha-monina."[6]

Ankehitriny, ny lehilahy sy ny vehivavin'ny Fiangonana dia miaraka mandray anjara amin'ny fitondrana fanampiana ho an'ireo izay sahirana. Ny mpihazona fisoronana dia manome izay fanohanana ilaina ho an'ireo izay mila fitarihana sy fanampiana ara-panahy. Ny mpampianatra isan-tokantrano entanin'ny fanahy dia mitondra fitahiana eo amin'ireo fiainana maro ary manome ireo fitahian'ny filazantsara ho an'ny vondrom-pianakaviana tsirairay. Ankoatr'izany, izy ireo dia mizara ny tanjaka sy ny talentany amin'ny fomba hafa tahaka ny fanampiana ny fianakaviana iray izay mila fanamboarana ny ao an-tokantranony sy ny fanampiana fianakaviana iray hifindra trano, na ny fanampiana ny rahalahy iray hahita asa izay ilainy.

Ireo filohan'ny Fikambanana Ifanampiana dia mamangy ireo tokantrano mba hanombantombana ireo filàna mba ho hampitaina amin'ny eveka. Ny mpamangy isan-tokantrano entanin'ny fanahy dia miahy sy mikarakara ireo rahavavy sy ireo fianakaviana. Izy ireo matetika no vahaolana voalohany ao anatin'ny fotoam-pilàna maika. Ny rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia manolotra sakafo, manao asa fanehoam-pitiavana, ary manome fanohanana tsy tapaka mandritra ny fotoam-pitsapàna.

Ny mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany dia nifaly taloha ary tokony hifaly ankehitriny amin'ireo fahafahana maro ananantsika hanompoana ny hafa. Ny ezaka ataontsika mitambatra dia mitondra fanamaivanana ho



an'ireo izay mahantra, na noana na mijaly na malahelo, ary amin'izany dia manavotra fanahy.

Ny eveka tsirairay dia manana ny trano fitehirizan'ny Tompo izay mitsangana rehefa manome ny eveka ampahany amin'ny fotoanany ireo mpikambana mahatoky sy manome ny talentan'izy ireo, ny fahaiza-manaon'izy ireo, ny fangorahan'izy ireo sy ny fitaovan'izy ireo ary izay vola avy amin'izy ireo mba hikarakarana ny mahantra sy ho amin'ny fananganana ny Fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.[7] Afaka mandray anjarsa amin'ny trano fitehirizan'ny Tompo avokoa isika rehefa mandoa ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina ary manome izay loharano rehetra azontsika omena ny eveka ho fanampiana izay sahirana.

Na dia eo aza ny hafainganan'ny fiovan'izao tontolo izao, ireo fitsipiky ny fifanampiana dia tsy niova niaraka tamin'ny fandalovan'ny fotoana satria fahamarinana nambara avy amin'Andriamanitra izy ireo. Rehefa manao izay rehetra tratrany ny mpikamban'ny Fiangonana sy ireo fianakaviany mba hamelomany tena ka mbola tsy afaka mahafeno ireo zavatra fototra ilaina ihany dia vonona hanampy ny Fiangonana. Ireo zavatra fototra ilaina ao anatin'ny fotoana fohy dia omena eo no ho eo ary dia apetraka ny drafitra hanampiana ilay mpandray fanampiana ho tonga mahaleo tena. Ny fizakan-tena dia ny fahafahana manome ny tena sy ny ankohonana ireo zavatra ilaina ara-panahy sy ara-batana.

Rehefa mampitombo ny haavon'ny fizakan-tenantsika manokana isika dia mampitombo ny fahafahantsika hanampy sy hanompo ny hafa amin'ny fomba nanaovan'ny Tompo izany. Manaraka ny ohatry ny Mpamonjy isika rehefa manompo ireo sahirana, ireo marary ary ireo mijaly. Rehefa tonga ho fitsipika mitarika antsika ny fitiavana ao anatin'ny fikarakarantsika ny hafa dia lasa ohatra velona amin'ny fiainana ny filazantsara ny fanompoantsika azy ireo. Izany no filazantsara amin'ny endriny tsara indrindra. Fivavahana madio izany.

Tamin'ireo andraikitro samihafa tato am-piangonana dia nampanetry tena ahy ny fitiavana sy ny fiahiana asehon'ireo eveka sy ireo mpitariky ny Fikambanana Ifanampiana amin' ireo ondriny. Fony aho filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny Tsatòka tany Chili tamin'ny fiandohan'ny taona 1980 dia nandalo olana lehibe ara-toe-karena ny firenena ary dia 30 isan-jato ny tahan'ny tsy fananan'asa. Nahita maso ireo filohan'ny Fikambanana Ifanampiana feno herim-po sy ireo mpamangy isan-tokantrano mahatoky nandehandeha "nanao soa"[8] aho tao anatin'izany toe-javatra sarotra izany. Naka tahaka ilay soratra masina ao amin'ny Ohabolana 31:20 izy ireo hoe: "Manatsotra ny tànany amin'ny ory izy, eny, mamelatra ny tànany amin'ny mahantra."

Ny rahavavy izay nanana fianakaviana tsy dia nanana firy dia nanampy tsy tapaka ireo izay noheverin'izy ireo ho sahirana bebe kokoa noho izy. Noho izany dia nahatakatra bebe kokoa ny zavatra hitan'ny Mpamonjy aho raha nanambara Izy tao amin'ny Lioka 21:3–4 hoe:

"Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izy rehetra:

"Fa ireo rehetra ireo, dia tamin'ny haben'ny fananany no nandatsahany tao amin'ny rakitra; fa izy kosa tamin'ny fahantrany no nandatsahany ny fivelomany rehetra izay nananany."

Taona vitsy taty aoriana dia nahita maso zavatra mitovy tamin'izany ny tenako raha filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny Tsatòka tany Argentine rehefa tratran'ny fiakaran'ny vidimpiainana mihoapampana ny firenena ary ny fikororosin'ny toe-karena taorian'izany dia nisy fiantraikany teo amin'ireo mpikambantsika mahatoky. Mbola nahita maso izany indray aho nandritra ireo fitsidihana vao haingana izay nataoko tany Kinshasa any amin'ny Repoblika Demokratikan'i Congo; tany Antananarivo, Madagasikara; ary tany Bulawayo, Zimbabwe. Ny mpikamban'ny paroasy na aiza na aiza, ary ireo rahavavin'ny Fikambanana Ifanampiana indrindra indrindra dia mankahery ny olona sy ny fianakaviana ary manampy ireo izay sahirana.

Mahatalanjona ny mieritreritra rahavavy na rahalahy iray manana antso ao amin'ny Fiangonana izay afaka miditra ao amin'ny tokantrano iray izay misy fahantrana, alahelo, aretina, na fahoriana, ary afaka mitondra fiadanana, fanampiana ary fahasambarana ao. Na aiza na aiza misy ilay paroasy na ilay sampana, na lehibe na kely ilay vondrona, ny mpikambana tsirairay maneran-tany dia manana izany fahafahana izany. Mitranga isan'andro izany ary mitranga any ho any amin'izao fotoana izao indrindra.

I Karla dia reny mbola tanora manan-janaka roa. Miasa ora maro i Brent vadiny ary adiny iray no laniny isaky ny miala ao an-tranony izy hankany am-piasana. Fotoana fohy taorian'ny nahaterahan'ny zanak'izy ireo vavy faharoa dia nitantara izao



zava-niseho manaraka izao izy: “Ny andro taorian’ny niantsoana ahy ho mpanolotsaina tao amin’ny Fikambanana Ifanampian’ny paroasiko dia tena nahatsapa ho very hevitra aho. Ahoana no fomba ahafahako mandray ny andraikitro amin’ny fanampiana ireo vehivavy ao amin’ny paroasiko kanefa izaho aza efa mitolona amin’ny fanatanterahako ny anjara asako maha vady ahy sy renin’ny zaza roa taona izay mipelipelika sy zazakely vao teraka iray? Raha mbola teo ampieritreretana izany aho dia narary ilay zanako roa taona. Tsy fantatro tsara hoe inona no tokony hataoko azy sady nikarakara ilay zazakely vao teraka aho. Tamin’izay indrindra no tonga tsy nampoizina tao am-baravarana i Rahavavy Wasden, izay isan’ny mpamangy an-tokantranoko. Amin’ny maha reny manan-janaka lehibe azy dia tena fantany ny tokony hatao mba hanampiana ahy. Niteny tamiko izay tokony hataoko izy dia nandeha tany amin’ny toeram-pivarotana fanafody hividy zavatra vitsivitsy. Nony kelikely dia nataony izay hitsenana ny vadiko teny amin’ny fiantsonan’ny fiaran-dalamby mba hahafahany mody haingana hanampy ahy. Ny famaliany izay inoako ho bitsika avy amin’ny Fanahy Masina nampian’ny fahavononany hanompo ahy dia tena fanomezana toky avy tamin’ny Tompo fa hanampy ahy hanatontosa ny antsoko vaovao Izy.”

Ny Ray any an-danitra dia tia antsika ary mahafantatra ny toe-piainantsika sy ireo fahaiza-manaontsika manokana. Na dia mikatsaka ny fanampiany ao anatin’ny vavaka isan’andro aza isika dia matetika amin’ny alalan’ny olona hafa no hanomezany izay ilaintsika.[9]

Ny Tompo dia nilaza hoe: “Izany no hahafantaran’ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia.”[10]

Miseho ny fitiavana madion’i Kristy rehefa manao asa fanompoana hanadinoina ny tena isika. Ny fifanampiana dia traikefa masina izay manandratra ny mpandray sy mampietry ny mpanome. Manampy antsika ho mpanaradia marina an’i Kristy izany.

Ny drafitry ny fifanampiana hatrizay dia fampiharana ny fitsipika mandrakizain’ny filazantsara. Tena manome amin’ny fomban’Andriamanitra izany. Handeha isika tsirairay hanavao ny faniriantsika ho anisan’ny mandrafitra ny trano fitehirizan’ny Tompo amin’ny alalan’ny fitahiana ny hafa.

Mivavaka aho mba hanomezan’ny Tompo ny tsirairay amintsika ilay fahatsapana famindram-po sy fiantrana ary fangorahana lehibe kokoa. Mitalaho aho mba hitomboan’ny faniriantsika sy ny fahafahantsika mba hitady sy hanampy ireo izay tsy ambinina kokoa sy ireo izay ory ary ireo izay mijaly mba ho azony izay zavatra ilainy ary mba hatanjaka ny finoan’izy ireo ary mba ho feno fankasitrahana sy fitiavana ny fon’izy ireo.

Enga anie ny Tompo hitahy ny tsirairay amintsika rehefa mandeha amin’ny fankatoavana ny didiny sy ny filazantsarany ary ny fahazavany isika. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Mosesy 7:18.
2. Jereo ny Matio 22:36–40.
3. Fotompampianarana sy Fanekempihavanana 44:6.
4. Joseph Smith, in *History of the Church,* 4:607.
5. *Enseignements des Présidents de l’Église: Joseph Smith* (2007), 452.
6. *Teachings: Joseph Smith,* 452.
7. *Pourvoir aux besoins à la manière du Seigneur: Guide de l’entraide destiné aux dirigeant.* (1990), 11.
8. Asan’ny Apôstôly 10:38; Ireo Fanekempinoana 1:13.
9. Jereo *Enseignements des Présidents de l’Eglise: Spencer W. Kimball* (2006), 82.
10. Jaona 13:35.



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Ny Fanahin'ny Fanambarana

*Ny fanahin'ny fanambarana dia misy—ary afaka miasa sy tena miasa eo amin'ny fiainantsika manokana sy eo amin'ny Fiangonana.*


Izaho dia maneho fankasitrahana noho ny aingam-panahy izay nahatonga ny fisafidianana ilay hira hatao aorian'ny lahateniko manao hoe "Have I Done Any Good?" (Moa ve Aho Nanao zavatra Tsara ?) (*Fihirana amin'ny teny anglisy* no. 223). Voaraiko ny hafatra.

Manasa anareo aho handinika ireto toe-javatra roa ireto izay misy ifandraisany amin'ny hazavana ary efa nianjady tamin'ny ankamaroany amintsika.

Ny toe-javatra voalohany dia mitranga rehefa miditra efitra maizina iray isika ka nandrehitra ny jiro. Tsarovy ny fomba namenoan'ilay firotsahana mamirapiratry ny havazana an'ilay efitrano ary nahatonga ny haizina hanjavona. Izay tsy hita sy nampisalasala teo aloha dia nanjary nazava sy azo fantarina. Izany toe-javatra izany dia voafaritra amin'ny alalan'ny fahafantarana ny fahazavana teo no ho eo sy tamin'ny fomba mahery vaika.

Ny toe-javatra faharoa dia niseho rehefa mahita ny alina miova ho maraina isika. Tsaroanareo ve ny fitombon'ny hazavana eny amin'ny faravodilanitra izay toa miadana sy saika tsy hita mihitsy? Ny fahazavana avy amin'ny masoandro miposaka dia tsy miseho tampoka avy hatrany, izay mifanohitra amin'ny fandrehetana jiro ao amin'ny efitra maizina iray. Nitombo tsikelikely sy tsy an-kiato kosa ny herin'ny fahazavana, ary voasolon'ny famirapiratan'ny maraina ny haizin'ny alina. Farany dia niposaka avy teny amin'ny faravodilanitra ny masoandro. Saingy efa tazana ora maro mialohan'ny tena niposahan'ny masoandro teny amin'ny faravodilanitra ny fihariharin'ny fahatongavana antomotry ny masoandro. Izany toe-javatra izany dia voafaritra amin'ny alalan'ny fanavahana tsikelikely sy tsimoramora ny fahazavana.

Afaka mianatra be dia be mikasika ny fanahin'ny fanambarana isika avy amin'ireo toe-javatra tsotra roa mikasika ny fahazavana ireo. Mivavaka aho mba hitaona sy hampianatra antsika ny Fanahy Masina raha hifantoka amin'ny fanahin'ny fanambarana sy ny lamina fototra izay handraisana ny fanambarana isika ankehitriny.



### Ny Fanahin'ny Fanambarana

Ny fanambarana dia fifandraisana avy amin'Andriamanitra ho an'ireo zanany eto an-tany ary iray amin'ireo fitahiana lehibe mifandray amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny fananana azy ho namana tsy tapaka. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa "ny Fanahy Masina dia mpanambara," ary "tsy misy olona afaka mandray ny Fanahy Masina ka tsy mandray fanambarana" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* [2007], 132).

Ny fanahin'ny fanambarana dia omena ny olona rehetra izay mandray amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana marina ny ôrdônansin'ny batisa asitrika ho famelan-keloka sy ny fametrahana tànana ho fanomezana ny Fanahy Masina—ary miasa

amim-pinoana ho fanatanterahana ilay fandidian'ny fisoronana manao hoe "raiso ny Fanahy Masina. " Izany fitahiana izany dia tsy voatokana ho an'ny manam-pahefana miahin'ny Fiangonana fotsiny; fa kosa, ho an'ny fiainan'ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy tsirairay izay tonga eo amin'ny taona maha-tompon'andraikitra azy sy miditra ao anatin'izany fanekempihavanana masina izany ary tokony hiasa eo amin'ny fiainan'izy ireo koa izany. Ny faniriana an-kitsim-po sy ny fahamendrehana dia manasa ny fanahin'ny fanambarana ho eo amin'ny fiainantsika.

I Joseph Smith sy i Oliver Cowdery dia nahazo traikefa sarobidy tamin'ny fanahin'ny fanambarana nandritra ny fandikan'izy ireo ny Bokin'i Mômôna. Ireo rahalahy ireo dia nianatra fa afaka mandray na inona na inona fahalalana ilainy izy ireo mba hanatanterahana ny asany raha mangataka amin'ny finoana sy amin-kitsim-po, ary mino fa hahazo. Ary rehefa nandeha ny fotoana dia nitombo ny fahatakaran'izy ireo fa ny fanahin'ny fanambarana dia tena miseho amin'ny alalan'ny eritreritra sy ny fahatsapana izay tonga ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. (Jereo F&F 8:1–2; 100:5–8). Ny Tompo dia nampianatra azy ireo hoe: "Ankehitriny, indro, io no fanahin'ny fanambarana; indro, io ilay fanahy nitondran'i Mosesy ny zanak'Isiraely namakivaky ny Ranomasina Mena, nandia tany maina. Koa io no fanomezam-pahasoavana anananao; ampiasao izany" (F&F 8:3–4).

Hamafisiko ilay fehezanteny hoe "ampiasao izany" izay ampifandraisina amin'ny fanahin'ny fanambarana. Ao amin'ny soratra masina, ny hery misariky ny Fanahy Masina dia faritana matetika ho toy ny "feo tony sy malefaka" (1 Mpanjaka 19:12; 1 Nefia 17:45; jereo ihany koa 3 Nefia 11:3) sy ilay "feo tony tanteraka miova tsy ny bitsika iray" (Helamàna 5:30). Satria mibitsika amintsika amin'ny feo malefaka ny Fanahy dia mora ny mahatakatra ny antony tokony hisorohana ny zavatra tsy mendrika amin'ny haino aman-jery sy ny zavatra mamoa fady ary ny zavatra fihinana sy ny fitondran-tena manimba sy mampiakin-doha. Ireo fitaovan'ny fahavalo ireo dia afaka mampihena ny hery ary mety miafara amin'ny famotehana ny fahafahantsika hahafantatra sy hamaly ireo hafatra malefaka avy amin'Andriamanitra izay omena amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy. Ny tsirairay amintsika dia tokony handinika ao anatin'ny fahamatorana sy hisaintsaina ombam-bavaka ny fomba ahafahantsika mandà ny fanangolen'ny devoly ary" amim-pahamarinana no "ampiasantsika izany, dia ny fanahin'ny fanambarana eo amin'ny fiainantsika manokana sy ny fianakaviantsika.

**Lamin'ny Fanambarana**

Ny fanambarana dia omena amin'ny fomba maro karazana, ao anatin'izany ohatra ny nofy, ny fahitana, ny fifampiresahana amin'ny mpitondra hafatra avy any an-danitra, ary ny fitaoman'ny fanahy. Ny fanambarana sasany dia voaray eo no ho eo sy amin'ny fomba mahery vaika. Ny sasany dia fantatra tsikelikely sy amin'ny fomba malefaka. Ireo toe-javatra roa niseho mikasika ny fahazavana izay notantaraiko taminareo ireo dia manampy antsika hahatakatra kokoa ireo lamina fototry ny fanambarana roa ireo.

Ny jiro arehitra ao amin'ny efitra maizina iray dia tahaka ny fandraisana hafatra avy amin'Andriamanitra amin'ny fomba haingana sy feno, ary indray mandeha miaraka. Maro amintsika no efa niaina izany lamin'ny fanambarana izany rehefa nahazo valiny tamin'ny vavaka natao tamin-kitsim-po isika na nomena fitarihana na fiarovana nilaina, araka ny sitrapo sy ny fotoanan'ny Tompo. Ny famaritana ny fisehoana eo no ho eo sy mahery vaika tahaka izany dia hita ao amin'ny soratra masina sy voalaza ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana ary voaporofo eo amin'ny fiainantsika manokana. Eny, tena mitranga tokoa ireny fahagagana goavana ireny. Kanefa io lamin'ny fanambarana io dia toa lasa tsy dia mateti-pitranga.

Ny fitomboan'ny fahazavana tsikelikely mipariaka avy amin'ny masoandro miposaka dia tahaka ny mandray hafatra avy amin'Andriamanitra "andalan-tsoratra anampy andalantsoratra, fitsipika anampy fitsipika" (2 Nefia 28:30). Ny fanambarana raha ny tena matetika dia mitombo tsikelikely rehefa mandeha ny fotoana ary atolotra arakaraky ny faniriantsika sy ny famendrehantsika ary ny fiomanantsika. Ny fifandraisana tahaka izany avy amin'ny Ray any an-danitra dia "hitsika" tsikelikely sy moramora "amin'ny fanahin[tsika] toy ny ando avy any an-danitra" (F&F 121:45). Io lamin'ny fanambarana io dia miharihary ao amin'ireo zavatra niainan'i Nefia rehefa nanandrana fomba maro samihafa izy talohan'ny nahombiazany tamin'ny fahazoana ireo takelabarahina avy tamin'i Labana (jereo ny 1 Nefia 3–4). Farany, notarihan'ny Fanahy hankany Jerosalema izy "tsy nahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hatao[ny]" (1 Nefia 4:6). Ary dia tsy nianatra ny fomba hanamboarana sambo araka ny fahaizana asa kanto izay indray mandeha monja izy; fa kosa nasehon'ny Tompo azy "ombieny ombieny ny fomba tokony handrafeta[ny] ny hazo amin'ny sambo" (1 Nefia 18:1).

Na ny tantaran'ny Fiangonana na ny fiainantsika manokana dia feno ohatra momba ny lamin'ny Tompo handraisana fanambarana "an-dalan-tsoratra anampy an-dalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika." Ohatra, ireo fahamarinana fototry ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia tsy nomena indray mandeha ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny Ala kely Masina. Ireo harena sarobidy tsy voavidy vola ireo dia nambara araky ny nilan'ny toe-javatra niainana an'izany sy tamin'ny fotoana naha mety izany.

Ny Filoha Joseph F. Smith dia nanazava ny fomba nitrangan'izany lamin'ny fanambarana izany teo amin'ny fiainany. "Fony aho zazalahy kely. . .dia nangataka matetika. . .ny Tompo aho haneho amiko zava-mahagaga mba hahazoako fijoroana ho vavolombelona. Saingy tsy nomen'ny Tompo zava-mahagaga aho fa nasehony tamiko ny fahamarinana, an-dalan-tsoratra nanampy andalatsoratra . . . , mandrapahavita ny

fampahafantarany ahy ny fahamarinana avy any an-tampon-dohako ka hatrany am-paladiako, ary mandrapialan'ny ahiahy sy ny tahotra tanteraka tato amiko. Tsy nila nandefa anjely avy any an-danitra mba hanao izany Izy, na koa niteny tamin'ny trompetran'ny anjely. Tamin'ny alalan'ilay feo malefaka sy tonin'ny Fanahin'Ilay Andriamanitra velona dia nanome ahy ny fijoroana ho vavolombelona izay ananako Izy. Ary amin'ny alalan'izany fitsipika sy hery izany no hanomezany ny zanak'olombelona rehetra fahalalana ny fahamarinana izay hitoetra amin'izy ireo, ary hampahafantatra azy ireo ny fahamarinana izany, tahaka ny ahafantaran'Andriamanitra izany, sy hampanao azy ireo ny sitrapon'ny Ray tahaka ny hanaovan'i Kristy an'izany. Ary tsy misy andiam-pisehoana mahagaga izay afaka hanatanteraka izany na oviana na oviana" (ao amin'ny Tatitry ny Fihaonamben'ny Fiangonana, Apr. 1900, 40–41).

Amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonana antsika dia toa mifantoka be loatra amin'ireo fisehoana ara-panahy mahavariana sy mampitolagaga isika hany ka tsy mahay mamantatra ary tena tsy mahita ilay lamina mahazatra mihitsy aza izay entin'ny Fanahy Masina hanaovana ny asany. Ny "fahatsoran'ny làlana" (1 Nefia 17:41) amin'ny fandraisana ireo fahatsapana ara-panahy kely sy mitombo miandalana, izay rehefa mandeha ny fotoana ary rehefa atao bango tokana dia mirakitra ny valiny izay niriantsika na ny fitarihana izay nilaintsika, dia mety hahatonga antsika hibanjina "ny any ivelan'ny tanjona" (Jakoba 4:14 ao amin'ny Bokin'i Mômôna).

Niresaka tamin'ny olona maro izay miahiahy mikasika ny tanjaky ny fijoroana ho vavolombelon'izy ireo manokana aho sy manamaivana ny fahaiza-manaon'izy ireo ara-panahy satria tsy maharay fahatsapan-javatra matetitetika na mahagaga na mahery vaika izy ireo. Angamba rehefa mandinika ny zavatra niainan'i Joseph tao amin'ny Alakely Masina, sy i Paoly teny amin'ny lalan'i Damaskosy, ary i Alma Zanany isika dia lasa mino fa misy zavatra tsy mety na tsy ampy amintsika raha toa ka tsy misy ireo ohatra mahazendana ara-panahy sy malaza toy ireo ny fiainantsika. Raha nanana eritreritra na ahiahy sahala amin'izany ianareo, dia fantaro fa tsy hafahafa ianareo. Mandrosoa hatrany amim-pankatoavana fotsiny sy miaraka amin'ny finoana ny Mpamonjy. Rehefa manao izany ianareo dia "tsy mety ho diso làlana" (F&F 80:3).



Ny Filoha Joseph F. Smith dia nanoro hevitra hoe: "Atoroy ahy ireo Olomasina izay mila miankina amin'ny fahagagana sy fambara ary fahitana mba hihazonana azy ireo ho mafy orina ato amin'ny Fiangonana, dia hasehoko aminareo ireo mpikambana . . . izay tsy manana laza tsara eo anoloan'Andriamanitra sy mandeha amin'ny làlana malama. Tsy amin'ny alalan'ny fisian'ny fisehoana mahavariana eo amintsika akory no hampijoro antsika ao amin'ny fahamarinana, fa amin'ny alalan'ny fanetren-tena sy ny fankatoavana feno fahatokiana ny didy sy ny lalàn'Andriamanitra" (Conference Report, April 1900, 40).

Misy toe-javatra iray hafa matetipitranga mikasika ny fahazavana izay manampy antsika hianatra fahamarinana fanampiny mikasika ilay lamin'ny fanambarana "an-dalan-tsoratra anampy an-dalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika". Indraindray ny masoandro dia miposaka amin'ny maraina feno rahona na zavona. Noho ny fisian'ny rahona dia sarotra kokoa ny mahita ny fahazavana, ary ny famantarana ny fotoana marina iposahan'ny masoandro eny amin'ny faravodilanitra dia tsy hay fantarina. Saingy amin'ny maraina tahaka izany dia manana fahazavana ampy ihany anefa isika ahafantarana ny fisian'ny andro vaovao iray izay hanatanterahana ny asa aman-draharahantsika.

Torak'izany koa isika matetika dia mandray fanambarana imbetsaka fa tsy mahafantatra mazava ny fomba na ny fotoana andraisantsika fanambarana. Misy ampahany manan-danja avy ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana izay maneho izany fitsipika izany.

Tamin'ny lohataona 1829 dia mpampianatra tany Palmyra, New York i Oliver Cowdery. Raha nandre mikasika an'i Joseph Smith izy sy ny asa fandikana ny Bokin'i Môrmôna dia nisy fahatsapana nanosika azy hanolotra ny fanampiany ho an'ilay mpaminany tanora. Vokatr'izany dia nandeha tany Harmony, Pennsylvanie izy ary lasa mpitantsoratr'i Joseph. Ny fotoana nofinidy hahatongavany sy ny fanampiana izay nentiny dia tena nilaina tamin'ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna.

Taty aoriana ny Mpamonjy dia nanambara tamin'i Oliver fa isaky ny mangataka fitarihana izy dia mandray torolalana avy tamin'ny Fanahin'ny Tompo. "Raha tsy izany" hoy ny Tompo nanambara, "dia tsy ho tonga teo amin'ny toerana izay misy anao amin'izao fotoana izao ianao. Indro fantatrao fa efa nanontany Ahy ianao ary nanazava ny sainao Aho; ary ankehitriny lazaiko aminao ireto zavatra ireto mba hahafantaranao fa efa nohazavain'ny fanahin'ny fahamarinana ianao" (F&F 6:14–15).

Noho izany dia nandray fanambarana tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith i Oliver izay nampahafantatra azy fa nandray fanambarana izy. Raha jerena, dia toa tsy nahafantatra ny fomba sy ny fotoana nandraisany fitarihana avy tamin'Andriamanitra i Oliver ary nila izany torolalana izany mba hampitomboana ny fahatakarany mikasika ny fanahin'ny fanambarana. Raha ny marina dia nandeha tao anaty fahazavana tahaka ny masoandro izay niposaka tao amin'ny maraina feno rahona izy.

Ao anatin'ireo fisalasalana sy fanamby maro izay atrehantsika eo amin'ny fiainantsika dia mitaky antsika

hanao ny tsara indrindra vitantsika Andriamanitra (jereo 2 Nefia 2:26) sy hatoky Azy. Mety tsy mahita anjely isika na mandre feo avy any an-danitra, na mandray fahatsapana ara-panahy goavana. Matetika isika dia mety mandroso ao anatin'ny fanantenana sy fanaovana vavaka—saingy tsy manana antoka zato isan-jato—fa manao zavatra araka ny sitrapon'Andriamanitra isika. Saingy rehefa manaja ny fanekempihavanantsika sy mitandrina ny didy isika, rehefa miezaka tsy tapaka bebe kokoa hanao ny soa sy ho tonga tsaratsara kokoa dia afaka mandeha amim-pahatokiana isika fa Andriamanitra dia hitarika ny diantsika. Ary afaka miteny isika miaraka amin'ny fahatokiana fa Andriamanitra dia hitondra ny tenintsika ao am-bavantsika. Amin'ny ampahany dia izany no dikan'ny soratra masina izay manambara hoe: "Dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan'Andriamanitra" (F&F 121:45).

Rehefa mikatsaka amin'ny fomba tokony ho izy sy mampiasa ny fanahin'ny fanambarana isika dia mampanantena anareo aho fa "handeha amin'ny fahazavana'ny Tompo" ianareo (Isaia 2:5; 2 Nefia 12:5). Indraindray ny fanahin'ny fanambarana dia hiasa eo no ho eo sy amin'ny fomba mahery vaika, ary amin'ny fotoana hafa dia amin'ny fomba malefaka sy mandeha miandalana no hitrangan'izany, ary matetika dia amin'ny fomba tena malefaka hany ka mety tsy ho hainareo ny mamantatra azy. Kanefa na manao ahoana na manao ahoana ny fomba andraisana io fitahiana io dia hanazava sy hampivelatra ny fanahintsika ny fahazavana izay entiny, ary hanazava ny fahatakaran'ny saintsika (jereo ny Almà 5:7; Almà 32:28), ary hitarika sy hiaro anareo sy ny fianakavianareo.

Mijoro ho vavolombelona amin'ny maha-apôstôly ahy aho fa ny Ray sy ny Zanaka dia velona. Tena misy ny fanahin'ny fanambarana—ary afaka miasa sy tena miasa eo amin'ny fiainantsika manokana sy ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo fahamarinana ireo aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an'Izao Tontolo Izao

*Ireo fitahiana manan-danja sy avo indrindra amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana dia ireo fitahiana izay raisintsika any amin'ny tempolin'Andriamanitra.*

Ry rahalahy sy anabaviko malala, manolotra ny fitiavako sy ny fiarahabako anareo tsirairay avy aho ary mivavaka mba hotarihan'ny Raintsika any an-danitra ny eritreritro ary ho entanin'ny amin'ny fanahy ireo teniko eo am-piresahana aminareo androany.

Mamela ahy ianareo raha hanomboka amin'ny fanamarihana iray na roa mahakasika ireo hafatra mahatalanjona henontsika tamin'ity maraina ity avy tamin'ny Rahavavy Allred sy ny Eveka Burton ary ireo hafa momba ny fandaharan'asa fifanampiana an'ny Fiangonana. Araky ny efa voalaza dia amin'ity taona ity isika no manamarika ny faha-75 taonan'izany fandaharan'asa nentanim-panahy izany izay efa nitahy ny fiainan'ny olona maro tokoa. Tombontsoa manokana ho ahy tokoa ny nahafantatra mivantana ireo olona sasantsasany tamin'ireo nanangana izany ezaka lehibe izany—lehilahin'ny fangorahana sy fahitana.

Araky ny voalazan'ny Eveka Burton sy Rahavavy Allred ary ireo hafa anikeheo dia ny evekan'ny paroasy no nomena ny andraikitra hikarakara ireo mila fanampiana izay mipetraka eo amin'ny faritry ny paroasiny. Nanana fahafahana hanao izany aho fony aho eveka vao herotrerony teto Salt Lake City izay niahiako paroasy nisy mpikambana miisa 1.080, ao anatin'izany ireo mananotena 84. Maro no nila fanampiana tamin'izany. Feno fankasitrahana aho noho ny fandaharan'asa fifanampiana an'ny Fiangonana ary ny fanampian'ireo Fikambanana Ifanampiana sy ireo kôlejin'ny fisoronana.

Ambarako fa ny fandaharan'asa fifanampiana an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia avy amin'ny fitaomampanahin'Ilay Andriamanitra Tsitoha.

Ankehitriny ry rahalahy sy ranabavy, ity fihaonambe ity no manamarika ny fahatelo taona nanohanana ahy amin'ny maha-Filohan'ny Fiangonana ahy. Marina fa taona tototry ny asa izany, rakotry ny fanamby maro

kanefa nandraisana fitahiana maro isa koa. Ireo fahafahana nananako hanokana sy hamerina hanokana ireo tempoly dia isan'ireo fitahiana nitondra fifaliana sy fahatsapana masina indrindra, ary mahakasika indrindra ny tempoly no tiako horesahina aminareo anio.

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny 1902, dia nizara ny fanantenany ny Filohan'ny Fiangonana Joseph F. Smith nandritra ny lahateny fanombohana fa indray andro any dia hanana "tempoly ho voaorina amin'ny faritra maro manerana an'[izao tontolo izao] isika, amin'ny toerana izay ilaina izany mba hahasoa ny olona."[1]

Nandritra ireo 150 taona voalohany taorian'ny nananganana ny Fiangonana, nanomboka ny 1830 ka hatramin'ny 1980, dia 21 no tempoly voaorina, tao anatin'izany ny tempolin'i Kirtland Ohio, sy Nauvoo Illinois. Ampitahao izany amin'ireo 30 taona nanomboka ny taona 1980 izay nananganana sy nanokanana tempoly miisa 115. Miaraka amin'ny fanambarana tempoly vaovao 3 omaly dia misy tempoly 26 fanampiny izay eo andalam-piorenana na efa mandalo famolavolana ny fanorenana azy. Hitombo hatrany izany isa izany.

Ilay tanjona nantenain'ny Filoha Joseph F. Smith tamin'ny 1902 dia tanteraka ankehitriny. Ny faniriantsika dia ny hahafahan'ny mpikambantsika hiditra ny tempoly arak'izay tratra.

Iray amin'ireo tempoly eo am-piorenana ny ao Manaus, Brésil. Taona maro lasa izay dia namaky mahakasika ny vondrona mpikambana mihoatra ny zato aho izay niainga avy tao Manaus, toerana hita eo afovoan'ny ala kitrok'i Amazonie, ka hanao dia hankany amin'ny tempoly akaiky indrindra teo tamin'izany, izay any Sao Paulo, Brésil—izay teo amin'ny 4.000 kilaometatra miala avy eo Manaus. Nandeha sambo nandritra ny efatra andro namakivaky ny Reniranon'i Amazone sy ireo renirano misampantsampana aminy ireto Olomasina mahatoky ireto. Taorian'ny nahavitana izany fandehanana an-tsambo izany dia niakatra tao anaty fiara fitateram-bahoaka izy ireo mba hanao dia



mandritra ny telo andro fanampiny amin'ny lalana mikintaontaona, ary tsy dia misy sakafo firy na toerana mba azo hatoriana. Taorian'ny fito andro sy alina izy ireo dia tonga tao amin'ny tempolin'i Sao Paulo, izay nanaovan'izy ireo ôrdônansy manana toetra mandrakizay. Mazava ho avy fa nanahirana toy izany koa ny dian'izy ireo niverina. Kanefa dia avy nandray ireo ôrdônansy sy fitahian'ny tempoly izy ireo, ka na dia foana aza ny poketran'izy ireo, ny tenany kosa dia heniky ny fanahin'ny tempoly sy ny fankasitrahana noho ireo fitahiana izay noraisiny.[2] Ankehitriny, taona maro aty aoriana, dia mifaly ireo mpikambana ao Manaus manatri-maso ny fananganana ny tempoliny manaraka ny moron-dReniranon'i Rio Negro. Mitondra fifaliana ho an'ireo mpikambantsika mahatoky ny tempoly na aiza na aiza izany no hatsangana.

Tsy mbola nitsahatra nanohina ny foko sy nahatonga ahy hanavao ireo fanati-pisaorana vokatry ny tempoly ireo tatitra mikasika ny fahafoizan-tena natao mba handraisana ireo fitahiana izay tsy azo raha tsy any amin'ny tempoly ihany.

Mamelà ahy hizara aminareo ny tantaran'i Tihi sy Tararaina Mou Tham ary ireo zanany folo mianadahy. Tonga mpikamban'ny Fiangonana izany fianakaviana manontolo izany, ankoatra ny zanakavaviny iray, tamin'ny fiantombohan'ny taona 1960 rehefa tonga tao amin'ny nosikelin'izy ireo ny mpitory ny filazantsara, nosy 160 kilaometatra atsimon'i Tahiti. Tsy ela dia naniry ny hahazo ny fitahiana avy amin'ny fianakaviana mandrakizay any amin'ny tempoly izy ireo.

Tamin'izany fotoana izany dia ny Tempolin'i Hamilton any Nouvelle Zélande no tempoly akaiky indrindra amin'ny fianakaviana Mou Tham, any amin'ny 4.000 kilaometatra mahery mianatsimo-andrefana, izay amin'ny alalan'ny dia lafo vidy amin'ny fiaramanidina no hany hahatongavana any. Sady tsy nanam-bola hividianana tapakila amin'ny fiaramanidina ny fianakaviana maron'i Mou Tham, izay mifofotra mamboly mba hivelomana, no sady tsy nisy asa tsaratsara azo natao koa tany amin'ilay nosin'ny Pasifika izay nisy azy ireo. Hany ka nandray fanapahan-kevitra sarotra Rahalahy Mou Tham sy i Gérard zanany hanao dia izay 4.800 kilaometatra miankandrefana, mba hiarahana amin'ny zanakalahiny iray hafa izay efa niasa tany Nouvelle Calédonie.



Niasa nandritra ny efa-taona tany ireo lehilahy telo tao amin'ny fianakaviana Mou Tham. Rahalahy Mou Tham irery ihany no mba niverina tany antranon'izy ireo mba hitsidika nandritra ny fotoan'ny fanambadian'ny zanany vavy iray.

Taorian'ny efa-taona dia nahangona vola ampy mba hahafahana mitondra ny fianakaviana ho any amin'ny tempolin'i Nouvelle Zélande ry Rahalahy Mou Tham sy ireo zanany lahy. Nandeha daholo ireo rehetra izay mpikamban'ny Fiangonana, afa-tsy ny zanakavavy iray izay efa ho teraka. Nofehezina ho amin'ity fotoana ity sy ho amin'ny mandrakizay izy ireo, izay zavatra niainana tsy hay nofaritana sy feno fifaliana.

Niverina nivantana tany Nouvelle Calédonie i Rahalahy Mou Tham taorian'ny tany amin'ny tempoly, izay niasany nandritra ny roa taona indray mba handoavana ny saran'ny dian'ny zanany vavy iray izay tsy mbola nankany amin'ny tempoly niaraka tamin'izy ireo—izay efa nanambady ary niaraka tamin'ny vady aman-janany.

Naniry ny hanompo any amin'ny tempoly i Rahalahy sy Rahavavy Mou Tham tao amin'ny fahanterany. Tamin'izany fotoana izany dia efa nitsangana sy voatokana ny Tempolin'i Papeete Tahiti, ary nanao asa fanompoana amin'ny fotoana feno tany in-efatra ry zareo.[3]

Ry rahalahy sy ranabavy, mihoatra noho ny vato sy feta fotsiny ny tempoly. Heniky ny finoana sy fifandian-kanina izy ireny. Naorina nandritra ny fotoam-pitsapana sy fijoroana ho vavolombelona izy ireny. Nohamasin'ny fahafoizan-tena sy fanompoana izy ireny.

Ny tempoly voalohany izay naorina tamin'ity fotoampitantanana ity dia ny tempolin'i Kirtland, Ohio. Nahantra tokoa ny Olomasina tamin'izany andro izany, kanefa ny Tompo dia nandidy azy ireo hanorina tempoly, ka dia nanangana izany izy ireo. Nanoratra mikasika izany ny Loholona Heber C. Kimball nanao hoe: "Ny Tompo irery ihany no hany mahalala ny endripahantrana, sy fitsapana ary fahoriana nosedrainay mba hahatontosana izany."[4] Avy eo, taorian'ny fahavitan'izany asa nokaliana tanteraka izany dia noterena hiala an'i Ohio sy ny tempoly malalany ireo Olomasina. Nahita toeram-pialofana izy ireo—na dia tsy naharitra aza izany—teo amin'ny moron'ny Renirano Mississippi tao amin'ny fanjakana Illinois. Nantsoin'izy ireo hoe Nauvoo izany fanorenamponenana izany ary dia mbola vonona hanolotra an-tsitrapo izay nananany rehetra indray izy ireo, amin'ny finoana tsy voahozongozona, ka nanangana tempoly iray hafa ho an'Andriamanitra. Na dia izany aza dia nivaivay ny fanenjehana, ary vao vantany vita ny Tempolin'i Nauvoo, dia noroahina hiala ny fonenany indray izy ireo, ka nikatsaka toeram-pialofana tany an-tany foana.

Nanomboka indray ny fahasahiranana sy ny fahafoizan-tena raha niasa nandritra ny 40 taona mba hananganana ny tempolin'i Salt Lake izay mijoro amim-boninahitra amin'ny lafiny atsimo amin'ny toerana misy antsika eto amin'ity Foiben'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ity ankehitriny.

Misy ambaratongam-pahafoizantena hatrany amin'ny fananganana tempoly sy ny fanatrehana tempoly. Tsy tambo isaina ireo mpikambana no niasa mafy sy sahirana mba hahafahan'izy ireo sy ny fianakavian'izy ireo mahazo ny fitahiana izay azo any amin'ny tempolin'Andriamanitra.

Nahoana no maro tahaka izany no nanome zavatra maro an-tsitrapo mba handraisany ny fitahiana avy amin'ny tempoly? Ireo izay mahatakatra ny fitahiana mandrakizay azo avy amin'ny tempoly dia mahafantatra fa tsy misy izany fahafoizan-tena lehibe loatra, na sarany mavesatra loatra, na fahoriana sarotra loatra ka tsy mendrika nanaovana izany mba handraisana ireo fitahiana ireo. Tsy misy halavirana be loatra handehanana, na sakana betsaka loatra ho resena na fahoriana be loatra ho zakaina. Takatr'izy ireo fa ireo ôrdônansin'ny famonjena izay raisina any amin'ny tempoly no hanome antsika fahafahana indray andro any hiverina any amin'ny Raintsika any an-danitra ao amin'ny fifandraisan'ny fianakaviana mandrakizay ary ho tafiana amin'ireo fitahiana sy hery avy any ambony izay mendrika hanaovana ny fahafoizana sy ny ezaka rehetra.

Ankehitriny dia tsy mila miaritra toe-javatra mafy ny ankamaroantsika vao afaka ny handeha any amin'ny tempoly. Valopolo isan-jaton'ireo mpikamban'ny Fiangonana ankehitriny no mipetraka manodidina ny 300 kilaometatra avy eo amin'ny tempoly iray, ary ho an'ny ankamaroantsika dia mbola mety ho fohy kokoa izany halavirana izany.

Raha toa ka efa tany amin'ny tempoly ianao, ary raha toa ka miaina tsy dia lavitra ny tempoly, ny fahafoizan-tena takiana aminao dia mety ho ny fanokanana fotoana eo amin'ny fiainanao feno fasahiranana handehanana any amin'ny tempoly matetika. Maro ireo zavatra tokony ho atao any

amin'ny tempoly ho an'ireo izay miandry izany any ambadiky ny voaly. Rehefa manao ny asa ho an'izy ireo isika dia hahafantatra fa ny zavatra nataontsika ho azy ireo dia zavatra tsy vitany ho an'ny tenany. Nanambara ny Filoha Joseph F. Smith, tamin'ny fanambarana feno fientanam-po hoe: "Amin'ny alalan'ny ezaka ataontsika ho azy ireo dia ho rava ny rojo vy an'ny fanandevozana ho azy ireo, ary ny fahamaizinana izay nandrakotra azy ireo dia hisava, ka hibaliaka amin'izy ireo ny hazavana ary handre ireo asa izay natao ho azy ireo any amin'ny tontolon'ny fanahy izay ataon'ireo zanany ety izy ireo, hifaly hiaraka aminareo noho ny fahavitanareo izany adidinareo izany."[5] Ry rahalahy sy ranabavy, anjarantsika ny manao izany asa izany.

Tao amin'ny fianakaviako manokana dia isan'ny zavatra niainana faran'izay masina sy sarobidy indrindra ho anay no nitranga tamin'ireo fotoana niarahana tany amin'ny tempoly nanatanterahana ireo ôrdônansin'ny famehezana ho an'ireo razambe efa nodimandry.

Raha mbola tsy tany amin'ny tempoly ianao, na raha toa ka *efa tany* kanefa tsy manana ny fahamendrehana ankehitriny hihazona fahazoan-dalana, dia tsy misy tanjona manan-danja kokoa tokony hiezahanao ho tratrarina mihoatra noho ny ho tonga mendrika ho any amin'ny tempoly. Ny fahafoizan-tena takiana aminao dia mety ho ny fandaminana ny fiainanao mba hifanaraka amin'ny zavatra takiana mba hahazoana ny fahazoan-dalana, angamba amin'ny alalan'ny fialana amin'ny fahazaran-dratsy efa ela izay tsy nahamendrika anao. Mety ho mitaky ny fananana finoana sy ny fifehezan-tena amin'ny fandoavana ny fahafolonkarena izany. Na inona izany na inona dia meteza ho mendrika ny hiditra ny tempolin'Andriamanitra. Ataovy izay hahazoana ny fahazoan-dalana ary tandrovy ho toy ny fananana sarobidy izany, satria fananana sarobidy tokoa izany.

Mandrapiditrao ny tranon'ny Tompo ary handraisanao ireo fitahiana rehetra izay miandry anao any, dia mbola tsy nandray ireo zava-drehetra atolotry ny Fiangonana ianao. Ireo fitahiana manan-danja sy avo indrindra amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana dia ireo fitahiana izay raisintsika any amin'ny tempolin'Andriamanitra.

Ankehitriny ry namana keliko ao anatin'ny taonan'ny fahatanorana, afantohy amin'ny tempoly hatrany ny sainao. Aza manao zavatra izay hanakana anao tsy hiditra ny varavarany sy handraisanao ireo fitahiana masina sy mandrakizay ao. Manentana ireo izay efa mandeha mankany amin'ny tempoly matetika aho mba hanaovanareo asa ho an'ireo efa nodimandry, handehananareo vao maraina any mba handray anjara amin'ny batisa toy izany alohan'ny handehanana any antsekoly. Tsy misy zavatra tsara kokoa noho izany hanombohana ny andro.

Ho anareo ray aman-drenin'ireo tanora ireo, mamelà ahy hizara aminareo sosokevitra mifono fahendrena avy tamin'ny Filoha Spencer W. Kimball. Hoy izy hoe: "Ho zavatra hahafinaritra tokoa raha . . . manana sarin'ny tempoly ao amin'ny efitranony ireo ray aman-dreny ka mba hahafahan'ireo [zanany], hatrany amin'ny fahazaza[ny], hibanjina izany sary izany isan'andro isan'andro [mandrapahatongavan'] izany ho ampahan-javatra eo amin'ny fiainan'[izy ireo]. Rehefa tonga amin'ny taona izay handraisan'[izy ireo] [ilay] fanapahan-kevitra manan-danja [mahakasika ny fandehanana any amin'ny tempoly] [izy ireo], dia efa tapaka hatry ny fahakeliny izany."[6]

Ny zanatsika dia mihira ity fihirana ity ao amin'ny Kilonga:

*Tiako ny mibanjina ny tempoly,*
*Hiditra ao aho indray andro any.*
*Hanao fanekempihavanana amin'ny*
*Raiko aho;*
*Sy hankato izany manomboka eo.*[7]

Miangavy anareo aho mba hampianatra ny maha-zava-dehibe ny tempoly amin'ny zanakareo.

Mety ho toerana feno fanamby sy manahirana izao tontolo izao izay iainantsika. Matetika no voahodidin'ny zavatra izay hanimba antsika isika. Rehefa mandeha mankany amin'ny trano masin'Andriamanitra izaho sy ianao, ary rehefa mahatsiaro ireo fanekempihavanana nataontsika tao, dia ho afaka ny hahazaka ireo fitsapana ary handresy ny fakam-panahy tsirairay. Ao anatin'izany toerana izany no hahitantsika fiadanana, hanavaozantsika sy hankaherezantsika ny tenantsika.

Ankehitriny ry rahalahy sy ranabavy dia hiresaka mikasika ny tempoly iray fanampiny aho alohan'ny hifaranan'ny teniko. Tsy ho ela intsony atsy ho atsy, raha eo am-pananganana ireo tempoly vaovao manerana an'izao tontolo izao isika, dia haorina ao amin'ny tanàna iray izay efa niorina nandritra ny dimanjato sy roa arivo taona lasa izay ny iray amin'izany. Ny tempoly atsangana amin'izao fotoana izao any Rome, Italie no resahiko.

Ny tempoly tsirairay dia tranon'Andriamanitra, mitovy fomba fiasa sy samy handraisana ireo fitahiana sy ôrdônansy mitovy avy. Ny Tempolin'i Rome, izay miavaka, dia haorina any amin'ny iray amin'ireo toerana manantantara indrindra eto ambonin'ny tany, tanana iray izay nitorian'ny Apôstôly fahiny Petera sy Paoly ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary toerana nahamaritiora azy ireo.

Tamin'ny volana Ôktôbra lasa teo, rehefa nivory teo amin'ny toerana somary ambanivohitra maha-te-ho tia iray teo avaratra atsinanan'ny tanànan'i Rome izahay, dia nanana fahafahana aho nanolotra vavaka fanokanana teo am-piomanana hiadiana ny fototra. Nahatsapa aho fa ilaina asaina amin' izany ny Senatera italiana Lucio Malan sy ny ben'ny tanàna lefitra ao Roma, i Giuseppe Ciardi mba ho isan'ireo voalohany hamadika baingan-tany. Izy ireo dia samy nandray anjara tamin'ny fanapahan-kevitra mba hamelàna antsika hanangana tempoly eo amin' izany tanàna izany.

Nanjombona ny andro kanefa nafana ihany ary na dia nitatao aza ny orana dia vaingan'orana vitsy ihany no nilatsaka. Rehefa nihira ilay fihirana mahafinaritra "Fanahin'ny Ray" tamin'ny teny Italiana ny amboarampeo mahavariana, dia nahatsapa ny tsirairay fa toy ny tafaray ny lanitra sy ny tany tao anatin'ny hiram-piderana sy fisaorana mamaky lanitra ho an'ilay

Andriamanitra Tsitoha. Tsy tana fa latsaka ny ranomaso.

Ato ho ato dia handray ireo ôrdônansy mandrakizay mivantana ao amin'ny Trano masin'Andriamanitra, ireo olona mahatokin'ity tanàna ity, ilay antsoina hoe Tanàna Mandrakizay.

Maneho fankasitrahana lalina amin'ny Raintsika any an-danitra aho noho ny tempoly izay haorina ao Rome sy noho ireo tempolintsika rehetra, na aiza izy ireo na aiza. Mijoro ho fanilo ho an'izao tontolo izao izy ireny, fanehoana ny fijoroantsika ho vavolombelona fa Andriamanitra Raintsika any an-danitra dia velona, ary maniry ny hitahy antsika tsirairay Izy ary, indrindra indrindra, hitahy ireo Zanakalahiny sy ireo Zanakavaviny amin'ny taranaka rehetra mifandimby. Ireo tempolintsika tsirairay avy dia maneho ny fijoroantsika ho vavolombelona fa ny fiainana ankoatry ny fasana dia misy ary tena misy toy ny fisian'izao fiainantsika eto an-tany izao. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, enga anie isika hahavita izay fahafoizan-tena rehetra ilaina mba hanatrehana ny tempoly sy hananana ny fanahin'ny tempoly ao am-pontsika sy ny tokantranontsika. Aoka isika hanaraka ny dian-tongotry ny Tompo sy Mpamonjintsika, dia i Jesoa Kristy, izay nanao ny fahafoizan-tena faratampony ho antsika, mba hahazoantsika ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana any amin'ny fanjakan'ny Raintsika any An-danitra. Izany no vavaka aminkitsimpo ataoko, amin'ny anaran'ny Mpamonjy antsika, ny Tompo Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Joseph F. Smith, tao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1902, 3.
2. Jereo ny Vilson Felipe Santiago and Linda Ritchie Archibald, "From Amazon Basin to Temple," *Church News,* 13 Mar. 1993, 6.
3. Jereo ny C. Jay Larson, "Temple Moments: Impossible Desire," *Church News,* 16 Mar. 1996, 16.
4. Heber C. Kimball, in Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball* (1945), 67.
5. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 247.
6. *The Teachings of Spencer W. Kimball,* edisiona nataon'i Edward L. Kimball (1982), 301.
7. Janice Kapp Perry, "Oh, j'aime voir le temple," *Chants pour les Enfants,* 99.







**Nataon'ny Loholona Richard G. Scott**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Ireo Fitahiana Mandrakizain'ny Fanambadiana

*Misy dikany lehibe kokoa ny famehezana natao tany amin'ny tempoly rehefa mandeha eny ny fiainana. Hanampy anareo hifanakaiky bebe kokoa mihitsy izany ary hanampy anareo hahita fifaliana sy fahafahampo lehibe kokoa eo amin'ny fiainana an-tany.*

Ilay hafatra tena tsara nambaran'ity amboarampeo mahafinaritra ity raha araka ny eritreritro dia mamaritra ny lamin'ny fiainana ho an'ny maro amintsika: "miezaka ny ho toa an'i Jesoa."

Tamin'ny 16 Jolay 1953, izaho sy Jeanene vady malalako izay mpivady vao dia nandohalika teo amin'ny alitaran'ny Tempolin'i Manti Utah. Nampiasa ny fahefan'ny famehezana ny Filoha Lewis R. Anderson ary nanambara fa mpivady izahay ary mivady mandritra ity fiainana ity sy ho mandrakizay. Izaho dia tsy manana hery hamaritana ny fiadanana sy ny fahatoniana avy amin'ny fahatokiana fa raha manohy miaina ao anatin'ny fahamendrehana aho dia ho afaka ny hiaraka mandrakizay amin'i Jeanene malalako sy amin'ireo zanakay noho ilay ôrdônansy masina izay notanterahana tamin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana marina tao amin'ny tranon'ny Tompo.

Nofehezina taminay tamin'ny alalan'ireo ôrdônansy masin'ny tempoly ny zanakay fito. Efa any ambadiky ny voaly i Jeanene vady malalako sy ny roa amin'ireo zanakay. Mitondra famporisihana mahery vaika ho an'ireo olona tsirairay sisa ao amin'ny fianakavianay mba hiaina amim-pahamarinana izy ireo mba handraisanay miaraka ireo fitahiana mandrakizay izay nampanantenaina tany amin'ny tempoly.

Ireo andry lehibe roa tena manan-danja izay ijoroan'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any an-danitra dia ny fanambadiana sy ny fianakaviana. Vao mainka miharihary ny lanja lehiben'ireo andry roa ireo noho ny ezaka tsy misy fitsaharana ataon'i

Satana mba hampisaraham-bazana ny fianakaviana sy hanozongozonana ny lanjan'ireo ôrdônansin'ny tempoly, izay mamehy ny fianakaviana hiaraka mandrakizay. Misy dikany lehibe kokoa ny famehezana natao tany amin'ny tempoly rehefa mandeha eny ny fiainana. Hanampy anareo hifanakaiky bebe kokoa mihitsy izany ary hanampy anareo hahita fifaliana sy fahafahampo lehibe kokoa eo amin'ny fiainana an-tany.

Indray mandeha aho dia nianatra lesona manan-danja iray avy tamin'ny vadiko. Nandehandeha be nandritra ny fotoana ela aho tamin'ny asako. Efa ho roa herinandro no nandehanako ary nody tany an-trano aho ny Asabotsy maraina. Nanana adiny efatra aho nialohan'ny tsy maintsy hanatrehako fivoriana iray hafa. Tsikaritro fa simba ilay milina fanasan-dambanay ary nanasa ny lambanay tamin'ny tanana ny vadiko. Nanomboka nanamboatra ilay milina aho.

Nanatona i Jeanene ary nilaza hoe: "Rich a! inona ity ataonao?"

Hoy aho hoe: "Manamboatra ny milina fanasan-damba aho amin'izay tsy mila manao izany amin'ny tanana ianao."

Hoy izy hoe: "Tsia! Mandehana milalao miaraka amin'ny ankizy."

Hoy aho hoe: "Afaka milalao amin' izy ireo aho amin'ny fotoana hafa. Te-hanampy anao aho."

Dia nilaza izy hoe: "Richard a! mandehana re milalao amin'ny ankizy e!"

Rehefa niteny tamiko tamin'ny fomba feno fahefana izy dia nankato aho.

Nahafinaritra ny fotoana niarahako tamin'ny zanako. Nifanenjika izahay ary nikodiadia teo amin'ireo ravinkazo nihintsana. Avy eo dia nandeha tany amin'ny fivoriako aho. Raha toa ka tsy naniry ny mba hianarako lesona avy amin'izany zavatra niainako izany ny vadiko dia angamba mety tsy ho tadidiko izany.

Ny ampitson'izany teo amin'ny 4 ora maraina teo dia taitra aho rehefa nahatsapa sandry kely roa nanodidina ny tendako sy oroka teo amin'ny takolako ary naheno ireto teny ireto nisy nibitsibitsika teo amin'ny sofiko izay tsy hohadinoiko velively manao hoe: "Tiako ianao ry Dada. Ianao no namako be indrindra."

Raha toa misy karazan-java-miseho toy izany eo amin'ny fianakavianao dia hahafantatra ilay iray amin'ireo fifaliana faratampon'ny fiainana ianao.

Raha toa ianao tovolahy eo amin'ny taonan'ny fanambadiana ka tsy manambady, dia aza mandany fotoana amin'ny fanaovan-javatra tsy misy dikany. Aoka ianao hivoatra eo amin'ny fiainana ary mametraha tanjona mba hanambady. Aza iainana fotsiny tsy hanaovan-javatra izao vanimpotoan'ny fiainana izao. Ry zatovolahy! Mandehana manao asa fitoriana ampahamendrehana. Ary dia ataovy ho toy ny laharam-pahamehanao ambony indrindra ny fitadiavana ilay namana mendrika sy hiaraka aminao mandrakizay. Rehefa hitanao fa mitombo ny fahalianan'ny zatovovavy iray aminao dia ampisehoy azy fa ianao dia olona iray miavaka amin'ny rehetra ka hahaliana azy ny fahafantarany anao kokoa. Ento any amin'ny toerana mahafinaritra izy. Mampisehoa hakingan-tsaina. Raha te-hanana vady mahafinaritra ianao dia mila manao izay hahitany fa lehilahy manana ny maha-izy azy ianao ary azo vadiana.

Raha efa nahita olona iray ianao dia afaka manao fifamofoana sy fanambadiana faran'izay tsara ianareo ary afaka ho tena faly dia faly mandrakizay amin'ny alalan'ny fijanonana ao amin'ny fatoran'ny fahamendrehana izay napetraky ny Tompo.

Raha efa manambady ianao, dia moa ve ianao vady mahatoky aratsaina sy ara-batana koa? Moa ve ianao mahatoky eo amin'ny fanekempihavanan'ny fanambadiana nataonao ka tsy mirotsaka velively amin'ny fanaovana resaka amin'olon-kafa iray izay tsy ho tian'ny vadinao ny handrenesana azy tampoka? Moa ve ianao tsara fanahy amin'ny vadinao sy ny zanakao ary manohana azy ireo?

Ry rahalahy! Moa ve ianareo mba mitarika ireo fiaraha-mientan'ny fianakaviana toy ny fandalinana ny soratra masina, ny vavaky ny mpianakavy ary ny takarivan'ny mpianakavy, sa ny vadinareo no mameno ny banga noho ny tsy fandraisanareo andraikitra ao an-tokantrano? Moa ve ianareo mba miteny amin'ny vadinareo ny halehiben'ny fitiavanareo azy? Hitondra fifaliana lehibe ho azy izany. Rehefa miteny izany aho dia maheno lehilahy miteny amiko hoe: "Oay! Efa fantany izany." Mila miteny izany aminy ianareo. Ny vehivavy dia mivoatra ary tena voatahy amin'ny alalan'izany fanomezana antoka azy izany. Manehoa fankasitrahana amin'ireo zavatra izay ataon'ny vadinao aminao. Asehoy matetika izany fitiavana sy fankasitrahana izany. Izany dia hahatonga ny fiainana hiroborobo lavitra kokoa sy hahafinaritra ary hanana tanjona kokoa. Aza tazonina ireny fanehoana ara-boajanahary ny fitiavana ireny. Ary misy fiantraikany bebe kokoa aza izany rehefa mamihina azy akaiky ianao eo am-pilazana izany.

Nianatra ny lanjan'ny fanehoampitiavana avy amin'ny vadiko aho. Tany am-piandohan'ny fanambadianay dia matetika aho rehefa manokatra ny soratra masina mba hizara hafatra mandritra ny fivoriana iray no mahita teny feno fitiavana sy fanohanana izay natsofok'i Jeanene tany anatin'ireo pejin'ny boky. Teny mamy loatra izany indraindray ka mila tsy ho afaka hiteny aho. Ireo teny sarobidy avy tamin'ny vady feno fitiavana ireo, tamin'izany fotoana izany ary mbola mitohy hatramin'izao, dia harena sarobidy tsy voavidy vola ahitana fankaherezana sy fitaomam-panahy.

Nanomboka nanao izany taminy koa aho ary tsy tsapako fa hay tena nanan-danja lehibe taminy izany. Tsaroako, indray taona izay dia tsy nanana voIa hividianana fanomezana ho azy tamin'ny andron'ny St Valentin aho, ka dia nanapa-kevitra ny hanao sary tamin'ny loko rano teo ivelan'ny vata fampangatsiahana. Nanao izay tsara indrindra vitako aho saingy nanao hadisoana iray. Loko varinesa ilay izy fa tsy loko rano. Tsy navelany mihitsy aho hanala izany loko mitoetra maharitra teo amin'ny vata fampangatsiahana izany.

Tsaroako aho indray andro naka itony taratasy kely boribory itony izay lasa maka izany endriny izany rehefa loahanao ny taratasy ary dia



nosoratako teo amin'izy ireo ny isa 1 ka hatramin'ny 100. Navadiko izy tsirairay avy eo ary nanoratako hafatra ho azy. Noraisiko tamin'ny tanana izy ireo avy eo ary napetrako tao anaty valopy. Nieritreritra aho fa tena hihomehy izy.

Rehefa nodimandry izy dia hitako tao amin'ireo zavatra izay azy manokana fa tena nankafiziny ireo hafatra tsotra nifampizaranay. Hitako fa napetany tsara teo amin'ny taratasy iray ireo taratasy kely boribory tsirairay ireo. Tsy hoe notehiriziny fotsiny ireo teny kely nomeko azy ireo fa narovany tamin'ny alalan'ny fononjavatra pilasitika toy ireny hoe zavatra sarobidy ireny. Anankiray ihany no tsy napetany niaraka tamin'ireo hafa ireo. Mbola ao ambadiky ny fitaritry ny famantaranandro ao amin'ny lakozianay izany. Mivaky toy izao izany: "Jeanene a! tonga ny fotoana hilazako fa tiako ianao." Najanona eo izany ary mampahatsiahy ahy an'io zanakavavin'ny Ray any an-danitra tena miavaka io.

Rehefa nanao jery todika ny fiainanay aho dia nahatsapa fa tena voatahy tokoa. Tsy mba nifanditra izahay tao an-tokantranonay na nifanao teny maharary. Mahatsapa aho ankehitriny fa tonga ny fitahiana noho izy. Vokatry ny fahavononany hanome sy hizara ary tsy mba nieritreritra ny tenany izany. Taty amin'ny faramparan'ny fotoana niarahanay niaina, dia niezaka ny naka tahaka ny ohatra nasehony aho. Izaho dia manoro hevitra ny mba hanaovanareo izany koa any an-tokantranonareo.

Ny fitiavana madio dia hery tsy manam-paharoa sy mahomby izay mitondra amin'ny tsara. Ny fitiavana marina no fototry ny fanambadiana mahomby. Antony voalohany izay mahatonga ny zaza ho faly sy hivelatra tsara izany. Iza no afaka mandrefy marina ilay fiantraikany tsara avy amin'ny fitiavan'ny reny iray? Inona avy ireo voankazo maharitra avy amin'ny voan'ny fahamarinana izay nambolen'ny reny iray tsara sy tamimpitiavana teo amin'ny tany lonaky ny saina sy ny fo feno fahatokian'ny zaza iray? Amin'ny maha-reny anao dia nomena tsindrimandry masina ianao mba hanampiana anao hahatsapa ireo talenta manokan'ny zanakao sy ireo fahaiza-manaony miavaka. Ianao sy ny vadinao dia afaka miaraka mikolokolo sy mampatanjaka ary mampivelatra ireo toetra ireo.

Tena ahazoana tombontsoa ny manambady. Mahafinaritra ny fanambadiana. Rehefa mandeha ny fotoana dia hanomboka hahatsapa izany koa ianareo ary hanana ireo hevitra sy fahatsapana ireo koa. Misy ny fotoana izay tena mahafaly anareo, misy ny fotoam-pisedrana ary ny fotoampitsapana, saingy tarihan'ny Tompo miaraka ianareo ao anatin'ireo zavatra iainana izay mampivoatra ireo.

Indray alina ilay zanakay lahy kely, Richard, izay nanana olana tamin'ny fo dia taitra sady nitomany. Samy nandre izany izahay roa. Raha ny mahazatra dia ny vadiko foana no mitsangana mandeha mikarakara ny zazakely mitomany, saingy tamin'izay fotoana izay dia niteny aho hoe: "Aleo fa hokarakaraiko izy."

Noho ny olana mahazo azy, raha vao manomboka mitomany izy dia midobodoboka be ny fony. Mandoa izy avy eo ary mandoto ny lambampandriana. Tamin'izay alina izay dia nofihiniko mafy izy mba hampitoniana ilay fony midobodoboka haingana sy hampitsaharana ny tomaniny rehefa nanolo ny akanjony aho sy nametaka lambam-pandriana vaovao. Notrotroiko izy mandrapatoriny. Tsy nahafantatra aho tamin'izay hoe ho faty izy afaka volana vitsivitsy monja. Hotsaroako foana ilay famihinako azy teo an-tsandriko tamin'izany alina izany.

Tadidiko tsara ny andro nahafatesany. Raha nandeha fiara avy tany amin'ny hopitaly izaho sy i Jeanene dia nijanona teo amin'ny sisin-dalana izahay. Notazoniko teny an-tsandriko izy. Samy nitomany kely izahay, saingy nahatsapa fa ho anay ihany izy any ankoatry ny voaly noho ireo fanekempihavanana nataonay tany amin'ny tempoly. Izany dia nahatonga ny fanekena ny fahalasany ho maivana kokoa.

Nampianatra ahy zavatra sarobidy maro tokoa ny hatsaram-panahin'i Jeanene. Izaho dia tena tsy matotra tokoa nefa izy dia tena mahay mifehy tena sy tena manam-panahy. Ny fanambadiana dia manome sehatra tonga lafatra mba handresena ny fironana any amin'ny fitiavan-tena na ny fiahoahoana. Mieritreritra aho fa ny iray amin'ireo antony hamporisihana antsika mba hanambady aloha eo amin'ny fiainana dia ny mba hisorohana ny fivelaran'ireo toetra tsy tsara izay sarotra ovaina.

Malahelo an'izay lehilahy mbola

tsy nanapa-kevitra ny hitady namana mandrakizay aho ary ny foko dia mitomany an'ireo rahavavy izay mbola tsy nanana fahafahana hanambady. Mety mahatsapa ho irery sy tsy misy mpitia ny sasany aminareo ary tsy afaka mahita ny mety hahatanterahan'ny fahazoana ireo fitahiana avy amin'ny fanambadiana sy ny fananana zanaka na ny fianakavianareo manokana eo aminareo. Azo tanterahana ny zavatra rehetra ho an'ny Tompo ary mitazona ny fampanantenany izay nasainy nambaran'ny mpaminaniny izy. Fotoana lava be ny mandrakizay. Manàna finoana an'ireo fampanantenana ireo ary aoka ianao mba hanana fiainana mendrika azy ireo ka ho afaka hanatanteraka marina azy ireo eo amin'ny fiainanao ny Tompo amin'ny fotoanany. Azoko antoka fa hahazo ireo fitahiana nampanantenaina rehetra izay mendrika ny ho azonao ianao.

Mamela ahy ianareo noho ny niresahako an'i Jeanene vady malalako, saingy fianakaviana hiaraka mandrakizay izahay. Falifaly foana izy ary ny ankamaroan'izany dia tonga avy amin'ny fanompoany ny hafa. Na tao anatin'ny aretina mafy aza izy dia mbola nangataka ny Rainy any an-danitra ao anatin'ny vavaka ataony isa-maraina mba hitarika azy any amin'ny olona iray azony hampiana. Izany fangatahana tamin-kitsimpo izany dia voavaly foana. Lasa maivana ny enta-mavesatry ny olona maro ary nisy fahazavana teo amin'ny fiainan'izy ireo. Nahazo fitahiana foana izy noho ny naha fitaovana notarihan'ny Tompo azy.

Fantatro izany hoe mitia ny zanakavavin'ny Ray any an-danitra izany, izay amin'ny maha-zanakavavin'ny Ray any an-danitra azy dia nahavita nampiasa tamin-katsarana sy tamim-pahavitrihana ilay hery anaty ananan'ny vehivavy. Matoky aho fa rehefa hitako any ankoatry ny voaly indray izy amin'ny hoavy, dia hahatsapa izahay fa efa lasa nifankatia lalina tokoa. Hifankatia bebe kokoa izahay noho ny fisarahanay tamin'ny alalan'ny voaly nandritra izay fotoana izay. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# "Izay Rehetra Tiako no Anariko sy Faizako"

*Afaka manadio sy manomana antsika amin'ny fahazoana tombontsoa lehibe kokoa ara-panahy ny traikefa azo avy amin'ny fizakana ny famaizana.*

Ny Raintsika any an-danitra dia Andriamanitra iray miandrandra zavatra lehibe. Ireo zavatra Andrasany amintsika dia naseho tamin'ny alalan'ny Zanakalahiny Jesoa Kristy tamin'ireto teny ireto: "Koa mba tiako ianareo ho tanteraka tahaka Ahy, na ho tanteraka tahaka ny Rainareo izay any an-danitra" (3 Nefia 12:48). Nolazainy fa hanao izay hahamasina antsika Izy mba hahafahantsika "handray ny voninahitra selestialy" (F&F 88:22) ary "hiverina honina eo Anatrehany" (Mosesy 6:57). Fantany ny zavatra takiana amintsika ka mba hahatanteraka ilay fiovana takiana amintsika dia nanome ny Didiny Izy sy ny Fanekempihavanany sy ny fanomezan'ny Fanahy Masina ary ny zava-dehibe indrindra dia ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'ny Zanakalahy Malalany tamin'ny maty.

Ao anatin'izany rehetra izany, ny tanjon'Andriamanitra dia ny hahafahantsika Zanany hiaina fifaliana sesehena sy hiaraka Aminy mandrakizay ary ho tonga tahaka Azy mihitsy aza. Nanazava zavatra toy izao ny Loholona Dallin H. Oaks taona maro lasa izay: "Ny Fitsarana Farany dia tsy fanombantombanana ny totalin'ireo zavatra ratsy na tsara vitantsika—ireo zavatra *nataontsika*. Izany dia fampahafantarana ny vokatra farany avy amin'ireo asa nataontsika sy eritreritra nananantsika—lasa inona no *niafarantsika*. Tsy ampy ho an'iza na iza ny manao zavatra iray fotsiny tsy am-pieritreretana. Ny didy, ny ôrdônansy, ary ny fanekempihavanana dia tsy toy ny lisitr'ireo vola takiana mba harotsaka any amin'ny banky any an-danitra akory. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia drafitra iray izay mampiseho antsika ny fomba hahatongavantsika amin'izay tian'ny Raintsika any an-danitra hahatongavantsika."[1]

Ny mampalahelo dia maro ireo fivavahana Kristiana maoderina no mino fa Andriamanitra dia tsy mitaky zavatra amin'ireo izay mino Azy, ka dia mandray Azy ho toy ny mpanompo iray izy ireo "izay manome izay tadiavin'izy ireo rehefa antsoina" na toy ny mpitsabo izay ny anjara asany dia ny manampy ny olona "ho afa-po amin'ny tenany."[2] Fomba fijery ara-pivavahana izay "tsy mikasa ny hanova fiainana" izany.[3] "Ny mifanohitra amin'izany," no ambaran'ny

mpanoratra iray, "fa ilay Andriamanitra ambaran'ny Soratra Masina Hebreo sy Kristianina dia tsy mitaky ny fanoloran-tena fotsiny fa ny fiainantsika mihitsy. Ilay Andriamanitry ny Baiboly dia mifantoka amin'ireo zavatra momba ny fiainana sy ny fahafatesana, fa tsy ny zavatra mahafinaritra, ary mitaky fitiavana feno fahafoizan-tena, fa tsy toetra mialangalana."[4]

Te-hiresaka mikasika ny toetra iray manokana sy ny fomba iray tokony harahantsika aho raha te-hahatratra ireo zavatra lehibe andrasan'ny Raintsika any an-danitra amintsika isika. Izao izany—ny fahavononana hanaiky fanitsiana ary hikatsaka izany mihitsy aza. Ny fanitsiana dia zava-dehibe raha toa ka te-hampifanaraka ny fiainantsika "[amin']ny fahasoavana isika rehetra, [izany hoe], araka ny ohatry ny fanomezan'i Kristy" (Efesiana 4:13). Hoy i Paoly raha niresaka momba ny fanitsiana na famaizana araky ny fomban'Andriamanitra: "Fa izay tian'i Jehovah no faizany" (Hebreo 12:6). Na dia sarotra aza matetika ny miaritra dia tena tokony ho faly isika fa mbola raisin'Andriamanitra ho zava-tsarobidy ka handaniany ny fotoany ary mbola ahitsiny.

Misy tanjona telo farafahakeliny ny famaizana avy amin'Andriamanitra: (1) handresena lahatra antsika fa mila mibebaka isika, (2) hanadiovana sy hanamasinana antsika, ary (3) hamerenana antsika amin'ny lalam-piainana izay fantatr'Andriamanitra fa tsara kokoa ho antsika.

Eritrereto voalohany indrindra amin'ny zava-drehetra ny fibebahana, izay fepetra takiana hahazoana famelana sy fahadiovana. Nanambara ny Tompo fa "Izay rehetra tiako no anariko sy faizako; koa dia mazotoa hianao, ka mibebaha" (Apôkalypsy 3:19). Ary mbola hoy Izy hoe: "Ary tsy maintsy ilaina ny hamaizana ny vahoakako ambara-pianarany fankatoavana, amin'ny alalan'ny zavatra izay iaretany, raha ilaina izany" (F&F 105:6; jereo koa ny F&F 1:27). Ao amin'ny fanambaran'ny andro farany, ny Tompo dia nandidy ireo mpitariky ny Fiangonana efatra izay nitana toerana ambony mba hibebaka (tahaka ny handidiany



ny ankamaroantsika ihany koa) noho ny tsy fampianarany araky ny tokony ho izy ny zanak'izy ireo "araka ny didy" ary noho ny tsy "[fah]azoto[any] sy ny [tsy] [f]ikarakara[n'izy ireo] bebe kokoa [ny tao] an-tokantrano" (jereo ny F&F 93:41–50). Nibebaka ny rahalahin'i Jareda ao amin'ny Bokin'i Môrmôna rehefa nitsangana teo amin'ny rahona ny Tompo ary niresaka taminy "nandritra ny adiny telo . . . nandevileveny azy noho izy tsy nahatsiaro ny hiantso ny anaran' ny Tompo" (Etera 2:14). Satria tena naneho fahavononana ny handray andraikitra noho izany famaizana mahery vaika izany ny rahalahin'i Jareda dia nomena tombontsoa mba hahita sy handray fampianarana nivantana avy tamin'ilay Mpanavotra izay mbola tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahany izy taty aoriana (jereo ny Etera 3:6–20). Ny vokatry ny famaizan'Andriamanitra dia ny fibebahana izay mitarika amin'ny fahamarinana (jereo ny Hebreo 12:11).

Ankoatra ny fandrisihana antsika hibebaka dia afaka manadio sy manomana antsika amin'ny fahazoana tombontsoa lehibe kokoa ara-panahy ny traikefa azo avy amin'ny fizakana ny famaizana. Hoy ny Tompo: "Tsy maintsy sedraina amin'ny zava-drehetra ny vahoakako mba ho voaomana izy ny handray ny voninahitra izay ananako ho azy, dia ny voninahitr' i Ziona; ary izay tsy hizaka famaizana dia tsy mendrika ny fanjakako" (F&F 136:31). Tany amin'ny toerana iray hafa Izy dia nilaza hoe: "Fa ireo rehetra izay tsy hiharitra famaizana fa handà Ahy dia tsy azo hamasinina" (F&F 101:1–5; jereo koa nyHebreo 12:10). Araky ny nolazain'ny Loholona Paul V. Johnson tamin'ity maraina ity hoe tokony hitandrina isika mba tsy hankahala ireo zavatra izay manampy antsika indrindra hitafy ny toetra araka an'Andriamanitra.

Nanorina vondrom-piaraha-monin'i Ziona tao Helama ireo mpanara-dia an'i Almà, kanefa dia voababo izy ireo avy eo. Tsy mendrika azy ireo ny fijaliana nahazo azy, kanefa ny rakitsoratra dia manambara ny mifanohitra amin'izany hoe:

"Ny Tompo dia mahita fa mety ny hamaizana ny olony; eny, mizaha toetra ny faharetany sy ny finoany Izy.

"Kanefa—na zovy na zovy no mametraka ny fitokiany Aminy, dia izy no hasandratra amin' ny andro farany. Eny, dia toy izany no nitranga tamin'ity vahoaka ity" (Môsià 23:21–22).

Nampahatajahan'ny Tompo izy ireo ary nohamaivaniny ny enta-mavesany ka zara raha tsapan'izy ireo izany teo an-tsorony, ary farany dia nohafahany izy ireo (jereo ny Môsià 24:8–22). Nahazo tanjaka tsy hay refesina ny finoan'izy ireo tamin'ny alalan'ny zavatra niainany, ary nanomboka teo dia nanana fifandraisana manokana tamin'ny Tompo izy ireo.


Mampiasa fomba famaizana na fanitsiana iray hafa ihany koa Andriamanitra mba hitarihana antsika any amin'ny hoavy izay tsy hitantsika na tsy afaka ny ho hitantsika ankehitriny, kanefa Fantany fa lalana tsaratsara

kokoa ho antsika izany. Nizara ny traikefany manokana ny Loholona Hugh B. Brown, izay mpikambana iray tao amin'ny Roambinifololahy ary mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Nitantara mikasika ny fividianana toeram-pambolena sy fiompiana iray tsy nisy fikarakarana tany Kanada taona maro lasa izy. Raha teo am-panadiovana sy teo ampikarakarana izany fananany izany izy dia nahita hazom-boaloboka izay nandrombona be efa ho 2 metatra latsaka teo ho eo ny haavony kanefa tsy nisy voany izany. Norantsanany tanteraka izany ary foto-dratsankazo kely sisa no navelany teo. Avy eo dia nahita zavatra nitete toy ny ranomaso teo amin'ny tendron'ireo foto-dratsankazo tsirairay ireo izy sahala amin'ireny hoe nitomany ireny ilay hazom-boaloboka ary nieritreritra izy fa naheno izany niteny hoe:

"Nahoana no nahavitanao an'izao tamiko? Efa nandrombona be aho. . . . Izao anefa dia norantsananao. Izao ny zavamaniry rehetra eto an-tanimboly dia hankahala ahy. . . . Nahoana aho no nataonao toy izao? Fa angaha moa tsy ianao no mpikarakara ity tanimboly ity."

Namaly ny Loholona Brown hoe: "Izao no izy ry hazom-boaloboka kely a! Izaho no mpikarakara ity tanimboly ity ary fantatro hoe tiako ho lasa inona ianao. Izaho tsy mikasa ny hanao anao ho hazo fihinam-boa tsotra na hazo fakana alokaloka. Tiako ianao ho hazo fihinam-boa kely izao, fa indray andro any ry hazom-boaloboka kely, rehefa rakotry ny voankazo ianao dia hilaza amiko hoe: 'Misaotra anao Andriamatoa Mpikarakara tanimboly, noho ny fitiavanao ahy ka nandrantsananao ahy.'"

Taona maro taty aoriana dia lasa manam-boninahitry ny tafika tao amin'ny Tafika Kanadiana izay nanompo tany Angletera ny Loholona Brown. Rehefa maty vokatry ny ady ny manam-boninahitra ambony iray dia ny Loholona Brown no manaraka tao anatin'ny filaharana tokony hampiakarina ho jeneraly, ary dia voantso tany Londres izy. Kanefa na dia mendrika tanteraka ny Loholona Brown



aza izany fampiakarana galona azy izany dia tsy nomena azy satria noho izy Môrmôna. Ohatr'izao no fomba nilazan'ilay jeneraly mpibaiko izany: "Mendrika anao tokoa ity fanendrena ity, kanefa tsy afaka ny hanome izany anao aho." Ilay zavatra izay nantenainy sy nivavahany ary niomanany nandritra ny folo taona dia votsotra teo am-pelantanan'ny Loholona Brown tamin'izany fotoana izany noho ny fanavakavahana tsotra izao. Rehefa nanohy ilay tantara ny Loholona Brown dia nahatsiaro an'izao:

"Nandray ny fiaran-dalambiako aho ary nody . . . niaraka tamin'ny fo naratra sy fanahy feno alahelo. . . . Rehefa tonga tao amin'ny laiko aho, . . . dia natsipiko teo amin'ny fandriako ny satroko. Namokona ny totohondriko aho, ary nanondro izany tany an-danitra. Hoy aho hoe: "Nahoana aho no nataonao toy izao ry Andriamanitra? Nanao izay rehetra vitako aho mba ho mendrika izany. Tsy misy zavatra tokony ho azoko natao—na zavatra tokony ho nataoko—ka tsy nataoko. Nahoana aho no nataonao toy izao?" Nangidy tamiko toy ny fangidian'ny afero izany.

"Avy eo dia naheno feo aho, feo izay fantatro. Ny feoko ihany izany, izay nilaza hoe: "Izaho no mpikarakara ity tanimboly ity ary fantatro hoe tiako ho lasa inona ianao." Niala tao anatiko ilay alahelo ary nandohalika teo akaikin'ny fandriako aho mba hangataka famelan-keloka tamin'ny tsy fanehoako fankasitrahana. . . .

". . . Ankehitriny, efa ho 50 taona aty aoriana, dia miandrandra any amin'[Andriamanitra] aho ary milaza hoe: "Misaotra anao ry mpikarakara tanimboly noho ny fanapahanao ahy sy noho ny fitiavanao ahy ka nandratranao ahy.'"[5]

Fantatr'Andriamanitra hoe tokony ho lasa inona i Hugh B. Brown ary fantany izay zavatra ilaina mba hahatanteraka izany, ary dia nahodiny ny lalany mba hanomanana azy amin'ilay andraikitra masina ho apôstôly.

Rehefa maniry sy miezaka aminkitsimpo ny ho mendrika ireo zavatra lehibe andrasan'ny Raintsika any an-danitra amintsika isika, dia hataony izay hahazoantsika ny fanampiana rehetra ilaintsika na izany fampiononana, na fampaherezana na famaizana. Raha manaiky izany isika dia hiseho amin'ny endriny maro sy avy amin'ny loharanon-javatra maro ny fanitsiana izay ilaina. Mety hitranga mandritra ny vavaka ataontsika izany rehefa miresaka ao an-tsaina sy ao am-pontsika Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (jereo ny F&F 8:2). Mety hitranga amin'ny valim-bavaka izany izay milaza hoe: "Tsia," na mifanohitra amin'izay nantenaintsika. Mety hitranga mandritra ny fandalinantsika ny soratra masina ny famaizana ary ampahatsiahivina amintsika rehefa misy lesoka na tsy fankatoavana na tsy firaharahiana fotsiny ny tokony hatao.

Mety tonga amin'ny alalan'ny olonkafa koa ny fanitsiana, indrindra avy amin'ireo olona nentanin'Andriamanitra ara-panahy hitondra ilay fahasambarana eo amintsika. Napetraka ato amin'ny Fiangonana ankehitriny ny apôstôly, mpaminany, eveka ary ireo hafa toy ny tamin'ny andro fahiny "ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy" (Efesiana



4:12). Mety tonga teo aminareo toy ny antso natao mba hibebahanareo na hiovanareo ny zavatra sasantsasany voalaza tamin'ity fihaonambe ity ary raha ampiharina dia hampiakatra antsika amin'ny toerana ambony kokoa. Afaka mifanampy isika amin'ny maha-mpiara-mivavaka antsika satria izany no antony voalohany nanorenan'ny Mpamonjy ny Fiangonana. Na dia ianjadian'ny fitsikerana feno haratsiam-panahy avy amin'olona izay manambany sy tsy tia antsika aza isika, dia manampy ny fananana halemem-panahy ampy mba handinihana ny toe-javatra misy sy hianarana lesona avy amin'izany izay mety ho tombontsoantsika.

Mety avy amin'ny vady koa ny fanitsiana, izay irariana mba ho feno hatsaram-panahy. Ny Loholona Richard G. Scott, izay vao avy niresaka tamintsika teo dia nahatsiaro ny fotoana nanoroan'ny vadiny Jeanene azy hevitra fony izy ireo vao nivady ny mba hijereny mivantana ireo olona rehefa miresaka amin'izy ireo izy. "Mijery ny gorodona ianao, na miandrandra any amin'ny valin-drihana na eny amin'ny varavarankely fa tsy any amin'ny masony," hoy izy. Nandray am-po izany fanitsiana feno fitiavana izany izy ary nahatonga azy hahomby kokoa izany teo am-panoroana hevitra olona sy teo amin'ny fiarahana miasa tamin'olona. Tamin'ny naha-mpitory ny filazantsara ahy teo ambany fitarihan'ny Filoha Scott tamin'izany andro izany, dia azoko hamarinina fa tena mijery mivantana ny mason'ilay olona izy mandritra ny resaka ifanaovana. Ary ampiako izany hoe rehefa misy olona mila fanitsiana dia tena latsapaka izany fijery izany.

Afaka manitsy ary tokony hanitsy ny ray aman-dreny, eny tokony haneho famaizana mihitsy aza raha tian'izy ireo tsy ho eo ambany fangejan'ny fahavalo sy ny mpanohana azy ireo zanany. Nanambara ny Filoha Boyd K. Packer fa raha misy olona iray manana fahafahana hanitsy olona iray hafa ka tsy manao izany dia tsy mieritreritra afa-tsy ny tenany izy. Tsarovy fa ny fanitsiana dia tokony hatao haingana amin'ny fomba mivantana na mazava sy "rehefa entanin' ny Fanahy Masina; ary rehefa izany dia maneho fitiavana sesehena amin'ilay nitsinao, fandrao heveriny ho fahavalony ianao" (F&F 121:43).

Tsarovy fa rehefa tsy mety mandray ny fanitsiana isika dia mety hitsahatra tsy hanao izany intsony ireo olon-kafa na dia eo aza ny fitiavany antsika. Raha toa ka mamerimberina tsy manao ny zavatra asaina ataontsika avy amin'ny famaizan'ilay Andriamanitra be fitiavana isika, dia hitsahatra tsy hanao izany koa Izy. Efa nilaza Izy fa "ny Fanahiko dia tsy hitaona mandrakariva ny olona" (Etera 2:15). Raha ny marina dia tokony hivoaka avy ao amintsika ihany ny ankamaroan'ny famaizana ho an'ny tenantsika—izany hoe tokony ho lasa olona manitsy ny tenantsika isika. Ny iray tamin'ireo fomba nahatonga ny Loholona Joseph B. Wirthlin ilay mpiara-miasa taminay efa nodimandry ho lasa mpianatra madio sy be fanetren-tena, dia tamin'ny alalan'ny fanombantombanany ny zava-bitany teo amin'ireo andraikitra sy asa tsirairay niandraiketany. Noho ny faniriany hanome fahafahampo an'Andriamanitra dia nanolo-tena ny hianatra izay zavatra azony natao tsara kokoa izy ary avy eo dia nampihariny tamim-pahavitrihana ny lesona tsirairay nianarany.

Afaka ny hahatratra ny zavatra lehibe andrasan'Andriamanitra amintsika isika tsirairay na lehibe na kely ny fahaiza-manaontsika na ny talentantsika. Nanambara i Môrônia hoe: "Raha mandà ny toetra tsy araka an'Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary tia an'Andriamanitra amin' ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin' izany dia ampy ho anareo ny fahasoavan'[Andriamanitra], fa amin'ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin' i Kristy" (Môrônia 10:32). Ny ezaka amim-pikirizana sy amim-panoloran-tena avy amintsika dia handraisana izany famindram-po manome hery sy fahafaha-manao zavatra izany, ezaka izay azo antoka fa ahitana ny fanekena ny famaizana avy amin'Andriamanitra sy fibebahana amin-kitsimpo sy feno. Aoka isika hivavaka mba hahazo izany fanitsiany entanim-pitiavana izany.

Hitahy anareo anie Andriamanitra eo amin'ny ezaka ataonareo mba hahatratrarana ny zavatra lehibe andrasany ary Izy anie hanome anareo fifaliana sy fiadanana mitafotafo izay mazava ho azy fa miseho aorian'izany. Fantatro fa izaho sy ianao dia afaka ny ho iray ao amin'Andriamanitra sy Kristy. Mijoro ho vavolombelona amim-panetren-tena sy amim-pahatokian-tena ny amin'ny Raintsika any andanitra sy ny Zanaka Malalany aho ary ny amin'ny hery anaty tena mahafaly ananantsika noho Izy Ireo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Dallin H. Oaks, "The Challenge to Become," *Liahona,* Jan. 2001, 40.
2. Kenda Creasy Dean, *Almost Christian: What the Faith of Our Teenagers Is Telling the American Church* (2010), 17.
3. Dean, *Almost Christian,* 30; jereo koa ny Christian Smith and Melinda Lundquist Denton, *Soul Searching: The Religious and Spiritual Lives of American Teenagers* (2005), 118–71.
4. Dean, *Almost Christian,* 37.
5. Hugh B. Brown, "The Currant Bush," *Liahona,* Mar. 2002, 22, 24.



**Nataon'ny Loholona Carl B. Pratt**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ireo Fitahiana Sarobidy Indrindra avy amin'ny Tompo

*Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mandoa amimpahatokiana ny fahafolonkarena isika, dia hanokatra ny varavaran'ny lanitra ny Tompo ary handrotsaka amintsika ireo fitahiana sarobidy indrindra avy any Aminy.*

Feno fankasitrahana aho noho ireo razambe nandala ny fahamarinana izay nampianatra ireo zanany ny filazantsara tao an-tokantrano talohan'ny tena nisian'ny takarivan'ny mpianakavy tamin'ny fomba ôfisialy. Ireo ray aman-drenibeko avy any amin'ny reniko dia i Ida Jesperson sy i John A. Whetten. Nonina tao amin'ny tanàna kely iray tao Colonia Juarez, Chihuahua, Mexique izy ireo. Ireo zanaky ry Whetten dia nampianarina araka ny fitsipika, ary tamin'ny alalan'ny fijerena ny ohatr'ireo ray aman-dreniny.

Ny taona 1920 sy ireo taona vitsivitsy nanaraka izany dia tena fotoan-tsarotra tany Mexique. Vao nitsahatra mihitsy ny hetsi-panafahana tamin'izay. Kely ny vola nifamezivezy tamin'izany ary ny ankamaroan'izany dia vola madinika. Matetika ny olona dia manao ny fandraharahany ara-barotra amin'ny alalan'ny fifanakalozana entana sy asa.

Indray andro tany amin'ny fiafaran'ny fahavaratra, i Dadabe John dia tonga tao an-trano rehefa avy nahavita fanakalozana ka nahazoana tao anatin'ny fifanarahana vola madinika 100 pesos. Nomeny an'i Ida izany niaraka tamin'ny torolalana fa ho vola handoavana ny saram-pianaran'ireo ankizy amin'ny taona manaraka izany.

Feno fankasitrahana tamin'ilay vola i Ida, kanefa nampahatsiahy an'i John izy fa tsy mbola nandoa fahafolonkarena izy ireo nandritra ny fahavaratra iray manontolo. Tsy nanana fidirambola izy ireo, saingy nampahatsiahivin'i Ida azy fa ireo biby fiompy dia nanome, hena sy atody ary ronono. Ny sahan'izy ireo dia nanome vokatra be dia be, ary nanao takalo zavatra hafa koa izy ireo izay tsy nampiasana vola. Nanolotra soso-kevitra i Ida ny hanomezan'izy ireo any amin'ny eveka ilay vola mba hanefana ny fahafolonkarenan'izy ireo.

Somary diso fanantenana i John satria noheveriny fa tena fanampiana lehibe ho an'ny fianaran'ny ankizy ilay vola, kanefa dia nanaiky soa amantsara izy fa tokony handoa ny fahafolonkarenany izy ireo. Nentiny tany amin'ny biraon'ny fahafolonkarena ilay kitapo mavesatra ary nomeny ny eveka ilay vola.

Fotoana fohy taty aoriana, dia naheno izy fa hisy mpandraharaha mpanankarena avy any Etazonia ho avy, izany Ingahy Hord izany, izay ho tonga ny herinandro ho avy miaraka amin'ny lehilahy maro mba hanokana andro vitsivitsy hihazana any an-tendrombohitra ary hanjonoana.

Nihaona tamin'ireo andiana lehilahy ireo i Dadabe John tany amin'ny toeram-piantsoan'ny fiaran-dalamby izay tsy lavitra an'i Colonia Juárez. Izy dia nanana andian-tsoavaly efa voafolaka ho taingenana sy biby maro hafa ilaina izay vonona hitondra ny entana sy ireo fitaovana filasiana eny an-tendrombohitra. Ny herinandro nanaraka an'io dia lany nitarihana ireo lehilahy ireo sy nikarakarana ny toeram-pilasiana sy ireo biby.

Tany amin'ny faran'ilay herinandro dia niverina teny amin'ny toerampiantsonan'ny fiaran-dalamby handray ny lamasinina hiverina any Etazonia ireo lehilahy ireo. Nandray ny karamany noho ny asany i John tamin'io andro io ary nomena vola peso madinika tamin'ny kitapo mba hanefana ireo fandaniana hafa. Rehefa avy nomena ny volan'i John sy ireo lehilahy dia naverin'i John tany amin'Ingahy Hord ny famerim-bola, izay taitra satria efa tsy nieritreritra hoe hisy ambim-bola intsony. Nanontany an'i John izy mba hahazoana antoka hoe voaloa daholo ny vola rehetra. Namaly i John fa ny fandaniana rehetra tamin'ny dia dia efa voaloa avokoa ary ireo no ambim-bola.

Nisiotsioka ny fiaran-dalamby. Nihodina handeha hiditra Ingahy Hord, dia nitodika indray ary nanipy ilay kitapo mavesatra nisy vola madinika tany amin'i John indray. "Iny, ento any an-trano iny ho an'ireo zanakao lahy," hoy izy. Nosamborin'i John ilay kitapo ary dia nitodi-doha nankany Colonia Juarez izy.

Tamin'io hariva io raha nivorivory ny fianakaviana taorian'ny sakafo hariva mba hihaino ny tantaran'ny dia natao, dia tsaroan'i John ilay kitapo ary nentiny niditra dia napetrany teo ambony latabatra. Nilaza i John fa tsy fantany ny totalim-bola tao anatin'ilay kitapo, noho izany, mba hifalifaliana dia nazera teo ambonin'ny latabatra izay tao anatin'ilay kitapo. Betsaka ihany ilay izy, ary rehefa voaisa ireo vola dia feno 100 pesos tsara izany. Mazava ho azy fa noraisina ho tena fitahiana lehibe ny nanapahan'Ingahy Hord hevitra hanao izany dia izany. Nahazo karama tsara i John sy ireo zanany, saingy ilay 100 pesos ambiny dia fampahatsiahivana fa nitovy tamin'izay ny vola natao fahafolonkarena ny herinandro talohan'io. Ho an'ny olona sasany, dia mety ho fifandrifian-javatra mahaliana izany, fa ho an'ny fianakaviana Whetten kosa dia mazava be fa lesona avy amin'ny Tompo izany, fa Izy dia mahatsiaro ny fampanantenana nataony tamin'ireo mandoa amim-pahatokiana ny fahafolonkarenany.

Fony aho mbola ankizy dia tena tiako izany tantara izany satria miresaka momba ny filasiana mitaingintsoavaly tany an-tendrombohitra mba hihaza sy hanjono. Ary tiako izany satria mampianatra fa rehefa mankatò ny didin'Andriamanitra isika dia voatahy. Misy zavatra maro azontsika sintonina momba ny fahafolonkarena avy amin'ity tantara ity.

Voalohany, ho tsikaritrao fa ny fandoavana ny fahafolonkarena teto amin'ity tranga iray ity dia tsy mifanaraka amin'ny vola miditra. Ny fianakaviana Whettens dia nanapa-kevitra fa ny vola niditra tamin'izy ireo voalohany dia hatao fahafolonkarena satria nahavelona azy ireo tsara ireo biby fiompy sy voankazo ary ny vokatra teny antsaha. Mazava ho azy fa nahatsapa ho nanan-trosa tamin'ny Tompo izy ireo noho ireo fitahiana azony.

Izany dia fampahatsiahivana antsika ny tian'ny Tompo holazaina rehefa nanontany Izy hoe: "Handroba an' Andriamanitra va ny olona? Kanefa efa nandroba Ahy ianareo." Hanontany ny olona hoe, "Tamin' inona no efa nandrobanay Anao?" ary dia



hamaly mafy ny Tompo hoe: "tamin'ny fahafolonkarena sy ny fanatitra" (Malakia 3:8). Eny ry rahalahy sy rahavavy, manan-trosa amin'ny Tompo isika rehetra toy ny nahatsapan'i John sy i Ida Whetten izany indray fahavaratra am-polon-taonany lasa izay. Aoka isika mba tsy ho voaheloka ho mpandromba an-Andriamanitra. Aoka isika ho marin-toetra ka handoa ny trosantsika amin'ny Tompo. Ny hany hangatahiny dia 10 isan-jato. Ny fandoavana tanteraka ny trosantsika amin'ny Tompo dia manampy antsika ho marin-toetra amin'ny mpiara-belona amintsika.

Ny zavatra manaraka izay tsikaritro amin'io tantara io dia ny fandoavan'ny ray aman-drenibeko ny fahafolonkarena na dia teo aza ny fahantran'ny fianakaviana teo amin'ny lafiny ara-bola. Fantatr'izy ireo ny didin'ny Tompo, ary nanaraka izay voalazan'ny soratra masina izy ireo (jereo ny 1 Nefia 19:23–24) ary nankatò ny lalàna. Izay no andrasan'ny Tompo amin'ny vahoakany rehetra. Izy dia miandry antsika handoa ny fahafolonkarena, tsy avy amin'ny amby ampy anananantsika, na avy amin'ny "sisa tavela" ao amin'ny teti-bolan'ny fianakaviana, fa toy ny nandidiany izany fahiny hoe avy amin'ny karamantsika raha vao mandray izany isika, na kely na betsaka izany. Ny Tompo dia nandidy hoe: "aza manemotra ny andro hanateranao ny . . . voaloham-bokatra" (Eksôdôsy 22:29). Araka ny traikefako manokana, ny fomba azo antoka indrindra handoavana ny fahafolonkarena amim-pahatokiana dia ny mandoa izany haingana dia haingana raha vao mandray karama aho. Raha ny tena marina dia izay irery ihany no hany fomba mety.

Nianatra avy amin'ny ray aman-drenibeko Whetten isika fa ny fahafolonkarena dia tsy resa-bola mihitsy; fa resaka finoana—finoana ny Tompo. Nampanantena fitahiana izy rehefa mankatò ny didiny isika. Mazava be fa i John sy Ida Whetten dia nampiseho finoana lehibe tamin'ny fandoavana ny fahafolonkarenany. Ndeha asehontsika ny finoantsika ny Tompo amin'ny alalan'ny fandoavana ny fahafolonkarena. Aloavy aloha izany, ary aloavy amim-pahatokiana. Ampianaro handoa fahafolonkarena ireo zanantsika amin'ny alalan'ny vola omena azy na izay vola miditra hafa ary dia ento miaraka amintsika manao dinidiniky ny fahafolonkarena izy ireo mba ho fantatr'izy ireo ny ohatra asehontsika sy ny fitiavantsika ny Tompo.

Mety hisy fandikana diso an'ity tantaran'ny ray aman-drenibeko ity. Mety hisy olona hieritreritra fa rehefa mandoa fahafolonkarena amin'ny vola isika, dia hitahy antsika amin'ny vola foana koa ny Tompo. Nanana eritreritra an'izany aho fony mbola ankizy. Kanefa dia nianatra aho nanomboka tamin'izay fa tsy voatery ho toy izany foana. Ny Tompo dia nampanantena fitahiana ho an'ireo izay mandoa ny fahafolonkarenany. Nampanantena izy fa "hovohana ny varavaran'ny lanitra, ka hampidinana . . . fitahiana manana amby ampy" (Malakia 3:10). Mijoro ho vavolombelona aho fa tanterahiny ny fampanantenany, ary raha mandoa amim-pahatokiana ny fahafolonkarena isika dia hanana ireo izay ilaina eo amin'ny fiainana, fa tsy mampanantena harembe izy. Ny vola sy ny petrabola any amin'ny banky dia tsy mba ilay fitahiana sarobidy indrindra avy Aminy. Omeny fahendrena isika mba hitantanantsika ireo fitahiana ara-nofo azontsika izay voafetra, fahendrena izay mamela antsika hiaina tsaratsara kokoa miaraka amin'ny 90 isan-jaton'ny karamantsika noho ny miaraka amin'ny 100 isan-jato. Noho izany ireo mpandoa fahafolonkarena

mahatoky dia mahatakatra ny tanjon'ny fitsinjovana ny vodiandro merika ary miezaka ny hizaka tena bebe kokoa.

Lasa nahatakatra aho fa ny fitahiana sarobidy indrindra avy amin'ny Tompo dia ara-panahy, ary matetika izy ireny dia misy ifandraisany amin'ny fianakaviana, sy ny namana, ary ny filazantsara. Matetika Izy no manome fitahiana avy amin'ny alalan'ny fahatsapana manokana ny fitaoman'ny Fanahy Masina sy ny fitarihany, indrindra indrindra eo amin'ny fanambadiana sy ny lafiny ara-pianakaviana toy ny fitaizana ny zanaka. Izany fahatsapana ara-panahy izany dia afaka hanampy antsika hahazo ireo fitahian'ny firindrana sy fiadanana ao an-tokantrano. Ny Filoha James E. Faust dia nanoro hevitra fa ny fandoavana ny fahafolonkarena dia antoka tsara indrindra hisorohana ny fisaraham-panambadiana (jereo James E. Faust, "Enriching Your Marriage," *Liahona*, Apr. 2007, 5).

Ny fandoavana ny fahafolonkarena dia manampy antsika hampivelatra fo mahay manetry tena, ary fo feno fankasitrahana izay mitarika antsika "hiaiky . . . ny tanany amin'ny zavadrehetra" (F&F 59:21). Ny fandoavana ny fahafolonkarena dia mamporisika antsika hanana fo malala-tanana sy mamela heloka, ary fo miantra feno fitiavana madion'i Kristy. Lasa manana faniriana ny hanompo sy hitahy ny hafa isika miaraka amin'ny fo feno fankatoavana ny sitrapon'ny Tompo. Ireo mpandoa tsy tapaka ny fahafolonkarena feno dia mahita fa lasa matanjaka ny finoan'izy ireo ny Tompo Jesoa Kristy ary mahazo fijoroana ho vavolombelona mafy orina sy raikitapisaka momba ny filazantsarany sy ny Fiangonany. Tsy misy amin'ireo fitahiana ireo no misy ifandraisany amin'ny ara-bola na ny ara-nofo, kanefa azo antoka fa ireo no fitahiana sarobidy indrindra avy amin'ny Tompo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mandoa amim-pahatokiana ny fahafolonkarena isika, dia hanokatra ny varavaran'ny lanitra ny Tompo ary handrotsaka amintsika ireo fitahiana sarobidy indrindra avy any Aminy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Lynn G. Robbins**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Tokony ho Karazana Olona Toa Inona moa Ianareo?

*Hahita fahombiazana anie ianareo amin'ireo ezaka ataonareo mba hananana ny toetra tahaka ny an'i Kristy, ka ho hita soritra eny amin'ny tarehintsika ny Endriny ary hiseho amin'ny fihetsika ataontsika ny Toetrany.*

Ilay fanontaniana hoe: "Misy ve aho sa tsy misy?" dia fanontaniana tena tsara.[1] Nametraka izany fanontaniana izany tamin'ny fomba lalindalina kokoa ny Mpamonjy, izay nahatonga izany ho lasa fanontaniana ara-potopampianarana manan-danja ho antsika tsirairay avy: "Tokony ho karazana olona *toa inona* moa ianareo? Lazaiko aminareo marina tokoa, ho toa *Ahy*" (3 Nefia 27:27; nampiana fanamafisana). Ny mpisolo anarana ho an'ny tena raha *lazaina iharana* dia *Ahy*. Nanasa antsika Izy hitondra ny Anarany sy hanana ny Toetrany.

Mba hahatonga antsika ho *toa* Azy dia tsy maintsy *manao* ny zavatra *nataony* koa isika: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no filazantsarako; ary fantatrareo ny zavatra izay tsy maintsy *ataonareo* ao amin' ny fiangonako; fa ny asa izay efa hitanareo *nataoko* no *hataonareo* koa" (3 Nefia 27:21; nampiana fanamafisana).

Tsy afaka misaraka ny *toetra ananana* sy ny *atao*. Amin'ny mahafotopampianarana mifampiankina azy ireo dia mifanamafy sy mifampandroso amin'ny fanatanterahana azy ireo izy roa ireo. Ohatra, manainga anao hivavaka ny finoana, ary ny vavaka kosa manamafy ny finoanao.

Matetika ny Mpamonjy no nanameloka ireo *nanao* ny tsara nefa *tsy tsara ny toetra*—ary niantso azy ireny hoe mpihatsaravelatsihy: "Manaja Ahy amin'ny molony, fa ny fony kosa lavitra Ahy" (Marka 7:6). Ny *manao ny tsara* nefa tsy *tsara ny toetra* dia fihatsarambelatsihy, na mody miseho hoe manana ny maha izy azy—tahaka ny mpihambo.

Ny mifamadika amin'izany koa dia hoe ny *tsara toetra* nefa tsy *manao ny tsara* dia zava-poana, tahaka "ny finoana, raha tsy misy asa, dia *maty* mihitsy" (Jakoba 2:17; nampiana fanamafisana). Ny hoe *tsara toetra* nefa tsy *manao* ny tsara dia tena *tsy tsara toetra*—famitahan-tena izany, fieritreretana ny tena ho tsara, noho ny antony fotsiny hoe tsara ny faniriana.

Ny *manao* ny tsara nefa *tsy tsara*

*toetra*—fihatsarambelatsihy—dia maneho endrika ivelany izay mamitaka ny hafa, raha toa kosa ka mamitaka ny tena ny *tsara toetra* nefa tsy *manao ny tsara*.

Namelively mafy ireo mpanora-dalàna sy Fariseo noho ny fihatsarambelatsihiny ny Mpamonjy: "Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandoa ny fahafolo"—zavatra izay *ataon'izy* ireo—"[amin'ny] solila sy ny aneta ary ny komina hianareo, nefa navelanareo izay lehibe amin'ny lalàna, dia ny rariny sy ny famindrampo ary ny finoana" (Matio 23:23). Amin'ny fomba fiteny hafa dia tsy *nanana ny toetra* izay tokony ho *toetrany* izy ireo.

Na dia fantatry ny Mpamonjy aza ny maha-zava-dehibe ny *manao ny tsara,* dia namaritra ny *toetra ananana* ho toy ny "zavatra faran'izay lehibe" ny Mpamonjy. Ny maha-zava-dehibe kokoa ny *manana toetra tsara* dia aseho amin'ireto ohatra manaraka ireto:

- Ny firotsahana amin'ny ranon'ny batisa dia zavatra *ataontsika*. Ny *toetra ananana* izay tokony hialoha lalana izany dia ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fiovam-po mahery vaika.
- Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia zavatra *ataontsika*. *Ny hoe* toetra mendrika handray ny fanasan'ny Tompo dia zava-dehibe sy manandanja kokoa.
- Ny fanendrena ao amin'ny fisoronana dia asa na zavatra *atao*. Kanefa ny zavatra manan-danja kokoa dia ny herin'ny fisoronana izay mifototra amin' "ireo fitsipiky ny fahamarinana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36), na amin'ny *toetra*.

Maro amintsika no *manao* lisitr'ireo zavatra atao mba hampahatsiahy antsika ny zavatra tiantsika ho tanterahina. Saingy mahalana kosa no mahita olona manao ny lisitry ny *toetra tokony ananana*. Nahoana? Ny *zavatra atao* dia asa na zava-mitranga ary azo asiana marika rehefa hoe *vita*. *Ny toetra* kosa dia zavatra tsy vita na oviana na oviana. Tsy azonao asiana marika ny *toetra ananana*. Afaka mitondra ny vadiko mamonjy takariva mahafinaritra amin'ny andro Zoma aho, izany dia zavatra *atao*. Fa ny hoe *manana ny toetry* ny vady tsara dia tsy zavatra atao fa mila ho ampahan'ny *toetra* maha-izaho ahy, ampahan'ny toetrako na ampahan'ny hoe iza moa aho.

Sa moa ve isika manisy marika hoe *vita* ny asa mahakasika ny zanaka iray, amin'ny maha-ray aman-dreny antsika? Tsy misy fiafarana ny hoe *manana ny toetry* ny ray aman-dreny tsara antsika. Ary mba ho ray aman-dreny tsara dia iray amin'ireo zavatra manan-danja indrindra azontsika atao ny mampianatra ny zanatsika ny fomba hahatonga azy ireo bebe kokoa ho *tahaka* ny Mpamonjy.

Ny *toetra* araka an'i Kristy dia tsy hita maso, kanefa izy ireny no hery manosika ny zavatra *atao*, izay hita maso. Ary mba ho ray aman-dreny tsara dia iray amin'ireo zavatra manan-danja indrindra azontsika atao ny mampianatra ny zanatsika ny *fomba* hahatonga azy ireo bebe kokoa ho tahaka ny Mpamonjy. Izany *asa* izany dia mampiseho ilay fitiavana tsy hita ao am-pon'izy ireo, ary ny finoana sy fanantenana tsy mibaribary eo amin'ireo ho zava-bitan'ireo zanany. Mitohy tsy tapaka isan'andro isan'andro ny ezaka ataon'izy ireo—porofon'ny *toetra* mifono faharetana sy fikirizana izay tsy hita ivelany.

Hampivoatra ny *toetra* amim-pahombiazana kokoa ny fampianarana ny tokony ho *toetra ananana* mihoatra ny fifantohana amin'ny zavatra atao mba hampivoarana ny toetra satria ny *toetra ananana* no manosika *hanao* zavatra, ary hery manosika aorian'ny *fanaovan-javatra iray*.

Rehefa mampiseho toetra tsy mendrika ireo ankizy, ohatra hoe mifamaly izy ireo, dia matetika isika no mandray fitsipi-pifehezana araky ny zavatra *nataon'izy* ireo na ny fifamaliana hitantsika. Kanefa ny zavatra *natao*—ny fihetsik'izy ireo—dia tsy inona fa endrika ivelany amin'ny hery manosika tsy hita maso ao am-pon'izy ireo. Mety hanontany tena isika hoe: "Toetra inona, raha takatry ny ankizy iray, no hanitsy izany fihetsika izany amin'ny hoavy? Ny ho be faharetana sy mamela heloka ve rehefa sorena? Sa feno fitiavana sy tia fihavanana? Sa ny fandraisana ny andraikitry ny tena manokana manoloana ny zavatra nataon'ny tena ary tsy manameloka?"

Ahoana no fomba ampianaran'ireo ray aman-dreny ireo toetra ireo amin'ireo zanany? Tsy hanana fahafahana tsara kokoa entina hampianarana sy hampisehoana ny toetra tahaka ny an'i Kristy amin'ireo zanatsika isika mihoatra noho ny amin'ny fomba fifehezantsika azy ireo. Ny *fifehezana* dia midika faharetana sy fampianarana avy amintsika. Tsy tokony ho atao amim-pahatezerana izany. Afaka sy tokony hifehy amin'ny fomba izay ianarantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121, izay amin'ny alalan'ny "fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy; amin'ny halemem-panahy sy fahalalana madio" (Andininy 41–42). Ireo rehetra ireo dia *toetra* tahaka ny an'i Kristy izay tokony *ho ao anatintsika*, amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpianatr'i Kristy antsika.

Mianatra ny vokatry ny zavatra atao ny ankizy amin'ny alalan'ny fitsipi-pifehezana. Manampy tokoa amin'ny fotoana tahak'izany ny famadihana ireo zavatra maneho fahadisoana ho zavatra mitondra amin'ny tsara. Raha mibaboka amin'ny tsy mety nataony ilay zaza dia derao ny risi-po nananany izay nahafahany nibaboka. Anontanio azy ireo ny zavatra nianarany avy tamin'ny fahadisoana na ny zavatra tsy mety nataony izay manome anao, fa indrindra indrindra ho an'ny Fanahy, fahafahana hikasika ny fony sy hampianatra azy ireny. Rehefa mampianatra azy ireo ny fotopampianarana araky ny Fanahy isika dia hanana hery hanova ny mahaizy azy—*ny toetrany*—izany fotopampianarana izany rehefa ela ny ela.

Takatr'i Almà koa izany fitsipika izany, dia ny hoe "hitarika ny olona *hanao* izay marina ny fitorian-teny—eny, izany dia nanana fiantraikany mahery kokoa tamin'ny sain'ny olona noho ny sabatra." (Almà 31:5; nampiana fanamafisana). Nahoana? Satria ny sabatra dia nentina ampitahorana fotsiny mba hanasaziana ny fihetsika—*na zavatra atao*—, raha ny fitorian-teny kosa dia entina hanovana ny tena toetran'ny olona—, ny *naha-izy azy* ireo na ny mety ho *toetra hahatongavan'izy ireo*.

Ny zanaka iray hendry sy mpankato dia tsy hitarika afa-tsy ny fampidirana ny ray aman-dreniny hanaraka ny taranja Fomba Fitaizana Zanaka: ny Abidia eo ambony latabatra fotsiny ihany. Fa raha toa kosa ianao ka manana tombontsoa manokana hanan-janaka izay mitaky ny faharetanao amin'ny faran'ny mafy indrindra dia ho voaray amin'ny taranja Fomba Fitaizana Zanaka: Ambaratonga Ambony. Mba tsy handaniana andro hisaintsainana ny zavatra tsy mety nataonao tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana ka nahatonga izao ozona mahazo anao izao dia azonao atao ny mandray izany zaza saro-taizana izany ho fitahiana sy fahafahana hahatonga ny tenanao bebe kokoa ho toa an'Andriamanitra. Amin'ny zanaka manao ahoana no ho tsapaina sy hampitomboana ary hatsaraina kokoa ny faharetanao sy ny fahari-ponao ary ireo toetra hafa tahaka ny an'i Kristy? Mety ho azo eritreretina ve fa sady mila izany zaza izany ianao no mila anao koa izy?

Efa samy nandre ilay teny hoe manameloka ny ota fa tsy ny mpanota angamba isika. Dia torak'izany ihany koa, rehefa manao fahadisoana ny zanatsika dia tokony hitandrina isika mba tsy hiteny zavatra izay hahatonga azy ireo hino fa ny zavatra diso *nataony* dia mamaritra ny *toetrany.* "Aza avela mihitsy ny fahadisoana hivoatra avy amin'ny zavatra atao ho tonga toetra mamaritra ny maha-izy an'ny tena," miaraka amin'ireo anarana apetaka hoe "ketrina," "domadoma," "kamo," na "votsavotsa."[2] Zanak'Andriamanitra ireo zanatsika ireo. Izany no tena toetrany sy ny hery anaty ananany. Ny Drafiny dia ny hanampy ireo Zanany handresy ireo fahadisoana ary hivoatra ho tonga tahaka *Azy.* Noho izany ireo fihetsika mandiso fanantenana dia tokony ho raisina ho toy ny zava-mandalo sy voafetra ihany—fa tsy raisina ho maharitra akory, raisina ho fihetsika fa tsy toetra mamaritra ny maha-izy ny tena.

Mila mitandrina isika, noho izany, amin'ny fampiasana andian-teny toy ny hoe "Izao foana ny anao . . ." na hoe "ianao dia tsy mba ho . . . velively" rehefa manitsy azy ireo. Tandremo tsara ny andian-teny toy ny hoe: "Tsy miraharaha ny fihetseham-poko mihitsy ianao" na hoe "nahoana ianao no tsy maintsy mampiandry anay foana?" Ny andiampitenenana toy izany dia mahatonga ny fihetsika ho toy ny maha-izy an'ny tena ary afaka mampisy fiantraikany ratsy eo amin'ny fahitan'ny ankizy ny tenany manokana sy ny hasarobidiny.

Mety hitranga ihany koa ny fikorontanan-tsaina mikasika ny *maha-izy an'ny tena* rehefa hanontaniantsika ny zanatsika iray hoe tiany ho tonga inona izy rehefa lehibe, tahaka ny hoe ny *asa ataon'*ny olona iray ireny no mamaritra ny *tena maha-izy azy.* Tsy tokony hahafahana mamaritra ny maha-izy ny olona iray na ny hasarobidiny manokana ny anton'asany na ny fananany. Mpandrafitra be fanentren-tena ny Mpamonjy, kanefa tsy namaritra ny fiainany izany.

Mba hanampiana ny ankizy hahafantatra ny tena maha-izy azy sy hanamafy orina ny fahatsapany ho hasarobidy dia afaka maneho fankasitrahana azy ireo tamin'ny zava-bitany na ny fihetsiny isika—izany hoe amin'ilay *atao.* Kanefa mbola ho tsara kokoa aza ny mampifantoka ny fankasitrahantsika azy ireo amin'ny toetrany sy ny finoany—izany hoe ny *maha-izy azy ireo.*

Eo amin'ny fifaninana ara-panatanjahantena iray ohatra dia fomba tsara hanehoana fankasitrahana ny zava-bitan'ny zanatsika—*zavatra natao*—ny manao izany araky ny fomba fijery ny *toetra*, toy ny hoe ny tanjany, ny fikirizany, ny fahatokian-tenany manoloana ny fizahan-toetra, sy ny sisa,—ka amin'izany dia sady maneho fankasitrahana amin'ny *toetra ananany* no amin'ny zavatra *nataony.*

Rehefa mangataka ny zanatsika *hanao* raharaha isika dia afaka mikaroka ihany koa ireo fomba hankasitrahana azy ireo amin'ny *toetra* asehony, arak' izao hoe: "Mahafaly ahy tokoa rehefa manao raharaha amin-tsitrapo ianareo."

Rehefa mahazo taratasy mirakitra ny isa azo any an-tsekoly ny zanaka iray dia afaka midera azy isika noho ny salan'isa ambony azony, kanefa mety hisy tombony maharitra kokoa raha midera azy noho ny *fahazotoany*: "Hainao daholo ny asa rehetra. Tena hainao tokoa ny miatrika sy manatanteraka zavatra sarotra. Tena mirehareha ny aminao aho."

Mandritra ny fotoana hamakian'ny fianakaviana ny soratra masina dia mikaroha sy mifanakaloza hevitra amin'ireo karazana toetra hita tao amin'ny vakinteny tamin'io andro io. Satria fanomezana avy amin'Andriamanitra ireo toetra tahaka ny an'i Kristy ka tsy afaka ny hampivoatra izany isika raha tsy misy ny Fanampiany,[3] amin'ny vavaka ataon'ny fianakaviana sy ataon'ny tena manokana, mivavaha mba hahazo ireo fanomezana ireo.

Rehefa eo am-pihinanana sakafo hariva dia miresaha tsindraindray mahakasika ireo toetra, indrindra ireo izay vao nianarana avy tamin'ny soratra masina ny maraina. "Tamin'ny fomba ahoana no nanehoanareo fa namana tsara ianareo androany? Tamin'ny fomba ahoana no nanehoanareo fangorahana? Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ny finoana anareo hiatrika ny fanamby atrehinareo ankehitriny? Tamin'ny fomba ahoana no nanehoanareo fa atokisana ianareo? na marin-toetra? na malalatanana? na manetry tena?" Maro ireo toetra ao amin'ny soratra masina izay ilaina ampianarina sy ianarana.

Ny fomba tsara indrindra ampianarana ny *toetra* dia ny *fananana ny toetran'ny* maha-ray aman-drenin'ireo zanatsika antsika tahaka ny maha-raintsika ny Ray any an-danitra. Izy no hany ray aman-dreny tonga lafatra ary nizara tamintsika ny fomba fitaizany—dia ny soratra masina.

Niantefa indrindra amin'ireo ray aman-dreny ny lahateniko androany kanefa azon'ny rehetra ampiharina ireo fitsipika voalaza. Hahita fahombiazana anie ianareo amin'ireo ezaka ataonareo mba hananana ny toetra tahaka ny an'i Kristy, ka ho hita soritra eny amin'ny tarehintsika ny Endriny ary hiseho amin'ny fihetsika ataontsika ny Toetrany. Avy eo rehefa mahatsapa ny fitiavanao sy mahita ny fihetsikao ny zanakao na ny hafa, dia hitarika azy hanatona ho any Aminy izany. Izany no vavaka sy fijoroana ho vavolombelona ataoko, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. William Shakespeare, *Hamlet, Prince of Denmark,* Toko 3, sehatra 1, andalana 56.
2. Carol Dweck, quoted in Joe Kita, "Bounce Back Chronicles," *Reader's Digest,* Mey 2009, 95.
3. Jereo ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 115.



**Nataon'ny Loholona Benjamín De Hoyos**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Nantsoina mba ho Olomasina

*Ry rahalahy sy anabavy malala, tena voatahy isika noho ny nitondrana antsika ao anatin'ity fianakaviamben'ny Olomasin'ny Andro Farany ity!*

Ry rahalahiko sy rahavaviko malala, mivavaka aho mba hanampy ahy ny Fanahy Masina hampita ny hafatro.

Nandritra ireo fitsidihiko sy nandritra ireo fihaonambe tany amin'ny tsatòka, sy paroasy ary sampana, dia feno fahatsapana hafaliana lalina hatrany aho rehefa mihaona amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana, ireo izay antsoina hoe olomasina ankehitriny toy ny niantsoana ny mpino tamin'ny mitataovovonan'ny fotoana koa. Ny fanahin'ny fiadanana sy ny fifankatiavana izay tsapako foana rehefa miaraka amin'izy ireo aho no manampy ahy hahatakatra fa ao anatin'ny iray amin'ireo tsatòkan'i Ziona no misy ahy.

Na dia maro aza ireo izay avy amin'ny fianakaviana efa mpikambana hatramin'ny taranaka faharoa na mihoatra tato amin'ny Fiangonana, dia maro ireo olona hafa niova fo vao haingana. Averinay amin'izy ireo ilay teny fiarahabana nataon'ny Apôstôly Paoly tamin'ireo Efesiana:

"Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony hianareo, fa tompontany, mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra;

"Natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra (Efesiana 2:19–20).

Taona maro lasa izay, nandritra ny fiasako tao amin'ny birao misahana ny seraseran'ny Fiangonana amin'ny any ivelany tany Mexique, dia nasaina izahay handray anjara amin'ny valandresaka tao amin'ny fampielezam-peo iray. Ny tanjon'ilay fandaharana dia ny haneho sy hifanakalo hevitra momba ireo fivavahana isan-karazany manerana izao tontolo izao. Roa taminay no nomena andraikitra hisolo tena ny Fiangonana hamaly ireo fanontaniana izay mety hipetraka mandritra ity karazana fandaharana ity. Taorian'ny dokam-barotra fanelanelanana maro araka ny filaza azy amin'ny onjampeo, dia nilaza izao manaraka izao ny mpitantana ny fandaharana: "Miaraka amintsika amin'ity hariva ity ny Loholona roa avy amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany." Niato kely izy ary nanontany hoe, "Fa nahoana no lavabe tahaka izany ny anaran'ny Fiangonana? Fa nahoana no tsy ataonareo anarana fohifohy izany na atao somary manaitra kokoa?"

Nitsiky izaho sy ilay mpiara-mitory tamiko tamin'izany fanontaniana mahafinaritra izany ary dia nanomboka nanazava fa ny anaran'ny Fiangonana dia tsy nosafidian'olombelona. Nomen'ny Mpamonjy izany tamin'ny alalan'ny mpaminany amin'izao andro farany izao. "Satria toy izany no hiantsoana ny fiangonako amin' ny andro farany, dia Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany" (F&F 115:4). Namaly avy hatrany sady tamim-panajana ilay mpitantana ny fandaharana nanao hoe: "Amim-pifaliana lehibe izany no hamerenanay azy." Ankehitriny tsy tadidiko hoe impiry no namerimberenany izany anarana manan-danjan'ny

***Ushuaia, Argentine***



Fiangonana izany, kanefa tsaroako tokoa ilay fahatsapana tsara izay tsapanay rehefa tsy nanazava fotsiny ny anaran'ny Fiangonana izahay fa nanazava koa hoe entina iantsoana ny mpikamban'ny Fiangonana ny hoe—ny Olomasin'ny Andro Farany.

Mamaky isika ao amin'ny Testamenta Vaovao fa ny mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia nantsoina hoe Kristiana tany Antiokia (jereo ny Asan'ny Apôstôly 11:26), kanefa izy ireo dia *nifampiantso* hoe Olomasina. Tena mety nampientanentana be azy ireo tokoa ny nandre ny Apôstôly Paoly niantso azy ireo hoe: "mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra" (Efesiana 2:19), ary koa "*Voantso* ho masina" (Romana 1:7; nampiana fanamafisana).

Arakaraky ny fiainan'ireo mpikamban'ny Fiangonana ny filazantsara sy ny fanarahany ny torolalan'ireo mpaminany, no hahatonga azy ireo ho masina tsikelikely ary tsy ho tsikaritr'izy ireo akory aza izany. Ireo mpikamban'ny Fiangonana manetry tena izay manatanteraka ny vavaka sy ny fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina isan'andro, izay mirotsaka amin'ny fanaovana tetiarana, ary manokana ny fotoanany hivavahana matetika any amin'ny tempoly, dia ho tonga Olomasina. Izy ireo no izay manolo-tena hanorina fianakaviana mandrakizay. Izy ireo ihany koa no ireo izay manokana fotoana amin'ny fiainan'izy ireo efa maharempotra mba hamonjena ireo izay nanalavitra ny Fiangonana ka hankahery azy ireny hiverina sy hipetraka eo amin'ny latabatry ny Tompo. Izy ireo no ireo misiônera lahy sy vavy, ary mpivady matotra izay namaly ny antso mba hanompo ho misiôneran'ny Tompo. Eny ry rahalahy sy anabaviko, lasa Olomasina izy ireo ka tonga tany amin'ny fahitany fahatsapana mifono hafanana sy fahatsapana mahafinaritra izay antsoina hoe fiantrana, na fitiavana madion'i Kristy (jereo ny Môrônia 7:42–48).

Ny Olomasina na ny mpikamban'ny Fiangonana, dia lasa mahafantatra ny Mpamonjy ihany koa amin'ny alalan'ny fahoriana sy ny fitsapana.



Aoka tsy ho hadinontsika fa na Izy aza dia niaritra ny zavatra rehetra. "Ary haka ny fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoany mamaha ny famatoran' ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny rofiny ho eo aminy Izy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny." (Almà 7:12)

Tao anatin'ny taona maromaro izay dia nanatri-maso ny fijalian'ny olona maro aho, ka anisan'izany ireo Olomasintsika maro. Mivavaka mandrakariva ho azy ireo izahay, mitalaho amin'ny Tompo mba tsy ho osa ny finoan'izy ireo ary handroso hatrany amimpaharetana izy ireo. Averinay amin'ireo olona ireo ilay teny feno fankaherezan'ny mpaminany Jakôba ao amin'ny Bokin'i Môrmôna manao hoe:

"Amin' izany ry rahalahiko malala, manatòna ny Tompo, Ilay Iray Masina. Tsarovy fa marina ny lalany. Indro, ety ho an' ny olona ny lalana, kanefa dia voasoritra mahitsy eo anoloany izany, ary ny Iray Masin' ny Isiraely no mpiandry ny vavahady; ary tsy mampiasa mpanompo Izy eo amin'ny vavahady; ary tsy misy lalan-kafa afatsy ny vavahady; satria tsy azo fitahiana Izy, fa ny Tompo Andriamanitra no anarany.

"Ary na zovy na zovy no handondona dia hovohany" (2 Nefia 9:41–42).

Tsy mampaninona izay toerana na izay toe-javatra misy, na fitsapana na fanamby izay mety hanodidina antsika. Ny fahatakarana ny fotopampianaran'i Kristy sy ny sorompanavotany no ho loharanon'ny herintsika sy ny fiadanana ananantsika. Eny ry rahalahy sy anabavy, izany fahatoniana anaty izay avy amin'ny Fanahy ary omen'ny Tompo ho an'ireo Olomasiny mahatoky. Mamelona antsika Izy amin'ny alalan'ny fitenenana hoe: "Fiadanana no avelako ho anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo" (Jaona 14:27).

Nandritra ny taona maro no efa nanatrehako maso ny fahatokian'ireo mpikamban'ny Fiangonana, Olomasin'ny andro farany, izay tamin'ny alalan'ny finoana ny drafitry ny Raintsika any an-danitra sy ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, Jesoa Kristy, dia nandresy ny fahoriana sy fijaliana tamin-kerim-po sy tamim-pientanentanana lehibe, ka dia maharitra sy mandroso hatrany ao anatin'ilay lalana ety sy tery mitondra mankany amin'ny fahamasinana. Tsy ampy ny teny entiko hanehoana ny fankasitrahako sy fankafizako an'ireo olomasina mahatoky rehetra izay efa nananako tombontsoa manokana niarahana niasa!

Na dia mety tsy lalina tahaka ny fijoroantsika ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny filazantsara aza ny fahatakarantsika ny filazantsara, rehefa mametraka ny fahatokiantsika amin'ny Tompo isika, dia hahazo fanohanana ao anatin'ny fahasarotana sy fitsapana ary fijaliana mianjady amintsika (jereo ny Almà 36:3). Izany fampanantenana avy amin'ny Tompo ho an'ny olomasiny izany dia tsy midika akory fa ho tratran'ny fijaliana na fitsapana isika, fa hahazo fanohanana isika amin'ny alalan'izy ireny ary hahafantatra fa ny Tompo no manohana antsika.

Ry rahalahy sy anabavy malala, tena voatahy isika noho ny nitondrana antsika ao anatin'ity fianakaviamben'ny Olomasin'ny Andro Farany ity! Tena voatahy isika noho ny fananantsika fijoroana ho vavolombelona momba ny Mpamonjy toy ny an'ireo mpaminany fahiny sy ankehitriny!

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Tompontsika, Ilay Masin'i Isiraely, dia velona, ary Izy no mitantana ny Fiangonany, dia ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, amin'ny alalan'ny mpaminany malalantsika, Thomas S. Monson. Amin'ny anaran'ny Jesoa Kristy Tompontsika, amena. ■



**Nataon'ny Loholona C. Scott Grow**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny Fahagagana Ateraky ny Sorompanavotana

*Tsy misy fahotana na fandikan-dalàna, na fanaintainana, na fahoriana, izay tsy sitran'ny Sorompanavotany.*

Nandritra ny fanomanana ny lahateniko amin'ity fihaonambe ity, dia nahazo antso an-tariby tsy nampoizina avy tany amin-draiko aho. Nilaza izy fa maty io maraina io teo am-patoriana ny zandriko lahy. Vaky ny foko. Vao 51 taona monja izy. Rehefa nieritreritra azy aho dia nahatsapa ny hizara aminareo ny sasany amin'ny tranga nisy teo amin'ny fiainany. Ataoko izany rehefa nahazo lalana aho.

Tamin'ny fahatanorany dia tena tsara tarehy, tia namana ary nivelatra tamin'ny rehetra ny rahalahiko—ary nanokan-tena tanteraka tamin'ny filazantsara. Taorian'ny nanompoana tamim-boninahitra tamin'ny asa fitoriana, dia nanambady ny malalany tany amin'ny tempoly izy. Nahazo fitahiana mba hanana zanakalahy iray sy zanakavavy iray izy ireo. Feno fampanantenana ny hoaviny.

Kanefa dia tafalatsaka tamin'ny fahalemeny izy. Nisafidy hiaina ny rendrarendra izy, izay nampisy fiantraikany hatrany amin'ny fahasalamany, ny fanambadiany, ary ny naha-mpikambana azy tato amin'ny Fiangonana.

Niala lavitra ny tokantrano izy. Nanohy ny fiainan-dratsiny manimba izy tao anatin'ny folo taona mahery, kanefa ny Mpamonjy dia tsy nanadino na nandao azy. Taty aoriana ny fijaliana nateraky ny fahadisoampanantenany dia namela ny fanahin'ny fanetren-tena hiditra ny fanahiny. Ilay fahatsapany feno hatezerana, sy fikomiana sy toetra mpihetraketraka dia nanomboka nisinda. Tahaka ilay zanaka adala, dia "tonga saina izy."[1] Nanomboka nanatona ny Mpamonjy izy ary nanomboka niverin-dalana nody tany amin'ny ray aman-dreny mahatoky izay tsy nety leo azy izy.

Nandalo ny lalan'ny fibebahana izy. Tsy mora izany. Taorian'ny nialany ny Fiangonana nandritra ny 12 taona, dia naverina natao batisa indray izy ary nandray indray ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Naverina tamin'ny laoniny taminy indray ny fisoronany sy ireo fitahian'ny tempoly.

Nahazo fitahiana mba hahita vehivavy iray izay tsy nanisy olana tamin'ny fisian'ny aretina nitaiza azy izay azony tamin'ny fiainany teo aloha, ary dia nofehezina tany amin'ny tempoly izy ireo. Ary dia nanan-janaka roa izy ireo. Nanompo tamim-pahatokiana tao amin'ny episkôpà izy nandritra ny taona maro.

Nodimandry tamin'ny Alatsinainy maraina 7 Martsa ny rahalahiko. Ny Zoma hariva talohan'io dia mbola tany amin'ny tempoly izy mivady. Ny Alahady maraina, andro talohan'ny nahafatesany, dia nampianatra lesona tao amin'ny fisoronana izy tao amin'ny vondron'ny mpisorona avo nisy azy. Namonjy ny fandriany izy ny harivan'io, ary tsy nifoha intsony teto amin' ity fiainana ity—kanefa dia hifoha indray amin'ny fitsanganan'ny marina amin'ny maty.

Feno fankasitrahana aho amin'ny fahagagana ateraky ny Sorompanavotana teo amin'ny fiainan'ny rahalahiko. Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia natao hatrany ho antsika tsirairay avy.

Mandray ny sorompanavotana isika amin'ny alalan'ny fibebahana. Rehefa mibebaka isika, dia avelan'ny Tompo ho hadinontsika ny fahadisoantsika taloha.

"Indro, izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony.

"Izao no ahafantaranareo raha mibebaka amin'ny fahotany ny olona—indro hibaboka izany izy ary hahafoy izany."[2]

Isika tsirairay avy dia samy efa nahafantatra olona niharan'ny fitsapana lehibe tokoa teo amin'ny fiainany—tao ireo izay diso lalana na very. Ireo olona ireo dia mety ho namana na fianakaviana, ray aman-dreny na zanaka, na koa vady. Mety ho ianao ihany koa izany olona izany.

Miteny amin'ny rehetra aho, na dia ianao io aza. Miresaka momba ny fahagagana ateraky ny Sorompanavotana aho.

Tonga hanavotra ny olona amin'ny Fahalavoan'i Adama ny Mesia.[3] Ny zava-drehetra ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mitarika mankany amin'ny sorompanavotan'ny Mesia, ilay Zanak'Andriamanitra.[4]

Ny drafitry ny famonjena dia tsy ho

tanteraka raha tsy nisy ny sorompanavotana. "Noho izany dia Izy Andriamanitra tenany no manonitra ho an'ny fahotan'izao tontolo izao mba hahatanteraka ny drafitry ny famindram-po, mba hanefa ny fitakian'ny fahamarinana ka hahatonga an'Andriamanitra ho Andriamanitra marina, fanaperana, ary ho Andriamanitra feno famindram-po koa."[5]

Ny sorompanavotana dia tsy maintsy ho nentin'ilay Zanak'Andriamanitra tsy manan-tsiny, satria ny olona lavo dia tsy afaka ny hanonitra ny fahotan'ny tenany.[6] Ny Sorompanavotana dia tsy maintsy ho tsisy fetra sy mandrakizay—mba hihatra ho an'ny olona rehetra, hatramin'izay ka ho mandrakizay doria.[7]

Tamin'ny alalan'ny fijaliany sy ny fahafatesany no nanoneran'ny Mpamonjy ny fahafatesan'ny olona rehetra.[8] Ny Sorompanavotany dia nanomboka tao amin'ny sahan'ny Getsemane ary nitohy hatreny amin'ny hazo fijaliana, ary nifarana tamin'ny fitsanganany tamin'ny maty.

"Eny, . . . dia hoentina toy izany Izy hohomboana sy hovonoina, fa ny nofo dia efa zary fehezin'ny fahafatesana ary ny sitrapon'ny Zanaka dia efa voatelina ao amin'ny sitrapon'ny Ray."[9] Tamin'ny alalan'ny sorompanavotany dia nataony "ho fanatitra noho ny fahotana ny fanahiny."[10]

Amin'ny maha-Zanaka Lahitokan'Andriamanitra Azy, dia nandova ny hery entina handresena ny fahafatesana ara-nofo Izy. Izany dia namela Azy haharitra eo amin'ny fiainany, raha nijaly izy "mihoatra noho izay azon'ny olona zakaina aza izany kanefa tsy hatramin'ny fahafatesana; fa indro mivoaka ny mason-koditra rehetra ny ra, fa ho lehibe loatra ny fitaintainany noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny olony."[11]

Tsy nanonitra fotsiny ny saran'ny otan'ny olon-drehetra Izy, fa nandray ihany koa "eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny olony." Ary nandray "ny rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po, . . . araka ny nofo mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny."[12]



Ny Mpamonjy dia nahatsapa ny vesatry ny alahelon'ny olombelona rehetra—ny alahelon'ny fahotana sy ny fahoriana. "Nitondra marina tokoa ny fahoriantsika Izy ary nivesatra ny alahelontsika."[13]

Tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany, dia tsy ny mpanota ihany no nositraniny; fa nositraniny ihany koa ireo tsy manan-tsiny izay nijaly noho ireo fahotana ireo. Rehefa mampihatra ny finoana amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ireo tsy manan-tsiny ary mamela ny helok'ireo mpanota, dia afaka ny ho sitrana koa izy ireo.

Misy ny fotoana izay "ilaintsika tsirairay avy miala amin'ny fahatsapana ho meloka avy amin'ny fahotana sy hadisoana."[14] Rehefa mibebaka isika, dia hanala ny fahatsapana ho meloka amin'ny fanahintsika ny Mpamonjy.

Amin'ny alalan'ny sorompanavotany dia voavela ny fahotantsika. Ankoatra ny fahotan'ny fahaverezana, ny Sorompanavotana dia natao ho an'ny rehetra, amin'ny fotoana rehetra, na manao ahoana halehibe na hakelin'ny fahotana, "raha tahìny ka mibebaka."[15]

Noho ny Fitiavany tsy manam-petra, i Jesoa Kristy dia nanasa antsika hibebaka mba tsy hizakantsika ny vesatry ny fahotantsika manontolo:

"Mibebaha, fandrao . . . ho mamaivay ny fijalianao—mamaivay manao ahoana, tsy fantatrao, mangirifiry manao ahoana, tsy fantatrao, eny, sarotra zakaina manao ahoana, tsy fantatrao.

"Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka;

"Nefa raha tsy mety mibebaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly tahaka Ahy;

"Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy."[16]

Ny Mpamonjy dia manolotra fahasitranana ho an'ireo izay mijaly vokatry ny ota. "Tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibebaka amin' ny fahotanareo, ary hiova fo hahazoako manasitrana anareo?"[17]

I Jesoa Kristy no Ilay Mpanasitrana Lehibe ny fanahintsika. Ankoatra ireo fahotan'ny fahaverezana, dia tsy misy fahotana na fandikan-dalàna, na fanaintainana, na fahoriana, izay tsy sitran'ny Sorompanavotany.

Rehefa manota isika, dia lazain'i Satana hoe very. Mifanohitra amin' izany kosa, ny Mpanavotra antsika dia manolotra fanavotana ho an'ny



rehetra—na inona na inona hadisoana vitantsika—na dia izaho sy ianao io aza.

Rehefa mibanjina ny fiainanao manokana ianao, moa ve misy zavatra tokony hovainao? Nanao hadisoana ve ianao ka mbola mila fanitsiana izany?

Raha toa ianao ka mijaly amin'ny fahatsapana ho meloka na nenina manindrona ny heritreritra, ngidiny na hatezerana, dia manasa anao aho mba hikatsaka fiadanana. Mibebaha ary mialà amin'ny fahotanao. Ary avy eo mivavaha, mangataha famelan-keloka amin'Andriamanitra. Mikatsaha famelan-keloka amin'ireo izay nanaovanao hadisoana. Mamelà ny helok'ireo izay nanao ratsy anao. Mamelà ny tenanao.

Manatona ny eveka raha ilaina. Izy no iraka mpitondra famindram-po avy amin'ny Tompo. Hanampy anao izy amin'ny tolona ataonao mba ho tonga madio.

Mirotsaha anaty vavaka sy fandalinana soratra masina. Rehefa manao izany ianao, dia hahatsapa ny fitaomam-panahin'ny Fanahy Masina. Ny Mpamonjy dia nilaza hoe: "hamasino ny tenanareo; eny, diovy ny fonareo ary sasao eo anoloako . . . ny tananareo, mba hahazoako manadio anareo."[18]

Rehefa madio isika amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotany, dia lasa mpisolovava antsika eo anoloan'ny Ray ny Mpamonjy, ary hiaro manao hoe:

"Ray ô, indro ny fijaliana sy ny fahafatesan'Ilay tsy nanota, izay nankasitrahanao tokoa; indro ny ran' ny Zanakao izay nalatsaka, ny ran'Ilay nomenao mba hahazoana mankalaza Anao;

"Noho izany Ray ô, dia tsimbino ireto rahalahiko ireto izay mino ny anarako, mba hahazoany manatona Ahy ary manana ny fiainana maharitra mandrakizay."[19]

Isika tsirairay avy dia nomena ny fanomezan'ny fahafahana misafidy. "Afaka ny olona . . . hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay amin' ny alalan'Ilay Mpanalalana lehiben'ny olon-drehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana, araka ny . . . fahefan'ny devoly."[20]



Taona maro lasa izay, dia nampihatra ny fahafahany misafidy ny rahalahiko, izay nisafidianany fomba fiainana izay nampisy fiantraikany tamin'ny fahasalamany, sy ny fianakaviany, ary ny naha-mpikambana azy tato amin'ny Fiangonana. Taona maro taty aoriana dia mbola nampihatra izany fahafahana misafidy izany ihany izy ary nisafidy ny hibebaka, ny hampifanaraka ny fiainany tamin'ny fampianaran'ny Mpamonjy, ary ny ho ateraka indray ara-bakiteny tamin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotana.

Mijoro ho vavolombelona aho amin'ny fahagagana ateraky ny Sorompanavotana. Efa hitako ny hery fanasitranany tamin'ny fiainan'ny rahalahiko, ary tsapako izany teo amin'ny fiainako manokana. Ny hery manasitrana sy manavotra avy amin'ny Sorompanavotana dia natao ho antsika tsirairay avy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Kristy—ilay Mpanasitrana ny fanahintsika. Mivavaka aho mba hisafidianantsika tsirairay avy ny hamaly ny fanasan'ny Mpamonjy, manao hoe: "Tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibebaka amin' ny fahotanareo, ary hiova fo hahazoako manasitrana anareo?"[21] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Lioka 15:17.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58: 42–43.
3. Jereo ny 2 Nefia 2:25–26.
4. Jereo ny Almà 34:14.
5. Almà 42:15.
6. Jereo ny Almà 34:11.
7. Jereo ny Almà 34:10.
8. Jereo ny Almà 22:14.
9. Môsià 15:7.
10. Môsià 14:10.
11. Môsià 3:7.
12. Almà 7:11–12.
13. Môsià 14:4.
14. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 2.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:12.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–18.
17. 3 Nefia 9:13.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:74.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:4–5.
20. 2 Nefia 2:27.
21. 3 Nefia 9:13.



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy

# Faneva ho an'ireo Firenena

*Raha mampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy isika sy mihaino amin'ny alalan'ny Fanahy, dia hisy olona sasantsasany amintsika izay handray an-tanana ny toe-javatra iainantsika.*

Nanohina ahy ny feo rehetran'ny hira nohiraina sy ny teny rehetra nolazaina ka mivavaka aho mba ho afaka ny hiteny.

Talohan'ny nialana tao Nauvoo tamin'ny ririnina 1846, dia nanofy ny Filoha Brigham Young izay nahitany anjely iray nijoro teo amin'ny havoana izay miendrika kitso loha tany amin'ny faritra Andrefana tany ary nanondro ilay lohasaha teo ambanin'izany ilay anjely. Rehefa niditra teo amin'ny Lohasahan'i Salt Lake izy 18 volana taty aoriana dia hitany teo ambonin'ity toerana ivoriantsika ity mihitsy ny fijoalajoalan'ilay havoana izay hitany tao amin'ilay fahitana.

Araka ny efa voalaza matetika teo amin'ity polpitra ity, dia nitondra mpitarika maromaro teny an-tampon'izany havoana izany Rahalahy Brigham ary niantso izany hoe Tampon'ny Faneva, anarana iray izay mifono dikany ara-pinoana ho an'ireto Isiraelita maoderina ireto. Dimanjato sy roa arivo taona talohan'izany dia nanambara ny mpaminany Isaia fa amin'ny andro farany, "ny tendrombohitra misy ny tranon'i Jehovah dia haorina eo an-tampon'ny tendrombohitra" ary eo no hananganany "faneva ho an'ny jentilisa."[1]

Noho ny fahitan'ireo rahalahy izany fotoana tao anatin'ny tantara izany ho toy ny fahatanterahana amin'ny ampahany an'izany faminaniana izany, dia naniry ny hanofahofa karazana saina iray izy ireo mba hanehoana ara-bakiteny ilay hevitra hoe "faneva ho an'[ireo firenena]." Namoaka lamba fehitenda mavomavo ny Loholona Heber C. Kimball. Nofatoran'ny Rahalahy Brigham tamin'ny tehina nentin'ny Loholona Willard Richards izany ary avy eo dia natsatony ilay saina vao noforonina ary nanambarany fa ny lohasaha Lehiben'i Salt Lake sy ireo tendrombohitra manodidina azy dia ilay toerana voalaza tao amin'ny faminaniana izay hivoahan'ny tenin'ny Tompo amin'ny andro farany.

Ry rahalahy sy rahavavy, ity fihaonamben'ny Fiangonana ity sy ilay fihaonambe fanao isan-taona sy isaky ny tapa-taona dia fitohizan'izany fanambarana tany aloha tany izany ho an'izao tontolo izao. Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo zavaniseho tao anatin'izay roa andro lasa izay dia mbola porofo bebe kokoa anankiray araka ny filazan'ilay hirantsika hoe: "Jereo fa manangana ny fanevany i Ziona"[2]—Tsy kisendrasendra akory ny nahatonga ny famoahana amin'ny teny anglisy ireo hafatsika avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ao anatin'ny gazetiboky izay antsoina tsotra izao hoe: *Ensign (Ilay Faneva)*.

Satria efa akaiky hifarana ny fihaonambentsika dia mangataka anareo aho ao anatin'ireo andro ho avy mba tsy handinika fotsiny ireo hafatra henonareo fa koa handinika ny maha-zava-mahatalanjona manokana ny fihaonamben'ny Fiangonana—eritrerireto hoe inona no dikan'ny fihaonambe toy izao ho antsika Olomasin'ny Andro Farany ary inona ao amin'izany no hanasantsika an' izao tontolo izao mba hohenoiny sy hodinihiny. Mijoro ho vavolombelona amin'ireo firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra isika fa tsy velona fotsiny Andriamanitra fa miresaka koa Izy ary amin'izao vanimpotoanantsika sy androntsika izao ny torohevitra henonareo dia eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, "sitrapon'ny Tompo, . . . tenin'ny Tompo, . . . feon'ny Tompo, dia ny herin'Andriamanitra ho famonjena."[3]

Angamba efa fantatrareo (fa raha tsy fantatrareo dia tokony ho fantarinareo) fa tsy misy lehilahy na vehivavy izay mandray fitenenana eto ka omena lohahevitra iray ho resahany, fa tena mahalana vao misy an'izany. Tsy maintsy mifady hanina sy mivavaka ny tsirairay ary mandalina sy mikaroka, mamerimberina manoratra ny lahateniny mandrapahazoan'izy ireo toky fa amin'ity fihaonambe ity sy amin'ity fotoana ity, ny lohahevitr'izy ireo no tian'ny Tompo hozarainy na inona na inona fanirian'izy ireo manokana na zavatra tian'izy ireo horesahana. Ireo lehilahy sy vehivavy rehetra henonareo nandritra izay adiny 10 efa lasa teto amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izay dia niezaka nanaraka izany bitsika izany. Samy nitomany ny tsirairay ary niahiahy sy nitady mafy ny fitarihan'ny Tompo mba hitantana

ny eritreriny sy ny teniny. Ary toy ny nahitan'i Brigham Young anjely iray nijoro teto ambonin'ity toerana ity no ahitako koa anjely izay mijoro eo amin'izany. Mety tsy dia hahazo aina loatra ireo rahalahiko sy anabaviko eo anivon'ireo manampahefana ambonin'ny Fiangonana noho ny fiantsoako azy ireo hoe anjely, saingy izay no fahitako azy ireo—olombelona mpitondra hafatra miaraka amin'ny hafatra toy ny avy amin'ny anjely, lehilahy sy vehivavy izay manana ireo olana rehetra ara-batana sy ara-bola ary olana eo amin'ny fianakaviana toy izaho sy ianao, saingy niaraka tamin'ny finoana dia nanokana ny fiainany amin'ireo antso izay tonga teo amin'izy ireo sy ny adidy hitory ny tenin'Andriamanitra fa tsy ny azy.

Diniho ny karazana hafatra henonao —izay mahatonga ny fihaonambe ho tena mahagaga kokoa satria tsy misy ny fandrindrana lohahevitra afa-tsy amin'ny alalan'ny fitarihan'ny lanitra ihany. Nahoana moa izy ireo no misy karazany samihafa? Ny ankamaroan'ny mpiangona ato amintsika na ireo manatrika eto izany na ny tsy eto dia mpikamban'ny Fiangonana. Kanefa noho ireo fomba fifandraisana vaovao izay mahatalanjona, dia misy ampahany lehibe amin'ireo mpihaino na mpijery ny fihaonambentsika izay tsy mitsahamitombo no mbola tsy mpikamban'ny Fiangonana. Noho izany dia tsy maintsy miresaka amin'ireo izay mahafantatra tsara antsika isika ary koa amin'ireo izay tsy mahafantatra antsika mihitsy. Ao anatin'ny Fiangonana fotsiny ohatra dia tsy maintsy miresaka amin'ny ankizy, ny zatovo sy ny tanora zokiny, ny olon-dehibe ary ireo efa antitra isika. Tsy maintsy miresaka amin'ny fianakaviana sy ny ray aman-dreny ary ny zanaka ao an-tokantrano isika toy ny tsy maintsy iresahantsika koa amin'ireo izay tsy manambady, tsy manan-janaka ary ireo izay tena lavitry ny fonenany. Mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana, izahay dia manamafy foana ireo fahamarinana mandrakizay momba ny finoana, fanantenana, fiantrana[4] ary ny nanomboana an'i Kristy tamin'ny hazo fijaliana[5] toy ny tsy maintsy iresahanay mivantana momba ireo olana manokana ara-pitsipi-pitondrantena miseho amin'izao androntsika izao. Nodidiany isika ao amin'ny soratra masina mba "tsy hilaza na inona na inona afa-tsy fibebahana amin'ity taranaka ity"[6] ary miaraka amin'izay koa, isika dia tokony hitory "teny soa mahafaly amin'ireo mpandefitra [ary] hahasitrana ny torotoro fo." Ireo hafatra mandritra ny fihaonambe ireo na inona na inona endriny dia "mitory fanafahana amin'ny babo"[7] ary manambara "ny haren'i Kristy tsy hita lany."[8] Noho ireo karazana lahateny maro zaraina dia eritreretina fa samy hahazo izay ilainy ny rehetra. Hain'ny Filoha Harold B. Lee tsara araka ny eritreritro ny namaritra an'izay lafiny izay taona maro lasa izay rehefa nilaza izy hoe: "Rehefa jerena, ny filazantsara dia natao hampaherezana izay ory ary hampahoriana [izay miadana]."[9]

Ezahanay foana izay hahatonga ny fampianaranay mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana mba haneho fitiavana sy hanolo-tanana araka ny nampianarin'i Kristy tany am-boalohany ary rehefa manao izany izahay dia mitadidy an-tsaina ny fitsipi-pifehezana izay miaraka foana amin'ny hafany. Tao anatin'ilay toriteny malaza indrindra natao hatramin'izay, dia nanomboka tamin'ny fanambarana tamin'ny fomba mampitolagaga fitahiana feno fitiavana izay iriantsika tsirairay ho azo Izy—fitahiana nampanantenaina ny malahelo am-panahy, ny madio am-po, ny mpampihavana ary ny malemy fanahy.[10] Tena manome hery ireo Fahasambarana ireo ary tena mampitony ny fanahy. Marina izy ireo. Saingy tao anatin'izany toriteny izany ihany, ny Mpamonjy dia nanohy nampiseho fa tena ho tery hatrany ny lalan'ny mpampihavana sy ny madio am-po. "Efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: Aza mamono olona," Hoy Izy. "Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra tezitra amin'ny rahalahiny dia miendrika hohelohina amin'ny fitsarana."[11]

Ary torak'izany koa no nilazany hoe: "Efa renareo fa voalaza hoe: Aza mijangajanga:

Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia nijangajanga taminy tam-pony sahady."[12]

Mazava ho azy fa rehefa lasa mpianatra tsara kokoa isika dia maro ny zavatra antenaina avy amintsika mandrapiatrehantsika ilay fangatahana faratampony izay mampitahotra ao amin'ilay toriteny manao hoe: "Koa amin'izany aoka ho tanteraka ianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra."[13] Ilay zavatra tsotra tany am-piandohan'ny fanehoana fahatokiana dia lasa henjana sy tena mitaky zavatra maro rehefa tonga any amin'ny ambaratonga faran'ny mahatena mpanara-dia marina. Mazava ho azy fa ireo izay mieritreritra fa nampianatra i Jesoa hoe tsy tompon'andraikitra amin'ny fahotany ny olona dia tsy namaky tsara ny soratra masina! Tsia, raha mikasika ny maha-mpanara-dia antsika, ny Fiangonana dia tsy hotely mpanao sakafo vita haingana izay ahafahantsika mangataka izay "tadiavintsika." Indray andro any, ny lohalika *rehetra* dia handohalika ary ny lela *rehetra* dia hiaiky fa i Jesoa no Kristy ary amin'ny *Alalany* ihany no ahatongavan'ny famonjena.[14]

Na dia te-hitory tsara ireo fahamarinana henjana sy ireo fahamarinana mampitony aza izahay ao anatin'ireo hafatry ny fihaonamben'ny Fiangonana zarainay, dia matokia ianareo fa rehefa miresaka momba ireo lohahevitra sarotra izahay dia azonay tsara fa tsy ny rehetra akory no mijery pôrnôgrafia, mandositra ny fanambadiana na manao firaisana ara-nofo tsy ara-dalàna. Fantatray fa tsy ny olona rehetra akory no tsy manaja ny Sabata, na mijoro ho vavolombelona mandainga, na manao herisetra amin'ny vadiny. Fantatray fa ny ankamaroan'izay mijery sy mihaino anay dia *tsy* meloka amin'ny zavatra toy izany, saingy isika dia eo ambanin'ny didy masina mba hampitandrina ireo izay meloka, na aiza na aiza misy azy ireo eto an-tany. Noho izany raha miezaka manao izay vitanareo ianareo—raha toa, ohatra, ianareo ka miezaka foana manao takarivan'ny mpianakavy na dia eo aza ny korontandrotana izay matetika miseho any

amin'ny trano feno mpanakorontana kely be dia be—dia afaka milaza amin'ny tenanareo ianareo fa manao tsara izany rehefa miresaka izany lohahevitra izany izahay ary mihainoa lahateny iray hafa izay miresaka lohahevitra iray izay mila hanaovanareo ezaka. Raha mampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy izahay ary mihaino amin'ny alalan'ny Fanahy ianareo, dia hisy hiresaka momba ny zavatra mifandray amin'ny toe-javatra iainanareo ny sasany aminay ary izany dia toy ny mandefa hafatra ara-paminaniana izay ho anareo manokana.

Ry rahalahy sy rahavavy, mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana dia manolotra ny fijoroana ho vavolombelonay izahay izay mitohy amin'ireo fijoroana ho vavolombelona ho avy satria na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana dia tsy maintsy *ho* re ny feon'Andriamanitra. Hoy ny Tompo tamin'ireo mpaminaniny hoe: "Naniraka anareo Aho ho vavolombelona manambara sy hampitandrina ny olona."[15]

"[Ary] aorian'ny tenivavolombelonareo dia tonga ny tenivavolombelon'ny horohoron-tany, . . . ny feom-baratra, . . . sy ny feon'ny tselatra, sy . . . ny feon'ny tafio-drivotra, sy ny feon'ny onjan-dranomasina miantoraka any ankoatra ny morony. . . .

"Ary ireo anjely . . . [dia hihiaka] amin'ny feo mahery sady hitsoka ny trompetran'Andriamanitra."[16]

Ankehitriny ireo anjely eto an-tany ireo izay tonga teto amin'ity polpitra ity dia samy "nitsoka ny trompetran'Andriamanitra" tamin'ny fombany. Ny lahateny rehetra zaraina, rehefa faritana, dia sady fijoroana ho vavolombelona maneho fitiavana no fampitandremana foana, toy ny hijoroan'ny natiora koa ho vavolombelona amim-pitiavana sy toy ny maha-fampitandremana azy amin'izao andro farany izao.

Ankehitriny, afaka fotoana fohy dia ho avy eto amin'ity polpitra ity ny Filoha Monson hamarana ity fihaonambe ity. Mamela ahy ianareo hilaza zavatra manokana momba an'io lehilahy malala sy Apôstôly




***Bucarest, Roumanie***

zokiny indrindra io ary mpaminany amin'izao andro iainantsika izao. Raha dinihina ireo andraikitra nolazaiko teo ireo sy ireo zavatra rehetra henonareo nandritra ity fihaonambe ity dia hita miharihary fa tsy mora ny fiainan'ireo mpaminany ary tsy mora ny fiainan'ny Filoha Monson. Niresaka manokana momba izany izy omaly hariva nandritra ny fivorian'ny fisoronana. Voantso ho apôstôly izy tamin'ny faha-36 taonany ary ireo zanany dia 12 taona sy 9 taona ary 4 taona tamin'izany. Nomen-drahavavy Monson sy ny zanany ho an'ny Fiangonana sy ireo andraikiny nandritra ny 50 taona mahery izao ilay vadiny sy rainy. Nahazaka ireo aretina sy zavatra takiana izy ireo sy ireo olana madinidinika eo amin'ny fiainana izay atrehan'ny rehetra, ary ny sasany amin'izany dia azo antoka fa ho atrehiny amin'ny hoavy. Saingy ny Filoha Monson dia mitoetra ho miran-dava foana ao anatin'izany rehetra izany. Tsy misy zavatra mety mahakivy azy. Manana finoana sy faharetana miavaka izy.

Ry Filoha, ho an'ny olona rehetra hita manatrika etoana sy izay tsy hita dia lazaiko fa tianay ianao ary hajainay. Ohatra ho anay rehetra ny fanoloran-tena asehonao. Misaotra anao izahay noho ny fitarihanao. Tia anao sy manohana anao ary mifanome tanana miaraka aminao ao amin'ity asa ity ireo efatra ambin'ny folo hafa mihazona ny anjara fanompoan'ny apôstôly, miampy ireo olon-kafa mipetraka ety ambony ety sy ireo olona mipetraka manatrika antsika ary ireo olona maro dia maro mivory manerana an'izao tontolo izao. Izahay dia manavaina ny enta-mavesatrao amin' izay fomba rehetra azonay hanaovana izahay. Ianao dia iray amin'ireo mpitondra hafatra toy ny an'ny anjely izay voantso talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao mba hanofahofa ilay fanevan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'izao tontolo izao. Ataonao amin'ny fomba tena tsara izany. Izaho dia mijoro ho vavolombelona momba izany filazantsara ambara izany sy ny famonjena omeny ary Ilay manome izany amin'ilay anarana lehibe sy be voninahitr'i Jesoa Kristy Tompo amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Isaia 2:2; 11:12.
2. "Le Jour Paraît Chassant la Nuit," *Cantiques,* no. 1.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:4.
4. Jereo ny 1 Korintiana 13:13.
5. Jereo ny 1 Korintiana 1:23.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:9; 11:9.
7. Isaia 61:1.
8. Efesiana 3:8.
9. Jereo ny Harold B. Lee, in "The Message," *New Era,* Jan. 1971, 6.
10. Jereo ny Matio 5:3–12.
11. Matio 5:21–22; jereo koa ny 3 Nefia 12:22.
12. Matio 5:27–28.
13. Matio 5:48.
14. Jereo ny Romana 14:11; Mosià 27:31.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:81.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:89–90, 92.



**Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson**

# Eto am-pamaranana

*Mino aho fa tsy misy na dia iray amintsika aza afaka mahatakatra ny tena lanjan'ny zavatra nataon'i Kristy tao Getsemane, kanefa feno fankasitrahana aho isan'andro isan'andro eo amin'ny fiainako ny amin'ny Sorompanavotana nataony ho antsika.*

Ry rahalahiko sy anabaviko, feno ny foko eto am-pamaranana ity fihaonambe ity. Nirotsahan'ny Fanahin'ny Tompo sesehena tokoa isika. Maneho ny fankasitrahako aho sy ny fankasitrahan' ireo mpikamban'ny Fiangonana na aiza na aiza tamin'ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay, isan'izany ireo nanolotra ny vavaka. Enga anie ka hotsaroantsika ireo hafatra rentsika. Rehefa mandray ny boky *Ensign* sy *Liahona* izay ahitana izany hafatra izany an-tsoratra isika dia enga anie isika hamaky sy handalina izany.

Ireo hira nandritra ny fivoriana rehetra dia mbola tena nahafinaritra foana. Maneho ny fankasitrahako manokana ireo izay mizara an-tsitrapo ny talentany ho amintsika aho, izay mahasika ny fo sy mitaona fanahy nandritra ity fotoana ity.

Nanohana, tamin'ny alalan'ny fananganana tanana, ireo Rahalahy izay vao avy nantsoina amin'ny antso vaovao isika nandritra ity fihaonambe ity. Tianay ho fantatr'izy ireny fa miandrandra ny fotoana hiarahana hiasa amin'izy ireny tokoa izahay eo amin'ny asan'ny Tompo.

Maneho ny fitiavako sy ny fankasitrahako ireo mpanolotsaiko be fanoloran-tena koa aho, dia ny Filoha Henry B. Eyring sy Filoha Dieter F. Uchtdorf. Lehilahy feno fahendrena sy manam-pahalalana tokoa izy ireo. Tsy ho voavidy vola ireo asa ataony. Tiako ary manohana ireo rahalahy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo aho. Manompo amim-pahombiazana tokoa izy ireo, ary manolotra ny tenany manontolo amin'ity asa ity. Maneho ny fisaorako ireo mpikambana ao amin'ny Fitopololahy sy ny Episkôpà Mpiahy koa aho.

Miatrika fanamby maro isika eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, kanefa manome toky aho fa ny Raintsika any an-danitra dia miahy ny amintsika. Tiany isika tsirairay avy ary hitahy antsika Izy raha mikatsaka Azy amin'ny alalan'ny vavaka sy miezaka ny mitandrina ny Didiny isika.

Fiangonana hita maneran-tany isika. Hita manerana an'izao tontolo izao ny mpikamban'ny Fiangonantsika. Aoka isika ho olom-pirenena vanona eo amin'ny firenena izay ipetrahantsika ary ho mpiray vodirindrina tsara fanahy eo amin'ny fiaraha-monintsika, manampy ireo izay tsy avy ao amin'ny finoantsika sy ireo ao aminy koa. Aoka isika ho ohatra amin'ny fahamarinan-toetra sy tsy mivadi-pitokisana na aiza na aiza alehantsika ary na inona na inona ataontsika.

Misaotra noho ny vavaka ataonareo ho ahy ry rahalahy sy ranabavy, ary ho an'ireo Manampahefana Ambony rehetra ato amin'ny Fiangonana. Velompisaorana lalina anareo sy amin'izay rehetra ataonareo mba hampandrosoana ity asan'ny Tompo ity izahay.

Enga anie ka ho tafaverina soa aman-tsara any an-tokantranonareo ianareo. Ny fitahian'ny lanitra anie hirotsaka aminareo.

Ankehitriny alohan'ny hisarahantsika androany dia mamelà ahy hizara aminareo ny fitiavako ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotana lehibe izay nataony ho antsika. Afaka telo herinandro dia hankalaza ny fotoan'ny Paska ny Kristianina maneran-tany. Mino aho fa tsy misy na dia iray aza amintsika afaka mahatakatra ny tena lanjan'ny zavatra nataon'i Kristy ho antsika tao Getsemane, kanefa feno fankasitrahana aho isan'andro isan'andro eo amin'ny fiainako ny amin'ny Sorompanavotana nataony ho antsika.

Tamin'ny fotoana farany dia afaka nihemotra Izy, saingy tsy nanao izany. Nidina tambanin'ny zava-drehetra Izy mba hamonjeny ny zava-drehetra. Teo am-panaovany izany dia nanolotra ny fiainana ho antsika Izy ankoatry ny fiainana an-tany. Nanavotra antsika tamin'ny Fahalavoan'i Adama Izy.

Amin'ny foko iray manontolo no hanehoako fankasitrahana Azy. Nampianatra antsika ny fomba hananana fiainana tsara Izy. Nampianatra antsika ny fomba hahafatesana Izy. Manome antoka ny amin'ny famonjena ho azontsika Izy.

Eto am-pamaranana dia mamelà ahy hizara aminareo teny mampihetsipo nosoratan'i Emily Harris izay mamaritra tsara ny fahatsapana ananako rehefa mby akaiky ny Paska:


*Foana ny lambam-paty izay*
*namonosana Azy teo.*
*Nivalona teo izany,*
*Fotsy ary tena madio.*
*Nisokatra ny varavarana.*
*Nikodiadia ny vatobe,*

*Ary toy ny maheno ireo anjely mihoby*
*Azy aho.*
*Tsy nahasakana Azy ny lambam-paty.*
*Voakodia niala ny vato.*
*Nanakoako avy tao amin'ilay efi-bato*
*efa foana ireo teny hoe,*
*"Tsy ato Izy."*
*Foana ilay lambam-paty namonosana*
*Azy teo.*
*Nivalona teo izany,*
*Fotsy ary tena madio.*
*Ary ô endrey, haleloia, foana izany.*[1]

Ho anareo anie ny fitahiana ry rahalahy sy ranabaviko. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, Mpamonjy antsika, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Emily Harris, "Empty Linen," *New Era,* Apr. 2011, 49.







**Nataon'i Ann M. Dibb**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

# "Mino Isika fa Tokony ho Marina, ho Mahatoky"

*Ny fijoroana ho mahatoky amin'ny finoantsika—na dia toa hafahafa amin'ny hafa, na tsy mora na tsy mahafinaritra aza ny manao an'izany—dia miaro antsika amin'ilay lalana izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any an-danitra.*

Ry zatovovavy malalako, voninahitra sy tombontsoa lehibe ho ahy ny mijoro eto anoloanareo amin'ity takariva ity. Tena mahafinaritra sy mitaona fanahy ny fahitana anareo.

Ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo no teny filamatra ho amin'ny fiaraha-mientana Ifampizarana mandritra ny taona 2011. Raha nanatrika ny fivorian'ny tanora sy ny fanasan'ny Tompo aho tamin'ity taona ity, dia nandre ireo zatovolahy sy zatovovavy nizara ny hoe midika inona amin'izy ireo ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo ary ahoana no fihatran'izany eo amin'ny fiainan'izy ireo. Maro ireo mahafantatra izany ho toy ny fanekem-pinoana farany sy lava indrindra ary sarotra tadidiana indrindra, ary fanekem-pinoana izay antenain'izy ireo mba tsy ho asain'ny eveka hotanisain'izy ireo. Kanefa, maro aminareo no mahatakatra fa ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo dia mifono zavatra mihoatra noho izany.

Ny Fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo dia fitarihana ho an'ny fiainana marina sy Kristiana. Alaivo sary an-tsaina kely fotsiny ny mety ho endriky ity tontolontsika ity raha toa ny olon-drehetra ka misafidy ny hiaina ny fampianarana hita ao amin'ny ny Fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo: "Mino isika fa tokony ho marina, ho mahatoky, ho madio fitondrantena, ho antra olona, ho mendrika ary hanao soa amin' ny olon-drehetra; afaka milaza marina tokoa isika fa manaraka ny fananaran' i Paoly manao hoe—Isika dia mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, efa niaritra zavatra maro ary manantena ny ho afaka hiaritra ny zavatra rehetra. Raha toa ka misy zavatra mendrika, maha-te



***Montalban, Philippines***

ho tia, tsara na mendrim-piderana dia mikatsaka ireny zavatra ireny isika."

Tao anatin'ny lahatenin'ny Filoha Thomas S. Monson nataony amin'ny maha mpaminany azy nandritra ny fivoriana Alahady maraina sy Alahady voalohan'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia nilaza ny fananarana nataon'i Paoly izay hita ao amin'ny Filipiana 4:8, izay toy ny aingam-panahy nahazoana ny ankamaroan'ny fitsipika ao amin'ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo. Ny Filoha Monson dia nahafantatra ny fotoam-pitsapana izay iainantsika ary nanome fankaherezana. Hoy izy, "Ao anatin'ity dia eto amin'ity fiainana an-tany ity izay mampidi-doza indraindray, dia aoka isika . . . hanaraka ny torohevitry ny Apôstôly Paoly izay hanampy antsika ho voaaro sy hijanona amin'ny lalana."[1]

Anio hariva aho dia te-hifantoka amin'ny fitsipika roa mifandray akaiky hita ao amin'ny Fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo izay azo antoka fa "hanampy antsika ho voaaro sy hijanona amin'ny lalana." Izaho dia manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ireo fitsipika manan-danja hoe, tokony ho marina sy mahatoky ary manolo tena ny ho toy izany aho.

Voalohany, "[Izaho dia] mino fa tokony ho marina." Inona no dikan'izany hoe marin-toetra izany? Ny bokikely *Ancrés dans la Foi* dia mampianatra fa, "Ny dikan'ny hoe marin-toetra dia tsotra, marina ary tsy misy fitaka amin'ny fotoana rehetra."[2] Didin'Andriamanitra ny fahamarinan-toetra,[3] ary "ny fahamarinan-toetra feno dia tena ilaina amin'ny famonjena antsika."[4]

Ny Filoha Howard W. Hunter dia nampianatra fa tsy maintsy vonona ny ho marin-toetra tanteraka isika. Hoy izy hoe:

"Taona maro lasa izay, ny efitra malalaka fidirana amin'ny trano fiangonanay dia nahitana peta-drindrina izay ahitana ny soratra hoe: 'Aoka ho Marin-toetra amin'ny Tenanao Ianao.'" Ny ankamaroan'izy ireny dia mifandray amin'ny zavatra kely sy tsotran'ny fiainana. Kolokoloina amin'ny alalan'ireo zavatra ireo ny fitsipiky ny fahamarinan-toetra.

"Misy ireo izay hanaiky fa tsy mety eo amin'ny lafiny ara-tsaina amampanahy ny tsy fahamarinan-toetra amin'ny zavatra goavana saingy mino izy fa azo leferina izany raha ny mikasika ireo zavatra tsy dia manan-danja loatra. Moa ve tena misy fahasamihafana eo amin'ny tsy fahamarinan-toetra mahakasika ny vola arivo dôlara sy ny tsy fahamarinan-toetra mikasika ny vola venty sy kirobo? . . . Moa ve misy ambaratongany tokoa ny tsy fahamarinan-toetra, ka miankina amin'ny halehibe na hakelin'ilay trangan-javatra?"

Nanohy hatrany ny Filoha Hunter hoe, "Raha toa isika ka manana ny Tompo sy ny Fanahy Masina ho namana dia tsy maintsy marin-toetra amin'ny tenantsika isika, marin-toetra eo anatrehan'Andriamanitra, ary amin'ny mpiara-belona amintsika. Izany dia hiteraka hafaliana marina."[5]

Rehefa marin-toetra amin'ny zavadrehetra isika, na lehibe na kely, dia hiaina fiadanan-tsaina isika ary fandrian'ny eritreritra tanteraka. Mafy orina ny fifandraisantsika amin'ny hafa satria mifototra amin'ny fahatokiana izany. Ary ny fitahiana lehibe indrindra izay azo avy amin'ny fahamarinan-toetra dia ny fahafahantsika hanana ny Fanahy Masina ho namana.

Te-hizara tantara tsotra iray aho izay nanamafy ny fanolorantenako mba ho marina amin'ny zava-drehetra:

"Indray hariva dia nisy lehilahy iray nandeha nangalatra katsaka tany amin'ny sahan'ny mpifanolobodirindrina taminy. Nentiny niaraka taminy ny zanany lahikely mba hipetraka teo amin'ny fefy ary hiambina, ka hanome fampitandremana azy raha toa ka misy olona manatona. Nitsambikina ny fefy ilay lehilahy niaraka tamin'ny gony lehibe teny an-tsandriny, ary talohan'ny nangalany katsaka dia nijery ny manodidina aloha izy, teny aloha ary avy eo tany aoriana. Ary rehefa tsy nahita na iza na iza izy dia nandeha nameno ny goniny. . . .[ Niantsoantso ilay zazalahy hoe]

" 'Dada a, mbola misy faritra iray tsy nojerenao! . . . adinonao ny nijery ny teny ambony.' "[6]



Rehefa alaim-panahy ho tsy marintoetra isika, ary tonga amintsika rehetra izany fakam-panahy izany, dia mety hieritreritra isika fa tsy hisy olona hahafantatra izany mihitsy. Io tantara io dia mampahatsiahy antsika fa ny Raintsika any an-danitra dia mahafantatra foana, ary tompon'andraikitra eo anatrehany isika amin'ny farany. Ny fahalalana izany dia manampy ahy hiezaka hatrany hanaja ity fanoloran-tena ity: "[Izaho dia] mino fa tokony ho marina."

Ny fitsipika faharoa ampianarina ao amin'ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo dia ny hoe: "Mino [aho] fa tokony ho . . . mahatoky." Ny rakibolana dia mamaritra ny teny hoe *mahatoky* ho toy ny hoe "tsy miova", "mahitsy saina", "tena marina", na "tsy mivilivily"[7]

Ny iray amin'ireo boky tena tiako dia ilay boky Anglisy hoe *Jane Eyre* , nosoratan'i Charlotte Bronte tamin'ny taona 1847. I Jane Eyre izay olona ivon'ny tantara, dia zatovovavy kamboty tena mahantra izay maneho tsara ny dikan'izany hoe "mahatoky" izany Ao anatin'ity tantara noforonin'ny eritreritra ity dia nisy lehilahy iray, Andriamatoa Rochester, izay raikimpitia tamin-dramatoakely Eyre kanefa tsy afaka nanambady azy. Ka dia naleony nitalaho tamin-dramatoakely Eyre mba honina hiaraka aminy ao anaty tokantrano maso. Ramatoakely Eyre koa dia tia an'Andriamatoa Rochester ary nisy fotoana kely izy nalaim-panahy, nanontany tena hoe: "Iza moa eto amin'izao tontolo izao no mba miraharaha *anao*? Na iza ihany koa no haratra amin'izay ataonao?"

Avy hatrany anefa dia namaly ny eritreritr'i Jane hoe: "*Izaho* dia miraharaha ny tenako. Arakaraka ny maha irery ahy, ny maha tsisy namana ahy, ny maha tsy misy mpanohana ahy, no hanajako ny tenako bebe kokoa. Hitandrina ny lalàna nomen'Andriamanitra aho . . . Ireo lalàna sy fitsipika dia tsy natao amin'ny fotoana tsy hisian'ny fakam-panahy: fa natao ho an'ny fotoana toy izao izany . . . Raha ohatra aho ka mandika azy ireo amin'ny fotoana itiavako hanaovana izany, dia inona intsony no ho lanjan'izy ireo? Manan-danja izy ireo—nino izany foana aho hatrizay . . . Hevitra noeritreretina mialoha sy fanapahan-kevitra noraisina tany aloha, no hany ananako amin'izao ora izao ka azoko hifikirana: koa eo amin'izany no hamboleko ny tongotro."[8]

Nahatoky tamin'ny finoany i Jane Eyre tao anatin'ny fotoanan'ny fakampanahy mahakivy. Nahatoky tamin'ilay lalàna nomen'Andriamanitra izy, ary dia "namboleny ny tongony" hanoherana ny fakam-panahy.

Ny fijoroana ho mahatoky amin'ny finoantsika—na dia toa hafahafa amin'ny hafa, na tsy mora na tsy mahafinaritra aza ny manao an'izany—dia miaro antsika amin'ilay lalana izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any an-danitra. Tena tiako ity sary iray nataon'ny zatovovavy iray ity izay mampahatsiahy azy ny faniriany hiaina ny hafaliana amin'ny fiainana miaraka amin'ny Ray any andanitra mandrakizay.




Ny fijoroana ho mahatoky koa dia ahafahantsika manana fiantraikany tsara eo amin'ny fiainan'ny hafa. Vao tsy ela akory izay aho no nandre tantara iray manentana ny fanahy momba ny zatovovavy iray izay nitondra fiantraikan-javatra lehibe teo amin'ny fiainan'ny zatovovavy iray hafa noho ny fanoloran-tenany mba ho mahatoky amin'ny finoany.

Taona maro lasa izay, i Kristi sy i Jenn dia samy nanatrika fampianarana tao amin'ny amboarampeo tao Hurst, Texas. Na dia tsy nifankafantatra tsara aza izy ireo, dia ren'i Jenn i Kristi niresaka tamin'ireo namany momba ny fivavahana sy ireo zavatra samihafa inoan'izy ireo, ary ny tantara tiany indrindra ao amin'ny Baiboly. Rehefa nifandray tamin'i Kristi indray izy elabe taty aoriana dia nizara izao tantara izao i Jenn:

"Nalahelo aho fa tsy nahafantatra na inona na inona tamin'ny resaka nifanaovanao sy ireo namanao, ary noho izany tamin'ny noely dia nangataka Baiboly tamin'ireo ray amandreniko aho. Nahazo Baiboly aho ary nanomboka namaky izany. Izay no nanombohan'ilay dian'ny finoako ary ny fitadiavako ny Fiangonana marina. . . . Lasa ny roa ambin'ny folo taona. Nandritra ny fotoana nitsidihako fiangonana maromaro sy nandehanako niangona tsy tapaka dia mbola nahatsapa hatrany aho fa misy zavatra hafa bebe kokoa. Indray alina, dia nandohalika aho ary nitalaho mba hahafantatra ny tokony hatao. Tamin'io alina io no nanofisako anao ry Kristi. Tsy nahita anao intsony aho hatramin'ny nivoahantsika tamin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Nieritreritra aho hoe hafahafa izany nofiko izany, saingy nieritreritra aho fa tsy nisy dikany izany. Nanonofy anao indray aho nandritra ny alina anankitelo manaraka. Nandany fotoana aho nieritreritra ny dikan'ny nofiko. Tsaroako fa ianao dia Môrmôna. Nijery ny tranokalan'ny Môrmôna aho. Ny zavatra voalohany hitako dia ny Tenin'ny Fahendrena. Ny reniko dia maty noho ny aretina homamiadan'ny avokavoka roa taona lasa talohan'io. Mpifoka sigara izy ary ny famakiana ny Tenin'ny Fahendrena dia tena nisy dikany lehibe tamiko. Taty aoriana dia nitsidika ny tranondraiko aho. Nipetraka teo amin'ny trano fandraisam-bahininy aho, ary dia nanomboka nivavaka. Nanontany izay tokony halehako sy izay tokony hataoko aho. Tamin'izay fotoana izay indrindra no nisy dokam-barotra momba ny Fiangonana nandeha tamin'ny fahitalavitra. Noraisiko an-tsoratra ilay laharan-tariby ary nantsoiko tamin'io alin'io ihany. Niantso ahy ny misiônera telo andro taty aoriana ary nanontany raha toa ka azon'izy ireo atao ny manatitra Bokin'i Môrmôna iray any an-tokantranoko. Namaly aho hoe, 'Eny.' Natao batisa aho telo volana sy tapany taty aoriana. Roa taona taty aoriana dia nahita ny vadiko tao amin'ny Fiangonana aho. Nivady tany amin'ny Tempolin'i Dallas izahay. Ankehitriny dia ray aman-drenin'ny zaza roa mahafatifaty izahay.

"Te hisaotra anao aho ry Kristi.

Nampiseho ohatra tsara ianao nandritra ny fotoana tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Tsara fanahy sy feno fahamasinana ianao. Nampianatra ahy ireo lesona ny misiônera ary nanasa ahy mba hatao batisa, fa *ianao* no misiônerako fahatelo. Namafy voa tamin'ny alalan'ny asanao ianao, ary tena nahatonga ny fiainako ho tsaratsara kokoa. Manana fianakaviana mandrakizay aho ankehitriny. Hihalehibe ao anatin'ny fahafantarana ny fahafenoan'ny filazantsara ireo zanako. Izany no fitahiana lehibe indrindra izay azon'iza n'iza amintsika raisina. Ianao no nanampy nitondra izany teo amin'ny fiainako."

Rehefa nifandray tamin'i Kristi aho, dia hoy izy hoe: "Indraindray aho mieritreritra fa rehefa mandre ireo lisitry ny toetra voatanisa ao amin'ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo isika, dia mahatsiaro ho mavesatra. Kanefa fantatro fa rehefa miaina ireo fitsipika sy miezaka ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Kristy isika, dia afaka mitondra fiovana. . . . Tsapako ho toa an'i Amôna ao amin'ny Almà 26:3 aho raha niteny izy hoe, "Ary izany no fitahiana izay efa natolotra antsika, dia ny efa nanaovana antsika ho fitaovana teo an-tànan' Andriamanitra mba hanatanteraka ity asa lehibe ity."

Mivavaka aho mba tsy hanambara fotsiny hoe: "Izaho dia mino fa tokony ho marina sy ho mahatoky," ianareo tsirairay fa mba hanolo-tena ihany koa hiaina izany fampanantenana izany isan'andro. Mivavaka aho hoe rehefa manao izany ianareo, dia hanohana anareo ny hery sy ny fitiavana ary ny fitahian'Andriamanitra rehefa manao ny asa nanirahana anareo tsirairay avy ianareo. Lazaiko izany rehetra izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Thomas S. Monson, "Looking Back and Moving Forward," *Liahona,* Mey 2008, 90.
2. *Ancrés dans la Foi* (2004), 84.
3. Jereo ny Eksodosy 20:15–16.
4. *Fitsipiky ny Filazantsara* (2009), 179.
5. Howard W. Hunter, "Basic Concepts of Honesty," *New Era,* Feb. 1978, 4, 5.
6. William J. Scott, "Forgot to Look Up," *Scott's Monthly Magazine,* Des. 1867, 953.
7. Jereo *Merriam-Webster's Collegiate Dictionary,* 11th ed. (2003), "true."
8. Charlotte Brontë, *Jane Eyre* (2003), 356.



**Nataon'i Mary N. Cook**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

# "Tsarovy Izao: Anjarako aloha ny manao tsara fanahy"

*Ny fiantrana olona dia afaka mitondra fifaliana sy firaisan-kina eo anivon'ny tokantranonareo, ny kilasinareo, ny paroasinareo ary ny sekolinareo*

Herinandro vitsy lasa izay dia nianatra lesona manan-danja aho avy amin'ny zatovovavy Farimbona iray izay tanora nanao lahateny tao amin'ny paroasiko. Tohina ny foko raha nampianatra sy nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy tamim-pahatokian-tena izy. Nofaranany tamin'izao teny izao ny lahateniny: "Rehefa mametraka an'i Jesoa Kristy ho ivon'ny fiainako aho dia mandeha tsara kokoa ny androko, tsara fanahy kokoa amin'ireo olon-tiako aho ary feno fifaliana."

Nandritra ny volana vitsivitsy lasa izay dia nandinika avy lavitra an'io zatovovavy io aho. Miarahaba ny tsirairay miaraka amin'ny maso mamirapiratra sy tsiky mailaka izy. Nahita azy nifaly tamin'ny fahombiazan'ny tanora hafa aho. Nisy zatovovavy roa ao amin'ny Farimbona izay vao haingana nilaza tamiko mikasika ny fanapahan-kevitr'io zatovovavy io ny hamoy ny tapakilany hijerena sarimihetsika rehefa tonga saina izy fa tsy ho traikefa "mendrika sy tsara" izany.[1] Feno fitiavana izy, tsara fanahy ary mankato. Avy amin'ny tokantrano iray ahitana renim-pianakaviana mananontena izy, ary ny fiainany dia tsy hoe tsy nisy olana, koa dia nanontany tena aho hoe ahoana no fomba hihazonany ilay toe-panahy faly sy tsara fanahy hatrany. Rehefa nijoro ho vavolombelona io zatovovavy io hoe "i Jesoa Kristy no ivon'ny fiainako," dia hitako ny valiny.

"Mino isika fa tokony ho marina, ho mahatoky, ho madio fitondrantena, ho antra olona, ho mendrika ary hanao soa amin'ny olon-drehetra." Izany fitanisana tena tsara mikasika ireo toetra tahaka ny an'i Kristy izany, izay hita ao amin'ny fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo, dia hanomana antsika ho amin'ny fitahian'ny tempoly sy ny fiainana mandrakizay.

Te-hifantoka amin'ny iray amin'ireo teny ireo ihany aho—*antra olona. Ny hoe antra olona* dia teny feno hatsarana izay tsy fahenontsika matetika. Avy amin'ny teny latina izany tena



izany ary midika hoe “mirary soa olona iray.”[2] Ny hoe antra olona dia hoe tsara fanahy, tsara fitondran-tena sy feno fiantrana. Maro aminareo no nianatra mikasika ny hevitry ny hoe antra olona fony tany amin’ny Kilonga ary nanao tsianjery ity hira ity:

*Je serai gentil envers chacun,*
*Jésus nous l’a appris.*
*C’est pourquoi je me dis : « A moi d’abord*
*de me montrer gentil. » [Te-ho tsara fanahy amin’ny hafa aho, fa izany no tokony hataoko. Koa hoy aho hoe: “Tsarovy izao: Anjarako aloha ny manao tsara fanahy.”]*[3]

Ny Mpamonjy antsika dia nampianatra antsika momba ny fananana fiainana feno fiantrana olona ary niaina izany Izy. I Jesoa dia nitia ny rehetra ary nanompo ny rehetra Izy. Ny fanaovana an’i Jesoa Kristy ho ivon’ny fiainantsika dia hanampy antsika hahazo izany toetra antra olona izany. Mba hahafahantsika hanana ireo toetra tahaka ny an’i Kristy ireo dia mila mianatra mikasika ny Mpamonjy isika sy “manaraka ny lalany.”[4]

Isika dia mianatra avy amin’ny fanoharana momba ilay Samaritana Tsara fanahy fa tokony hitia ny rehetra. Ny tantara dia manomboka ao amin’i Lioka toko faha 10, raha nanontany ny Mpamonjy ny mpahay lalàna anankiray hoe: “Inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay?”

Ny valiny: “Tiava an’i Jehovah Andriamanitrao amin’ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny herinao rehetra ary ny sainao rehetra; ary, tiava ny namanao tahaka ny tenanao.”

Avy eo dia nanontany ilay mpahay lalàna hoe: “Iza ary no namako?” Fanontaniana niavaka tokoa izany napetrak’ilay mpahay lalàna izany satria ny Jiosy dia nanana mpiray sisin-tany avy any avaratra, dia ireo Samaritana izay halan’izy ireo fatratra hany ka rehefa miainga avy ao Jerosalema mankany Galilia izy ireo dia haleony manalavidalana manivatsiva ny Lohasahan’i Jordana toy izay mamakivaky an’i Samaria.

Novalian’i Jesoa tamin’ny alalan’ ilay fanoharana mikasika an’ ilay Samaritana Tsara fanahy ny fanontanian’ilay mpahay lalàna. Araka ilay fanoharana dia,

“Nisy lehilahy anankiray nidina avy tany Jerosalema hankany Jeriko ka azon’ny jiolahy, dia nendahiny ny lambany, sady nokapohiny izy sady nilaozany, rehefa saika maty. . . .

“Fa nisy kosa Samaritana anankiray nandeha tamin’ny nalehany ka tonga teo aminy ary nony nahita azy, dia onena,

“Dia nanatona izy, ka nofeheziny ny feriny, sady nasiany diloilo sy divay; dia nampitaingenany tamin’ny bibiny izy, ka nentiny ho any amin’ny tranom-bahiny, dia notsaboiny.

“Ary nony ampitson’iny, dia naka denaria roa izy, ka nomeny ny tompon’ny tranom-bahiny, sady nanao taminy hoe: Tsaboy izy; ary na hoatrinona na hoatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako rehefa miverina aho.”[5]

Ilay Samaritana dia tsy mba tahaka ilay mpisorona Jiosy sy ilay Levita izay nandalo ilay lehilahy maratra, izay mpiray tanindrazana amin’izy ireo, fa tsara fanahy na dia teo aza ny fahasamihafana. Nasehony ilay toetra iray tahaka ny an’i Kristy, dia ny fiantrana olona. I Jesoa dia nampianatra antsika tamin’ny alalan’io tantara io fa ny tsirairay dia namantsika avokoa.

Vao haingana ny mpanolotsaina iray ao amin’ny Episkôpà iray no nizara zava-niseho iray, izay mampianatra ny maha zava-dehibe ny namana tsirairay. Raha nijery ny mpiangona izy dia nahita ankizy iray nanana fitoerana penisilihazo maro loko nahitana loko isan-karazany. Rehefa nijery ireo mpikambana maro tao amin’ny paroasiny izy dia niverina tao an-tsainy fa toy ireo penisilihazo ireo, dia tena nitovy izy ireo, saingy ny olona tsirairay dia tena samy miavaka ihany koa.

Niteny izy hoe “Ny loko nentin’izy ireo ho an’ny paroasy sy ho an’izao tontolo izao dia azy ireo manokana. Izy ireo dia samy nanana ny tanjany sy ny fahalemeny manokana, ny zavatra andrandrainy manokana ary ny nofinofy miafina. Saingy rehefa miaraka izy ireo dia mitambatra ho kodiarana manana ny lokon’ny firaisan-kina ara-panahy.” . . .

"Ny firaisan-kina dia toetra tsara ara-panahy. Izany dia fahatsapana tena tsara an'ilay fiadanana sy ny tanjona izay tonga avy amin'ny maha ao anatin'ny fianakaviana iray. . . . Izany dia faniriana ny tsara indrindra ho an'ny hafa toy ny hanirianao an'izany ho an'ny tenanao manokana. . . . Izany dia fahafantarana fa tsy misy olona handeha hanao ratsy anao. [Izay midika fa tsy ho irery na oviana na oviana ianao]"[6]

Manorina izany firaisan-kina izany isika ary mizara ireo lokontsika manokana amin'ny alalan'ny fiantrana olona: fihetsika ataon'ny tsirairay hanehoana hatsaram-panahy.

Efa natsapa ho irery ve ianao? Mahatsikaritra ireo izay irery ka miaina ao anatin'ny tsy fifaliana ve ianao? Ry zatovovavy, nijery anareo aho rehefa mitondra ny lokonareo miavaka eo amin'ny fiainan'ny hafa ianareo amin'ny alalan'ny tsikinareo sy ny teny feno hatsaram-panahinareo, na ny taratasy kely fankaherezana.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nampianatra antsika ny fomba ifandraisana amin'ny namantsika sy ny olona tsirairay izay mifanena amintsika raha niteny tamin'ny zatovovavin'ny Fiangonana izy hoe: "Ry zatovovavy anabaviko sarobidy, miangavy anareo aho hanana fahasahiana hiala amin'ny fitsarana sy ny fitsikerana ireo izay manodidina anareo, ary hanana fahasahiana koa hanao izay ahazoana antoka fa ny tsirairay dia raisina tsara sy mahatsapa ho tiana sy homena lanja."[7]

Afaka manaraka ny ohatr'ilay Samaritana Tsara fanahy isika ka "hanova ny tontolon'ny" olona iray monja amin'ny alalan'ny fanehoana fiantrana olona.[8] Te hanasa ny tsirairay aminareo aho mba hanao farafaharatsiny fihetsika iray tahaka ny nataon'ilay Samaritana amin'ity herinandro ho avy ity. Mety mitaky ny fijerenao olona ivelan'ireo namana mahazatra anao izany, na mety mitaky ny handresenao ny fahamenaranao. Mety hisafidy amim-pahasahiana ny hanompo olona izay tsy dia miraharaha anareo loatra ianareo. Mampanantena aho fa raha miezaka manao zavatra mihoatra noho izay mora atao ianareo dia tena hanana fahatsapana tsara ao anaty ianareo, hany ka ny hatsaram-panahy dia ho lasa ampahan-javatra iray eo amin'ny fiainanareo isan'andro. Ho hitanareo fa ny fiantrana olona dia afaka mitondra fifaliana sy firaisan-kina eo anivon'ny tokantranonareo, ny kilasinareo, ny paroasinareo ary ny sekolinareo. "Tsarovy izao: Anjarako aloha ny manao tsara fanahy."

Tsy hoe nitia ny rehetra fotsiny ihany ny Mpamonjy fa nanompo ny rehetra Izy. Zarao amin'ny olona maro ny hatsaranareo. Ny antitra sy ny tanora dia afaka ny ho voatahy be tokoa amin'ny alalan'ny asa fanompoana feno fitiavana ataonareo. Efa fony izy mbola zatovolahy ny Filoha Monson no efa nanana foana toerana manokana tao am-pony ho an'ireo zokiolona. Fantany ny lanjan'ny famangiana fohy sy ny tsiky feno fahavononana na ny famihinana ilay tanana efa antitra sy miketrona. Ny fihetsika tsotra maneho fiantrana tahaka izany dia mitondra loko eo amin'ny fiainan'olona iray izay indraindray feno andro lava dia lava sy manirery ary manjombona. Manasa ny tsirairay aminareo aho mba hahatsiaro ny raibe sy ny renibenareo ary ireo zokiolona. Jereo izay ao am-piangonana rahampitso ary mitadiava olona efa nahazo taona izay afaka mampiasa ny karazan-dokonao eo amin'ny fiainan'izy ireo. Tsy mitaky zavatra betsaka izany: arahabao amin'ny anarany izy ireo, miresaha amin'izy ireo, mivonona hanampy azy ireo. Afaka manokatra varavarana ve ianareo na manolotra ny fanampiana amin'ny fanaovana zavatra any antokantranony na any an-jaridainany? Izay zavatra toa mora ho anareo amin'ny taonanareo dia mety ho asa tena mavesatra ho an'ny olona efa nahazo taona. "Tsarovy izao: Anjarako aloha ny manao tsara fanahy."

Indraindray ilay hoe miantra olona dia tena sarotra atao eo anivon'ny fianakavianareo manokana. Ny fananana fianakaviana mafy orina dia mitaky ezaka. "Mifalia, manampia ary mihevera ny hafa. Olana maro eo anivon'ny tokantrano no mitranga satria miteny sy manao fihetsika feno fitiavan-tena sy haratsiam-panahy ireo olona ao amin'ny fianakaviana. Aoka ianao hieritreritra izay zavatra ilain'ireo olona hafa ao amin'ny fianakaviana. Aoka ianao ho mpampihavana toy izay ho mpandrangitra sy mpiady ary mpila fifandirana."[9] "Tsarovy izao: Anjarako aloha ny manao tsara fanahy."

Tia ireo ankizy i Jesoa, nitrotro azy ireo ary nitso-drano azy ireo.[10] Tahaka ny Mpamonjy dia afaka mitahy ny ankizy rehetra amin'ny alalan'ny hatsaram-panahinao ianao fa tsy ireo izay ao an-tokantranonao ihany.

Mety tsy fantatrareo ny fiantraikan'ny fiainanareo sy ny ohatra asehonareo eo amin'ny ankizy kely iray. Vao haingana aho no naharay taratasy iray avy amin'ny namana iray izay miandraikitra ivo toerana fitsaboana ankizy ao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa iray eto an-toerana. Ahitana zatovolahy sy zatovovavy maro izay mpikamban'ny Fiangonana ao amin'io sekoly io. Nizara tamiko ity toe-javatra ity izy: "Rehefa mandeha amin'ny lalantsara miaraka amin'ireo ankizy madinika aho dia mahafinaritra ny mahita fa maro ireo fametrahan'entan'ny mpianatra izay ahitana ny sarin'i Jesoa na tempoly mipetaka eo amin'ny varavarana avy ao anatiny. Nahita ny sarin'i Jesoa tao anatin'ny varavaran'ny fametrahan'entan'ny [zatovovavy] iray izay nisokatra ny iray tamin'ireo ankizy ary niteny hoe: "Jereo, ato am-pianarantsika i Jesoa!" Tohina sy latsa-dranomaso ilay mpianatra ka dia niondrika sy namihina ilay ankizy kely. Nisaotra ilay zatovovavy aho noho ny ohatra tsara nasehony tamin'ny manodidina azy. Manome hery ny mahafantatra fa misy tanora maro izay miezaka ny mijoro ho an'ny fahamarinana ary manao ny anjaran'izy ireo amin'ny fanasana ny Fanahy ho eo amin'ny fiainan'izy ireo, na dia sarotra aza izany indraindray noho ny tabataba sy ny fahasiahan'ilay tontolo manodidina azy ireo. Manana tanora mahafinaritra isika ato amin'ny Fiangonana."

Tena manaiky izany tanteraka aho! Ry zatovovavy, manova izao tontolo izao *ianareo* amin'ny fanaovanareo an'i Jesoa Kristy ho ivon'ny fiainanareo ary dia "lasa toy ilay tiany hahatongavanareo" ianareo.[11]

Misaotra noho ny fiainanareo feno fiantrana olona: noho ny fandraisana ireo izay mety tsy mitovy aminareo; noho ny hatsaram-panahinareo amin'ireo namanareo, ireo zokiolona, sy ny fianakavianareo ary ny ankizy madinika; noho ny maha naman'ireo izay manirery anareo sy ireo izay ianjadian'ny olana sy ny ratram-po. Amin'ny alalan'ny fiantranareo olona, dia "mitondra [ny hafa] ho amin'ny fahazavan'ny Mpamonjy ianareo,"[12] Misaotra mahatsiaro ny hoe "Anjarako aloha ny manao tsara fanahy."

Fantatro fa ny Filoha Thomas S. Monson dia mpaminanin'Andriamanitra ary ny fiainany dia ohatry ny fiantrana olona izay azontsika ianarana. Araho ny mpaminanintsika. Mianara avy amin'ny ohatra asehony ary henoy ny teniny. Mino ny filazantsaran'i Jesoa Kristy aho ary fantatro fa naverina teto an-tany ny fisoronana tamin'ny alalan'i Joseph Smith

Fantatro fa velona ny Mpamonjy antsika ary tia ny tsirairay amintsika. Nanome ny ainy ho an'ny rehetra Izy. Mivavaka aho mba hampifantoka ny fiainantsika amin'i Jesoa Kristy isika sy "hanaraka ny lalany" amin'ny alalan'ny fifankatiavana sy ny fifanompoana.[13] Raha manao izany isika dia fantatro fa afaka manova izao tontolo izao ho toerana tsara kokoa satria "Mino isika fa tokony ho antra olona."[14] Izany no ijoroako ho vavolombelona, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fanekempinoana 1:13.
2. Jereo ny *Oxford English Dictionary Online,* 2nd ed. (1989), "benevolent," oed.com.
3. "A moi d'abord de me montrer gentil," *Chants pour les enfants.* 83.
4. "Guardians of Virtue," *Strength of Youth Media 2011: We Believe* (DVD, 2010); hita ihany koa ao amin'ny lds.org/youth/video/youth-theme-2011-we-believe.
5. Lioka 10:25, 27, 29, 30, 33–35.
6. Jerry Earl Johnston, "The Unity in a Ward's Uniqueness," *Mormon Times,* Feb. 9, 2011, M1, M12.
7. Thomas S. Monson, "May You Have Courage," *Liahona,* Mey 2009, 125.
8. "Mpiambina Ny Hasina".
9. *Ry Tanora Mahereza* (bokikely, 2001), 10.
10. Jereo ny Marka 10:16.
11. "Mpiambina Ny Hasina."
12. "Mpiambina Ny Hasina."
13. "Mpiambina Ny Hasina."
14. Fanekem-pinoana 1:13.




**Nataon'i Elaine S. Dalton**
Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany


# Mpiambina ny Hasina

*Miomana ankehitriny mba hahamendrika anareo hahazo ireo fitahiana rehetra izay miandry anareo ao amin'ny tempoly masin'ny Tompo.*

Misy fotoana indraindray izay tsy ahafahan'ny teny maneho ny zavatra tsapantsika. Mivavaka aho mba hijoro ho vavolombelona ao am-ponareo ny Fanahy momba ilay foto-piavianareo masina sy ilay andraikitrareo mandrakizay. Ianareo no fanantenan'i Isiraely. Ianareo dia zatovovavy voafidy sy manam-boninahitra an'ilay Raintsika any an-danitra.

Tamin'ny volana lasa teo aho dia nanana fahafahana nanatrika ny fanambadian'ny tovovavy iray tany amin'ny tempoly, izay fantatro efa hatry ny nahaterahany. Rehefa nipetraka tao amin'ny efitrano fanaovana famehezana aho, ary nijery ireo fitoeran-jiro tsara tarehy izay nanjelanjelatra tao anatin'ny hazavan'ny tempoly, dia tsaroako ilay andro izay nitrotroako azy voalohany. Nampanaovin'ny reniny akanjo kely lava fotsifotsy izy ary nihevitra aho fa an'isan'ireo zazakely tsara tarehy indrindra hitako hatrizay izy. Dia niditra ny varavarana izany tovovavy izany ary nitafy akanjo fotsy indray. Feno hazavana izy ary faly. Rehefa niditra ilay efitrano izy dia niriako mafy tamin'ny foko manontolo ny mba hahitan'ny zatovovavy rehetra izany fotoana izany ary ny mba hiezahan'izy ireo lalandava ho mendrika ny hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina ary handray ireo ôrdônansin'ny tempoly ho fiomanana amin'ny fahazoana ireo fitahian'ny fisandratana.

Rehefa nandohalika teo amin'ny alitara masina izy roa, dia nandray fampanantenana mihoatra noho izay azon'ny sain'olombelona takarina, izay hitahy sy hampahery ary hanampy azy ireo mandritra ny diany eto antany. Izany dia iray amin'itony fotoana izay nampangina an'izao tontolo izao itony ary nampifaly ny lanitra iray manontolo. Rehefa nijery tany amin'ireo fitaratra lehibe tao amin'ilay efitra ilay mpivady vao, dia nanontaniana an-dralehilahy izay zavatra hitany. Hoy izy hoe: "Ireo rehetra izay efa niaina talohako." Dia nijery ilay fitaratra lehibe teny amin'ny rindrina nanatrika azy izy ireo ary nilaza ravehivavy niaraka tamin'ny ranomaso hoe: "Izaho dia mahita an'ireo rehetra izay ho teraka ao aorianay." Hitany ilay fianakaviany ho avy—ilay taranany. Fantatro fa takany indray tao anatin'izany fotoana izany ny maha-zava-dehibe ny finoana hoe tokony ho madio ara-pitondrantena ary ho masina. Tsy misy zavatra tsara kokoa noho ny fahitana olon-droa niomana tsara ka miara-mandohalika eo amin'ny alitaran'ny tempoly.



Ireo taona handalovanareo ao amin'ny Zatovovavy dia hanomana anareo ho any amin'ny tempoly. Any ianareo no handray ireo fitahiana izay natokana ho anareo amin'ny mahazanakavavy sarobidin'Andriamanitra anareo. Tia anareo ny Rainareo any an-danitra ary maniry ny hahazoanareo fifaliana. Ny fomba hanatanterahana izany dia ny "mandeha amin'ny lalan'ny hatsaran-toetra"[1] ary "mifikitra amin'ny fanekempihavana[nareo]."[2]

Ry zatovovavy! Ao anatin'ity izao tontolo izao ity izay tsy mitsaha-mitombo ny fahalotoana ara-pitondrantena, ny fileferana amin'ny ratsy, ny fanararaotana ny vehivavy ary ny fibiriokan'ireo anjara andraikitra, dia tsy maintsy mijoro ianareo mba hiambina ny tenanareo sy ny fianakavianareo ary ireo rehetra mifanerasera aminareo. Tokony ho mpiambina ny hasina ianareo.

Inona no atao hoe hasina ary inona no atao hoe mpiambina? "Ny hasina dia fomba fisainana sy fitondrantena izay mifototra amin'ny fenitra ara-pitondrantena ambony. Izany dia ahitana ny fahadiovam-pitondrantena."[3] Ary inona no atao hoe mpiambina? Ny mpiambina dia olona iray izay miaro ary miambina.[4] Noho izany, amin'ny maha-mpiambina ny hasina anareo dia hiaro ny fahadiovana ara-pitondrantena ianareo satria ny hery hamoronana aina dia hery masina sy tena ambony ary tsy maintsy hambenana mandrapanambadinareo. Ny fanananasina dia fepetra takiana mba hananana ny fiarahana sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Ilainareo izany fitarihana izany mba hahafahana manao safidy amim-pahombiazana ao anatin'ilay izao tontolo izao izay iainanareo. Ny fananan-kasina dia fepetra takiana mba hahafahana miditra ny tempoly. Ary izany dia fepetra takiana mba ho mendrika ny hijoro eo anatrehan'ny Mpamonjy. Miomana ho amin'izany fotoana izany ianareo ankehitriny. Ny Mon Progrès Personnel sy ireo fitsipika hita ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts* dia manan-danja. Ny fiainana ireo fitsipika hita ao amin'ireo bokikely tsirairay ireo dia hanamafy orina anareo sy hanampy anareo ho lasa "mendrika kokoa ao amin'ny fanjakana."[5]

Tamin'ny fotoam-pahavaratra lasa teo dia nisy vondron-jatovovavy avy any Alpine, Utah nanapa-kevitra ny ho lasa "mendrika kokoa ao amin'ny fanjakana." Nanapa-kevitra ny hifantoka amin'ny tempoly izy ireo amin'ny alalan'ny fandehanana an-tongotra miala eo amin'ny Tempolin'i Draper Utah hatrany amin'ny Tempolin'i Salt Lake, izay 35 kilaometatra ny halavirany. Toy ny zavatra nataon'i John Roe Moyle mihitsy izany izay iray tamin'ireo mpisava lalana. Rahalahy Moyle dia mpandrafi-bato izay nantsoin'ny mpaminany, Brigham Young, mba hiasa tamin'ny fanorenana ny Tempolin'i Salt Lake. Manao ilay dian-tongotra 35 kilaometra miala eo an-tranony mankany amin'ny tempoly izy isan-kerinandro. Anisan'ny asany ny fanaovana sokitra teo amin'ny ilany atsinanan'ny Tempolin'i Salt Lake ny teny hoe "Hamasinina ho an'i Jehovah." Tsy mora izany ary tsy maintsy nandresy sakana maro izy. Indray andro dia voadakan'ny iray tamin'ireo ombivaviny teo amin'ny ranjony izy. Tsy maintsy notapahana izany ranjony izany satria tsy nety notsaboina intsony. Saingy tsy nanakana azy tsy hanolo-tena ho an'ny mpaminany sy hanao asa teo amin'ny tempoly izany. Nanamboatra ranjo hazo izy ary herinandro maro taty aoriana dia nanao an'ilay dia an-tongotra 35 kilaometatra mankany amin'ny tempoly indray izy mba hanao ilay asa efa nanolorany tena.[6]

Nanapa-kevitra ireo zatovovavy tao amin'ny Paroasy Fahaenin'i Cedar Hills fa hanao dia an-tongotra amin'izany halaviran-dalana izany ho an'ny razambe iray ary koa ho an'ny olona iray izay nanentana ny fanahin'izy ireo hitoetra ho mendrika hiditra ny tempoly. Nanao fanazaran-tena isan-kerinandro izy ireo tamin'ny fiarahamientana ifampizarana ary rehefa teny am-pandehanana an-tongotra izy ireo dia nizara ny zavatra nianarany sy tsapany momba ny tempoly.

Natombok'izy ireo vao maraim-be tamin'ny alalan'ny vavaka ny dian'izy ireo. Raha nanomboka izany izy ireo dia variana tamin'ny fahatokian'izy ireo aho. Niomana tsara izy ireo ary fantatr'izy ireo fa vonona izy ireo. Nifantoka tamin'ny tanjony ny mason'izy ireo. Ny dingana tsirairay noraisin'izy ireo dia maneho anareo tsirairay avy noho ianareo izay miomana koa ny handeha ho any amin'ny tempoly ankehitriny. Ny fanazaran-tenanareo manokana dia efa nanomboka tamin'ny alalan'ny vavaka samirery ataonareo isan'andro, ny famakianareo isan'andro ny Bokin'i Môrmôna ary ny fanaovanareo asa ao amin'ny Mon Progrès Personnel.

Rehefa nanohy ny diany ireo zatovovavy ireo dia nisy ny zavatra nahavarimbariana teny an-dalana saingy nifantoka hatrany tamin'ny tanjony izy ireo. Ny sasany nanomboka nahatsapa fa nisy masaka ny tongotra ary ny sasany nahatsapa fa nanomboka nikomy ny lohalika, saingy nandeha ihany izy ireo. Maro ireo zavatra mahavarimbariana sy maharary ary ireo sakana ho anareo tsirairay eny amin'ny lalanareo mankany amin'ny tempoly, saingy ianareo koa dia tapa-kevitra ka mandehana foana. Ny lalana

nalehan'ireto zatovovavy ireto dia efa voafaritr'ireo mpitarika azy ireo izay nandeha an-tongotra sy nitondra fiara tamin'izany ary namantatra ny lalana tena azo antoka sy manitsy tokony haleha. Averina indray fa misy marika ny lalanareo ary afaka mahazo antoka ianareo fa ny Mpamonjy dia tsy hoe efa nandeha tamin'izany lalana izany fotsiny fa mbola handeha amin'izany miaraka aminareo—isaky ny dingana rehetra ao amin'ilay lalana.

Tao anatin'izany dia nankany amin'ny tempoly izany dia teo ireo ray, ireo reny, ireo olona ao amin'ny fianakaviana ary ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana izay nanao mpiambina. Ny asan'izy ireo dia ny maka antoka fa voaro amin'ny loza ny tsirairay. Natao-n'izy ireo izay hijanonan'ny zatovovavy tsirairay ho ampy rano tsara sy ho ampy sakafo tsara mba hitazonany ny heriny. Nisy ireo toeram-pijanonana hahazoana fanampiana nomen'ireo mpitarika azy ireo ao amin'ny fisoronana izay ahitana toerana hialana sasatra sy hisotroana rano. Ry zatovovavy! Ny rainareo, ny reninareo, ny evekanareo, ary ireo olon-kafa maro dia ho mpiambina anareo rehefa mandeha amin'ilay lalanareo mankany amin'ny tempoly ianareo. Hanome fampitandremana izy ireo sy hitarika ny lalanareo ary hanampy anareo raha toa ianareo ka maratra na marary, na nivoaka ny lalana.

Variana aho satria tany amin'ny kilaometatra faramparan'ny dia natao'n'izy ireo dia tonga nanohana ireo zatovovavy vonona ireo ny anadahiny sy ireo zatovolahy sy namana hafa ary nampahery azy ireo. Nisy rahalahy iray nibata ny anabaviny izay masaka be ny tongony ary nibaby azy nandeha tamin'ilay halaviran-dalana farany nankany amin'ny tempoly. Rehefa tratran'ireo zatovovavy mahatalanjona ireo ny tanjony dia nilatsaka ny ranomaso rehefa nikasika ny tempoly izy ireo sy nanao fanoloran-tena mangina fa ho mendrika lalandava ny hiditra ao.

Ilay dia an-tongotra nankany amin'ny tempoly dia toy ny fanoharana eo amin'ny fiainanareo. Ny ray aman-dreny sy ireo mpitarika



ao amin'ny fisoronana dia nijoro ho mpiambina teny an-dalana teny. Nanome fanohanana sy fanampiana izy ireo. Nifampiambina sy nifankahery ny zatovovavy. Nidera ny hery sy ny fanoloran-tena ary ny tanjak'ireo zatovovavy ireo ny zatovolahy. Nilanja ireo anabaviny naratra ireo anadahiny. Nifaly niaraka tamin'ny zanany vavy ireo fianakaviana rehefa nanapitra ny diany teo amin'ny tempoly izy ireo ary nitondra azy ireo nody soa aman-tsara.

Mba hijanonana eo amin'ilay lalana mankany amin'ny tempoly dia tsy maintsy miambina ilay hasintsika manokana isika ary ny hasin'ny hafa izay mifanerasera amintsika. Nahoana?" I Môrmôna dia nampianatra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa ny fananana hasina sy ny fahadiovam-pitondrantena no "soa sy sarobidy indrindra tambonin'ny zava-drehetra."[7]

Inona no azonareo tsirairay avy atao mba ho mpiambina ny hasina? Izany dia manomboka amin'ny finoana fa afaka mitondra fiovana ianareo. Izany dia manomboka amin'ny fanaovana fanoloran-tena. Fony aho zatovovavy dia nianatra aho fa ny fanapahan-kevitra sasany dia ilaina tonga dia raisina indray mandeha. Nosoratako tao anatin'ny kahie kely iray ny lisitry ny zavatra izay ho ataonareo *foana* sy ny zavatra tsy mba ho ataonareo *na oviana na oviana* . Izany dia ahitana zavatra toy ny hoe: fanajana ny Tenin'ny Fahendrena, ny fivavahana isan'andro, ny fandoavana ny fahafolonkarenako ary ny fanoloran-tena fa hiangona foana. Noraisiko indray mandeha ihany ireo fanapahan-kevitra ireo ary tao anatin'ny fotoana nanapahana hevitra dia fantatro tsara ny zavatra tokony hatao satria efa nanapa-kevitra mialoha aho. Rehefa nilaza ireo namako tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa hoe: "Izay misotro indray mandeha ve dia haninona!" dia nihomehy aho ary nilaza hoe: "Tamin'izaho 12 taona no nanapa-kevitra ny tsy hanao izany." Ny fandraisana fanapahan-kevitra mialoha dia hanampy anao ho mpiambina ilay hasina. Manantena aho fa ianareo tsirairay dia hanoratra ny lisitry ny zavatra ho ataonareo *foana* sy ny zavatra tsy mba ho ataonareo *na oviana na oviana*. Dia iaino izay voarakitra ao anatin'ny lisitrareo.

Ny hoe mpiambina ny hasina dia midika hoe tsy ho maotina foana eo amin'ny fitafinareo fotsiny ianareo fa eo amin'ny fiteninareo sy ny zavatra ataonareo koa ary eo amin'ny fampiasanareo ny fitaovana fifandraisana aman'olona. Ny hoe mpiambina ny hasina dia midika fa ianareo dia tsy handefa teny na sary amin'ny zatovolahy izay mety hanala eo amin'izy ireo ny Fanahy na ny herin'ny fisoronany na ny hasiny. Midika izany fa mahatakatra ny lanjan'ny fahadiovam-pitondrantena ianareo satria takatrareo koa fa tempoly ny vatanareo ary izany hery masin'ny fananahana izany dia tsy tokony hosimbaina alohan'ny fanambadiana. Takatrareo fa manana hery masina ianareo izay ahitana ilay

andraikitra masina hitondra fanahy hafa eto an-tany mba hahazo vatana izay hitoeran'ny fanahy mandrakizainy. Izany hery izany dia ahitana fanahy masina iray hafa. Ianareo dia mpiambin-javatra izay "sarobidy noho ny voahangy."[8] Aoka ianareo hahatoky. Aoka ianareo hankatò. Miomana ankehitriny mba hahamendrika anareo hahazo ireo fitahiana rehetra izay miandry anareo ao amin'ny tempoly masin'ny Tompo.

Ho an'ireo reny izay mihaino androany hariva dia ianareo no ohatra tena manan-danja ho an'ny zanakavavinareo eo amin'ny fahamaotinana sy fananan-kasina—misaotra anareo! Aza misalasala ny mampianatra fa izy ireo dia zanakavavy be voninahitr' Andriamanitra ary ny lanjan'izy ireo dia tsy mifototra amin'ny herin-tsintony manaram-batana. Ary avelao izy ireo hahita ilay finoanareo hita taratra tsara sy tsy miovaova eo amin'ny toetranareo manokana sy ny bika aman'endrikareo ety ivelany.[9] Mpiambina ny hasina ihany koa ianareo.

Nihanika teny amin'i Ensign Peak indray aho tamin'ity herinandro ity. Vao maraina be tamin'izay ary rehefa nojereko avy teny amin'io tendrombohitra io ilay tendrombohitra misy ny Tranon'i Jehovah—ny Tempolin'i Salt Lake—dia tena nazava indray ny mahazava-dehibe ny tempoly. Nanome ny zavatra rehetra nananany ireo mpisava lalana mba hahatongavana teny an-tampon'ny tendrombohitra mba hahafahako sy hahafahanao mahazo ireo fitahian'ny tempoly sy hofehezina mandrakizay amin'ny maha-fianakaviana antsika. Efapolo taona nihafiana, asa nokaliana fatratra, dia an-tongotra avy any Alpine mankany amin'ny tempoly mihitsy aza—nahoana? Satria nino toa anareo izy ireo! Nino ny mpaminany izy ireo. Nino izy ireo fa nahita sy niresaka tamin'Andriamanitra sy ny Zanakalahy Malalany izy. Nino ny Mpamonjy izy ireo. Nino ny Bokin'i Môrmôna izy ireo. Izay no nahafahan'izy ireo niteny hoe: "Isika dia mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, efa niaritra zavatra maro ary manantena ny ho afaka hiaritra ny zavatra rehetra."[10] Niaritra zavatra maro izy ireo noho izany dia afaka manao izany koa isika. Ny Fanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folo no zavatra inoantsika satria ireo no tena zavatra izay ahafahantsika ho mendrika ny hiditra ny tempoly sy ahafahantsika hijoro eo anatrehan'ny Ray any an-danitra indray andro any—efa notsapaina sy madio ary nofehezina. Izany dia hitaky anareo mba ho "mendrika kokoa ao amin'ny fanjakana" ary mila miomana dieny izao ianareo sy manana fahatokiana fa afaka manao zavatra mafy.

Ry zatovovavy, tafiditra ao anatin'ny asa iray lehibe ianareo! Ary tsy irery ianareo! Rehefa miambina ny hasinareo sy ny fahadiovanareo ianareo dia hahazo hery. Rehefa mitandrina ny fanekempihavanana nataonareo ianareo dia hitarika anareo ny Fanahy Masina ary hiambina anareo. Ho voahodidin'ireo andian'anjelin'ny lanitra ianareo. Mampahatsiahy antsika ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Tsarovy fa tsy mihazakazaka irery isika ao anatin'ity hazakazaka hatao eo amin'ny fiainana ity, fa mahazo ny fanampian'ny Tompo."[11] Miomàna ianareo amin'ilay andro izay handehananareo any amin'ny tempolin'ny Tompo ao anatin'ny fahamendrehana ary efa niomana ny hanao fanekempihavanana masina. Amin'ny maha-mpiambina ilay hasina anareo dia haniry ny *hitady* ny Mpamonjy ao amin'ny tranony masina ianareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra ary velona ilay Zanaka Malalany, Jesoa Kristy. Noho ilay herin'ny Sorompanavotany tsy manam-petra izay mitondra fanavotana sy manome fahafahana hiasa dia hotarihina sy hambenana ianareo eny amin'ny lalanareo mankany amin'ny tempoly sy eny amin'ny lalanareo miverina eo anatrehany. Mivavaka aho mba hahazoanareo tsirairay hery amin'izany asa izany izay ho toy ny fotoana tena tsara indrindra ho anareo. Aoka ianareo hiaina ho an'ilay andro mahafinaritra izay voalaza ao amin'ny bokin'ny Apôkalypsy fa ho fotoana "handehanana . . . miaraka amin'ny fitafiana fotsy [satria mendrika ianareo]."[12] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:2.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:13.
3. *Mon Progres Personnel* (bokikely, 2009), 70.
4. Jereo ny thefreedictionary.com/guardian.
5. "Ah! Donne-moi Père," *Cantiques,* no. 70.
6. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "Lift Where You Stand," *Liahona,* Nôv. 2008, 55.
7. Môrônia 9:9.
8. Ohabolana 3:15.
9. Jereo ny M. Russell Ballard, "Mothers and Daughters," *Liahona,* Mey 2010, 18–21.
10. Fanekem-pinoana 1:10.
11. Thomas S. Monson, "Great Expectations" (Church Educational System fireside for young adults, Jan. 11, 2009), http://lds.org/library/display/0,4945,538-1-4773-1,00.html.
12. Apôkalypsy 3:4.

***São Paulo, Brésil***





**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fijoroana ho vavolombelona Mitombo

*Ny fijoroana ho vavolombelona dia mitaky fanolokoloana avy amin'ny alalan'ny vavaky ny finoana, sy fahalinana higoka ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny soratra masina, ary fankatoavana ny fahamarinana.*

Ry zatovovavy zandry malalako, ianareo no fanantenana mamirapiratry ny Fiangonan'ny Tompo. Ny tanjoko anio hariva dia ny hanampy anareo hino fa marina izany. Raha afaka ny ho tonga fijoroana ho vavolombelona lalina avy amin'Andriamanitra izany finoana izany dia hanampy amin'ireo safidinareo isan'andro sy isan'ora. Avy eo dia hitarika anareo amin'ny fahasambarana izay tadiavinareo ny Tompo avy amin'ireo toa miendrika ho safidy madinidinika nataonareo. Amin'ny alalan'ny safidinareo no Hahafahany hitahy ireo hafa tsy hita isa koa.

Ny safidinareo hiaraka aminay anio hariva dia ohatra amin'ireo safidy izay manan-danja. Mihoatra ny iray tapitrisa ireo zatovovavy, sy reny ary mpitarika nasaina. Nisafidy ny hiaraka aminay ianareo manoloana ireo safidy maro hafa azonareo natao. Nanao izany ianareo noho ny finoanareo.

Mpino ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianareo. Manam-pinoana ampy ianareo matoa tonga hihaino ireo Mpanompony ary manam-panantenana fa hitarika anareo amin'ny fiainana tsaratsara kokoa ny zavatra renareo na tsapanareo eto. Tsapanareo ao am-ponareo fa ny fanarahana an'i Jesoa Kristy no lalana mitondra amin'ny fahasambarana bebe kokoa.

Ankehitriny dia mety tsy ho tsapanareo ho safidy voalanjalanja izay manana ny maha-zava-dehibe azy tokoa izany. Mety ho ny fiarahana amin'ny namana na ny fianakaviana no nahasarika anareo ho tonga eto. Mety ho nanaiky tsotra fotsiny ny fanasana mba ho avy nataon'ny olona tsara fanahy iray ianareo. Kanefa na dia tsy tsapanareo aza izany dia tsapanareo ny sombintsombin'ny akon'ilay fanasan'ny Mpamonjy manao hoe: "Avia, Manaraha Ahy."[1]

Nandritra izay adin'iray efa niarahantsika teto izay dia nampiorim-paka ny finoanareo Azy ny Tompo ary nanamafy ny fijoroanareo ho vavolombelona. Tsy teny sy hira fotsiny no renareo. Nahatsapa ny tenivavolombelon'ny Fanahy tao am-ponareo ianareo hoe misy mpaminany velona eto an-tany ato amin'ny Fiangonana marin'ny Tompo ary ny lalana mankany amin'ny fahasambarana dia hita ato amin'ny Fanjakany. Nitombo ny fijoroanareo ho vavolombelona fa ity no hany Fiangonana marina sy velona eto ambonin'ny tany ankehitriny.

Mety tsy ho tena mitovy ny fahatsapana tsapantsika tsirairay avy. Ho an'ny sasany ny zavatra tsapany dia ny tenivavolombelon'ny Fanahy milaza hoe i Thomas S. Monson dia mpaminanin'Andriamanitra. Ho an'ny hafa ny zavatra tsapany dia hoe tena toetran'ny Mpamonjy tokoa ny fahamarinana, sy ny fahamendrehana ary ny fanaovan-tsoa amin'ny olon-drehetra. Ary vokatr'izany no nitsirian'ny faniriana mivaivay ny hitovy Aminy.

Samy manam-paniriana ny hanamafy orina ny fijoroanareo ho vavolombelona ny amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianareo rehetra. Hitan'ny Filoha Brigham Young taona maro lasa izay ny zavatra ilainareo. Mpaminanin'Andriamanitra izy ary hitany araky ny fahitana ara-paminaniana 142 taona lasa izay ny zavatra ilainareo sy ny fanirianareo. Raim-pianakaviana be fitiavana sy mpaminany velona izy.

Hitany ny fahatongavan'ny fisarihan'izao tontolo izao tamin'ireo zanany vavy. Hitany fa nitarika azy ireo hanalavitra ny lalan'ny fahasambaran'ny Tompo ireo fisarihan'izao tontolo izao. Tamin'ny androny dia tamin'ny alalan'ny lalamby vaovao namakivaky ny kaontinanta izay nampitohy ireo Olomasina nitokana sy voaro tamin'izao tontolo izao no nahatongavan'ny ampahany tamin'ireo fisarihana ireo.

Mety tsy nahita ireo fahagagana ara-teknôlôjia misy ankehitriny izy hoe amin'ny alalan'ny fitaovana iray azonareo hazonina eny an-tanana dia hahafahanareo misafidy ny hikaroka ireo hevitra maro sy mifandray amin'ny olona tsy hita isa manerana an'izao tontolo izao. Kanefa hitany ny mahasarobidy amin'ireo zanany vavy—sy aminareo—ny fanaovana safidy avy

amin'ny fijoroana ho vavolombelona mahery ny amin'Andriamanitra be fitia sy velona ary ny amin'ny Drafitry ny fahasambarany.

Indreto ireo torohevitra mifono faminaniana sy nentanim-panahy ho an'ireo zanany vavy sy ho anareo.

Izany no votoatin'ny hafatra entiko anio hariva. Nilaza izy tao amin'ny efitrano iray tsy lavitra eto izay hiaingan'ity hafatra ity ankehitriny ho an'ireo zanakavavin'Andriamanitra amin'ny firenena maro manerana an'izao tontolo izao, hoe: "Ilain'ireo zanakavavy tanoran'i Isiraely ny mitombo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana."[2]

Nanorina fikambanana iray hiarahan'ny zatovovavy izy izay antsointsika ankehitriny ato amin'ny Fiangonan'ny Tompo, hoe: "Zatovovavy." Tsapanareo androany hariva ny sasantsasany amin'ireo vokatra tsara nentin'ilay safidy nataony nandritra ny fivoriana iray indray Alahady hariva tao amin'ny efitrano fandraisam-bahinin'ny tokantranony.

Zato taona mahery aty aoriana dia zanakavavin'i Isiraely manerana an'izao tontolo izao no manana ilay faniriana hanana fijoroana ho vavolombelona mitombo momba ny fahamarinana ho an'ny tenany manokana. Amin'izao fotoana izao sy ho an'ny andro sisa iainanareo dia mila manana izany fijoroana ho vavolombelona mitombo sy velona izany ianareo mba hampatanjaka sy hitarika anareo amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Ary noho izany dia ho lasa mpampita ny Hazavan'i Kristy amin'ireo anadahinareo sy rahavavinareo manerana an'izao tontolo izao sy amin'ireo taranaka mifandimby ianareo.

Fantatrareo avy tamin'ny zavatra niainanareo ny atao hoe fijoroana ho vavolombelona. Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith fa ny fijoroana ho vavolombelona "dia fahalalana mandresy lahatra nomena tamin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny [olona iray] izay nikatsaka tamim-panetren-tena ny fahamarinana." Niresaka mikasika ny fijoroana ho vavolombelona sy ny Fanahy Masina izay mampahafantatra izany fanambarana izany izy, nanao hoe: "Ny heriny izay mandresy lahatra dia mahery vaika tokoa ka toa tsy misy fisalasalana intsony ao an-tsaina rehefa avy niteny ny Fanahy. Izany no hany fomba izay ahafahan'ny olona iray tena mahafantatra fa i Jesoa no Kristy ary marina ny filazantsarany."[3]

Nahatsapa izany fitaomam-panahy izany teo amin'ny tenanareo koa ianareo. Mety ho fitaomam-panahy nanamafisana ny ampahany iray amin'ny filazantsara izany, tahaka izay tsapako izao hariva izao. Rehefa nandre ireo teny avy tao amin'ny Fanekem-pinoana faha-telo ambin'ny folo aho, manao hoe "ho marina, ho mahatoky, ho madio fitondrantena, ho antra olona," dia amiko toy ny hoe ny Tompo no niteny izany. Nahatsapa indray aho fa ireo dia Toetrany. Nahatsapa aho fa i Joseph Smith dia Mpaminaniny. Ka noho izany dia tsy teny fotsiny ireo amiko.

Hitako tato an-tsaiko ireo lalan-tanin'i Jodia sy ny Sahan'i Getsemane. Tato am-poko dia nahatsapa farafahakeliny ampahany amin'ny hoe ho tahaka ny ahoana re izany hoe mandohalika tahaka ny nataon'i Joseph teo anoloan'ny Ray sy ny Zanakalahiny tao amin'ny alakely tao New York e! Tsy nahita hazavana teo amboniko nihoatra ny famirapiratan'ny masoandro tamin'ny andro mitataovovonana aho tato an-tsaiko tahaka ny hitany kanefa tena nahatsapa ny hafanana sy ny zava-mahatalanjona entin'ny fijoroana ho vavolombelona iray.

Ho tonga tsikelikely aminareo ny fijoroana ho vavolombelona rehefa voamarina aminareo ireo ampahan'ilay fahamarinana manontolo dia ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ohatra, rehefa mamaky sy mandalina ny Bokin'i Môrmôna ianareo, dia ho toy ny vaovao aminareo sy hitondra hevi-baovao ho anareo ireo andinin-tsoratra efa novakianao teo aloha. Hitombo eo amin'ny habeny sy eo amin'ny halaliny ny fijoroanareo ho vavolombelona rehefa manamafy ny fahamarinany aminareo ny Fanahy Masina. Hitombo ny fijoroanareo ho vavolombelona rehefa mianatra, sy mivavaka ary mandalina ny soratra masina ianareo.

Ny famaritana tsara indrindra ho ahy amin'ny fomba hahazoana sy hihazonana io fijoroana ho vavolombelona mitombo io dia efa noresahina. Hita ao amin'ny Almà toko faha-32 ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izany. Mety efa novakianareo imbetsaka izany. Mahazo fahatakarana vaovao foana aho ao anatin'izany isaky ny mamaky izany. Handeha isika hamerina hijery ny lesona ampianarin'izany indray anio hariva.

Ampianarina avy amin'ireo hafatra nentanim-panahy ireo isika mba hanomboka ny fikatsahantsika fijoroana ho vavolombelona amin'ny alalan'ny "sombiny amin' ny finoana" sy amin'ny faniriana ny mba hitomboan'izany.[4] Anio hariva dia nahatsapa finoana ianareo sy izany faniriana izany eo am-pihainoana ireo lahateny mitaona fanahy mahakasika ny hatsaram-panahin'ny Mpamonjy, sy ny fahamarinan-toetrany, ary ny fahadiovana izay entin'ny Didiny sy ny Sorompanavotany ho antsika.

Izany hoe nisy voan'ny finoana efa nambolena ao am-ponareo. Mety efa nahatsapa ny sasantsasany tamin'ilay hoe mandrombona ao an-tratra izay nampanantenaina ao amin'i Almà ianareo. Izaho koa nahatsapa.

Kanefa toy ny hazo izay maniry dia tsy maintsy kolokoloina izany fa raha tsy izany dia halazo. Ireo vavaky ny finoana matetika sy vokatry ny fo dia tena zava-dehibe ary izany no tsirontany ilaina. Hihazona ny fijoroana ho vavolombelona azonareo ho velona hatrany ary hampatanjaka izany ny fankatoavana ny fahamarinana izay voarainareo. Ny fankatoavana ireo didy dia ampahan'ny fanolokoloana izay tsy maintsy ataonareo amin'ny fijoroanareo ho vavolombelona.

Tsaroanareo ny fampanantenan'ny Mpamonjy hoe: "Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin'Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho."[5]

Nandaitra tamiko izany ary handaitra aminareo koa. Ny iray tamin'ireo fotopampianarana izay nampianarina ahy fony aho zazalahy kely dia hoe ny fanomezana lehibe indrindra avy amin'Andriamanitra dia ny

fiainana mandrakizay.[6] Nianatra aho fa ny ampahan'izany fiainana mandrakizay izany dia fiarahana miaina am-pitiavana amin'ny fianakaviana mandrakizay.

Hatramin'ny fotoana voalohany nandrenesako ireo fahamarinana ireo sy nanamafisana tato am-poko ny fahamarinan'izy ireo dia tsapako ny tokony hanaovako ny safidiko rehetra azoko atao mba hialana amin'ny fifandirana sy hikatsahana filaminana eo amin'ny fianakaviako sy ao an-tokantranoko.

Izany hoe, aorian'ity fiainana ity ihany anefa aho vao afaka ny hahazo ny fahafenoan'izany fitahiana lehibe indrindra amin'ny fitahiana izany dia ny fiainana mandrakizay. Kanefa eo anatrehan'ireo fanamby eo amin'ity fiainana ity dia nomena sombimpahitana kely aho ny amin'ny mety ho endrin'ny fianakaviako any an-danitra. Avy amin'ireo zavatra niainana ireo, dia nitombo sy nihanatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananako mahakasika ny fisian'ny hery famehezana izay ampiasaina any amin'ny tempoly.

Ny fanatrehana ireo zanako vavy roa natao batisa tao amin'ny tempoly ho an'ireo razambeny dia nanosika ny foko hanatona azy ireo kokoa ary an'ireo razambe izay fantatra ny anarany. Nomena mba ho tanteraka eo aminay ilay fampanantenan'i Elia hoe hifampody ny fon'ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana.[7] Ka noho izany dia lasa fahalalana tomombana amiko ny finoana arak'ilay nampanantenaina antsika ao amin'ny Bokin'i Almà.

Efa nahatsapa kely ny sasantsasany amin'ireo fifaliana izay tsapan'ireo razambeko aho tamin'ny nahatongavan'ny Mpamonjy tany amin'ny tontolon'ny fanahy taorian'ny asa fanompoana nataony teto antany. Toy izao ny famaritana izany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:

"Ary ireo olomasina dia nifaly tamin' ny fanavotana azy ireo ka nampilefitra lohalika ary nanaiky ny Zanak' Andriamanitra ho Mpanavotra sy Mpanafaka azy ireo amin' ny fahafatesana sy ny gadran' ny helo.

"Namirapiratra ny tavan' izy ireo, ary ny famirapiratana avy amin' ny fanatrehana ny Tompo dia nitoetra tamin' izy ireo, ary izy ireo dia nihira fiderana ho an' ny anarany masina."[8]

Ny fahatsapako ny fifalian'izy ireo dia azo avy tamin'ny fampiharana ny fijoroako ho vavolombelona fa ny fampanantenan'ny Tompo ny fiainana mandrakizay dia tena marina. Nihanatanjaka izany fijoroako ho vavolombelona izany noho ny fisafidianako ny hampihatra izany, arak'izay efa nampanantenain'ny Mpamonjy.

Nampianatra antsika koa Izy fa ankoatry ny fisafidianana ny ho mpankato dia tokony hangataka amim-bavaka koa isika mba hahazo fijoroana ho vavolombelon'ny fahamarinana. Nampianatra izany antsika ny Tompo tamin'ny Didiny hoe mba hivavaka mikasika ny Bokin'i Môrmôna. Hoy Izy tamin'ny alalan'i Môrônia Mpaminaniny hoe:

"Indro, ta hamporisika anareo aho, rehefa hamaky ireto zavatra ireto ianareo, raha toa ka fahendren' Andriamanitra ny hamakianareo ireto, mba hahatsiarovanareo ny naha-feno famindram-po ny Tompo tamin' ny zanak' olombelona, hatry ny nahariana an' i Adama ka hatramin' ny fotoana izay handraisanareo ireto zavatra ireto sy ny hisainanareo izany ao am-ponareo.

"Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban' ny tena finiavana, sady manam-pinoana an' i Kristy, dia haneho ny fahamarinan' izany aminareo Izy amin' ny herin' ny Fanahy Masina.

"Ary amin' ny herin' ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan' ny zava-drehetra."[9]

Manantena aho fa efa nanandrana izany fampanantenana izany ho an'ny tenanareo manokana daholo ianareo na hanao izany ato ho ato. Mety tsy ho amin'ny alalan'ny zavatra iainana arapanahy izay miseho indray mandeha sy mahery vaika ny valin'izany. Ho ahy dia tamim-pahanginana no nahatongavan'izany tamin'ny voalohany. Kanefa nihanahery ny fahatongavan'izany isaky ny namaky sy nivavaka mikasika ny Bokin'i Môrmôna aho.

Tsy miantehitra fotsiny amin'ny zavatra nitranga tamin'ny fotoana lasa aho. Mba hiarovako ny fitomboan'ny fijoroako ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia mandray matetika ilay fampanantenan'i Môrônia aho. Tsy raisiko ho fitahiana mandeha ho azy toy ny fanomezana voaray mandrakizay izany hoe fahazoana fijoroana ho vavolombelona izany.

Ny fijoroana ho vavolombelona dia mitaky fanolokoloana avy amin'ny alalan'ny vavaky ny finoana, sy fahalinana higoka ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny soratra masina, ary fankatoavana ny fahamarinana izay voaraintsika. Mampidi-doza ny tsy firaharahiana ny vavaka. Mety hiteraka loza eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ny fandalinana sy ny famakiana ny soratra masina indraindray fotsiny. Misy tsiron-tsakafo ilaina ho famahanana ny fijoroantsika ho vavalombelona.

Tsaroanareo angamba ilay teny fampitandreman'i Almà:

"Fa raha tsy miraharaha ny hazo ianareo sy tsy manana eritreritra ny amin' ny famahanana azy, dia indro tsy hiorim-paka izy; ary rehefa tonga ny hafanan' ny masoandro, dia mandazo azy, satria tsy niorim-paka izy, ka maina, dia ongotanareo sy arianareo.

"Ankehitriny, izany dia satria tsy ny voa no tsy tsara, na satria koa tsy mampilendalenda ny voany; fa izany dia satria karakaina ny taninareo ary tsy te hamahana ny hazo ianareo, noho izany ianareo dia tsy afaka hanana ny voany."[10]

Tsy maintsy ampiharina tsy tapaka sy mitohy ny fivokisana amin'ny Tenin'Andriamanitra, sy ny vavaka vokatry ny fo ary ny fankatoavana ny didin'ny Tompo mba hahafahan'ny fijoroanareo ho vavolombelona hitombo sy hiroborobo. Misy fotoana izay iainantsika rehetra toe-javatra izay tsy voafehintsika ka manakana ny drafitra fandalinantsika ny soratra masina. Mety misy fotoana hisafidianantsika ny tsy hivavaka. Mety misy didy izay safidiantsika tsy horaharahiana mandritra

ny fotoana voafetra.

Kanefa tsy hanana ilay faniriana ny hahazo ny fitomboana eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ianareo raha toa ka manadino ny teny fampitandremana sy fampanantenan'i Almà manao hoe:

"Ary dia toy izany, raha tsy te hamahana ny teny ianareo, ka miandrandra amin' ny masom-pinoana ny voany, no tsy ahafahanareo na oviana na oviana mioty ny voa avy amin' ilay hazon' aina.

"Nefa raha mamahana ny teny ianareo, eny, mamahana ny hazo raha manomboka mitombo izy, amin' ny finoanareo miaraka amin' ny fahazotoana be sy miaraka amin' ny faharetana, sady miandrandra ny voany, dia hiorim-paka izy; ary indro izy ho tonga hazo maniry hatrany amin' ny fiainana maharitra mandrakizay.

"Ary noho ny fahazotoanareo sy ny finoanareo ary ny faharetanareo amin' ny teny, amin' ny famahanana azy mba hahazoany miorim-paka ao aminareo, dia indro, raha afaka kelikely ianareo dia hioty ny voany izay tena sarobidy, izay mamy manoatra noho ny rehetra izay mamy, ary izay fotsy manoatra noho ny rehetra izay fotsy, eny, ary madio manoatra noho ny rehetra izay madio; ary hivoky amin' izany voankazo izany ianareo, mandra-pahavoky anareo ka tsy ho noana ianareo sady tsy hangetaheta.

"Amin' izay . . . dia hotazanareo ny lokan' ny finoanareo sy ny fahazotoanareo, ary ny faharetanareo sy ny fahariponareo amin' ny fiandrasana ny hazo hitondra voa ho anareo."[11]

Ireo teny ao amin'izany soratra masina izany manao hoe "sady miandrandra ny voany," no nitarika ny fampianarana feno fahendrena izay noraisinareo androany hariva. Izany no antony hitodihan'ny masonareo amin'ny andro iray izay hoavy ao amin'ny efitrano famehezan'ny tempoly iray. Izany no antony nanampiana anareo hibanjina anio hariva ny fahazavana mitohy sy tsy misy fiafarana asehon'ireo fitaratra manoloana anareo eo amin'ny rindrin'ny efitrano famehezana izay toerana azo hanaovana ny fanambadianareo ao amin'ny tempolin'Andriamanitra.

Raha afaka miandrandra izany andro izany ianareo amin'ny faniriana ampy azo avy amin'ny fijoroana ho vavolombelona dia hahazo tanjaka handresena ny fakam-panahin'izao tontolo izao. Isaky ny misafidy ny hiaina bebe kokoa tahaka ny Mpamonjy ianareo dia hohamafisina ny fijoroanareo ho vavolombelona. Ho avy ny fotoana hahafantaranareo manokana fa Izy no Fahazavan'Izao Tontolo Izao.

Hahatsapa ny fitomboan'ny fahazavana eo amin'ny fiainanareo ianareo. Tsy ho tonga anefa izany raha tsy misy ezaka. Kanefa ho avy izany rehefa mitombo ny fijoroanareo ho vavolombelona ary misafidy ny hanolokolo izany ianareo. Izao no fampanantenana azo antoka avy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana: "Izay avy amin' Andriamanitra dia hazavana; ary izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin' Andriamanitra dia handray hazavana misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan' ny andro."[12]

Ho tonga fahazavana ho an'izao tontolo izao ianareo rehefa mizara ny fijoroanareo ho vavolombelona amin'ny hafa. Hisy fiantraikany eo amin'ny hafa ny fahazavan'i Kristy eo amin'ny fiainanareo. Hahita fomba hikasihana ireo izay tianao amin'izany hazavana izany ny Tompo. Ary amin'ny alalan'ny fitambaran'ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelon'ireo Zanany vavy dia hikasika ny fiainan'ireo an-tapitrisany maro eo amin'ny Fanjakany sy ireo manerana an'izao tontolo izao amin'izany Hazavany izany Andriamanitra.

Miankina amin'ny fijoroanareo ho vavolombelona sy ny safidinareo ny fanantenan'ny Fiangonana sy ny an'ireo taranaka izay hanaraka ny ohatry ny fampandrianareo sofina sy ny fanekenareo ilay fanasana nataon'ny Tompo hoe: "Avia, manaraha Ahy." Fantatry ny Tompo ianareo ary tiany.

Zaraiko aminareo ny fitiavako sy ny fijoroako ho vavolombelona. Ianareo dia Zanakavavin'ny Ray any andanitra be fitiavana sy velona. Fantatro fa ny Zanakalahiny nitsangana tamin'ny maty, i Jesoa Kristy, no Mpamonjy sy fahazavan'izao tontolo izao. Ary mijoro ho vavolombelona aho fa ny Fanahy Masina dia nampita hafatra ho anareo androany hariva nanamafy orina ny fahamarinana tao am-ponareo. Mpaminany velon'Andriamanitra ny Filoha Thomas S. Monson. Izany no ijoroako ho vavolombelona, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

***Ste Catherine, Jamaique***



**FANAMARIHANA**


1. Lioka 18:22.
2. Brigham Young, in *A Century of Sisterhood: Chronological Collage, 1869–1969* (1969), 8.
3. Joseph Fielding Smith, *Answers to Gospel Questions,* natambatr'i Joseph Fielding Smith Jr., Boky 5. (1957–66), 3:31.
4. Jereo ny Almà 32:27.
5. Jaona 7:17.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.
7. Jereo ny Malakia 3:23–24; Joseph Smith—Tantara 1:38–39.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:23–24.
9. Môrônia 10: 3–5.
10. Almà 32:38–39.
11. Almà 32:40–43.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.

# Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe

Ity manaraka ity dia lisitr'ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana mba hampiasaina ho amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary ho amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.

| MPANDAHATENY | TANTARA |
|---|---|
| **Jean A. Stevens** | (10) Maneho ohatra amin'ny alalan'ny fandoavana fahafolonkarena ny ankizy.<br>Nihaino ny feon-drainy i Liam nandritra ny fitsaboana azy. |
| **Loholona Walter F. González** | (13) Manontany ny mpanao gazety iray raha toa ka marina na foronin'ny eritreritra ny fitondrana tsara ny vady. |
| **Loholona Kent F. Richards** | (15) Nahita anjely nanodidina ireo ankizy tany amin'ny hôpitaly ny ankizivavy kely iray. |
| **Loholona Quentin L. Cook** | (18) Naneho ny fiainan'ny zatovovavy iray ny filazantsara ny zavatra tao anatin'ny kitapony.<br>Nanome sosokevittra momba ny fomba hanampiana ireo tanora lehilahy ny rahavavy iray tany Tonga. |
| **Filoha Henry B. Eyring** | (22) Manolo-tanana ny fiaraha-monina taorian'ny fahavakisan'ny Tohodrano Teton. |
| **Filoha Boyd K. Packer** | (30) Nanoro hevitra ny lehilahy iray ny filohan'ny tsatòka mba "hamela an'izany any" taorian'ny fahafatesan'ny vadiny. |
| **Loholona Dallin H. Oaks** | (42) Tsy natory ny Kapiteny Ray Cox mba hitandrovana ny ain'ireo miaramilany.<br>Nanangona ny herim-pony i Aron Ralston mba hamonjena ny ainy. |
| **Loholona M. Russell Ballard** | (46) Nianatra nanome lanja ireo potipoti-bolamena ny mpitrandraka volamena iray. |
| **Loholona Neil L. Andersen** | (49) Nisafidy ny fanaovana asa fitoriana fa tsy rugby i Sidney Going. |
| **Larry M. Gibson** | (55) Nianatra ireo andraikiny ny filohan'ny kôlejin'ny diakona iray. |
| **Filoha Dieter F. Uchtdorf** | (58) Tsy tsapan'ny lehilahy iray ny tombontsoa ao anatin'ilay sambo fitsangantsanganana. |
| **Filoha Henry B. Eyring** | (62) Nitady mpikambana very tany an'ala ny kôlejy.<br>Namangy mpisorona avo mahatoky iray i Henry B. Eyring. |
| **Filoha Thomas S. Monson** | (66) Nanasa mpivady iray i Thomas S. Monson mba hanatrika famehezana iray. |
| **Loholona Paul V. Johnson** | (78) Niova fo ny zatovovavy iray nandritra ny aretina naharitra iray. |
| **Eveka H. David Burton** | (81) Nanampy tamin'ny famonjena vondron'olona mitondra sarety tarihin-tanana i Robert Taylor Burton. |
| **Silvia H. Allred** | (84) Notompoin'ny mpamanginy isan-tokantrano ny reny vao herotrerony iray. |
| **Filoha Thomas S. Monson** | (90) Nanao dia lavitra niala tao Manaus nankany amin'ny tempoly ireo Olomasina Breziliana.<br>Naneho fihafiana ny fianakaviana Mou Tham mba handehanana any amin'ny tempoly.<br>Nandray anjara tamin'ny fangadiana ny fototry ny tempoly iray tany Rome, Italie i Thomas S. Monson. |
| **Loholona Richard G. Scott** | (94) Nasaina nilalao tamin'ny ankizy i Richard G. Scott toy izay hanamboatra ilay milina fanasan-damba.<br>Notehirizin'i Jeanene Scott ireo teny feno fitiavana.<br>Nikarakara ilay zanany lahikely nanana olana teo amin'ny fo i Richard G. Scott. |
| **Loholona D. Todd Christofferson** | (97) Norantsanan'i Hugh B. Brown ny hazom-boaloboka iray ary avy eo ny tenany mihitsy no voarantsandrantsana. |
| **Loholona Carl B. Pratt** | (101) Nandoa fahafolonkarena ny fianakaviana Whetten ary nahazo fitahiana. |
| **Loholona C. Scott Grow** | (108) Nanao safidy tsy mahasoa ny rahalahin'i C. Scott Grow saingy nibebaka avy eo. |
| **Ann M. Dibb** | (115) I Kristi dia naneho ohatra izay tsaroan'i Jenn rehefa nitady ny fahamarinana izy. |
| **Mary N. Cook** | (118) Nahita ny sarin'i Jesoa teo amin'ny fitoeran'entan'ny mpianatra ny ankizy iray.<br>Nisafidy ny tsy hijery sarimihetsika iray nampiahiahy ilay zatovovavy. |
| **Elaine S. Dalton** | (121) Nandeha an-tongotra avy eo Draper, Utah hatrany amin'ny Tempolin'i Salt Lake ireo zatovovavy. |

# Omeo Anjara Toerana eo amin'ny Fiainantsika ny Fihaonamben'ny Fiangonana

*Ampiasao ny sasany amin'ireto fanambarana sy asa atao ary fanontaniana ireto mba hanombohana ny fifanakalozan-kevitry ny mpianakavy na fandinihina ataon'ny tena manokana rehefa manome anjara toerana ny fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny fiainanao ianao.*

Afaka mahita ireo lahateny natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana ianao ao amin'ny internet ao amin'ny conference.lds.org.

**Fanamarihana:** Ny pejy voatanisa etsy ambany dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.

***Ho an'ny Ankizy***

• Nanambara ny Filoha Thomas S. Monson fa hanangana tempoly telo vaovao ny Fiangonana ka ho lasa 160 ny totalin'ireo tempoly amperin'asa sy eo andalam-panorenana ary ireo tempoly vao nambara fotsiny ny fanorenana azy. Jereo ny sarintany mba hahitana an'i Meridian, Idaho, Etazonia; Fort Collins, Colorado, Etazonia; Winnipeg, Manitoba, Kanada; ary ny tempoly akaiky indrindra misy any amin'izay fonenanao. Vakio na avereno tantaraina ny sasany amin'ireo tantara nozarain'ny Filoha Monson momba ireo mpikambana mahatoky izay naneho fihafiana lehibe mba handehanana any amin'ny tempoly (pejy 90). Mametraha tanjona mba handeha any amin'ny tempoly faran'izay haingana vitanao, na resaho ireo fomba ahafahana mijanona ho mendrika ny hiditra ny tempoly.

• Fony niaina teto an-tany i Adama sy Eva, ny iray tamin'ireo fomba fitsaohany ny Ray any andanitra dia tamin'ny alalan'ny fanaovany sorona biby. Nampianatra ny Loholona L. Tom Perry fa ny Mpamonjy dia nametraka teo anivon'ny mpianany ny fanasan'ny Tompo tamin'ny andro Sabata mba ho toy ny endrim-pitsaohana vaovao. Manohy ny fitsaohana amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isika rehefa Sabata. Avereno vakiana amin'ny maha-fianakaviana ny lahatenin'ny Loholona Perry (pejy 6) mba hianarana momba ny fomba fiakanjo



*Ljubljana, Slovénie*

tokony ho izy rehefa Alahady sy ireo fomba hafa hanajana ny fanasan'ny Tompo sy ny Sabata.

• Nampianatra ny Loholona D. Todd Christofferson fa i Jesoa Kristy dia nampianatra antsika fa tokony hiezaka ny ho tonga tahaka Azy sy ny Raintsika any an-danitra isika (pejy 97). Indraindray ny Raintsika any an-danitra dia "manafay" ny zanany mba hanampiana antsika ho lasa tahaka Azy. Ifanakalozy hevitra ny dikan'ny hoe manafay. Vakio na avereno zaraina ny tantaran'ilay hazom-boaloboka. Resaho hoe ahoana no ahafahan'ny tsy fahafahana nivoatra na ny tsy fahombiazana tena manampy antsika ho lasa hatanjaka kokoa sy hitondra vokatra tsara kokoa.

• Ny Loholona Richard J. Maynes dia nampianatra fa ny fianakaviana dia afaka ho toy ny tady (pejy 37). Ny tady dia misy lahiny maro izay malemy raha mandeha irery saingy matanjaka kosa rehefa miaraka arandrana. Torak'izany koa, rehefa manao ny marina ny olona rehetra ao amin'ny fianakaviana ary mifanampy, dia matanjaka ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana ary afaka manao zavatra bebe kokoa noho izay azony atao rehefa izy irery. Omeo tapa-tady kely ny olona tsirairay ao amin'ny fianakavianao. Resaho ireo fomba entina hanompoana sy hampahatanjahan'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana ireo olona hafa ao amin'ny fianakaviana. Dia jereo ny tena hamafin'ireo tapa-tady rehefa atambatra izy ireo.

### *Ho an'ny Tanora.*

• Moa ve ny olona ao amin'ny kilasinao na ny kôlejinao manao izay hiraisana hina? Aorian'ny famerenana mamaky ny lahatenin'ny Filoha Henry B. Eyring momba ny firaisankina (pejy 62) dia tanisao ireo zavatra azonao atao mba hampifanakaiky kokoa ireo olona ao anatin'ny vondrona misy anao.

• Ny Loholona Russell M. Nelson dia niresaka momba ilay fomba fankatoavana "samy maka izay tiany" (pejy 34). Ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny fianakavianao na ny olona ao amin'ny kilasinao na ny kôlejinao ny dikan'izany ary nahoana no tsy mety izany.

• Ny Loholona M. Russell Ballard dia namaritra ny fitiavana madion'i Kristy ho toy ny fitiavana mifono asa (pejy 46) izay aseho amin'ny alalan'ny asa tsotra maneho hatsaram-panahy sy asa fanompoana tsotra. Mandaminà fomba iray ahafahan'ny olona ao amin'ny kilasinao na ny kôlejinao maneho fitiavana amin'ny olona iray ao amin'ny paroasy na ny sampana na fiaraha-monina misy anao dia tanteraho izany drafitrao izany.

• Ny Loholona Quentin L. Cook dia niresaka momba ilay tantaran'ny kitapo iray izay hita taorian'ny lanonam-pandihizan'ny zatovo (pejy 18). Nilaza zavatra maro momba ilay zatovovavy tompon'ilay kitapo ny zavatra hitan'ireo mpitarika tao anatin'izany. Milaza inona momba anao ireo zavatra ao anatin'ny kitaponao na ny poketranao na ny kitapo fitondranao mianatra ary inona avy ireo fanovana tianao hoentina eo amin'ireo zavatra manaraka anao foana?

• Ny Loholona Lynn G. Robbins dia niresaka momba ny hahatongavana bebe kokoa tahaka ny Mpamonjy (pejy 103). Eritrereto ny dikan'ny hoe *lasa* tahaka an'i Jesoa Kristy fa tsy hoe *manao* izay angatahiny fotsiny. Dia eritrereto hoe inona avy ireo fiovana azonao atao eo amin'ny fiainanao mba ho lasa tahaka ny Mpamonjy.

### *Ho an'ny Olon-dehibe*

• Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf (pejy 58) dia nizara tantara iray momba ny lehilahy iray tsy nahay nanararaotra ny tombontsoa azony satria tsy nanao ireo zavatra maro sy tsy nihinana ny sakafo tsara natolotra tao anatin'ilay sambo fitsangantsanganana izy noho ny tsy fahafantarany fa ireo zavatra ireo dia tafiditra tao anatin'ny saran'ny tapakilany. Ifanakalozy hevitra amin'ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay mihazona ny fisoronana ny



Coatzacoalcos, Mexique

fomba ahafahan'izy ireo miaina araka ny tokony ho izy "ireo tombontsoany manokana eo amin'ny lafin'ny hery masina sy fanomezam-pahasoavana ary tsodrano izay soa ho [azy ireo] sy zony amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana azy ireo."

• Ny Filoha Boyd K. Packer dia nampianatra momba ny herin'ny famelan-keloka (pejy 30). Moa ve misy olona tokony havelanao heloka na moa ve misy zavatra niainana mampikorontan-tsaina tokony "havelanao . . . any"? Katsaho ny fanampian'ny Tompo eo amin'ny fitadiavana fiadanana sy hery hamelana heloka.

• Ny Loholona Richard G. Scott dia niresaka momba ny fomba nifanehoan'izy sy ny vadiny fitiavana tamin'ny alalan'ny fifanoratana taratasy (pejy 94). Manorata teny kely izay milaza ny halehiben'ny fitiavanao sy ny fankasitrahanao ny vadinao. Apetraho any amin'ny toerana izay hahitan'ny vadinao azy izany.

• Ny Loholona David A. Bednar dia niresaka momba ny zavatra niainan'ny Filoha Joseph F. Smith teo amin'ny fanaovana izay hahazoana fijoroana ho vavolombelona (pejy 87). Avereno vakiana izany tantara izany ary eritrereto hoe inona avy ireo trangan-javatra izay nisy fiantraikany teo amin'ny fijoroana ho vavolombelonao. ■




## Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany

### FIKAMBANANA IFANAMPIANA


Silvia H. Allred
Mpanolotsaina Voalohany



Julie B. Beck
Filoha


Barbara Thompson
Mpanolotsaina Faharoa


### ZATOVOVAVY


Mary N. Cook
Mpanolotsaina Voalohany



Elaine S. Dalton
Filoha


Ann M. Dibb
Mpanolotsaina Faharoa

### KILONGA


Jean A. Stevens
Mpanolotsaina Voalohany


Rosemary M. Wixom
Filoha


Cheryl A. Esplin
Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOLAHY


Larry M. Gibson
Mpanolotsaina Voalohany


David L. Beck
Filoha


Adrián Ochoa
Mpanolotsaina Faharoa

### SEKOLY ALAHADY


David M. McConkie
Mpanolotsaina Voalohany


Russell T. Osguthorpe
Filoha


Matthew O. Richardson
Mpanolotsaina Faharoa

# Ny Fampianarana Ho an'izao Androntsika izao

Ny lesona ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana isaky ny alahady fahaefatra dia hatokana ho an'ny "Fampianarana Ho an'izao Androntsika izao." Ny lesona tsirairay dia azo omanina avy amin'ny lahateny anankiray na mihoatra izay natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra. Ireo filohan'ny tsatòka sy distrika dia afaka misafidy izay lahateny tokony hampiasaina amin'izany, na azony atao ny manome ny eveka sy ny filohan'ny sampana izany andraikitra izany. Ireo mpitarika dia tokony hanantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny handalinan'ireo rahalahy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana lahateny mitovy isak'izany Alahady izany.

Ireo izay manatrika ny fampianarana isaky ny Alahady fahaefatra dia entanina mba handalina ny laharan'ny gazetiboky misy ny fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra ary hitondra izany any am-pianarana.

**Torohevitra ho an'ny Fanomanana Lesona avy amin'ireo Lahateny**

Mivavaha mba hiaraka aminao ny Fanahy Masina rehefa mandalina sy mampianatra ireo lahateny ianao. Mety halaim-panahy hanomana lesona avy amin'ny boky hafa ianao, saingy ny lahatenin'ny fihaonambe no fandaharam-pampianarana nankatoavina. Ny andraikitrao dia ny manampy ny hafa hianatra sy hiaina ny filazantsara araka izay nampianarina tao amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra.

Avereno vakiana ilay (ireo) lahateny ary tadiavo ireo fitsipika sy fotopampianarana izay ilain'ny olona ao amin'ny kilasy. Mitadiava koa tantara na soratra masina na fanambarana avy ao amin'ilay (ireo) lahateny izay hanampy anao hampianatra ireo fahamarinana ireo.

Manaova drafitra izay mamaritra ny fomba hampianaranao ireo fitsipika sy fotopampianarana. Ny drafitrao dia tokony hahitana fanontaniana izay hanampy ny olona ao amin'ny kilasy:

- Hitady ireo fitsipika sy fotopampianarana ao amin'ny (ireo) lahateny.
- Handinika ny dikan'izy ireo.
- Hizara ny zavatra takatra, hevitra, zavatra niainana ary fijoroana ho vavolombelona.
- Hampihatra eo amin'ny fiainany ireo fitsipika sy fotopampianarana. ■

| VOLANA | FITAOVANA AMPIASAINA HO AN'NY FAMPIANARANA ISAKY NY ALAHADY FAHAEFATRA |
|---|---|
| Mey 2011–Ôktôbra 2011 | Lahateny nivoaka tao amin'ny *Liahona** Mey 2011 |
| Nôvambra 2011–April 2012 | Lahateny nivoaka tao amin'ny *Liahona** Nôvambra 2011 |

** Ireto lahateny ireto dia hita amin'ny (fiteny maro) ao amin'nyconference .lds.org.*

# Mankalaza ny Asa Fifanampiana sy Manambara ireo Tempoly Hatsangana ireo Mpitarika

Olona mihoatra ny 100.000 no nanatrika ireo fivoriana dimin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana fanao Isan-taona faha-181 an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, tao amin'ny Foiben'ny fihaonamben'ny Fiangonana ao Salt Lake City, Utah, Etazonia ary an-tapitrisany maro hafa no nijery na nihaino izany tamin'ny alalan'ny fampitana izany tamin'ny fahitalavitra, fampielezam-peo sy zanabolana ary internet.

Tamin'ny fiteny 93 no nahafahan'ny mpikambana manerana an'izao tontolo izao nandray anjara tamin'ny fihaonambe. Ny feo sy sary ary ny lahatsoratry ny fampitana dia efa hita ao amin'ny internet amin'ny fiteny maro ao amin'ny conference.lds.org ary hisy DVD sy CD koa.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nanokatra ny fihaonambe tamin'ny alalan'ny fanambarana ireo toerana hisy ny tempoly telo vaovao—Fort Collins, Colorado, Etazonia; Meridian, Idaho, Etazonia; ary Winnipeg, Manitoba, Kanada—izay hahatonga ny isan'ny tempoly nambara fa haorina na tempoly eo an-dalam-piorenana ho 26. Amin'izao fotoana izao dia tempoly 134 no amperin'asa.

Ny Filoha Monson dia nanamafy koa ny lanjan'ny asa fitoriana rehefa nilaza izy hoe: "Ny asa fitoriana no tena ain'ny fanjakana." Eo amin'ny misiônera 52.000 eo amin'izao fotoana izao no manompo any amin'ny misiôna 340 manerana an'izao tontolo izao.





*Ambony: Mioty voaloboka ao amin'ny tanimboaloboky ny fiangonana ao Madera, California, Etazonia, ny tovolahy iray izay toerana mamokatra voaloboka ho an'ny tetik'asan'ny fifanampiana an'ny Fiangonana. Ambany havia: Manatrika ny fampitana ny fihaonamben'ny fiangonana amin'ny alalan'ny zanabolana ny fianakaviana iray any Coimbra, Portugal.*

Ny Asabotsy tolakandro dia Manampahefana Ambony 10 vaovao sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra 41 no notohanana ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra 34 kosa no nisaorana. Ankoatr'izany dia voantso hanompo ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy ny Loholona Don R. Clarke tao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy. Ny Tatitra momba ny Antontan'isa ho an'ny 2010 dia nampiseho fa mananika ny 14 tapitrisa mahery ny isan'ny mpikambana ankehitriny.

Nandritra ireo roa andron'ny fihaonambe ireo dia nisy lahateny vitsivitsy nifantoka tamin'ny lohahevitra mikasika ny fifanampian'ny Fiangonana sy ny fandaharan'asa miavaky ny Fiangonana mikasika ny fifanampiana —izay mankalaza ny faha-75 taonany amin'ity 2011 ity.

Ny Asabotsy, ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nanambara fa mba hankalazana izany 75 taona nisian'ny fandaharan'asan'ny fifanampiana izany dia asaina ny mpikambana rehetra manerana an'izao tontolo izao mba handray anjara ao anatin'ny andro iray izay hanaovana asa fanompoana. Izany andro hanaovana asa fanompoana izany dia tokony hotanterahana eo anivon'ny paroasy tsirairay na eo anivon'ny tsatòka ao anatin'ny fotoana iray mandritra ity taona ity. Tokony hanapakevitra amin'ireo antsipiriany mikasika ny tetik'asa tsirairay ny mpitondra eo an-toerana ary ny mpikambana dia entanina mba hanasa ny hafa handray anjara arak'izay mahamety izany.

Nofaranan'ny Filoha Monson tamin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelony momba an'i Kristy ho an'ny Paska ny fihaonambe: "I [Jesoa Kristy] dia afaka niverin-dalana tamin'ny fotoana farany. Saingy tsy nanao izany Izy. Nidina tambanin'ny zava-drehetra Izy mba hamonjeny ny zava-drehetra. Rehefa nanao izany Izy dia nanome antsika fiainana nihoatra an'ity fiainana an-tany ity." ■



# Loholona José L. Alonso

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Na dia talohan'ny naha-mpikamban'ny Fiangonana azy aza i José Luis Alonso Trejo dia efa nanana fijoroana ho vavolombelona momba ny herin'ny vavaka. "Fony aho 11 taona," hoy izy, "dia saika maty. Nilavo lefona ireo dokotera mikasika ahy—henoko tampoka izy ireo niresaka an'izany. Noho izany dia nivavaka aho ary nivavaka tamin'ny Tompo dia nositraniny.

"Taty aoriana rehefa naheno ny tantaran'i Joseph Smith izy ary nahafantatra ny niresahan'ny zatovolahy 14 taona monja tamin'Andriamanitra dia fantany fa marina izany. Fantatro fa afaka mamaly ny vavaka ataontsika Andriamanitra ary fantany isika."

Nitarika ny Loholona Alonso koa izany fahatsapana fankaherezana izany rehefa nandalina ny Bokin'i Môrmôna izy. "Noho ny vavaka sy izany boky izany dia fantatro tsy tamim-pihambahambana fa i Jesoa no Kristy," hoy izy.

Ny Loholona Alonso dia naterak'i Luis sy Luz Alonso tany Mexico, Mexique, tamin'ny Nôvambra 1958. Rehefa lasa zatovolahy izy dia nifindra tao amin'ny tanànan'i Cuautla, Mexique, ka lasa mpikamban'ny Fiangonana izy tao amin'izany toerana izany. Ny fanatrehany ny fiaraha-mientana ifampizarana dia nahatonga azy hifandray tamin'ireo zatovo matanjaka izay naka azy ho namana ary nanao izany hoy toy ny fonenany faharoa. Tamin'ny nanatrehana ny fiaraha-mientana ifampizarana koa no nahitany an'i Rebecca Salazar, ilay zatovovavy izay ho lasa vadiny taty aoriana.

Rehefa feno 19 taona ny Loholona Alonso dia nandeha nanao asa fitoriana amin'ny fotoana maharitra tany amin'ny Misiônan'i Hermosillo Mexique. Taorian'ny asa fitoriana dia nivady tany amin'ny Tempolin'i Mesa Arizona ny Loholona Alonso sy Rebecca tamin'ny 24 Febroary 1981. Manan-janaka roa izy ireo.

Ankoatry ny naha-mpitantana ny Institiota fianarana ny filazantsara azy tao amin'ny Departemantan'ny Fampianara an'ny Fiangonana, dia manana ny mari-pahaizana mpitsabo misahana ny fivelaran'ny ankizy izy ary niasa tamin'ny maha-dokotera homéopathe azy sy amin'ny maha-dokotera mpandidy azy. Ny asa aman-draharahany dia naneho ny faniriana efa hatry ny ela ny hanompo sy hitahy ny hafa—toy ilay nitahian'ny Tompo azy koa fony izy narary tamin'ny fahazazany. "Miteraka firaisan-kina sy firahalahiana ny fanompoana ny hafa," hoy izy.

Talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy, ny Loholona Alonso dia efa eveka, filohan'ny misiônan'ny tsatòka, filohan'ny tsatòka, mpanolotsain'ny misiônan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Mexique Tijuana ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



# Loholona Ian S. Ardern

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Raha vao misy antso an-tariby na misy mandondona ny varavarana, ny teny voalohany mivoaka ny vavan'ny Loholona Ian Sidney Ardern izay miavaka dia ny hoe "Inona no hanampiako anao?"

Naterak'i Harry sy Gwladys McVicar Wiltshire tany Te Aroha, Nouvelle Zélande izy tamin'ny Febroary 1954. Nilaza ny Loholona Ardern fa matetika dia toa ireo asa fanompoana madinidinika no mitondra fiovana lehibe indrindra eo amin'ny fiainan'ny mpanome sy ny mpandray. "Tsy mora foana akory ny fanaovana asa fanompoana, saingy mitahy foana ny fiainanao izany," hoy ny Loholona Ardern.

Ny Loholona sy Rahavavy Ardern dia nihaona fony izy ireo nianatra tany amin'ny Oniversiten'ny Fiangonana tany Nouvella Zélande ary nivady tany amin'ny Tempolin'i Hamilton Nouvelle Zélande tamin'ny 17 Janoary 1976. Ireo zanany efatra dia lehibe tao anatin'ny tokantrano iray izay nanao ho laharam-pahamehana ny fifampiahian'ny tsirairay ao anatin'ny fitiavana sy ny filana ny fahatakarana sy fiainana ny filazantsara. "Tena fitahiana ny mahita izany laharam-pahamehana izany koa ao an-tokantranon'ireo zanakay manambady," hoy ny Loholona Ardern.

Laharam-pahamehana ho an'ny fianakaviana Ardern ny fanarahana ireo fampianaran'ny mpaminany ao an-tokantrano. Lasa fahazarana ny fandalinana ny soratra masina isan'andro satria nataon'ny ankizy izay hitrangan'izany mba hahafahan'izy ireo mifandimby mametaka taratasy mena mandraikitena eo amin'ny kalandrie mba hampisehoana fa vita ny famakiana tamin'izany andro izany. "Afaka miseho ireo fahazarana tsara amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra," hoy Rahavavy Ardern.

Talohan'ny niantsoana ny Loholona Ardern ho ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy, dia nanompo ho mpitory ny filazantsara tany France sy Belgique izy, filohan'ny Zatovolahin'ny tsatòka, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, mpanolotsain'ny eveka, eveka, mpanolotsain'ny filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Fiji Suva ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra.

Ny Loholona Ardern dia nahazo ny mari-pahaizana licence sy maîtrise miompana amin'ny fampianarana avy tao amin'ny oniversiten'i Waikato ao Nouvelle Zélande. Ny asa aman-draharaha niandraiketany dia ahitana ireo karazan-toerana maro nohazoniny tao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana toy ny mpampianatra, mpitantana, mpampirindra ny seminera tao Nouvelle Zélande, talen'ny Oniversiten'ny Fiangonana tao Nouvelle Zélande ary Mpitantana ny Vondrom-paritra Pasifika. ■



# Loholona Carl B. Cook

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Fony izy tanora misiônera tao amin'ny Toeram-pampianarana Fiteny ho an'ny Asa fitoriana (izay nodimbiasin'ny Foibe Fanofanana ny Misiônera) mba hiomana ny handeha ho any Hamburg, Alemana, dia sahirana i Carl Bert Cook tamin'ny fianarana teny Alema. Raha mbola teo am-piezahana nanakatra ny dikan'ireo voambolana fototra izy dia efa niroso haingana nankany amin'ny zavatra sarotra kokoa sahady ireo olona tao amin'ny distrikany.

Nikorontan-tsaina izy noho ny tsy fisian'ny fivoarany, ka dia nangataka fanampiana avy amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny tsodranon'ny fisoronana sy ny vavaka. Taorian'ny vavaka iray manokana avy amin'ny fo dia nahatsiaro ho nahazo valim-bavaka manokana ny Loholona Cook: tsy niantso azy mba hahafehy ny teny Alema ny Tompo fa kosa niantso azy mba hanompo amin'ny fony, ny heriny, ny sainy ary ny tanjany rehetra.

"Tonga dia nieritreritra aho hoe: 'vitako izany,'" hoy ny Loholona Cook izay voantso vao haingana ho mpikambana ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy. "'Afaka manompo amin'ny fo, ny saina ary ny tanjako rehetra aho.' Nitsangana aho ary nahatsapa fahamaivanana. Tampoka teo dia niova ny fandrefesako ny fahombiazako, izay tsy tamin'ny alalan'ny fijerena ny fahaizan'ny mpiaramitory tamiko sy ireo olona tao amin'ny distrikako intsony fa tamin'ny alalan'ny zavatra tsapan'ny Tompo momba ny zavatra nataoko."

Na dia nilaza aza ny Loholona Cook hoe tsy tonga dia nahay haingana kokoa ilay fiteny izy taorian'izany zavatra niainany izany, dia tsy nahatsapa intsony ilay ahiahiny teo aloha izy satria fantany fa nanao izay tian'ny Tompo hataony izy. Izany lesona izany hoy izy, dia tena nanandanja tao anatin'ireo antso rehetra izay nananany hatramin'izay, toy ny eveka, mpanolotsain'ny fiadidian'ny tsatòka, filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Nouvelle Zélande Auckland, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary ilay antso iandraiketany ankehitriny.

Ny Loholona Cook dia nahazo mari-pahaizana licence momba ny haivarotra ao anatin'ny fandraharahana avy amin'ny Oniversiten'i Weber State ary mari-pahaizana maîtrise momba ny fitantanan-draharaha avy amin'ny Oniversiten'i Utah State. Izy dia niompana tanteraka teo amin'ny asa fampivelarana ny fivarotana tany sy trano.

Ny Loholona Cook dia teraka tao Ogden, Utah, Etazonia, tamin'ny Ôktôbra 1957 ary naterak'i Ramona Cook Barker sy Bert E. Cook izay efa nodimandry. Nanambady an'i Lynette Hansen tamin'ny 14 Desambra 1979 izy tao amin'ny Tempolin'i Ogden Utah. Manan-janaka dimy izy ireo. ■



# Loholona LeGrand R. Curtis Jr.

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Ny Loholona LeGrand Raine Curtis Jr. dia mahafantatra fa "mitaky ny fo sy ny saina marisika ny Tompo" (F&F 64:34).

"Tiany ny manompo ao amin'ny Fiangonana ary miasa mafy sy manana toe-tsaina vonona izy rehefa manao izany," hoy ny vadiny, Jane Cowan Curtis, izay novadiany tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake tamin'ny 4 Janoary 1974. "Ny fanompoana no faniriana sy hetahetany lehibe indrindra."

Ny Loholona Curtis dia naterak'i LeGrand R. sy Patricia Glade Curtis tamin'ny Aôgositra 1952, tao Ogden, Utah, Etazonia. Taty aoriana ny rainy dia lasa mpikambana iray tao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy (1990–95).

Talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy, ny Loholona Curtis Jr. dia nanompo tany amin'ny Misiônan'i Italie Avaratra ary efa eveka, mpisorona avo, filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Italie Padova ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. Izy dia mpikambana iray tao amin'ny Kôlejy Fahadimin'ny Fitopololahy tao amin'ny Vondrom-paritr'i Utah Salt Lake City tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Voalohany.

Ny Loholona Curtis dia nahazo mari-pahaizana momba ny fihariankarena tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young ary nahazo mari-pahaizana doctorat momba ny lalàna tao amin'ny Oniversiten'i Michigan. Tamin'ny fotoana niantsoana azy dia mpisolo vava sy mpiara-miombon'antoka tao amin'ny orisan'asa iray misahana ny lalàna izy. Ankoatry ny fanatrehana fianarana sy ny asa dia nahalehibe zanaka dimy ny Loholona Curtis sy ny vadiny.

Taorian'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy nanomboka tamin'ny 2004 ka hatramin'ny 2011, dia nilaza izy fa nankasitraka ny fahafahana niara-niasa tamin'ireo Manampahefana Ambony. "Nahazo fitahiana mba hiarahiasa amin'ireo mpitarika sasantsasany tena miavaka ao amin'ny Fiangonana aho," hoy izy. "Tombontsoa lehibe ny mijery azy ireo sy mianatra zavatra avy amin'izy ireo."

Nilaza Rahavavy Curtis fa ny Loholona Curtis dia nanana tanana sy fo vonona. "Ny toetrany hatrizay dia ny hoe, 'Hanao aho,'" hoy izy.

Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:34 dia mifarana amin'ireto teny ireto: "Ny marisika sy ny mpankatò no hihinana ny soa amin'ny tanin'i Ziona amin'izao andro farany izao." Nilaza Rahalahy sy Rahavavy Curtis fa voatahy manokana izy ireo sy ny zanany ary ny zafikeliny noho ny fanompoana ny Tompo. ■



# Loholona W. Christopher Waddell

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Ny fitsipika tsy voasoratra iray izay nitarika foana ny fianakavian'ny Loholona Wayne Christopher Waddell dia ny hoe: "Matokia ny Tompo."

"Rehefa matoky ny Tompo ianao dia tsy mila miahiahy ny amin'ireo fiovana goavana," hoy ny Loholona Waddell eo anatrehan'ireo kitoantoana tsy ampoizina miseho eo amin'ny fiainana. "Fantatsika fa izay tena mahasoa antsika indrindra no imasoany ary ho voatahy isika."

Ny Loholona Waddell dia teraka tamin'ny Jiona 1959 tany Manhattan Beach, Californie, Etazonia ary zanakalahin'i Wayne sy Joann Waddell. Nahazo ny maripahaizana licence momba ny tantara avy tao amin'ny oniversiten'i San Diego State izy izay toerana nilalaovany volleyball koa. Izy koa dia nitana toerana maro tao anatin'ny orinasa iray misahana ny petrakarena ampiasaina rehetra.

Ny Loholona Waddell dia nanambady an'i Carol Stansel tamin'ny 7 Jiona 1984 tany amin'ny Tempolin'i Los Angeles Californie. Manan-janaka efatra izy ireo. Ny firaisan-kina dia tena zava-dehibe ao amin'ny fianakaviana Waddell. Mihevitra izy ireo fa izany firaisan-kina izany dia vokatry ny fiezahana ny hanaraka ny filazantsaran'ny Mpamonjy ao an-tokantranony. Nanan-danja koa ireo fiaraha-mientan'ny fianakaviana—fanokanana fotoana niarahana teny amoron-dranomasina teny akaikin'ny tranon'izy ireo ary fiarahan'ny fianakaviana mijery lalao ara-panatanjahantena.

Talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy, ny Loholona Waddell dia efa misiônera tany Espagne, eveka, mpanolotsaina avo, mpanolotsain'ny filohan'ny misiôna, filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Espagne Barcelone ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra.

Rehefa niresaka momba ny fiomanana amin'ilay antsony vaovao ny Loholona Waddell dia niresaka momba ny tempoly.

"Inona no zavatra nanomana anay amin'izany? Tamin'izay nandeha tany amin'ny tempoly voalohany indrindra ary nanao fanekempihavanana dia nanome toky izahay fa ho vonona ny hanao izay zavatra angatahan'ny Tompo mba hataonay na dia manahirana aza izany," hoy izy. "Ny fandehanana any amin'ny tempoly, ny fanaovana asa fitoriana, ny fanaovana fanekempihavanana ary avy eo mahita ny tanany sy ny fomba hitantanany ny asany—izany rehetra izany no ilainao. Tsy hoe misy zavatra miavaka ataonay. Mitandrina ny fanekempihavanana nataonay izahay toy ny olon-kafa rehetra." ■



# Loholona Kazuhiko Yamashita

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Hatramin'ny naha-eveka vao herotrerony azy tany Fukuoka, Japana taona maro lasa izay, ny Loholona Elder Kazuhiko Yamashita dia nianatra avy tamin'ireo ohatra sy toetra tsara nasehon'ireo mpitarika zokiny azy.

Fotoana fohy taorian'ny nanambadian'ny Loholona Yamashita an'i Tazuko Tashiro vadiny, dia niala tao Tokyo ary nifindra tany Fukuoka izy ireo, izay toerana niantsoana ny Loholona Yamashita ho eveka raha teo amin'ny 30 taona latsaka teo izy.

"Mafy tamiko sy ny fianakaviako izany," hoy ny Loholona Yamashita. "Nanan-janaka telo izahay tamin'izany fotoana izany ary vaovao taminay ilay faritra—saingy fampianarana tena tsara ho ahy koa izany sy fotoana nisintonana lesona, ary lasa natanjaka kokoa ny fijoroana ho vavolombeloko sy ny finoako."

Nilaza Rahavavy Yamashita fa nahita ny vadiny nandray antso maro izy ary nahita azy lasa ray tsara sy mpitarika ara-panahy lehibe tamin'ny alalan'ireo olana natrehana tao anatin'ireo antso ireo. Rehefa nandeha ny fotoana dia hitany fa niova izy ary lasa ray sy vady tsara fanahy sy be fitiavana kokoa. Tian'ity fianakaviana ity ny manokana fotoana iarahana, ka ao anatin'izany ny fanaovana dia lavitra isan-taona.

Ny Loholona Yamashita izay teraka tamin'ny Septambra 1953 dia zanakalahin'i Kiyoshi sy Sadae Yamashita. Lehibe tao Tokyo, Japana izy izay toerana nahitany ny Fiangonana tamin'ny 1971 tamin'ny alalan'ilay Expo 70, izay Tsenabe Iraisam-pirenana.

Ny Loholona Yamashita dia nahazo ny mari-pahaizana licence momba ny fampianarana avy tao amin'ny Oniversiten'i Saitama ary nahazo ny mari-pahaizana maîtrise momba ny siansan'ny fanatanjahantena avy tao amin'ny Oniversiten'i Tsukuba. Izy koa dia nianatra momba ny filôzôfian'ny fanatanjahantena tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young. Ny Loholona Yamashita dia efa mpampianatra sy prôfesora tany amin'ny oniversite maro ary niasa tao anatin'ny fikambanana siantifika sy fikambanana teo amin'ny fiaraha-monina ary fikambanana ara-panatanjahantena maro.

Ny Loholona Yamashita sy ny vadiny dia nivady tamin'ny 29 Marsa 1980 ary nofehezina tamin'ny Desambra 1980, taorian'ny fahavitan'ny Tempolin'i Tokyo Japana. Manan-janaka enina izy ireo.

Talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy, ny Loholona Yamashita dia efa eveka, mpanolotsaina ambony, filohan'ny misiônan'ny tsatòka, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



## Loholona Randall K. Bennett

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Tao anatin'ny tena nahombiazan'ny asany tamin'ny naha-mpahaimanitsinify azy no nahazoan'i Randall Kay Bennett sy ny vadiny "fahatsapana miavaka" mba handeha hanao asa fitoriana. Nidika izany fa mila mivarotra ny tranony haingana izy ireo.

Tsy tonga dia niseho anefa ny anton'izany bitsika izany—Telo taona vao lafo ny tranon'izy ireo, dingana noraisina izay "nila faharetana" ary nitaky ny mba "hampisehoan'izy ireo ny Tompo fa tena manolo-tena tokoa izy ireo," hoy ny Loholona Bennett. "Nanohy naneho fahatokiana ny Tompo izahay ary niezaka ny nitoetra teo akaikiny tamin'ny alalan'ny fandehanana tany amin'ny tempoly, ny fandalinana soratra masina isan'andro, ny vavaka, ny fifadian-kanina ary ny fanompoana ny hafa."

Fotoana fohy taorian'ny nahalafo tanteraka ny tranony dia voantso mba hanompo tao amin'ny Foibe Fanofanana Misiônera ao Provo ny Loholona Bennett ary avy eo dia lasa filohan'ny Misiônan'i Russie Samara.

"Tena nahatalanjona—sy nampanetry tena—ny fahafantarana fa ny Tompo dia nieritreritra anay ary nanomana anay," hoy ny Loholona Bennett. "Lasa nahafantatra izahay fa mahalala ny eritreritra ao an-tsainay sy ny zavatra tsapan'ny fonay ny Tompo. Hainay ny natoky fa Izy dia mahafantatra zavatra tsara kokoa noho izahay sy mahafantatra zavatra bebe kokoa noho izahay ary tia anay."

Ankoatr'ireo antsony toy ny naha mpikambana iray azy tao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy sy naha filohan'ny misiôna azy, ny Loholona Bennett dia efa filoha sy mpanolotsain'ny sampana tao amin'ny Foibe Fanofanana Misiônera, mpikambana iray tao amin'ny filankevitra avon'ny tsatòka, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà, filohan'ny Zatovolahin'ny sampana ary efa nanana antso hafa maro toy ny misiônera tany amin'ireo Misiônan'i France Paris sy France Toulouse.

Ny Loholona Bennett dia nahazo mari-pahaizana ho dokotera mpitsabo nify avy tao amin'ny oniversiten'i Alberta (Kanadà) ary nahazo mari-pahaizana maîtrise momba ny fahaiza-manitsy nify avy tao amin'ny Oniversiten'i Loma Linda ao Californie Atsimo, Etazonia.

Ny Loholona Bennett dia teraka tamin'ny Jiona 1955 tao Magrath, Alberta, Kanada. Ny ray aman-dreniny dia i Donald Kay Bennett sy Anne Darlene Long. Izy dia nanambady an'i Shelley Dianne Watchman tamin'ny 23 Aprily 1977 tao amin'ny Tempolin'i Cardston Alberta. Manan-janaka efatra izy ireo. ■



## Loholona J. Devn Cornish

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Ny Loholona John Devn Cornish dia mahafantatra fa ny mpikambana rehetra sy ny antso rehetra ato amin'ny Fiangonana dia manan-danja.

"Zava-dehibe ny mahatsiaro fa rehefa miresaka momba ny antso ato amin'ny Fiangonana dia tsy mampaninona na aiza na aiza ipetrahantsika ao amin'ilay fiaramanidina—ny zava-dehibe dia ny hoe ao anatin'ilay fiaramanidina isika," hoy izy. "Ny maha mpandray anjara anao ao amin'ilay asa no zava-dehibe mandrakizay. Tena kely ny lanjan'izay toerana misy anao ao."

Nanomboka tamin'ny antsony mba hanompo tao amin'ny Misiônan'i Guatemala–El Salvador ka hatrany amin'ilay antsony vao haingana indrindra tao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy, ny Loholona Cornish dia nanolo-tena foana teo amin'ny fanatanterahana ireo antsony tao amin'ny Fiangonana tamin'izy filohan'ny Zatovolahin'ny sampana, filohan'ny kôlejin'ny loholona, mpitantsoratra mpanatanteraky ny paroasy, mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo, mpanolotsaina avo, eveka, filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'ny Repoblika Dominikana ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra.

Ny Loholona Cornish izay naterak'i George sy Naomi Cornish tamin'ny Aprily 1951 tao Salt Lake City, Utah, Etazonia, dia lehibe tany Utah sy Georgia ary Virginia, Etazonia, talohan'ny niverenany tao Utah mba hianatra any amin'ny oniversite.

Rehefa nipetraka tao Provo izy dia nihaona tamin'i Elaine Simmons nandritra ny fiaraha-mientan'ny tanora mpitovo. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Manti Utah izy ireo tamin'ny Aôgositra 1973.

Tao anatin'ny famelomana zanaka enina niaraka tamin'ny vadiny, ny Loholona Cornish dia nanompo tao amin'ny Vondron'ny mpitsabo tao amin'ny Tafika Ana habakabak'i Etazonia. Nahazo ny mari–pahaizana licence sy mari-pahaizana momba ny fitsaboana avy tao amin'ny Oniversiten'i Johns Hopkins izy ary nanao ny internat mikasika ny fitsaboana aretin'ankizy tao amin'ny Sekoly Fianarana ho Mpitsabo tao Harvard—tao amin'ny Hôpitalin'ny Ankizy tao Boston.

Ny fianarana sy ny asa tany Idaho, Texas, Californie, ary Georgia, Etazonia dia nampifindrafindra im-betsaka ny fianakaviana tao anatin'ny taona iray, saingy na taiza na taiza nisy azy ireo dia nilaza ny Loholona sy Rahavavy Cornish fa tiany ny nanompo tao amin'ny Fiangonana.

"Miroborobo manerana an'izao tontolo izao ny asa, ary fitahiana lehibe ny fahafahana manompo ny zanaky ny Tompo na aiza na aiza misy azy ireo," hoy ny Loholona Cornish. ■



# Loholona O. Vincent Haleck

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Vao mbola ankizy ny Loholona Otto Vincent Haleck dia nandoa fahafolonkarena sy nifady hanina ary nandalina ny soratra masina—ary avy eo dia nihaona tamin'ny misiônera izy ary natao batisa.

Ny renin'ny Loholona Haleck dia mpikamban'ny Fiangonana saingy tsy niangona nandritra ny taona maro. Tsy mpikamban'ny Fiangonana ny rainy. Kanefa ny fianakaviana dia nandoa fahafolonkarena sy nifady hanina isankerinandro ary namaky Baiboly isan'andro sy nanome izay nananany ho an'ireo sahirana. Ny Loholona Haleck dia avy amin'ny lovan'ny finoana iray.

Ny Loholona Haleck dia teraka tamin'ny Janoary 1949 tany Samoa Amerikana. Nalefan'ny ray aman-dreniny Otto sy Dorothy Haleck nianatra tany Californie, Etazonia izy. Tamin'izy 17 dia nahatsikaritra izy fa ny namany sasany tao amin'ny filankevitry ny mpianatra dia samy hafa tamin'ireo mpianatra hafa. "Nasainy hanatrika ny fiarahamientana ifampizarana aho ary ny zava-nitranga avy eo no tantarako," hoy ny Loholona Haleck.

Ny Loholona Haleck dia nahazo mari-pahaizana licence momba ny dokam-barotra sy ny haivarotra avy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young. Manana toerampandraharahana maro any Samoa Amerikana izy ary nirotsaka an-tsehatra teo amin'ny fanaovana asa soa ho any mpiara-belona. Ny Loholona Haleck sy ny vadiny Peggy Ann Cameron dia nivady tamin'ny 29 Jiona 1972 tao amin'ny Tempolin'i Provo Utah. Manan-janaka telo izy.

Nahita ny filazantsara ihany tamin'ny farany ny fianakavian'ny Loholona Haleck iray manontolo. Ny Loholona Haleck dia nanana fahafahana nanao batisa ny rainy 80 taona sy nahita ny reniny niverina nazoto niangona taorian'ny 50 taona nivadiana.

Talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy, ny Loholona Haleck dia efa misiônera mandritra ny fotoana maharitra tany amin'ny Misiônan'i Samoa Apia, eveka, mpanolotsaina avon'ny tsatòka, patriarika, filohan'ny tsatòka ary ny tena vao haingana dia ny naha filohan'ny Misiônan'i Samoa Apia azy.

Ny Loholona Haleck dia mino fa ny zavatra rehetra niainany dia nitondra azy teo amin'ny toerana misy azy ankehitriny. "Raha manao jery todika ny fiainako aho dia afaka miteny fa afaka mahita ny tanan'ny Tompo," hoy ny Loholona Haleck. "Feno fankasitrahana aho noho ilay fahatokian'ny Tompo napetrany tamintsika ary voninahitra ho ahy izany. Tiako ny Tompo ary manantena ny ho fitaovana tsara aho. Fantatro fa hanampy ahy ny Tompo." ■



# Loholona Larry Y. Wilson

*Ao amin'ny Fitopololahy*

Fanamby ho an'ny Loholona Larry Young Wilson ny fandanjalanjana ireo zavatra takian'ny andraikitra eo amin'ny asa sy ny Fiangonana ary ny fianakaviana, saingy nanome toky ireo olona ao amin'ny fianakaviana izy fa tena manan-danja aminy izy ireo.

"Ny zavatra tena nisy fiantraikany lehibe indrindra teo amiko dia ny maha-vady sy ray ahy," hoy ny Loholona Wilson. "Mahalana ny tsy fahafahako nanatrika ny zavatra nataon'ny zanaka iray ara-panatanjahantena na momba ny mozika na hetsika hafa. Izaho dia mamaky tantara fitantara alohan'ny hatoriana ary miara-mivavaka amin'izy ireo alohan'ny hanitrihana azy ireo ao anaty fandriana amin'ny alina. Tena zava-dehibe ny fankanesana eo."

Ny Loholona Wilson dia mahafantatra tsara ny zavatra takiana amin'ny olona iray izay manana andraikitra ho mpitarika eo amin'ny lafin'ny fiainana rehetra. Izy dia naterak'i George sy Ida Wilson tamin'ny Desambra 1949 tao Salt Lake City, Utah, Etazonia ary lehibe tao Pocatello, Idaho, Etazonia. Nahazo mari-pahaizana licence momba ny teny Anglisy sy ny literatiora Amerikana avy tao amin'ny Oniversiten'i Harvard izy ary taty aoriana dia nahazo mari-pahaizana maîtrise momba ny fitantanandraharaha avy tao amin'ny Sekoly antsoina hoe Stanford Graduate School of Business.

Ny Loholona Wilson dia niasa toy ny mpanoro hevitra sy mpiandraikitra tao amin'ny orinasa misahana ny fitsaboana. Na dia mafy aza ny asany dia nataon'ny Loholona Wilson izay tsy hibahanan'izany velively ny fiainany.

"Mila manisy fetra eo amin'ny asanao ianao," hoy izy. "Raha tsy izany dia hateliny daholo ny zavatra hafa rehetra. Azo lazaina hoe ny fanatanterahana ny zavatra mikasika ny asa sy ny Fiangonana ary ny fotoana ho an'ny fianakaviana dia tsy maintsy mifandimby mba miandry kely. Mivavaha mba hahazo fitarihana ary dia hahafantatra ianao hoe inona no laharam-pahamehana amin'ny andro iray manokana."

Ny Loholona Wilson dia nanompo tamim-pahavitrihana tamin'izy misiônera tany amin'ny Misiônan'i Brésil sy tamin'izy eveka, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy.

Ny olona manampy ny Loholona Wilson mba hahita izany fandanjalanjana lehibe izany dia i Lynda Mackey Wilson vadiny, izay novadiany tamin'ny 10 Jolay 1974 tao amin'ny Tempolin'i Logan Utah. Nahalehibe zanaka efatra ry Wilson mivady. ■



*Ny Filoha David O. McKay, Filoha Heber J. Grant, sy ny Filoha J. Reuben Clark Jr. (eo ankavia mankany ankavanana) ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia namangy ny Foiben-toeran'ny Fifanampiana tamin'ny 1940.*

# Mankalaza ny 75 taonan'ny Fifanampiana

**Nataon'i Heather Wrigley**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Lahateny maro nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana fanao isan-taona faha-181 no niompana tamin'ny fankalazana ny fandaharan'asan'ny fifanampiana an'ny Fiangonana izay mankalazana ny faha-75 taonany ankehitriny.

Tamin'ny andro nitokanana azy tamin'ny 1936, ny Filoha David O. McKay, izay mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'izany dia nanamafy ny fototra manentana fanahy izay niavian'ny drafitry ny fifanampiana an'ny Fiangonana: "[Ny fandaharan'asan'ny fifanampiana] dia napetraka tamin'ny alalan'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra ary tsy misy zavatra hafa mihoatra izany eto amin'izao tontolo izao izay afaka mikarakara amim-pahombiazana tokoa ny mpikambana ao aminy."[1]

Tonga ary avy eo lasa izay dimy amby fitopolo taona izay. Namita ny lalany ny toe-karena dia namerina izany indray avy eo. Izao tontolo izao dia nahita fiovana lehibe teo amin'ny lafiny ara-piaraha-monina sy ara-kolotsaina ary ny Fiangonana dia nahita firoboroboana goavana.

Saingy ireo teny nambara momba ilay drafitry izay masina sy manentana ny fanahy mikasika ny fifanampiana ao amin'ny Fiangonana tamin'izany andro tamin'ny 1936 izany dia mbola marina ankehitriny toy naha marina izany taloha.

### Fitsipiky ny Fifanampiana

Nandalo fahaverezam-bola goavana i Etazonia tamin'ny 1929 rehefa nitontongana ny vola. Tany amin'ny 1932 tany dia nahatratra 35,8 isan-jato ny tahan'ny tsy fananan'asa.

Na dia efa nanana fitsipika mifehy ny fifanampiana aza ny Fiangonana, izay ahitana ny lamin'ny trano fanobiana sy ireo fandaharan'asa mba hanampiana ny mpikambana hahita asa dia maro ireo mpikambana izay nitodika tany amin'ny fanampiana nomen'ny governemanta.

"Izaho dia mino hoe mitombo ny fironan'ny olona hanandrana ny hahazo zavatra avy amin'ny governemantan'i Etazonia miaraka amin'ny fanantenana kely ny tsy hamerina ny saran'izany intsony," hoy ny Filoha Heber J. Grant (1856–1945) tamin'izany fotoana izany.[2]

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia te-hanampy ny mpikambana sahirana fa tsy namporisika azy hanana toetra midonana-poana sy mitavana fotsiny. Ny tanjona dia ny hanampy ny olona hanampy ny tenany mba ho lasa mahaleo tena.

Tamin'ny 1933 dia nanambara ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Ireo mpikambantsika matanjaka ara-batana dia tsy tokony, raha tsy hoe izay no ala nenina farany, ho afa-baraka noho ny fandraisana zavatra izay tsy mitaky anjara biriky avy amin'izy ireo avy eo. . . . Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny Fiangonana misahana ny fanampiana dia tsy maintsy mandrafitra fomba izay ahafahan'ireo mpikambana matanjaka ara-batana izay sahirana manonitra ny fanampiana nomena azy ireo amin'ny alalan'ny fanaovana karazana asa fanompoana."[3]

Niaraka tamin'ireo fitsipika efa napetraka sy ny fiasan'ny finoan'ireo Olomasina, ireo vondron'ny Fiangonana isan-tsokajiny ary koa ny Fiangonana iray manontolo dia nandeha niasa ka nanokatra fianarana manjaitra, fanaovana sakafo am-bifotsy, nandrindra tetik'asa, nividy toerampiompiana sy fambolena ary nanantitrantitra ny fiainana feno fahamarinana sy fitsitsiana ary mahaleo tena.

### Ny Drafitry ny Fifanampiana an'ny Fiangonana

Tamin'ny alalan'ny fanorenana ny Drafitry ny Fiarovana an'ny Fiangonana (izay nosoloina hoe Drafitry ny Fifanampiana an'ny Fiangonana tamin'ny 1938), dia nomena fahafahana niasa arak'izay vitany ny olona noho ny fanampiana azon'izy ireo. Ilay drafitra dia nampianatra ny olona hitodika any amin'ny tenany ihany mba hahazoana "fanampiana" toy izay hitodika any amin'ny loharano hafa mba hahazoana fanomezana.

"Ny tanjontsika voalohany indrindra dia ny hametraka . . . lamina iray izay hanaisotra ny ozon'ny fidonanaham-poana sy hamongotra ny faharatsian'ny tsy fananan'asa ka ho tafapetraka indray eo anivon'ny olontsika ny fizakan-tena, ny fahazotoana miasa sy ny fitsitsiana ary ny fanajana ny tena," hoy ny Filoha Grant nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 1936. "Ny asa dia tokony haverina apetraka ho toy ny fitsipika mitarika ny fiainan'ireo mpikamban'ny Fiangonantsika."[4]





***Na manao mofo izany (ambony havia), na mamboly voaloboka (ambony havanana), na manome fanampiana amin'ny fomba hafa, ny tanjon'ny fandaharan'asan'ny Fifanampiana an'ny Fiangonana dia ny hampivelatra ny fizakan-tena amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy.***

Tao anatin'izay taona maro izay dia nahitana fandaharan'asa maro ny lamin'ny fifanampiana an'ny Fiangonana: Sampana misahana ny Ara-tsôsialy (Sampan'ny Fianakavian'ny Olomasin'ny Andro Farany ankehitriny), Asa Fiantran'ny Olomasin'ny Andro Farany, Sampana misahana ny Asa Enti-miantra Olona ary Asa Famonjena ho an'ny Voina Tampoka. Ireo fandaharan'asa ireo ary ny hafa dia nitahy ny fiainan'ireo olona an'arivorivony maro tao am-piangonana sy tany ivelany.

### Manitatra ny Fandaharan'asa Maneran-tany

Na dia taorian'ny fiafaran'ny Fahasahiranana Ara-toekarena Lehibe aza, rehefa nipoaka ny Ady Lehibe faha-II, ny Filoha J. Reuben Clark Jr., Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia soa ihany fa nanambara ny hanohizana ny fandaharan'asan'ny fifanampiana. Tamin'ny Ôktôbra 1945, ny Filohan'i Etazonia Harry S. Truman dia niantso ny Filoha George Albert Smith (1870–1951) mba hanapaka hoe ahoana ary rahoviana no ahafahana mandefa ireo entana any amin'ireo faritr'i Eorôpa izay ravaravan'ny ady. Taitra ny Filoha Truman satria namaly ireo mpitarika ny Fiangonana fa efa voahangona sy vonona ny halefa sambo ireo sakafo sy akanjo ary fanampiana hafa.

Rehefa nandeha ny fotoana dia nampivelatra ny fitaovana sy ny fandaharan'asa ao anatin'ny fifanampiana ny Fiangonana mba hahasahana lafin-javatra ilaina bebe kokoa ka ao anatin'izany ny fanitarana bebe kokoa ny toerana. Tany amin'ny taona 70, ny Fiangonana dia nampivelatra ny fandaharan'asany sy ny famokarany tany Mexique, Angletera ary tany amin'ireo Nosy Pasifika. Nandritra ny folo taona manaraka dia lasa firenena voalohany tany ivelan'i Etazonia nahazo foiben'ny Fiangonana misahana ny fanampiana amin'ny asa i Argentine, Chili, Paraguay, ary Uruguay.

Tamin'ny alalan'ny fitsanganan'ny Sampana Misahana ny Asa Enti-miantra Olona tamin'ny 1985, dia niroborobo be ny ezaka nataon'ny Fiangonana teo amin'ny fifanampiana manerana an'izao tontolo izao, satria ireo fitafiana sy zavatra hafa dia voalamina mba halefa manerana an'izao tontolo izao ho fanampiana eo anatrehan'ny fahantrana sy ireo voina.

Ankehitriny ny fitombon'ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany indrindra fa ny any amin'ireo firenena andalam-pandrosoana dia mametraka fanamby vaovao izay ezahan'ny fandaharan'asan'ny fifanampiana atrehana.

### Drafitra Manentana ny Fanahy ho an'izao Fotoana izao

Ireo fitsipika fototry ny fifanampiana—fizakan-tena sy fahazotoana miasa—dia mbola mitoetra ankehitriny toy ny tamin'ny fotoana nandidian'ny Tompo an'i Adama hoe: "Ny fahatsembohan'ny tavanao no hahazoanao hanina" (Genesisy 3:19).

Tamin'izao andro farany izao dia nanambara ny Tompo hoe: "Ary ny trano fitehirizan'ny Tompo, dia hovatsiana amin'ny alalan'ny fanokanana zavatra ho an'ny fiangonana; ary hokarakaraina ny mananotena sy ny kamboty mbamin'ny mahantra." (F&F 83:6). Dia nampahatsiahy antsika Izy hoe: "Saingy tsy maintsy ilaina ny hanaovana izany araka ny fombako" (F&F 104:16).

Ireo fitsipiky ny fifanampiana dia miasa ao anatin'ny fiainan'ireo mpikambana manerana an'izao tontolo izao toy ny fitsipika isan'andro ao anatin'ireo tokantrano tsirairay.

"Ny herin'ny Fiangonana sy ilay tena trano fanobian'ny Tompo dia any an-tokantrano sy ao am-pon'ny olony," hoy ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.[5]

Rehefa mampivelatra ny fizakantenany amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy ny olona tsirairay, dia mitohy ny fahatanterahan'ilay tanjona maharitry ny fandaharan'asa izay nofaritan'ny Filoha Clark: "Ny famolavolana ny toetran'ny mpikamban'ny Fiangonana, dia ny mpanome sy ny mpandray, ka mampivoaka ny tsara lalina indrindra ao anatin'izy ireo, ary ny fanampiana olona hampivelatra ny maha-izy azy mba hahatsapany ny fanahy amin'ny ankapobeny, no asa sy tanjona ary antony mampisy ity Fiangonana ity."[6] ■

**FANAMARIHANA**

1. David O. McKay, ao amin'ny Henry D. Taylor, *The Church Welfare Plan,* unpublished ms., Salt Lake City (1984), 26–27.
2. Heber J. Grant, ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1933, 5.
3. Ao amin'ny James R. Clark, natambatra ao amin'ny *Messages of the First Presidency of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints,* boky 6, (1965–75) 5:332–34.
4. Heber J. Grant, ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1936, 3.
5. Robert D. Hales, "Welfare Principles to Guide Our Lives: An Eternal Plan for the Welfare of Men's Souls," *Ensign,* Mey 1986, 28.
6. J. Reuben Clark Jr., ao amin'ny fivoriana manokan'ireo filohan'ny tsatòka, Ôkt. 2, 1936.

# Teny Manentana ny Fanahy mikasika ilay Asa Manentana ny Fanahy: Inona no Nolazain'ireo Mpandahateny momba ny Fifanampiana

Lahateny maro nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana fanao isan-taona faha-181 no niompana tamin'ny fahatsiarovana ny nitsanganan'ny fandaharan'asan'ny fifanampiana an'ny Fiangonana, izay mankalaza ny faha-75 taonany ankehitriny.

Etsy ambany etsy ny sombiny tamin'ny lahatenin'ireo mpandahateny izay nifantoka tamin'ny fandaharan'asan'ny fifanampiana sy ny fitsipiky ny fifanampiana napetraky ny Tompo mba hanampiana ny zanany hanampy ny tenany.

**Filoha Thomas S. Monson**

Manambara aho fa ny fandaharan'asan'ny Fifanampiana an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia avy amin'ny fitaomam-panahin'Ilay Andriamanitra Tsitoha. (Jereo ny "Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an'izao tontolo izao," pejy 90.)

**Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany**

Tonga indray ny fotoana ilana fanampiana goavana ara-nofo ho an'ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra amin'izao androntsika izao toy ny tamin'ny andro taloha sy amin'ny fotoana hoavy rehetra. Ireo fitsipika fototry ny Fandaharan'asan'ny Fifanampiana an'ny Fiangonana dia tsy natokana ho an'ny fotoana indray mandeha fotsiny na amin'ny toerana iray monja. Ho an'ny fotoana rehetra sy ny toerana rehetra izany."

"Nanasa sy nandidy antsika [ny Tompo] mba handray anjara amin'ny Asany mba hampitraka ireo izay mila fanampiana. Manao fanekempihavanana hanao izany isika ao amin'ny ranon'ny batisa sy any amin'ny tempoly masin'Andriamanitra. Manavao izany fanekempihavanana izany isika isaky ny Alahady rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo." (Jereo ny "Fahafahana Hanao Zava-tsoa," pejy 22.)

**Loholona H. David Burton, Eveka Mpiahy**

"Tsy ambinambin-javatra mahaliana kely fotsiny eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izany drafitry ny fifanampiana izay azo avy amin'ny faminaniana izany. Ireo fitsipika izay iorenany dia mamaritra ny tena mahaizy azy antsika. Izany dia toetra fototra ao anatin'ny anjara asantsika amin'ny maha-mpanara-dia antsika tsirairay ny Mpamonjy sy Ilay ohatra ho antsika dia i Jesoa ilay Kristy."

"Ity asa masina ity dia tsy hitondra soa sy hitahy fotsiny ireo mijaly na mila fanampiana. Amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra antsika dia tsy afaka ny handova amin'ny endriny feno ny fiainana mandrakizay isika raha tsy mirotsaka tanteraka amin'ny fikarakarana ny hafa mandritra ny fiainantsika ety an-tany. Amin'ny alalan'ny fampiharana an-tsitrapo ny fahafoizan-tena sy ny fanolorana izay ananantsika ho an'ny hafa no ianarantsika ireo fitsipika selestialin'ny fahafoizan-tena sy fanokanana."

"Ity no asa masina izay andrasan'ny Mpamonjy mba ho ataon'ny Mpianany. Izany no asa tiany fony Izy nandia ny tany. Izany no asa izay fantatro fa ho nataony raha toa ka teto anivontsika Izy ankehitriny." (Jereo ny "Ny Asa Masin'ny Fifanampiana," pejy 81.)

**Silvia H. Allred, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Maneran-tany**

"Ankehitriny, ny lehilahy sy ny vehivavin'ny Fiangonana dia miaraka mandray anjara amin'ny fitondrana fanampiana ho an'ireo izay sahirana. . . . Rehefa tonga ho fitsipika mitarika antsika ny fitiavana ao anatin'ny fikarakarantsika ny hafa dia lasa ohatra velona amin'ny fiainana ny filazantsara ny fanompoantsika azy ireo. Izany no filazantsara amin'ny endriny tsara indrindra. Fivavahana madio izany." (Jereo ny "Ny Toetry ny Maha-Mpanara-dia," pejy 84.) ■

---

# Nahatanteraka Ilay Fampanantenana Ara-paminaniana ny Fonds Perpétuels d'Études

**Nataon'i Natasia Garrett**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Folo taona lasa izay ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) dia namelabelatra olana iray—ny tsy fahafahan'ireo mîsiônera maro avy nanao asa fitoriana sy ireo tanora mendrika hafa any amin'ny faritra andalam-pandrosoana miala amin'ny fahantrana—ary nanome vahaolana izy: ny Fonds Perpétuels d'Études. Noho ny maha-petra-bola mihodinkodina azy izay mampiasa ny fanomezana avy amin'ny mpikambana sy ny naman'ny Fiangonana, ny Fonds Perpétuels d'Études dia mampindram-bola ny tanora hianarana ary manantena fa hiomana hahazo asa mahavelona izy ireo eo amin'ny fiaraha-moniny ary mamerina izany vola izany izy ireo mba hahafahan'ny hafa mahazo izany tombontsoa izany. Nilaza izy fa hiantehitra amin'ny mpanao asa an-tsitrapo sy ireo loharano misy eo an-tanana ny Fiangonana mba hahombiazana.



SARY NALAIN'I BRIAN WILCOX

*Ny Fonds Perpétuels d'Études izay nanomboka 10 taona lasa izay dia nanampy mpandray anjara mihoatra ny 47.000.*

**Nitranga ireo Fahagagana**

Rehefa nankeo amin'ny polpitra ny Filoha Hinckley tamin'ny 31 Marsa 2001 ary namelabelatra ilay fahitany momba ny Fonds Perpétuels d'Études teo anoloan'ny fisoronan'ny Fiangonana, dia nazava be tamin'ny olona maro fa nahazo fitarihana ny mpaminanin'ny Tompo.

Ny mety hisian'ny tsy fahombiazana dia toy ny nampitahotra ihany rehefa norotorotoan'ireo mpitarika vao avy notendrena mba hatomboka tamin'ny fotoan'ny fararano 2001 ny fanombohana ny fanomezana fampindramambola araka ny efa napetraky ny Filoha Hinckley. Ankoatr'ilay drafitra manentana fanahy napetraky ny mpaminany anefa dia tsy nisy ny drafitra hitantanan-draharaha na ny antsipirian'ilay volavolan-kevitra. Ilay fandaharan'asa dia naorina tamin'ny alalan'ny fampiasana ny lahatsoratry ny lahatenin'ny Filoha Hinckley ho toy ny fitsipika fototra iorenany. Fangatahana findramam-bola an-jatony maro no nitobaka tany amin'ny foiben'ny Fiangonana raha mbola vao teo am-piantsoana izay ho mpitantana izany sy raha mbola vao teo am-pametrahana ny lamina fototr'ilay fandaharan'asa.

Saingy efa niseho sahady ireo fahagagana. Tao anatin'ny taona voalohany dia vola dolara an-tapitrisany maro no natolotra maimaim-poana ho an'ilay fandaharan'asa. Olona maro no tonga dia afaka nanompo ho toy ny mpitantana an-tsitrapo satria ny traikefan'izy ireo dia nifanaraka manokana tamin'ny asa atao tao amin'ny Fonds Perpétuels d'Études. Ny rafitra fototra ilaina mba

> "Ny fanasan'ny Filoha Hinckley dia manampy an'ireo izay mitondra anjara biriky ao amin'ny Fonds Perpétuels d'Études ary koa ireo izay [mampiasa izany] hampivoatra ny tenany mba hanakaiky kokoa ny Mpamonjy antsika."
> **–Loholona John K. Carmack**

hanohanana ny Fonds Perpétuels d'Études iray manontolo dia efa napetraka amin'ny endriny hoe fandaharan'asan'ny institiota fianarana ny filazantsara ao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana sy ny Foiben'ny Fiangonana Misahana ny Fanampiana amin'ny Asa. Mora azo haingana daholo izay nilaina rehetra, izay nanome an'ilay fandaharan'asa ilay zavatra notaterin'ny Filoha Hinckley tamin'ny April 2002 dia tsy inona fa "fototra mafy orina."[1]

Hoy i Rex Allen, izay mpitantana an-tsitrapo ny fanofanana sy ny fifandraisana ao amin'ny PEF amin'izao fotoana izao hoe: "Taloha ela be tany dia naninjitra ny tehiny teo amin'ny ranomasina mena i Mosesy ary nizara roa ny rano. Nampiseho ilay finoana tamin'izany toe-javatra izany koa ny Filoha Hinckley rehefa nanatanteraka ny anjara asany amin'ny mahampaminany azy izy mba hiatrehana ny fahantrana ary nampiditra ny Fonds Perpétuels d'Études."

Nohamafisin'ny Filoha Hinckley matetika hoe: "Fahagagana izany."

Folo taona taty aoriana anefa dia mety vao manomboka fotsiny ihany ireo fahagagana tena lehibe.

**Tanteraka ireo Fampanantenana**

Tao anatin'ny fanambarana nataony momba ny Fonds Perpétuels d'Études sy tao anatin'ireo lahateniny taty aoriana dia nampanantena fitahiana maro izay hirotsaka avy amin'ny Fonds Perpétuels d'Études ny Filoha Hinckley. Nihahaingana hatrany ny fahatanterahan'ny tsirairay tamin'izany rehefa lasa betsaka ireo mpandray anjara izay nahazo mari-pahaizana tamin'ny alalan'ny Fonds Perpétuels d'Études ary namerina ny volana nindraminy.

*Zavatra mahasoa sy Asa*

"Ireo [mpandray anjara] dia hanana fahafahana hahazo fahalalana tsara izay hanafaka azy ireo amin'ny vesatry ny fahantrana," hoy ny Filoha Hinckley.[2]

Tamin'ny Febroary 2011 dia ny 90 isan-jato latsaka kelin'ireo izay nitady asa taorian'ny fahavitan'ny fianarany dia nahita asa. Teo amin'ny 78 isan-jaton'ireo izay miasa ankehitriny no milaza fa ny asan'izy ireo amin'izao fotoana izao dia fanatsarana an'izay nananan'izy ireo talohan'ny nahazoany fanofanana. Ny salan'ny karama taorian'ny fianarana ho an'ireo nandray anjara tamin'ny Fonds Perpétuels d'Études dia in-telo na in'efatry ny karamany talohan'ny nianarany, izay mampiseho fivoarana lehibe eo amin'ny lafiny ara-toekarena.

*Fianakaviana sy Fiaraha-monina*

Nanambara ny Filoha Hinckley hoe: "Hanambady izy ireo ary handroso hatrany miaraka amin'ireo fahaiza-manao izay hahafahan'izy ireo hahazo karama tsara sy hanana ny toerany eo amin'ny fiaraha-monina izay ahafahan'izy ireo mitondra anjara biriky lehibe."[3] Vao ny iray ampahatelony mahery amin'ireo mandray anjara amin'ny Fonds Perpétuels d'Études amin'izao fotoana izao no manambady ankehitriny.

Hoy ny Loholona John K. Carmack, izay mpitantana mpanatanteraky ny Fonds Perpétuels d'Études hoe: "Ny iray amin'ireo vokany tena mandrisika avy amin'ny Fonds Perpétuels d'Études hatramin'izao dia ny fahitanay fa lasa manana fanantenana bebe kokoa ny tanora. Izany fanantenana izany dia manome azy ireo ny faharisihana hanambady sy handroso hatrany eo amin'ny fiainany."

Rehefa manao izany izy ireo dia miandrandra hoavy mamiratra kokoa ny fianakavian'izy ireo izay eo andalam-pitomboana.

*Fiangonana sy Fitarihana*

"Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana mahatoky azy ireo dia handoa ny fahafolonkarenany sy ireo fanomezany izy ireo ary hatanjaka be kokoa ny Fiangonana noho ny fisian'izy ireo any amin'ireo faritra ipetrahany," hoy ny Filoha Hinckley.[4]

Any amin'ireo faritra sasany izay efa nisian'ny Fonds Perpétuels d'Études nandritra ny taona maro, dia eo amin'ny 10 ka hatramin'ny 15 isanjato eo ny habetsaky ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao izay mpandray anjara amin'ny Fonds Perpétuels d'Études.

"Ireo mpandray anjara dia namporisika ireo tanora hafa mba handray anjara amin'ilay fampindramam-bolan'ny Fonds Perpétuels d'Études ary hiala amin'ny fahantrana," hoy i Rex Allen. "10 taona aty aoriana dia hitanay ny fivelaran'ilay faribolan'ny fanantenana rehefa mizara ilay fitahiana amin'ny hafa ireo izay voatahy."

*Ny Fiantraikany teo amin'ny Fiainan'olona Maro*

Nampanantena ny Filoha Hinckley hoe: "[Ny Fonds Perpétuels d'Études] dia ho lasa fitahiana ho an'ireo izay voakasik'izany ny fiainany—ho an'ny zatovolahy sy zavotovavy, ho an'ny fianakavian'izy ireo hoavy, ho an'ny Fiangonana izay ho voatahy noho ireo mpitarika azy ireo eo an-toerana izay matanjaka."[5]

Mihoatra ny 47.000 ny olona nandray anjara tamin'ny Fonds Perpétuels d'Études hatramin'ny 2001. Tsy isaina amin'izany ireo olona ao amin'ny fianakaviana ankoatry ny ray amandreny sy zanaka izay mahazo fanohanana sy mahazo fanentanam-panahy amin'ny alalan'ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay mandray anjara amin'ny Fonds Perpétuels d'Études, ireo paroasy sy sampana izay mahazo tombontsoa avy amin'ny mpikambana izay manana ny fahaiza-manao lehibe kokoa hanompo sy hitondra anjara biriky ary ny toekarena eo antoerana izay mila mpiasa mahay mba hivoarana.

"Alaivo sary an-tsaina ny fiantraikany rehefa mandinika ireo olona rehetra voakasik'izany ianao," hoy Rahalahy Allen. "Izany dia mivelatra hatrany amin'ireo izay nanolotra fanomezana tao amin'ny Fonds Perpétuels d'Études—ireo mpanome, ny fianakaviany, ny paroasiny sy ny sampany—dia voatahy daholo noho ny anjara biriky nentin'izy ireo."

"Takatry ny ankamaroan'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fahafahana manome zavatra tsy tapaka ao amin'izany petra-bola izany sy any amin'ireo asa manan-danja hafa," hoy ny Loholona Carmack. "Ny fanasan'ny Filoha Hinckley dia manampy an'ireo izay mitondra anjara biriky ao amin'ny Fonds Perpétuels d'Études ary koa ireo izay [mampiasa izany] hampivoatra ny tenany mba hanakaiky kokoa ny Mpamonjy antsika."

**Fivoarana Mitohy**

Ilay fahitana ara-paminanian'ny Filoha Hinckley momba ny Fonds Perpétuels d'Études dia tanteraka noho ny fitohizan'ny fielezan'ny herin'izany fandaharan'asa manentana ny fanahy izany manerana an'izao tontolo izao ary hitohy hitombo be dia be kokoa noho ny hatramin'izay aza izany noho ny fitohizan'ny fanolorana fanomezana ary ny famerenana ny vola nindramina izay mamela taranaka vaovao na mpandray anjara hampivoatra ny tenany sy ny toe-javatra iainany.

Ho fampahalalana bebe kokoa momba ny Fonds Perpétuels d'Études dia tsidiho azafady ny pef.lds.org. ■

**FANAMARIHANA**

1. Gordon B. Hinckley, "The Church Goes Forward," *Liahona,* Jolay 2002, 4; *Ensign,* Mey 2002, 6.
2. Gordon B. Hinckley, *Liahona,* Jolay 2002, 4; *Ensign,* Mey 2002, 6.
3. Gordon B. Hinckley, *Liahona,* Jolay 2002, 4; *Ensign,* Mey 2002, 6.
4. Gordon B. Hinckley, "Le Fond Perpétuel d'Etude," *Liahona,* Jolay 2001, 62; *Ensign,* Mey 2001, 52.
5. Gordon B. Hinckley, *Liahona,* Jolay 2001, 62; *Ensign,* Mey 2001, 52.

## Mitady Mpandray Anjara Hanaovana Fanadihadiana

Raha toa ianao ka te-hisarika ny sain'ny ao amin'ny *Liahona* na *Ensign* ary ny sain'ireo olona an-tapitrisany maro izay mamaky ireo hafatra ao amin'ny gazetiboky dia ity no ahafahanao manao izany. Ny gazetiboky dia mitady mpikambana manerana an'izao tontolo izao izay vonona ny hizara ny fomba fijeriny tamin'izay zavatra natao ary vonona ny handray anjara amin'ny fanadihadiana tsotra sy fohy ao amin'ny internet isan-taona. Raha toa ka te-handray anjara ianao dia mandefasa azafady e-mail any amin'ny liahona@ldschurch.org na ensign@ldschurch.org ary soraty eo amin'ny faritra hanoratana ny lohahevitry ny zavatra hosoratana ny hoe "Magazine Evaluation." Ireo izay hanao izany an-tsitrapo dia tsy maintsy manana ny internet ary afaka miteny Anglisy na Portogey na Espaniôla. Ny fomba fijerinao momba ny zavatra izay natao dia hanampy bebe kokoa ny gazetiboky hanome izay ilain'ny mpamaky manerana an'izao tontolo izao. ■



© IRI

*Mitohy misarika ny mpikamban'ny Fiangonana foana ankehitriny ilay Dikantenin'ny Baiboly nataon'ny Mpanjaka James feno 400 taona.*

# Ankalazaina Tsara Kokoa ny faha-400 taonan'ny Baiboly amin'ny alalan'ny Fandalinana Bebe Kokoa araka ny Torohevitra ao amin'ny Tenin'ireo Apôstôly

"Tsy kisendrasendra akory ny fananantsika ny Baiboly ankehitriny," hoy ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.[1] Nohazavainy fa misy ny Baiboly noho ny fankatoavan'ireo olona marina izay nanaraka ilay bitsika mba hirakitra ireo traikefa sy fampianarana masina ary koa ny finoana sy ny herimpon'ny hafa ka ao anatin'izany ny an'ny mpandika teny izay taty aoriana dia nahafoy zavatra maro mba "hiarovana sy hitahirizana" ny Baiboly.

Ny 2 Mey 2011 dia manamarika ny faha-400 taonan'ny namoahana voalohany ny Dikantenin'ny Baiboly nataon'ny Mpanjaka James. Ny olona rehetra manerana an'izao tontolo izao die efa mankalaza ny namoahana ny Baiboly amin'ny alalan'ny fivorian'ny manam-pahaizana, fety fankalazana, kaonseritra, fifaninanana miteny ary zavatra maro hafa. Nanoro fomba anankiray hafa ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba hanamarihana izany fotoana izany: amin'ny alalan'ny fampivelarana ny fitiavana ny Baiboly rehefa mandalina ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoana nataony isika ary mandalina ireo tenin'ny mpaminany sy apôstôly fahiny.

"Tokony ho tena feno fankasitrahana ny Baiboly Masina isika," hoy ny Loholona Ballard. "Tiako ny Baiboly sy ny fampianarany ary ny lesona sy ny fanahy ao anatiny. . . . Tiako ny fomba fijery sy ny fiadanana azo avy amin'ny famakiana ny Baiboly."[2]

Miombon-kevitra amin'izany ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Tiantsika sy hajaintsika ny Baiboly," hoy izy. "Hita voalohany ao anatin'izany bokintsika masina izany, ireo 'soratra masintsika izay nankatoavina.'"[3] Nampahatsiahy antsika izy fa ny Famerenana amin'ny laoniny dia nitranga satria nandalina ny Baiboly i Joseph Smith ary nampihatra finoana tao anatin'ilay fampanantenana natao ao amin'ny Jakoba 1:5 hoe hamaly ny vavaka ataontsika Andriamanitra.

Rehefa nitantara ireo zava-niseho izay nanamboatra ny lalan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia naneho fankasitrahana an'ireo rehetra nanao izay hahatanteraka ny fandikana sy ny famoahana ny Baiboly. Noho ny asan'izy ireo dia azon'ny olona rehetra vakiana ny Dikantenin'ny Baiboly nataon'ny Mpanjaka James—ary noho ny fananan'i Joseph Smith izany dia tafaverina teto an-tany indray ny Fiangonana Marina. "Koa moa ve hahagaga raha toa ka ny Dikantenin'ny Baiboly nataon'ny Mpanjaka James no Baiboly amin'ny teny Anglisy nankatoavin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany?" hoy ny fanontanian'ny Loholona Hales.[4]

"Isika dia tsy maintsy mahatsiaro foana ireo maritiora tsy tambo isaina izay nahafantatra ny herin'ny [Baiboly] sy nanolotra ny ainy mba hahafahantsika mahita ao anatin'ny teniny ilay fahasambarana mandrakizay sy ilay fiadanan'ny fanjakan'ny Raintsika any an-danitra," hoy ny Loholona Ballard.[5]

Ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nizara tantara momba ny famakiany ny Baibolim-pianakaviana iray izay efa naharitra an-jato taonany maro ary nahita teny teo amin'ny pejin-dohateny manao hoe: "Ny fanontana tsara indrindra ny Baiboly dia ny fanaovana izay hanontana azy tsara ao amin'ny fon'ilay mpamaky."[6] Notohizany tamin'ity soratra masina ity izany: "Hianareo no epistilinay voasoratra ato am-ponay sady fantatry sy vakin'ny olona rehetra" (2 Korintiana 3:2).

Amin'ny alalan'ny fahafantarana sy ny fitiavana ny Baiboly ary ireo lahatsoratra masina miaraka aminy dia afaka maneho ny fankasitrahantsika isika sy mihanoka amin'ireo fitahian'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara.

"Eritrereto ny halehiben'ny fitahiantsika noho ny fananana ny Baiboly Masina sy ireo soratra masina 900 pejy fanampiny," hoy ny Loholona D. Todd Christofferson. "Enga anie isika hivoky hatrany amin'ny tenin'i Kristy izay hiteny amintsika ireo zavatra tokony hataontsika."[7] ■


**FANAMARIHANA**

1. M. Russell Ballard, "The Miracle of the Holy Bible," *Liahona* sy *Ensign,* Mey 2007, 80.
2. M. Russell Ballard, *Liahona* ary *Ensign,* Mey 2007, 81.
3. Jeffrey R. Holland, "My Words . . . Never Cease," *Liahona* ary *Ensign,* Mey 2008, 92.
4. Robert D. Hales, "Preparations for the Restoration and the Second Coming: My Hand Shall Be over Thee," *Liahona* ary *Ensign,* Nôv. 2005, 90.
5. M. Russell Ballard, *Liahona* ary *Ensign,* Mey 2007, 80.
6. Boyd K. Packer, "The Book of Mormon: Another Testament of Jesus Christ," *Liahona,* Jan. 2002, 73; *Ensign,* Nôv. 2001, 63.
7. D. Todd Christofferson, "The Blessing of Scripture," *Liahona* sy *Ensign,* Mey 2010, 35.



Kisary ara-taotrano ny Endriky ny Tempolin'i Rome Italie

*"Ny tempoly tsirairay dia tranon'Andriamanitra, mitovy fomba fiasa sy samy handraisana ireo fitahiana sy ôrdônansy mitovy avy," hoy ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny fivoriana Alahady maraina. Ny Tempolin'i Rome, izay miavaka, dia haorina amin'ny iray amin'ireo toerana manan-tantara indrindra eto ambonin'ny tany, tanàna iray izay nitorian'ny apôstôly fahiny Petera sy Paoly ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary toerana naha-maritiora azy ireo. Ato ho ato dia handray ireo ôrdônansy mandrakizay mivantana ao amin'ny Trano masin'Andriamanitra, ireo olona mahatokin'ity tanàna ity, ilay antsoina hoe "Tanàna Mandrakizay".*



*"[Zaraiko] aminareo ny fitiavako ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotana lehibe izay nataony ho antsika. . . . Mino aho fa tsy misy na dia iray aza amintsika afaka mahatakatra ny tena lanjan'ny zavatra nataon'i Kristy ho antsika tao Getsemane, kanefa feno fankasitrahana aho isan'andro isan'andro eo amin'ny fiainako ny amin'ny Sorompanavotana nataony ho antsika," hoy ny Filoha Thomas S. Monson teo am-pamaranana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany Fanao Isan-taona faha-181. Nidina tambanin'ny zava-drehetra Izy mba hamonjeny ny zava-drehetra. Teo am-panaovany izany dia nanolotra ny fiainana ho antsika Izy ankoatry ny fiainana an-tany. Nanavotra antsika tamin'ny Fahalavoan'i Adama Izy. Amin'ny foko iray manontolo no hanehoako fankasitrahana Azy. Nampianatra antsika ny fomba hananana fiainana tsara Izy. Nampianatra antsika ny fomba hahafatesana Izy. Manome antoka ny amin'ny famonjena ho azontsika Izy.*

MALAGASY
4 02096 85654 5